Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

# ADVANTISTA MITANDRINA NY ANDRO FAHAFITO
## Tari-dalana Fandalinana Ara-Baiboly Ho An'ny Mambra Vaovao

# MIARA-MANDEHA AMIN'I JESOSY
## Ny Herin'ny Teny

**Lohateny**

**1. Manaraka Mpitarika Tsy Hita Maso** **x**

**2. Miaina ny Fanandraman'ny Herin'ny Teny** **x**

**3. Velona ao Anatin'i Kristy** **x**

**4. Mizaka ny Fanoheran'Izao Tontolo Izao** **x**

**5. Mahatakatra Tsara Momba ny Sabata** **x**

**6. Mitandrina ny Sabata** **x**

**7. Manao Fampiharana Arahana Fankasitrahana** **x**

**8. Mivelona Amim-Pahasalamana** **x**

**9. Manaja an'Andriamanitra Amin'ny Alalan'ny Firaisana Ara-Nofoko** **x**

**10. Mahazo Fanasitranana** **x**

**11. Mandalo ny Fanandraman'ny Famelan-keloka** **x**

**12. Miatrika Fahafatesana Arahana Fanantenana** **x**

**13. Miatrika ny Ho Avy** **x**

**Biraon'ny Fanontana:** 12501 Old Columbia Pike, Silver Spring, MD 20904
Tsidiho ny tranonkalanay ao amin'ny: Sabataschoolpersonalministries.org

**Mpanoratra**
Jane Thayer, Ph.D.

**Mpanonta**
Gary B. Swanson

**Nanome Endrika**
Bruce Fenner

## NY HERIN'NY TENY

### Mitombo Amin'ny Alalan'ny Fahatakarana

Nisy Kristiana fanta-daza iray manam-pahaizana momba ny fiarahamonina, nasaina matetika ho any amin'ny kilasimandrin'ny sekoly tsy miankina amin'ny finoana. Noho ny lazany dia nameno ny efitrano fivoriana ny mpianatra. Rehefa manontany azy ireo momba ny zavatra nampianarin'i Jesosy izy, dia izay no valitenin'izy ireo matetika hoe: "Tiava ny fahavalonao." Ankoatran'io baiko fototra io dia tsy mahalala na inona na inona momba ny fampianaran'i Jesosy izy ireo.

Na ny ray aman-drenin'izy ireo ihany koa aza dia tsy mahafantatra firy. Eny hatramin'ny olona Kristiana aza dia mahatsapa hoe sarotra na tsy vita mihitsy ny fanazavana ny zavatra nambaran'i Jesosy momba ny famelankeloka, ny Sabata, ny firaisana ara-nofo, ny fahafatesana, ny lanitra, ary ny ho avy. Misy mosary eo amin'io sehatra io: " 'Tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetan-drano, fa faniriana handre ny tenin'I Jehovah.' " (Amosa 8:11).

Izao no nolazain'i George Barna mpanao fikarohana: "Lasa mitovy amin'ny famakiana vaovao ambara an-gazety ny famakiana ny Baiboly. Rehefa mamaky teny avy ao amin'ny Baiboly ny olona, dia sokafany aloha ilay izy, vakiany ny andalana fohy ary tsy dia mifantoka firy amin'izay voalaza ao izy, ka izay hevitra na fihetsehampo tonga voalohany ao an-tsainy no saintsaininy. Raha toa ka mifanaraka amin'ny sainy ilay hevitra dia ekeny; raha hitany kosa anefa fa mahaliana ilay izy kanefa tsy ilainy amin'ny fiainana, dia mifindra amin'ny andalana hafa indray izy. Mampalahelo fa kely ny fitomboana hita eo amin'ny fahalalan'ny olona ireo lohahevitra fototra ao amin'ny Soratra Masina ary mahagaga fa kely ny fahalianany amin'ny fandalinana ny fahalalany sy ny fampiharana ireo fitsipika ara-Baiboly."[*]

Ny atao hoe mpianatr'i Jesosy dia mahalala Azy sy ny zavatra nampianariny. Ao amin'ny Baiboly ihany no ahitana ireny zavatra ireny. Mbola nampianatra ny mpianany i Jesosy taorian'ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty. Tany amin'ny làlana mankany Emaosy no nampitomboany ny fahalalan'ny mpianatra roa, sy nanehoany azy ireo hoe ny Soratra Masina (Testamenta Taloha) dia tena momba Azy tanteraka tokoa. Nampihetsipo ny valitenin'ireo mpianatra ireo: " 'Tsy nangorakoraka va ny fontsika raha niresaka tamintsika teny an-dalana Izy ka namoaka ny hevitry ny Soratra Masina tamintsika?' " (Lioka 24:32).

Rehefa tsy mandalina ny Teny isika dia lasa marivo fisainana, ary rehefa lasa marivo fisainana isika dia lasa marivo ihany koa ny fiainantsika. Tokony ahatsapa fahamehana eo amin'ny fandalinana ny Teny isika. Hitantsika ao amin'ny Baiboly ny teny lazain'ny Mpamorona amintsika momba ny fomba fiaina, we have the Creator telling us how to live; ilay Mpanome Fiainana nitondra lanja eo amin'ny fiainantsika; ary ilay Mpanavotra nanome antsika fiainana mandrakizay.

---

[*] Fikarohana nataon'i George Barna tamin'ny taona 2009, <Http://www.barna.org/barna-update/article/12-faithspirituality/325-barna-studies-the-research-offers-a-year-in-review-perspective>, navaozina farany tamin'ny 3 Marsa, 2011.

Ny lohahevitry ny lesona mandritra ity telovolana ity dia ny Herin'ny Teny: Mitombo amin'ny alalan'ny Fahatakarana. Hifantoka amin'ireo fampianarana manokana nataon'i Jesosy ny lseona, araka ny hita ao amin'ny Filazantsara sy manerana ny Baiboly. Malaza any amin'ny sehatra sasany ny fanilihana ny fandalinana ara-Baiboly mba hanomezana lanja ny "fitsipika hafa ara-pivavahana." Hoy i Jesosy said, " 'Ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana' " (Jaona 6:63). Ahoana moa no mahatonga ny fahatakarana ny Teny hitondra fiainana?

"Ao anatin'ny tenin'Andriamanitra no misy ny hery mpamorona izay nahatonga izao tontolo izao ho àry. Mampita hery io teny io; mitondra fiainana. Samy teny fikasana ny baiko tsirairay avy, ekena an-tsitrapo, raisina ao an-tsaina, ary ny fiainan'ilay Tsy Manam-Pahataperana no entiny miaraka aminy. Manova ny maha-izy azy ny tena ny teny ary mamerina indray ny fanahy ho tahaka ny endrik'Andriamanitra ."[*]

Ato anatin'ity Tari-Dalana ara-Baiboly ity, aroian'ny lesona fampidirana momba ny herin'ny Tenin'Andriamanitra (Lesona 1–3) ary lesona iray momba ny fifanoherana mety hiseho vokatry ny fankatoavana ny Teny (Lesona 4), dia handalina momba ireto fampianaran'i Jesosy manaraka ireto isika: ny Sabata sy ny fomba fitandremana azy (Lesona 5 sy 6); ny amphafaolony sy ny fanatitra (Lesona 7); ny fomba fiaina mahasalama (Lesona 8); ny fitondrantena ara-piaraisana ara-nofo (Lesona 9); ny fanafahana amin'ny famatoran'ny zavatra iray (Lesona 10); ny famelan-keloka (Lesona 11); ny zavatra mitranga rehefa maty (Lesona 12); ny hiafaran'ny olom-boavonjy sy ny olona tsy voavonjy (Lesona 13).

Ny tantara ao amin'ny fizaràna: "Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy" sy ny fanazarantena ao amin'ny fizaràna "Hevero Ity" ihany koa dia mety azo ampiasaina hifanakalozan-kevitra ao anatin'ny vondrona miara-mandalina aminareo.

Raha nahazatra ny nahita ny "Mijery Akaiky Kokoa" tao anatin'ny fizaràna fanazavana fanampiny nanditry ny telovolana roa voalohany tamin'ity fandalinana ara-Baiboly ity, dia ho hita ao anatin'ity fanazavana fanampiny amin'ity telovolana manaraka ity indray ny "Mahatakatra ny Teny", izay mampianatra ny fomba fiasa ahatakarana ny Baiboly.

Ao anatin'ny Tari-Dalana Ho An'ny Mpampianatra no ahitana ny valiteny rehetra amin'ny Fitsapam-Pahaizana Zoma.

Fanantenan'ireo olona namokatra ity *Tari-Dalana Fianarana Ho An'ny Mambra Vaovao* ity, eo am-pandalinanao azy, ny "hirehetan'ny fonao" eo am-pianaranao zavatra be be momba an'i Jesosy sy ny fampianarany.

[*] *Education,* t. 126.

**Lesona 1**

# MANARAKA MPITARIKA TSY HITA MASO

**Tsy mora kokoa ve ny mino sy manaraka an'i Jesosy raha toa Izy ka hita maso teto an-tany?**
**Ahoana no fomba ahalalantsika hoe tena misy izany Jesosy tsy hita maso izany?**
**Ahoana no fomba fanohanan'i Jesosy ireo izay tsy mahita Azy mihitsy?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:**"Izay na dia tsy mbola hitanatro aza dia tianareo, ary na dia tsy hitanareo ankehitriny aza, anefa, satria inoanareo, dia iravoravoanareo amin'ny fifaliana tsy azo tononina sady be voninahitra, mandray ny anton'ny finoanareo, dia ny famonjena ny fanahy." (I Peteraa 1:8, 9).

**Toko sy andininy fototra:** Sal 119:11; Mat 9:35; 11:2-6; 13:16; Jaona 14:15-18; 16:5-15; II Peteraa 1:12-18; I Jaona 1:1-3.

## Alahady

Raha tsy efa manomboka manaraka an'i Jesosy isika ka miezaka manatontosa ny baikony, dia tsy ho tsapantsika mihitsy ny mampifanohitra ny maha-Kristiana amin'ny kolotsaina. Na dia tsapantsika ihany aza hoe maro amin'ny soa toavina tena mbola tanana no voahitsakitsaka ary maro amin'ny fomba amam-panao mahazatra eo amin'ny fiainana no tsy mitondra fiainana, dia sarotsarotra ihany ny mihazona finoana isan-karazany ary miaina fiainana samihafa amin'ny an'ny fianakaviantsika sy ny namantsika. Toa mora kokoa ny nanaraka an'i Jesosy sy ny fampianarany raha toa ka mba afaka nahita sy nandre Azy niresaka tamintsika isika. Ary dia azo antoka hoe tsy hanontany antsika momba ny fiovana nisy teo amin'ny finoantsika sy ny fomba fiainantsika ny fianakaviantsika sy ny namantsika.

Ny finoana no tena mitondra azy io, finoana ilay Jesosy tsy hita maso. Moa ve anefa ny tsy fahitantsika an'i Jesosy antony iray mitombina tsy hanarahan'ny olona Azy na hialana amin'ny fanarahana Azy indraindray? Koa satria vitan'i Jesosy ny mahita mialoha ny olana izay mety hitranga, fony Izy niverina tany an-danitra, dia nanomana fanohanana ho an'ny mpianany sy ireo izay mety ho tonga mpianany Izy, mifototra amin'ny fijoroana vavolombelona ataon'izy ireo. Izany no votoatin-dresaka hodinihantsika mandritra ity herinandro ity.

*Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

**Mitady Valiny Any Amin'ny Siansa**

Nosoratan'i Kim Dietz

Heritaona latsaka talohan'ny batisako, dia mbola tsy nino an'Andriamanitra aho. Fiainan'olona tsy mpino no niheverako ny tenako, izay mba nanandrana nivavaka indray mandeha nandritry ny androm-piainako, kanefa toa tsy tena zava-misy amiko ny fivavahana. Nobeazina tamin'ny finoana Katolika aho, kanefa nihena ny fahalianako taty aoriana ary najanoko niaraka tamin'izay ihany koa ny fandehanana nivavaka.

Rehefa nanao jery todika aho dia nahatsapa fa nohodidinin'Andriamanitra namana Kristiana natanjaka. Tena nankasitraka ny herimpon'izy ireo tamin'ny fiavahany aho, kanefa rehefa manandrana miresaka ny momba an'Andriamanitra amiko izy ireo dia mitady hihomehy avy hatrany aho. Koa satria aho tena nahay ny taranja kajy sy siansa ary izy ireo kosa nahay ny taranja anglisy sy ny tantara, dia noheveriko fa hoe avy amin'ny fahalianan'izy ireo amin'ny zavatra "malefaka sy tsy dia mazavazava" tany an-tsekoly tsotr'izao no nitsirian'ny finoan'izy ireo. Noheveriko fa ny Siansa no valin'ny zava-drehetra.

Nahavariana ahy aok'izany fomba fisainana momba izao tontolo izao. Nisafotofoto tao an-tsaiko ny fiheverana sy ny fanontaniana momba ny fampianarana hoe vokatry ny fipoahana no niandohan'izao tontolo izao, ny fisian'ny fivoarana miandalana, ary ny fomba nahatonga antsika rehetra ho eto amin'ity tany ity. Rehefa nanomboka nianatra tao amin'ny Oniversiten'i Purdue aho dia nino fa rehefa azoko ny mari-pahaizana maha-injeniora ahy dia ho azoko avokoa ny valiteny rehetra. Toa fahadisoam-panantenana kely sady antso fanairana anefa no nentin'ilay fahazoana mari-pahaizana. Eny tokoa, azoko ny mari-pahaizako, kanefa mbola lavitry ny fahazoana ny valin'ny zava-drehetra notadiaviko aho!

Na dia nanantena ny ho tafiditra miasa ao amin'ny orinasa "Procter & Gamble", "IBM", na "ExxonMobil" aza aho ary nahazo toerana roa tamin'ireo orinasa efa "nonofinofisiko" ireo, dia ninoako fa Andriamanitra no nitarika ahy hanaiky ny asa tany Whirlpool. Rehefa nifindra monina tany Michigan aho dia nanontany tena hoe inona àry no nataoko tany. Nalahelo ny fiainana tany an-drenivohitra sy ny fiainana ao anatin'ny fifamoivoizana ary ny fahasamihafana hita tamin'izy ireny aho. Nalahelo ny namako, ny mpiara-mianatra amiko, ny mpampianatro, ary ny fifanakalozan-kevitry ny manam-pahaizana nataonay aho.

Rehefa avy tany Whirlpool nanditry ny heritaona teo ho eo aho, dia nihaona tamin'ny mpiara-miasa tamiko, izay toa nanana fomba fijery izao tontolo izao samihafa amin'ny fomba fijeriko. Manam-pahaizana momba ny solosaina izy, izay tia niresaka momba ny firafitra sy ny fifandraisan'ny zava-drehetra. Tezitra aok'izany aho rehefa fantatro hoe nino an'Andriamanitra izy! Nanontany tena aho hoe ahoana moa no mahatonga ny olona iray izay tia siansa fatratra hino an'Andriamanitra. Rehefa izany dia reko hoe Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izy, anaram-piangonana izay mbola

tsy reko mihitsy. Nanomboka nanazava ny finoany tamiko izy, ary lasa liana be tampoka teo aho. Nifangaro tao an-tsaiko ny karazan-kevitra, ary tsapako fa nanomboka niova vetivety teo ny fiheverako ny tena zava-misy. Tsy ho hadinoko velively ny marainan'ny 22 Novambra 2009, fony aho nifoha maraina ary nahatsapa fa lasa nino an'Andriamanitra. Tsy fantatro akory izay tena dikan'izany, fantatro kosa anefa fa maniry fatratra hianatra be be kokoa aho.

Tamin'ny volana Janoary taorian'io no nividianako ny Baiboliko voalohany, sy nanombohako namaky ny Genesisy. Izany hoe io no fotoana voalohany namakiako ny Baiboly. Nahavariana ahy aok'izany ny tantaran'ny Famoronana. Tsapako amin'izay fa tena akaiky kokoa noho ny taloha aho, teo amin'ny fahatakarana ireo fanontaniana lalina rehetra napetrako momba izao tontolo izao sy ny fisiantsika. Tsy ny Siansa no valiny, fa Andriamanitra! Ny Siansa no nanimba ny faritra fanehoana ny hery midadasiky ny Tompo ao anatin'ny saintsika olombelona voafetra.

Rehefa voavakiko ny bokin'ny Genesisy, dia fantatro fa tsy azoko heverina ho tsy mpino intsony ny tenako. Tsapako hoe napetrak'Andriamanitra teo amin'ny làlana ahatongavako haingana ho Advantista aho. Nitombo faingana ny finoako sy ny fahalalako, kanefa ny zavatra iray izay tena mbola hiadiako mafy kanefa manan-danja d any momba an'i Jesosy! Soa ihany Andriamanitra fa nanana drafitra ho an'izany ihany koa, ary nanolotra ahy ara-potoana ny "Romans Sabata School Bible Study Guide" (Tari-Dalana Fandalinana Ara-Baibolin'ny Sekoly Sabata Romana" sy ny semineran'i Lee Venden nitondra ny lohateny hoe "Ny zava-drehetra momba an'i Jesosy". Rehefa nifarana ilay seminera izay vao tena azoko lazaina hoe nazava tamiko ny "zava-drehetra momba an'i Jesosy," ary tsy andriko izay nanaovana batisa ahy herinandro vitsy taorian'izany.

## Alatsinainy

**FIAINANA MIARAKA AMIN'I JESOSY**

Betsaka amin'ny ampahan'ny toe-karen'Israely amin'izao fotoana izao no avy amin'ny mpizahatany Kristiana izay tonga mandeha eny amin'ny lalan-kely sy ny lalambe izay nandehanan'i Jesosy. Antenain'ireny mpizahatany ireny hoe mbola ahita fahalalana vaovao momba ny fiainan'i Jesosy indray izy ireny ary ahita ny toerana nahaterahany, nanaovana batisa Azy, nampianarany sy nanasitranany olona, ary ny toerana nisehoan'ny nanomboana Azy sy ny nitsanganany indray tamin'ny maty. Maro no voasariky ny fitiavana an'i Jesosy sy ny fananana faniriana hanao izay ahatonga ny fanatrehany ho tena zava-misy amin'izy ireny. Azon'izy ireny ve izany valiny izany? Heverinao ve fa ahatonga *anao* hanakaiky kokoa an'i Jesosy ny fandehananao any Israely?

Taoa atin'ny telo taona teo ho eo no nanarahan'ny mpianatra 12 an'i Jesosy ary nahitan'izy ireo ny zava-drehetra nolazainy sy nataony. Ahoana no fomba hamintinana ny asa nataon'i Jesosy? (Mat 9:35)

●Ahoana no fomba nanamafisan'i Jesosy ny tombotsoa azon'ireo mpianatra 12? (Mat 13:16)

●Inona tamin'ny fampianaran'i Jesosy no nanamafy ny finoan'ireo olona nihaino Azy? (Mat 7:28, 29)

●Inona no tombotsoa azon'ireo mpianatra 12 rehefa nisy zavatra tsy nazava tamin'izy ireo tamin'ny fampianaran'i Jesosy na nisy tsy nazava taminy ny tranga sasany izay hitany na nandalovany? (Mat 13:36; 17:19; Jaona 9:2)

●Rehefa nanahy ny amin'ny fitsanganan'i Jesosy i Tomasy, dia inona no tombotsoa nanala ilay tahotra? (Jaona 20:24-29) Inona no fanamarihana nataon'i Jesosy teo anatrehan'ilay tranga?

Heverinao hoe malemy ve ny finoana satria tsy afaka mahita an'i Jesosy ianao? Any amin'ny kolotsaina Tandrefana izay mifototra amin'ny filôzôfian'ny natoralisma (izay zavatra azonao tsapain-tanana ihany no tena misy), dia mila finoana mafy orina vao mahavita mino ny tena fisian'ny zavatra tsy hitan'ny maso, anisan'izany i Jesosy.

[Ampidiro eto ny "Maha-Advantista" na ny "Mahatakatra ny Teny".]

## Talata

### FIAINANA MIARAKA AMIN'I JESOSY TSY HITA MASO

Toy izao ny fanontaniana izay nahavaka saina ny mpandalina filôzôfia nandritry ny arivo taona izay: Ahoana no fomba ahahalalantsika ny marina? Ny zavatra tena misy? Izao fomba fiteny mahazatra izao no ampiasaintsika indrainday, hamaliana ireo fanontaniana ireo : "Ny fahitana dia midika ho finoana," "Ny sary tsy mba mandainga." Na izany aza anefa, ny tena zava-misy dia tsy voatery hifanaraka amin'ny fahitana azy hatrany, ary mety mandainga ny sary amin'izao fotoana izao vokatry ny fisian'ny fitaovana fanamboarana sary ao anatin'ny solosaina. Rehefa misy olona iray velona ao anatin'ny kolotsaina tsy mino ny hery tsy taka-maso, ary mino fa izay zavatra hita sy tsapan'ny retsipandren'olombelona ihany no tena misy, dia ahoana no handreseny izany fiheverana izany, tsy vitan'ny hoe hino fotsiny ihany fa hanaraka an'ilay Jesosy tsy hita maso ihany koa?

Rehefa misy olona iray tsy mahavita manaporofo ny zavatra tsapany ary lavin'ny finoany ny kolotsain'ny fanombatombanana, eny fa hatramin'ny mpaminany lehibe aza dia mety handalo fotoana mampanontany tena azy. I Jaona Mpanao Batisa, izay nolazain'i Jesosyhoe: " 'Amin'izay nateraky ny vehivavy, tsy bola nisy nitsangana izay lehibe noho Jaona Mpanao-batisa,' " (Mat 11:11) dia nosamborina ary natao tany am-ponja. Rehefa voahidy sy tavela irery tao izy dia nanomboka nanontany tena amin'izay hoe i Jesosy marina ve no Mesia. Rehefa nohafahana anefa i Jaona ary nitory tany an'efitra, dia nanao ahoana ny fahatokiany an'i Jesosy? (Jaona 1:29-34)

Rehefa tsy nahita an'i Jesosy intsony i Jaona ary siosion-dresaka sisa no teny tany am-ponja momba ny asan'i Jesosy, dia nisy fanontaniana nanomboka nanitikitika azy. Mety nampitahain'i Jaona tamin'ny tatitra momba ny fanasitranana sy ny fampianaran'i Jesosy, ny zavatra ara-kolotsaina nandrandrain'ny olona momba ilay Mesia mpandresy. Inona ilay fanontaniana ary ahoana no fomba nametrahany azy? (Mat 11:2, 3)

Tsotra ilay fanontaniana, kanefa tsy namaly izany nivantana i Jesosy. Inona indray àry no nolazainy tamin'ny mpianatr'i Jaona? (and. 4-6)

Tsy mahafapo ny ankabeazantsika amin'izao fotoana izao ny valiteny nomen'i Jesosy satria isika tsy mba tahaka an'i Jaona sy ny mpianany, tsy mba heniky ny faminaniana tao anatin'ny Testamenta Taloha ny saintsika. Azo antoka hoe tonga dia fantatr'i Jaona avy hatrany izay tian'i Jesosy ambara. Tao anatin'ny valiteny nomen'i Jesosy no nakany teny avy ao amin'Isaia 35:4-6 sy 61:1, 2. Inona no nolazain'ireo faminaniana ireo mialoha? Inona no tian'i Jesosy lazaina tamin'ny nakany ireo andininy ireo hamaritany ny tena asany?

[Ampidiro eto ny "Maha-Advantista" na ny "Mahatakatra ny Teny".]

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

## Alarobia

**FANAHIANA NY AMIN'IREO "TARANAKA FAHAROA"**

Efa hifarana ny taonjato voalohany tamin'izany fotoana izany. Efa niha-antitra ary nanakaiky fahafatesana ilay apostoly sisa tavela tamin'izany, dia i Jaona. Nanomboka nanoratra ny boky farany tao amin'ny Testamenta Vaovao izy, izany hoe ny Filazantsaran'i Jaona. Nosoratany tao ny fanahiany momba ny "taranaka faharoa" tamin'ny mpino, izay tsy mba nahita an'i Jesosy ary mampiorina ny finoany amin'ny fijoroana vavolombelon'ny apostoly. Tamin'ny faran'io filazantsarany io no nanoherany ny siosion-dresaka izay mety mahavita mamono ny finoan'ireo Kristiana vaovao rehefa maty izy. Vakio ny Jaona 21:20-24. Inona ilay siosion-dresaka ary ahoana no fomba nanoheran'i Jaona izany?

Vao tsy ela akory talohan'io no nanoratan'i Jaona taratasy izay azo antoka fa natao ampitampitaina ary hovakiana tany amin'ireo fiangonana an-tokatrano maro. Tao amin'ireo andininy nanombohany ny epistiliny no nanomezany ny antony nahatonga ny zavatra voarakitra tao anatin'ilay taratasy ho azo hitokiana. Inona no nahatonga an'ilay taratasy ho azo itokiana? (I Jaona 1:1-3)

Tsy i Jaona irery ihany akory no apostoly namela lova ho an'ny taranaka aty aoriana izay tsy mba manana tombotsoa manokana hahita na handre an'i Jesosy. Nosoratan'i Peteraa ho fijoroana vavolombelona farany mahakasika ny finoany an'i Jesosy sy ny Fihaviana Fanindroany ny epistily faharoany, ary nataony ho fampitandremana amin'ny mpampianatra sandoka. Inona no sary an'ohatra nampiasainy teo amin'ny fiainany?

●Inona no teny nampiasain'i Petera intelo (tamin'ny alalan'ny endrika samihafa) hanazavana ny tanjony amin'ilay epistily? (II Petera 1:12-15)

●Inona no fototra nanohanan'i Petera ny maha-azo itokiana ny fijoroany sy ireo hafa koa? (and. 16-18)

Fony i Petera nampahatsiahy ny mpamaky ny bokiny nikasika ilay hoe nandre feo avy tany an-danitra ny mpianatra rehefa niaraka tamin'i Jesosy teo amin'ilay "tendrombohitra masina," dia ilay zava-nisy tamin'ny Fiovan-Tarehy no tiany nambara teo (Mat 17:1-8). Rehefa nigadra tany Roma i Paoly ary niatrika ny fampamoahana teo amin'ny lapan'ny fitsarana, dia nanoratra epistily iray manontolo hampaherezany ilay misionera tanora niara-niasa taminy mba hazoto amin'ny fitarihana, dia i Timoty izany. Tetsy andanin'ny faniriany hanafatra an'i Timoty ho any Roma sady hitondra izay fitaovana kely ilaina, dia inona no fanahiana hafa izay namporisika an'i Paoly hanoratra? (II Tim 4:6-8)

I Lioka, mpitsabo ny jentilisa, izay niara-nandeha tamin'i Paoly tao anatin'ny dia misionera indray mandeha farahafahakeliny, dia nanoratra "boky" roa samihafa: Lioka, izay filazantsara, ary Asa, izay tantara. Vakio ny fampidirana ireo boky roa ireo. (Lioka 1:1-4; Asa 1:1-3) Inona no antony nomeny, nahatonga azy nanoratra ireo boky roa ireo?

Tsy nahita fomba hamantarana ny faharetan'ny fihavian'i Jesosy i Lioka sy ny apostoly. Fantany anefa fa raha tsy misy ny fijoroana vavolombelona ataon'ireo nanatrimaso ny fiainan'i Jesosy sy ny fampianarany, dia tsy ho voatazon'ny Kristiana vaovao ny finoan'izy ireo.

## Alakamisy

**TSY KAMBOTY**

Nampitahotra sy feno horohoro ny rivotra niainana tao amin'ny Efitrano Ambony? Hiatrika ny fahafatesany i Jesosy. Nambarany tamin'izy Roambonifolo hoe kely sisa hy fotoana niarahany tamin'izy ireo. Nanafintohina azy ireo Izy, izany hoe ny Tompony, tamin'ny alalan'ny nandraisany ny andraikitra maha-mpanompo (izay tsy neken'izy rehetra ireo hatao) sy nanasany ny tongotr'izy ireo. Ny sakafo tamin'ny Paska no sakafo niarahan'izy ireo farany. Fotoana fohy taorian'ny nilazan'i Jesosy mialoha hoe handà Azy i Petera ary hisy mpianatra iray hafa hamadika Azy, no nihazakazahan'i Jodasy nivoaka ny trano mba hanao ny fandaminana farany nahakasika ilay famadihana. Irery i Jesosy akehitriny, niaraka tamin'ireo mpianatra iraikambinifolo ambiny. Tao anatin'ny lahateny naharitra no nanomezany azy ireo ny toromarika farany avy Aminy.

Ahoana no fomba nanombohan'i Jesosy ny lahateny farany nataony tamin'ny mpianany? Inona no nasehon'izany safidy izany momba an'i Jesosy? (Jaona 14:1-3)

Nanahiran-tsaina ary sarotra nekena ny fahalalana hoe handao azy ireo tsy ho ela intsony i Jesosy. Nilaozan'ny mpianatra ny fiainan'izy ireo taloha, mba hanarahany an'i Jesosy nandritry ny telo taona. Izy no zava-drehetra amin'izy ireo. Nahatsapa ho nilaozana izy ireo. Inona no fanomezana alohan'ny fandaozana, izay nampanantenain'i Jesosy ny mpianany sy ireo izay mino Azy? (and. 15-18) Ataovy lisitra amim-pitandremana ny antsipiriany rehetra momba ilay fanomezana, araka ny voalaza ao amin'ireo andininy ireo.

Nanome antsipiriany fanampiny momba ilay fanomezana i Jesosy, atao anatin'ny lahateny nataony taty aoriana kely. Inona no zavatra fanampiny fantatrao momba ilay fanomezana, ato amin'ireto andininy ireto? (and. 25, 26; 15:26, 27)

Teo am-panomezana ny hafatra farany ho an'ny mpianany no niresahan'i Jesosy fatra mahakasika ny Fanahy Masina. Vakio ny Jaona 16:5-15. Rehefa avy mamaky io andalana iray manontolo io ianao dia avereno vakiana indray ilay izy mba ahafahanao mamaly ireto fanontaniana manaraka ireto:

●Inona no antony nahazoan'ny mpianatra tombotsoa tamin'ny nandaozan'i Jesosy azy ireo?

●Ahoana no hanazavanao ny fanambaràn'i Jesosy ao amin'ny andininy faha-7?

Vondrona roa no notompoin'ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'ny fomba samihafa. Iza ilay "vondrona" hampiaiken'ny Fanahy ny fahotana, ny fahamarinana, ary ny fitsarana? (and. 8-10)

Inona no ataon’ny Fanahin’ny Fahamarinana amin’io vondrona mpianatra io? (and. 13-15)

Ireo mpianatra fony i Jesosy tety an-tany ihany no olona izay voatery nifindra avy amin’ny fiatrehana ilay Jesosy hita sy nanatrika, ho amin’ilay Jesosy tsy hita maso kanefa manatrika, amin’ny alalan’ny Fanahy Masina mitoetra ao anaty. Ilay Jesosy tsy hita maso ihany no fantatry ny “taranaka faharoa”. Somary mahagaga ihany fa nilaza i Jesosy hoe tombotsoa ny fahitana ny tsy fanatrehany, satria tsy navelany ho kamboty isika. Ao amin’ny lesona amin’ny herinandro manaraka no handalinantska be be kokoa momba ny herin’ny Fanahy sy ny Teny eo amin’ny fiainantsika amin’izao fotoana izao.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Ataovy ao anaty boribory ny valiny mifanaraka indrindra amin'ny fanontaniana.

1. Ahoana no fomba namalian'i Jesosy ny mpianatr'i Jaona mba hanamarinana hoe Izy tokoa no Mesia?

A. Nilaza mazava Izy hoe: "Izaho no Izy."
B. Nanao fahagagana manokana ho an'ny mpianatr'i Jaona Izy
D. Naka andalana avy ao amin'ny Testamenta Taloha Izy, izay nanazava momba ny asan'ny Mesia.
E. Nanampy an'i Jaona handositra ny fonja tamim-pahagagana Izy.

2. Iza ireo mpanoratra ny Testamenta Vaovao, izay nilaza manokana hoe nanoratra ho an'ireo izay mino na nanana andraikitra maha-mpitarika taorian'ny fahafatesany? (Farito ao anaty boribory avokoa izay valiny marina rehetra.)

A. Petera
B. Matio
D. Paoly
E. Jaona

3. Inona no nazavain'i Jesosy momba ny Fanahy Masina tao anatin'ny toromarika farany nomeny ny mpianany?
(Soraty eo amin'ny faritra malalaka voatokana ho an'izany ny valiteninao.)

●Aiza ny Fanahy Masina no mitoetra?

●Avy aiza ny hafatra entin'ny Fanahy Masina?

●Inona no andraikitry ny Fanahy Masina eo anatrehan'ny fahotantsika?

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Ahoana no fomba nanomezan'ny Jaona 14:26 sy ny Jaona 16:12-15 fahalalana anstika mahakasika ny fomba nahafahan'ireo mpanoratra ny filazantsara nanome antsipiriany momba ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesosy?

### Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Inona no asetrinao ny fanambaràn'i Jesosy manao hoe "Mahatsara anareo ny fialako" amin'izay tonga aminareo ny Fanahy Masina? Mariho "Eny" na "Tsia" ireto fanontaniana manaraka ireto.

Eny / Tsia

___ ___ Tsapanao ve hoe tombotsoa ho anao amin'izao fotoana izao ny tsy fahitanao an'i Jesosy eto an-tany?

___ ___ Raha toa ianao ka mba afaka nanatrika tany amin'ny toerana nahavitan'i Jesosy namoky tamim-pahagagana ireo vahoaka be, avy eo nahita Azy nanasitrana lehilahy jamba hatrany am-bohoka, moa ve ny sainao tsy hifantoka be be kokoa amin'ny maha-mpanao fahagagana an'i Jesosy fa tsy amin'ny maha-Mpamonjy Azy?

___ ___ Matoky ve ianao hoe mitoetra ao anatinao ny Fanahy Masina?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Mino Mihoatra Noho Izay Hitan'ny Masontsika

Ny "Secularism", izay fomba fijery izao tontolo izao manjaka any amin'ny firenena Tandrefana, dia mandà ny fisian'Andriamanitra. Ny "Secularism" dia mametra ny fiainan'olombelona hoe nanomboka tamin'ny fahaterahany hatramin'ny faha-70 na 90 taona eo ho eo, ary maty amin'izay avy eo. Ferany ny fe-potoana izay afaka hiveloman'ny olombelona. Ambaran'ny Baiboly fa ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena. Andriamanitra irery ihany no afaka manoma lanja ny fiainantsika. Ravany ny fetra apetraky ny fotoana, tamin'ny alalan'ny nanolorany ny mandrakizay; ravany ny fetra apetraky ny elanelana, tamin'ny alalan'ny nanehoany ny Tenany, izay olombelona nahavita nihoatra noho ny fahalalantsika sy ny fanandramantsika.

Ilay fomba fiteny fahiny manao hoe: "lavitry ny maso, lavitry ny fo" no mamintina avy hatrany ny vokatry ny "secularism" eo amin'ny finoan'ny olona mino an'Andriamanitra. Sarotra ho an'ny olona mino ny "Secularism" ny mino ny zavatra tsy hitan'ny maso, ary sarotra ho an'ny Kristiana velona ao anatin'ny kolotsaina ahitana ny "Secularism" ihany koa.

Efa ela be mihitsy izay Andriamanitra no nidina tao anatin'ny rahona nandrakotra Azy tao an-tendrombohitra Sinay, izay nihovitra tamin'ny alalan'ny kotroka sy ny tselatra. Rehefa nangovitra ny olona ary nijanona teny lavitra teny, dia niangavy an'i Mosesy hilaza tamin'izy ireo ny hafatra izay tian'Andriamanitra ampitaina amin'izy ireo ny vahoaka, satria natahotra ny ho faty izy ireo. Efa adinon'ny olona amin'izao fotoana izao izany trangan-javatra izany, kanefa fantany taloha. Ozona amin'ny alalan'ny fampiasana ilay Anarana Masina no mivadibadika ao amin'ny lelany, ary sarimihetsika fanaovana tsinontsinona ilay Izaho Lehibe no mampiala voly ny olona an-tapitrisany maro. Moa ve izany fahajambana rehetra izany vokatry ny tsy fahitantsika maso an'Andriamanitra?

Tsia kosa angamba. Na dia fony i Jesosy niara-nandeha tamin'ny olona sady nanao fahagagana aza, dia efa nilaza ny mpanora-dalana sy ny Fariseo hoe tsy ampy mihitsy izany. Nila famantarana natao ho azy ireo manokana izy ireo, kanefa nolavin'i Jesosy izany (Mat 16:4). Tamin'ny tranga hafa no nilazan'i Jesosy hoe na dia misy olona natsangana tamin'ny maty aza dia tsy hino izy ireo. Nandritry ny telo taona no efa nahitan'izy roambinifolo lahy an'i Jesosy nivantana tamin'ny masony, kanefa mbola nisy iray tsy nino ihany tamin'ny farany.

Tsy ny zavatra hita mihitsy no mitondra finoana. Ao anatin'ny toko mahakasika ny finoana, ao amin'ny Hebreo 11, no ahitantsika hoe mialohan'ny handehanantsika eo amin'Andriamanitra dia tsy maintsy mino isika hoe: "Izy no mpamaly soa izay mazoto mitady Azy" (Heb 11:6).

Nanoratra boky iray manontolo i Philip Yancey, mitondra ny lohateny hoe: "*Reaching for the Invisible Andriamanitra"(Mitady ilay Andriamanitra Tsy Hita Maso),* mahakasika ny fomba ahafahan'olombelona mifandray amin'olona iray tsy hita maso.

Izao no nambarany: “Tsy ‘nahita’ an’Andriamanitra mihitsy aho. Tsy dia mahita porofo matetika mampahatsiahy ahy an’Andriamanitra aho, *raha tsy mitady izany*.ny fitadiavana sy ny fanarahana no mahatonga ilay fihaonana ho tena zava-misy. Noho io antony io no mahatonga ny Kristiana manindry fatratra hoe ny fahatokiana sy ny fankatoavana no mandeha aloha, izay vao manaraka ny fahalalana. Noho io fahasamihafana io no tsy hialako amin’ny fitsipika ara-panahy, na toy inona na toy inona fihetsehampoko. . . . Tsy hoe rehefa fantatro Andriamanitra vao hanao ny sitrapony aho; fa fantatro *amin’ny alalan’ny* fanaovana ny sitrapony Izy.”[*]

Tsy ny mpianatr’i Jesosy ihany no tsy maintsy miara-mandeha Aminy am-pinoana; na dia izao tontolo izao aza dia tsy maintsy mandeha am-pinoana mifanaraka amin’ny zavatra inoany ihany koa. Tao anatin’ny lahatsoratra nitantara momba ny fihaikana amin’ny maha-azo inoana ny fanandramana ara-tsiansa no namintinan’ilay mpanoratra hoe: “Tianay ny mampino hoe mamaritra ny fahamarinana aminay ny fanandramana nataonay. Tsy voatery ho izany foana anefa no mitranga. Tsy voatery hoe rehefa marina ny hevitra iray dia azo porofoina. Ary tsy voatery hoe rehefa voaporofo ny hevitra iray dia marina foana izy izany. Rehefa vita ny fanandramana dia mbola tsy maintsy misafidy ihany izahay hoe inona moa no hinoana.”[†]

[*] Philip Yancey, *Reaching for the Invisible God* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2000), t. 89.
[†] Jonah Lehrer, “The Truth Wears Off,” *The New Yorker*, 13 Desambra 2010, t. 57.

**Fanazavana Fanampiny**

## MAHATAKATRA NY TENY

### Ireo Fehezantenin'olona Naverina Ao Amin'ny Testamenta Vaovao, Sy Ireo Nalaina Avy Ao Amin'ny Testamenta Taloha

Matetika i Jesosy sy ireo mpanoratra ny Testamenta Vaovao no namerina na naka teny avy ao amin'ny Soratra Masin'izy ireo, izay antsointsika amin'izao fotoana izao hoe Testamenta Taloha. Nisy lanjany kokoa tamin'ny mpihaino azy ireo (na ny mpamaky) ny fehezanteny naveriny sy ny nalainy tany amin'ny Testamenta Taloha, raha oharina amin'ny fandraisantsika azy ireny amin'izao fotoana izao, raha tsy hoe haintsika angaha ny fomba famerenana ny fampiasana azy ireny indray. Koa satria ny Soratra Masina no ivon'ny fiainana ara-pahalalan'ny Jiosy sy ny fiainany eo amin'ny resaka fanatanterahana, dia hain'izy ireo tsara ny tantara, ny lalàna, ny faminaniana, ary ny Salamo. Rehefa milaza zavatra avy ao amin'ny Soratra Masina izany i Jesosy na ny mpanoratra ny Testamenta Vaovao iray, dia ny zava-drehetra ao amin'ilay andalana iray manontolo no alainy, miaraka amin'ny lanjan'ilay olona, tranga, lalàna, na faminaniana. Matetika mihitsy i Jesosy na ny iray amin'ireo mpanoratra ny filazantsara no milaza ny fahamarinan'ny fiandrianany, amin'ny alalan'ny fakana andalana avy ao amin'ny Testamenta Taloha.

**NY MAHA-ADVANTISTA**

### Mitahiry Ny Tantaran'ny Advantista

Toerana efatra manan-tantara no ananana sy hiasan'ny "Adventist Heritage Ministry" (Asa Fanompoana Ho An'ny Lova Advantista) any Etazonia. Ny toerana manan-tantara tsirairay avy dia milaza ny teny fikasan'Andriamanitra maharitra mandrakizay momba ny fihavian'i Jesosy tsy ho ela, amin'ny alalan'ny fomba miavaka. Olona an'arivony isan-taona avy amin'ny faritra manerana izao tontolo izao no tonga mianatra momba ny niorenan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Ireto avy ireo toerana efatra: ny tranon'i Joseph Bates any Fairhaven, Massachusetts; ny "William Miller Farm" any Whitehall, New York; ny "Hiram Edson Farm" any Clifton Springs, New York; ary ny "Historic Adventist Village" any Battle Creek, Michigan. Afaka mamantatra zavatra be be kokoa ao amin'ny tranonkalan'izy ireo ianao, ary misoratra anarana amin'ny fandraisana vaovao maimaim-poana avy amin'izy ireo: <Http://www.AdventistHeritage.org>.

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM




Nalaina tao amin'ny tranonkalan'i AHM. Raha misy toerana malalaka ihany izay vao ampiasaina. Tsy voatery ampiasaina.
Azontsika atao ihany koa ny manafatra io sary io mivantana avy any amin'ny AHM raha toa ka tsy mety voadika avy ao amin'ny tranonkala ilay izy.

## LESONA 2

## MIAINA NY FANANDRAMAN'NY HERIN'NY TENY

**Aiza no itoeran'ny hery ao amin'ny maha-kristiana?**
**Inona avy no tombotsoa amin'ny fahalalana ny Soratra Masina?**
**Moa ve tsy nahafapo ny olona tamin'ny ahiahin'izy ireo momba an'i Jesosy ny fahagagana vitsivitsy?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:**"Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana" (Jaona 6:63).

**Toko sy andininy fototra:** Mat 7:24-27; Marka 4:35-41; 11:15-17; Lioka 10:25, 26; 24:25-27; Jaona 4:46-53; 11:1-44; I Kor 12:3; II Petera 1:19-21

### Alahady

Ny Baiboly no boky nadika tamin'ny fiteny maro indrindra raha mitaha amin'ny amin'ny boky hafa rehetra. Ny fikambanana "Gideons International" dia mizara Baibolymaherin'ny 45 tapitrisa isan-taona, izany hoe 86 isa-minitra eo ho eo. Hita tamin'ny fitsapan-kevitra natao anefa fa miha-mihena hatrany ny fandraisana ny Baiboly ho asa-soratra. Ny Baiboly no tsy dia misy mpamaky sy be mpividy indrindra hatrizay.

Nahoana? Anisan'ny tompon'antoka tamin'izany ny fihatahana tamin'ny fivavahana teo amin'ny atsasaky ny taonjato faha-19, tany amin'ny firenena maro. Hita teo amin'ny Kristiana ny fialàna avy amin'ny fianarana ho amin'ny fahatsapana; fialàna avy amin'ny Baiboly ho amin'ny fifandraisana ara-pihetsehampo amin'i Jesosy, izay niova niaraka tamin'ny zavatra mahavariana ara-piarahamonina sy ara-kolotsaina; ary ny tena manan-danja indrindra angamba dia ny fialàna amin'ny teolojia ho amin'ny soa toavina, hisorohana ny fifandirana eo amin'ny resaka foto-pinoana.[*]

Araka ny nambaran'ny mpampianatra iray tany amin'ny Oniversiten'i Seattle, dia tsy mamaky boky firy intsony ny olona, indrindra raha boky be zavatra angatahana toy ny Baiboly. Nihaona tamin'ny mpianany izay nifanditra tao anatin'ny kilasiny izy ary nanontany hoe inona no olana. Izao no valiny avy amin'ilay tovovavy: "Tsy anisan'ny fomba fianatro ny mamaky boky be dia be." Nahafinaritra azy aok'izany ny fitomboana be nandalovany tao anatin'ny vondrona tanora nisy azy, kanefa "mazava ho azy fa ny tsy fahalalany ny Baiboly no nandiso fanantenana azy hihevitra hoe ny

[*] Stephen Prothero, *Religious Literacy: What Every American Needs to Know—and Doesn't* (San Francisco: HarperSanFrancisco, 2007), p. 105.

fanofanana Kristiana niainany tao anatin'ny fikambanam-pinoany dia nitondra zavatra kely hatramin'ny tsy misy teo aminy, teo amin'ny lafiny famakiana ny Soratra Masina."*

***Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy***

**Mihira Ao Am-Po**

Nosoratan'i Ashley Hold

Rehefa nasain'i Derek Morris, iray tamin'ireo mpampianatra Soratra Masina anay tany am-pianarana, nanao tsianjery andinin-tsoratra Masina dimy isan-kerinandro izahay, dia lasa nivadika nianatra mozika indray aho. Lasa mpianamana tamin'i Bodil aho nandritra izany fotoana izany, ary faly aok'izany aho nianatra ireo hira rehetra nataony nifanaraka tamin'ny Soratra Masina. Nampazoto sy nanome hery ahy ny hira masina, tao anatin'ny fitsapana, ny fakam-panahy, ny fandresena, ary ny ankehitriny dia eo amin'ny fampianarana ny zanako sy ny hafa.

Rehefa nofohanan'ilay fofombadiko tapa-bolana nialohan'ilay daty ny mariazinay, dia nitalaho tamin'Andriamanitra niaraka tamin'ny Salamo 61:2 aho ary nihira hoe: "Raha reraka ny foko; ento aho ho any amin'ny vatolampy izay avo ka tsy tratro." Nihiraiko ny Salamo 62:7 nanao hoe ny "vatolampiko mafy" ary Izy tokoa no fialofana ho ahy. Nandritra ireny fotoana nisalasalako ireny, taloha'ny nihaonako tamin'ny tena silapanahiko, dia nampahatsiahivin'ny hira toy ny Salamo 125:1; 55:22 hatrany aho hoe: "Izay matoky an'i Jehovah dia tahaka ny tendrombohitra Ziona, izay tsy mihetsika, fa mitoetra mandrakizay. . . . Apetraho amin'i Jehovah ny entanao, ary Izy no hanohana anao." Izany tokoa no nataony.

"Ahoana no maha-sambatra sy mampiadana anao taorian'ny zava-nitranga taminao?" noy ny namana nanontany. Natoroko azy ireo ny herin'ny tenin'Andriamanitra sy ny toky izay nomeny ahy tao amin'ny Jeremia 29:11, "Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy i Jehovah, dia hevitra ahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany" (Jer. 29:11). Tamin'ny alalan'ny Romana 8:28: "Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra ," no nahavitako nampahery vehivavy roa izay niatrika trangan-javatra toy izany ihany koa.

Nidera ny Tompo tamin'ny alalan'ny hira fiderana tao amin'ny Soratra Masina aho, nandritry ny fotoana nanan-danja teo amin'ny fiainako. Rehefa nanambady ny lehilahy iray tsara indrindra tsy mbola nisy toy izany aho (14 taona taty aoriana) dia nihira ny tononkiran'i Solomona nanao hoe: "Na dia ny ony maro aza tsy mahavono ny afon'ny fitiavana, ary ny renirano tsy mahapaoka azy."

Mihaino ny kapila mangirana misy ireo hira masina ny zanakay lahy amin'izao fotoana izao isan-kalina alohan'ny handeha hatory. Rehefa nanontaniako ilay zanako

---

* David R. Nienhuis, "The Problem of Evangelical Biblical Illiteracy," <Http://www.modernreformation.org/default.php?page=articledisplay&var1=ArtRead&var2=1110&var3=authorbio&var4=AutRes&var5=400>, retrieved 3-11-11.

lahy 9 taona izay vao vita batisa hoe inona no dikan'ny hira masina aminy, dia izao no valiny nomeny: "Fa ahoana ry neny a, ny fahalalako ny hira masina no manamoy ahy handray fanapahan-kevitra ho an'i Kristy!" Tsy ny zanako ihany no nahazo tombony tamin'ny hira masina fa nampiasaiko nampianarana ny hafa ihany koa ireny hira ireny.

Nahazo antso an-telefaonina avy amin'ny vehivavy iray aho indray andro. "Tsy fantatrao aho, fa nisy namanao izay no nanome ahy iray tamin'ireo kapila mangirana nisy ny hira masina noforoninao. Tena nitondra fahasamihafana be teo amin'ny fiainanay ilay izy! Tafiditra tao anatin'ny resaka filalaovana ody ratsy ny fianakaviam-badiko, ary saika nanenika ny tranonay io hery io. Tsy nahita tory ny zanako; mahita zavatra mihetsika manerana ny trano izahay. Ary indray andro aza aho nahita rà tao anatin'ny fandrianan-janako mihitsy. Rehefa nahazo ireo hira masina anefa izahay dia nalefanay tao an-trano foana izy rehetra andro aman'alina. Sitrana ny tokatranonay! Deraina Andriamanitra !"

Rehefa anao tsianjery ny tenin'Andriamanitra mora kokoa tamin'ny alalan'ny hira aho, dia nahazo izay nilaiko tao anatin'ny fifaliana, fahoriana, fakam-panahy, ary fahadisoam-pananetana. Fanampiana lehibe hozaraina amin'ny hafa ihany koa izy io. Nampanakaiky ahy tamin'Andriamanitra ny Soratra Masina, izay nanome fahafahampo tsy vitan'olon-kafa omena.

**Alatsinainy**

**HERY TSY TAKATRY NY SAINA**

Planeta midadasika sy tsara tarehy ny tany, ahita ny zava-drehetra ilaina hihazonana ny fiainana. Izy io anefa dia boribory kely ao anatin'ny andian-kintana antsoina hoe "Milky Way" fotsiny. Ny fitaovana tena mahery fijerena kintana nalefa tany an'habakabaka dia nanohy ny fanehoany tontolo midadasika kokoa noho izay mety ho takatry ny saintsika, efa tany amin'ny 25 lasa aza izay. Misy andian-kintana an-tapitrisany maro. Inona ary no herytsy takatry ny saina izay nahatonga azy ireny ho àry? Ary inona kosa ny hery mihazona azy?

Ireto ny fanontaniana izay dinihan'ny mpahay siansa amin'izao fotoana izao ary efa novalian'ny Baiboly tamin'ny alalan'ny fomba tsotra kanefa lalina, arivo taona lasa izay. Inona no porofo hita ao amin'ny Genesisa 1:1-3, 6, 9, izay maneho fa ny Fanahin'Andriamanitra sy ny Tenin'Andriamanitra no niara-niasa tamin'ny Famoronana?

Mpiara-miasa tamin'ny Famoronana ny Teny sy ny Fanahy, ary mpiara-miasa ihay koa izy ireo amin'ny fanavotana. Hazavao ny fiarahany miasa, araka ny hita ato amin'ireto andininy manaraka ireto:

●II Petera 1:19-21

●Jaona 16:13

Rehefa misy olona iray mamaky ny Baiboly miaraka amin'ny faniriana hamantatra ny valin'ireo fanontaniana roa napetraky ny mpianatra rehetra ireo manao hoe: "Iza moa Ianao Tompo?" sy ny hoe: "Inona no tianao ataoko?" dia hitondra hery manova amin'ny alalan'ny teny izay vakiany ny Fanahy Masina. Mety hitombina ny hoe mamaky Baiboly kanefa tsy mahatsapa fiovana na dia kely akory aza. Tamin'ny fotoana iray nampianaran'i Jesosy ireo mpitarika Jiosy momba ny fijoroana vavolombelona izay nanaporofo ny tena maha-Izy Azy, no nanehoany tamin'izy ireo ny antony mahatonga ny mpamaky ny Soratra Masina mety tsy ahita ny tena tanjon'ilay andininy. Vakio ny Jaona 5:38-40.

●Araka ny nolazain'i Jesosy, inona no tanjon'ny Jiosy tamin'ny fandalinana ny Soratra Masina?

●Inona no foto-kevitra adinon'izy ireo tao anatin'ny fandalinana nataony?

●Inona no antony nanadinoin'izy ireo izany?

Rehefa nanaiky i Petera hoe tena i Jesosy tokoa no Kristy, izay Zanak'Andriamanitra velona, dia inona no nahatonga azy nino izany, araka ny nambaran'ny tenan'i Jesosy mihitsy? (Mat 16:17)

I Paoly, izay misioneran'ny jentilisa dia nitory ny Teny tamin'ny olona an-jatony izay tsy mahalala akory ny foto-kevitra ao anatin'izany hoe Mpamonjy avo indrindra izany, izay tonga olombelona tety an-tany, maty noho ny fahotan'izy ireo, ary Tompo nitsangana tamin'ny maty amin'izao fotoana izao. Maro ny olona hitany hoe lasa nino ary maro ihany koa ny niodina. Inona no nahavitan'ny sasany nino? (I Kor 12:3)

Ny fahalalana ny tompon'andraikitra amin'ny fandresen-dahatra ny tsy mpino ho amin'ny fahamarinan'ny Teny dia mety hanala ny ahiahy ao anatin'ireo sasany amintsika, izay mivavaka sy miresaka ny momba an'i Jesosy amin'ireo fianakaviantsika sy namantsika. Tokony hiteny sy hampianatra ny Teny isika; tsy azontsika terena hino ny olona iray. Mahazo matoky isika hoe ekipa iray manana hery tsy takatry ny saina ny Teny sy ny Fanahy.

## Talata

### NY FOMBA NAMPIASAN'I JESOSY NY SORATRA MASINA

Nanao ahoana ny habetsahan'ny zavatra fantatrao momba ny Baiboly fony ianao 12 taona? Vitanao ve ny nanao tsianjery marobe? Hevro ny zavatra fantatr'i Jesosy momba ny Soratra Masina fony Izy 12 taona: Nahavita nifanakalo hevitra momba ny fiheverana ireo andininy niaraka tamin'ny raby sy ny mpampianatra tao an-kianjan'ny tempoly Izy! (Lioka 2:46-50) Nazava tamin'ny alalan'io tranga nahavariana io fa vao tamin'ny fahakeliny i Jesosy dia efa nanana fahalalana nidadasika sy lalina momba ny Teny. Tsapanao ve fa ireo andininy izay novakian'i Jesosy sy nataony tsianjery ireo dia eo ampelatananao ihany koa amin'izao fotoana izao, ary mirakitra hery mitovy amin'izay hitan'i Jesosy tao anatin'izy ireny ihany koa, ho anao?

Azo antoka fa ny fampiasan'i Jesosy ny Soratra Masina nalaza indrindra dia niseho nandritry ny fotoana namaliany ny fakam-panahy nalefan'i Satana tany an'efitra. Intelo Izy no nandresy ny fakam-panahy tany an'efitra, tamin'ny alalan'ny teny hoe: " 'Voasoratra hoe . . . .' " (Mat 4:4, 7, 10). Ahoana no fomba ahazoantsika hery toy izany handresena ny fakam-panahy? (Sal 119:11)

Tamin'ny alalan'ny famakiana sy ny fanaovana tsianjery ny Soratra Masina no nahitan'i Jesosy ny drafitry ny Ray ho an'ny fiainany. Ny Teny sy ny Fanahy no nanome Azy ny fototra sy ny hery nilainy tamin'ny asany. Lazalazao ny momba ny asa nahagaga sy be herimpo nataony teo anivon'ireo olona izay nikasa hamono Azy? Inona no fototry ny asa nataony? (Marka 11:15-17) Jereo ao amin'Isaia 56:7 sy Jeremia 7:11 ny loharanon'ny fanambaràna nataony.

Nampiasa ny Soratra Masina i Jesosy rehefa nampianatra ny mpianatra sy ny olon-kafa. Ohatra amin'izany ny nampiasany ny Teny namaliana ny fanontaniana roa izay tsy maintsy napetraky ny mpianatra tsirairay avy: "Iza moa Ianao Tompo?" sy ny hoe: "Inona no tianao ataoko?" Na dia tsy fantatr'ireo mpianatra teny amin'ny làlany ho any Emaosy aza hoe i Jesosy no niresaka tamin'izy ireo, dia nazavain'i Jesosy ny andraikitr'i Kristy (Mesia) ho azy ireo, izay namaly ny fanontaniana voalohany napetraky ny mpianatra iray. Lazalazao ny fomba nampianarany azy ireo. (Lioka 24:25-27)

Matetika ny olona no tonga eo amin'i Jesosy miaraka amin'ireo fanontaniana ireo. Ny fanontaniana sasany dia sady tsotra no mivelatra. Ny hafa kosa natao nitsapana sy namandrihana Azy mba ahatonga ny Tenany ho voaheloka. Inona no ambaran'ny valiteny nomen'i Jesosy ny olona nanontany Azy, amintsika, momba ny loharanon'ny valim-panontaniantsika? (10:25, 26)

Mba ahafahana mamaly ny fanontaniana faharoa napetraky ny mpianatra nanao hoe: "Inona no tianao ataoko?" dia ilaintsika ny mahafantatra ny zavatra ampianarin'ny

Teny antsika. Ny mpanoratra ny boky iray famporisihana ny olona hamaky Baiboly dia nanazava ny antony ilàna ny Baiboly eo amin'ny fiainana andavan'andro: "Ny tena marina dia tsy haintsika tsara ny mitondra ny fiainantsika, eo anatrehan'ny fahaizantsika, ny fianarantsika, ary ny fandalinana ataon'ny tenantsika manokana. . . . Takiantsika ny andininy maneho ny zavatra tsy ho haintsika mihitsy, raha amin'ny alalan'ny fanambàrana ny fahahalana azontsika hatramin'izay fotsiny ihany."[*]

[*] Eugene Peterason, *Eat This Book*, (Grand Rapids, Mich.: Eerdmans, 2006), t. 34

## Alarobia

**NY HERIN'NY TENIN'I JESOSY MANOKANA**

Tsy ela akory ny olon-drehetra izay mamaky ny iray amin'ireo Filazantsara dia ahatapsa fa ny hery sy ny fahefan'i Jesosy dia tsy avy amin'ny teny voasoratra ao amin'ny Soratra Masina ihany (Testamenta Taloha), fa avy amin'ny teny nolazainy ihany koa. Tamin'ny famaranana ny Toriteny lava nataony teo an-Tendrombohitra dia "talanjona ny vahoaka" (Mat 7:28) satria "nampianatra azy toy izay manana fahefana Izy, fa tsy tahaka ny mpanora-dalàna" (and. 29). Nofaranany tamin'ny alalan'ny fanoharana fohy ilay Toriteny nataony teo an-Tendrombohitra. Araka ny fanoharana nataony, inona no fihaikana natrehan'ny tsirairay avy izay nandre ny fampianarany? (and. 24-27).

Tantara telo avy amin'ny fiainan'i Jesosy no nanazava ny karazana hery izay nananan'ny Teniny. Vakio ao amin'ny Jaona 5:1-9 ilay tantara voalohany. Inona no vitan'ny teny nolazain'i Jesosy ho an'ilay lehilahy izay efa nijaly nandritry ny fotoana naharitra?

Tao amin'ilay tantara faharoa no nahitana ny tenin'i Jesosy izay nanana ny vokany nahavariana tokoa teo anatrehan'ny tranga saika nitera-doza ho azy ireo. Vakio ny Marka 4:35-41. Tamin'ny sehatra inona no nanehoan'io tranga io hoe nanana ny hery i Jesosy?

●Inona no fihetsiky ny mpianatra teo anatrehan'izany?

Noho ny maha-zava-dehibe ilay tantara fahatelo dia lava be izy io, ary ahitana antsipiriany maro manana ny lanjany. Vakio manokana ny Jaona 11:14, 38-44. Inona ireo teny telo sarotra adinoina izay nolazain'i Jesosy?

●Inona no tena nahavariana momba ny herin'ireo teny ireo?

I Jesosy no mpanome fiainana, ary miampita amin'ny alalan'ny teniny izany fiainana izany. Ny Tenan'i Jesosy mihitsy no nanondro ny lanjan'izy ireny sy heriny. Natao ho antsika ny teniny. Vakio ireto andininy roa manaraka ireto ary soraty ny hevitra fototra izay nomen'i Jesosy mahakasika ny teniny.

Jaona 6:63

Jaona 5:24

[Ampidiro eto ny"Maha-Advantista" na ny "MAHATAKATRA NY TENY"]

## Alakamisy

### NY HERIN'NY TENIN'I JESOSY AMIN'IZAO FOTOANA IZAO

Indraindray dia mamorona ady ao an-tsaintsika ny ahiahy sy ny finoana. Inona no ilaina mba hananana finoana lalina? Ny antsipiriany momba ny nanasitranan'i Jesosy ny zanakalahin'ny tandapa iray no ahitantsika ny herin'ny tenin'i Jesosy sy ny endriky ny finoantsika. Vakio ny Jaona 4:46-53. Taiza ny tanàna nisy an'i Jesosy rehefa nanatona azy ilay tandapa?

●Taiza ilay tandapa no nipetraka?

Raha toa ka misy sarin-tany ny Baibolinao dia mety tianao jerena ao anatin'izany ireo vohitra roa ireo. Tsy nanaraka ilay hevitra noheverin'ilay tandapa i Jesosy fa inona no nataony? Ahoana no fomba namalian'ilay tandapa Azy?

Rehefa nandeha tany amin'ilay tandapa ny mpanompony ny andro nanaraka io, dia ahoana no fomba nanamarinan'ilay tandapa hoe sitrana tokoa ny zanany satria nositranin'i Jesosy?

●Inona no nasetrin'ny rain-drazazalahy sy ny fianakaviany ny fahasitranany?

Misy heviny manokana amin'ny "taranaka faharoa" amin'ny mpianatra io tantara io satria tsy nanatrika ara-batana teo i Jesosy fony Izy nanasitrana an-drazazalahy. Sitrana noho ny amin'ny tenin'i Jesosy fotsiny izy. Tamin'ny alalan'io tranga io no nanehoan'i Jesosy ihany koa ny foto-kevitra momba ny toetran'ny finoan'ny olona iray.

Mba ahatakarana ny fampianarana momba ny finoana dia tsy maintsy hiverenantsika ny tantara ary apetraka amin'ny sehatra misy azy. Taloha kelin'io fanasitranana io dia tany Samaria i Jesosy. Mamakia andininy vitsivitsy mialohan'ny fanombohan'ny tantaran'ny fanasitranana (and. 43-45). Tany Galilia no nandanian'i Jesosy ny ankabeazan'ny fotoanany. Inona no mahatonga ny andininy faha-44 sy 45 toa mifanohitra?

●Nilaza i Jesosy hoe tsy misy mpaminany masina an-taniny, kanefa ny "Galiliana àry nandray Azy." Inona no antony voalaza fa nahatonga azy ireo nandray tsara? (and. 45)

Ho fampahatsiahivana anao momba ny zava-nitranga tamin'ny fety tany Jerosalema dia hivereno jerena ny Jaona 2:13-16. Jereo ihany koa ilay tantara niseho tany Kana. Inona no nitranga tany? (4:46)

●Araka ny tenin'i Jesosy, nifototra tamin'ny inona ny firahaban'ny olona, ary inona no nasehon'izany fototra izany momba ny finoan'izy ireo? (and. 48)

●Mifanohitra amin'ny olona amin'ny ankapobeny, tamin'ny alalan'ny inona no fototra niorenan'ny finoan'ilay tandapa? And. 50

"Io tantara io dia manamafy ny tanjona fototra niorenan'ny filazantsaran'i Jaona, izay hafatra roa ho an'ny taranaka faharoa eo amin'ny Kristiana. . . [1] hoe mitovy ihany ny zavatra vitan'i Jesosy avy lavitra sy ny zavatra vitany rehefa manatrika eo ara-batana Izy. . . . [2] hoe ny tenin'i Jesosy no loharanon-kery. . . . Ny teny voasoratra ihany koa dia mahery tahaka ny fanatrehan'i Jesosy ara-batana. Ny teniny dia tsara tahaka ny fikasihan'ny tanany."[*]

[*] Jon Paulien, *Jaona , The Abundant Life Bible Amplifie*r (Boise, Idaho: Pacific Press, 1995), tt. 110, 111.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Niara-niasa na miara-miasa ve ny Teny sy ny Fanahy eto amin'ireto tranga manaraka ireto? (Asio E hanehoana hoe Eny, na T hanehoana hoe Tsia.)

____ Fanoratana ny Baiboly?
____ Famoronana izao tontolo izao?
____ Fandresen-dahatra ny olona hoe i Jesosy no Andriamanitra ?
____ Fahatakarana ny Baiboly?

Ahoana no fomba nampiasan'i Jesosy ny Soratra Masina, izay antsointsika hoe Testamenta Taloha amin'izao fotoana izao? (Mariho avokoa ny valiny marina rehetra.)

____ Hiadiana amin'ny fakam-panahy
____ Hanazavana ny sasany amin'ny asany
____ Hampianarana ny olona ny fomba fiaina
____ Hanazavana momba ny Andriamanitra Telo izay Iray

Teo amin'ny sehatra inona no nananan'i Jesosy fahefana tamin'ny resaka baiko? (Mariho avokoa ny valiny marina rehetra.)

____ Zavaboary
____ Fisainan'olombelona
____ Aretina
____ Fahafatesana

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Milaza ny olona sasany hoe tsy liana amin'ny famakiana ny Baiboliny izy ireo satria boky tsy mahaliana sy mankaleo izy io. Ahoana no fomba hanampian'ireto andininy manaraka ireto anao hanazava ny momba izany fiheverana izany?

I Korintiana 1:18

I Korintiana 2:13, 14

### Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Hodinihana mandritra ity telovolana ity ireo fomba ahatakarana ny Baiboly. Ahoana ny fomba fandinihanao ny tenanao amin'nireto fahaiza-manao manaraka ireto? Mariho isa 1 hatramin'ny 4 eo anoloan'ny fehezanteny tsirairay avy etsy ambany:
1 – Fahaiza-manao vao manomboka
2 – Fahaiza-manao salatsalany
3 – Fahaiza-manao efa tena tsara

4 – Tsy fantatro

____ Fantatro avokoa ny tantara iray manontolo ao anatin'ny Baiboly, voalohany hatramin'ny farany.
____ Haiko ny mitady andininy ao ain'ny Testamenta Taloha.
____ Haiko ny mitady andininy ao amin'ny Testamenta Vaovao.
____ Mahafantatra mpanoratra na hetsika ao amin'ny Testamenta Vaovao aho, izay nampiasa fehezanteny avy any amin'ny Testamenta Taloha.
____ Haiko ny manondro ny toerana ara-Baiboly ao anatin'ny sarin-tany.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Ny Teny sy ny Fanahy

Nandritry ny taona maro nanomboka teo amin'ny taona 700 talohan'i Kristy, ny mpaminany Isaia izay nonina tany Jerosalema nandritra ny fikorontanana lehibe ara-politika sy ara-miaramila, dia nandrakitra an-tsoratra tamim-pitandremana tamin'ny alalan'ny penina sy ny ranomainty teo ambonin'ny taratasy, ny hafatra ara-paminaniana nasehon'Andriamanitra azy. Izy no mpaminany izay nilaza mialoha ny momba ilay Mpanompo Ory: "Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika." (Isa 53:5)

Taonjato maro taty aoriana, teo ho eo amin'ny taona 95, ilay Apostoly Jaona izay efa antitra, natao sesintany tany amin'ny nosy Patmosy, no nandray ny peniny sy ny taratasiny ary niezaka nitady fomba fitenin'olombelona hanazavana ilay fahitana nahafinaritra izay nomen'Andriamanitra azy. Hitany ilay Kristy izay "nanana tarehy tahaka ny masoandro mamirapiratra amin'ny heriny" (Apok 1:16), izay nitana ny "fanalahidin'ny fahahatesana sy ny fiainan-tsy hita" (and 18), sady "Mpanjakan'ny mpanjaka." (17:14)

Avy amin'ny Mpanompo Ory ho amin'ny Mpanjakan'ny mpanjaka, ao amin'ny Soratra Masina no hamantarantsika rehetra ny momba an'i Jesosy, izay nasehon'Andriamanitra tamin'olombelona. Tsy dia tena fantatra mazava tsara ny fomba nanehoana izany fanambaràna izany sy ny toerana nitrangan'ny nanomezana azy. Nilaza i Paoly hoe "ny Soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra " (II Tim 3:16), sy i Petera hoe "tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehatra; fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy" (II Pet 1:21). "Koa satria ambara fa ny Baiboly no 'sabatry ny Fanahy' (Efes 6:17), dia tsy mahagaga raha mifandray akaiky tokoa amin'ny dingana nandrafetana ny Soratra Masina ny Fanahy Masina."[*]

Tsy niala tamin'ny Soratra Masina ny Fanahy Masina hatramin'ny nanoratana azy. Rana tsy mitohy ny asan'ny Fanahy Masina amin'ireo izay mamaky ny Teny, dial as boky lany andro ny Baiboly. Azo atao anefa ny mandalina azy io any amin'ny oniversiten'izao tontolo izao, amin'ny maha-asa soratra lehibe azy, na amin'ny maha-tantara ara-kolotsaina azy, na amin'ny maha-boky masina azy, izay ampiasain'ireo antokom-pivavahana lehibe eto amin'izao tontolo izao. Mahagaga fa misy teôlôjiana izay tsy mino an'Andriamanitra, kanefa dia mandalina ny Baiboly mandritry ny fotoana maharitra, ary mamoaka boky sy lahatsoratra maro.

Tsy misy na dia iray amin'ireny antony ireny aza, nampahafantaran'ny Fanahy Masina ny Tenin'Andriamanitra. Fantatry ny Fariseo hoe nomena ny Soratra Masina: hanehoana ny Làlana mankany amin'ny fiainana mandrakizay ho an'ny olombelona

[*] Fernando L. Canale, "Doctrine of God," in Raoul Dederen, ed., *Handbook of Seventh-day Adventist Theology*, (Hagerstown, Md.: Review & Herald, 2000), t. 134.

(Jaona 5:39). Tsy neken'izy ireo tsotr'izao ilay Làlana, ilay Olona, izy naseho tao anatin'ny Soratra Masina.

Namela takona tsy ahafahan'ny tenantsika manokana mamantatra, ny fahotana. Mila ny Fanahy Masina isika hanala izay takona izany (II Kor 3:18).

Nanandratra sy nanome voninahitra ny Mpamonjy ny Fanahy Masina. Asany ny maneho an'i Kristy, ny fahadiovan'ny fahamarinany, ary ny famonjeny lehibe izay azontsika amin'ny alalany. . . . Ny Fanahin'ny fahamarinana ihany no mpampianatra mahomby eo amin'ny fampianarana ny fahamarinana avy any ambony.*

Miara-miasa amin'ny fanehoana an'i Jesosy ny Teny sy ny Fanahy, *ary* manokatra ny saintsika sy ny fontsika handray Azy.

* *Ny Dia ho eo amin'i Kristy*.

**Fanazavana Fanampiny**

**MAHATAKATRA NY TENY**

**Ny Fanahy Masina sy ny Vavaka**

"Ny Fanahy Masina no hanome fahafahana hahatonga ny mpino hanaiky, ahatakatra, ary hampihatra ny Baiboly eo amin'ny fiainan'ny olona iray, eo am-pikatsahany hery avy any ambony mba hananany fankatoavana ny fepetra rehetra takiana ao amin'ny Soratra Masina, ary hampifanaraka ny teny fikasana rehetra misy ao amin'ny Baiboly amin'ny tranga izay atrehan'ny tenany manokana. Ireo izay manaraka ilay fahazavana efa noraisiny ihany no afaka manantena ny handray fanazavana avy amin'ny Fanahy (Jaona 16:13, 14; I Kor 2:10-14)."[*]

"Tsy azo atao mihitsy ny mandinika ny Baiboly tsy araham-bavaka. Mialohan'ny hanokafana ny andalana ao anatiny dia tokony hangataka fanazavana avy amin'ny Fanahy Masina isika, ary hanome izany Izy."[†]

[*] "Method of Bible Study," in George W. Reid, ed., *Understanding Soratra Masina : An Adventist Approach,* (Silver Spring, Md.: Biblical Research Institute, 2005), p. 331.
[†] *Steps to Christ,* p. 91.

# LESONA 3

# VELONA AO AMIN'I KRISTY

**Inona no atolotry ny fiainana ao amin'i Kristy ahy, izay tsy azoko na aiza na aiza?**
**Raha toa ka zava-dehibe ny manaraka an'i Jesosy, ahoana no tsy ahitan'ny olon-drehetra izany?**
**Ahoana no ahafahana "mivelona ao amin'i Kristy"?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:** " 'Ary ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny harena nafenina tany an-tsaha, izay hitan'olona, ka dia nafeniny; ary noho ny hafaliany dia lasa nandeha izy ka nivarotra ny fananany rehetra, dia nividy izany saha izany' " (Mat 13:44).

**Toko sy andininy fototra:** Mat 13:44-46; Jaona 3:1-21; 4:1-42; 15:1-8

## Alahady

Inona no fahasamihafana misy amin'ny maha-Kristiana? Mety mahafantatra olona Silamo na tsy mino an'Andriamanitra ianao, izay tsara fanahy sy mahalala tànana kokoa noho ny Kristiana. Mahazatra ny olona mihitsy ny mihevitra fa ny finoana an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy dia tsy mitondra fahasamihafana firy eo amin'ny fiainana satria "iray ihany ny tanjona." Ao anatin'ny lesona mandritra ity herinandro ity no hianarantsika fa:

- I Jesosy irery ihany no afaka manome "rano velona" (ho hitanao ny dikan'izany) ho antsika;
- I Jesosy irery ihany no afaka miandraikitra ny olanao ara-pahotana;
- I Jesosy irery ihany no mitondra fiainana ho anao ankehitriny sy ho mandrakizay;
- I Jesosy irery ihany no afaka mitondra ny fifaliany lalina ho anao.

Teny amin'ny toerana nisy ny olona no nihaonan'i Jesosy tamin'izy ireny, sy nitaomany ay ireny hanatona Azy. Hojerentsika ao anatin'ny lesona amin'ity herinandro ity ny fomba nifandraisany tamin'ny olona roa tena samihafa ary avy amin'ny sehatra tsy nitovy: vehivavy iray nihaona taminy teo amin'ny fatsakana tany Samaria ary mpitondra fivavahana iray nantsoina hoe Nikodemosy. Ireo tantara roa ireo no ohatra lava sy be antsipiriany indrindra teo amin'ny fomba nampianaran'i Jesosy ny olona sy nitaomany azy ireny ho eo Aminy. Eo am-pandalinanao ny tantaran'izy ireny no ahitanao fa i Jesosy irery ihany no afaka nanome izay nilain'ny tsirairay avy tamin'izy ireo.

*Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

**Manafina ny Teny ao am-Po**

Nosoratan'i Bodil Morris

Indray andro, fony folo taona i Christopher zanakay lahimatoa, dia namily fiarakodia nandeha nody niaraka taminy aho. Nesoriko ny vitesy ary novonoiko ny motera rehefa nitsofoka tao amin'ny garazy aho, ka nandrasako hijanona hatreny amin'ny kaly. Rehefa ren'i Christopher hoe maty ny motera dia nitsambikina nivoaka ny fiara izy ary nanitsaka teo an-tampon-tongony ilay kodiarana tany aoriana. "Mama a," hoy izy nihiaka, "eo ambonin'ny tongotro ianao." Nikorontana ny saiko tamin'io fotoana io. Raha tokony nanao izay hihemoran'ilay fiara no nataoko, dia nampandrosoiko tampoka indray ilay izy, ary vao niha-voahitsaka ilay tongony. "Tsy any mama a!" hoy izy nitabataba.

Rehefa voahalako teo ambonin'ny tongony ny kodiarana dia lasa nihazakazaka nijery ny zava-nitranga aho. Nisy dian-kitsaka be teo an-tampon-tongotry ny zanako sy teo amin'ny kitrokeliny. Napetrako tamin'ny seza aoriana tao anaty fiara izy ary nandeha faingana tany amin'ny toeram-piasan'ny mpitsabo aho. Koa satria sahiran-tsaina ilay mpitsabo hoe mety ho potika ilay taolana fisaka mbola mitombo ao anatin'ny tongotra, dia nalefany faingana tany amin'ny mpandidy ny tongotry ny zaza izahay. Nikorontan-tsaina sady sempotra aok'izany aho teny am-pamiliana fiara faingana nandeha nanerana ny tanàna, ary nandre feo kely nihira avy amin'ny seza taoriana:

*Henoy ny fitarainako, Andriamanitra o; tandremo ny fivavako.*
*Any am-paran'ny tany no hiantsoako Anao,*
*Raha reraka ny foko;*
*Ento aho ho any amin'ny vatolampy izay avo ka tsy tratro. (Sal 61:1)*

Nivavaka ny zanako lahy. Nataony hira ilay vavaka nasandrany ho an'Andriamanitra . rehefa nizaha ny tongotr'i Christopher ilay mpandidy dia izao no nolazainy: "Heveriko fa tsy maninona izy ity." Dia izany tokoa no zava-niseho. Nitombo tsara tahaka ny tongony iray ilay tongony naratra. Tamin'ny alalan'ny nanaovany tsianjery sy nihirany hira avy amin'ny Soratra Masina, no "naha-voafina" ny Teny tao am-pon'i Christopher, ary rehefa te hivavaka izy, dia nivoaka ho azy avy ao izany.

Tamin'ny ireo zanako lahy 3 sy 6 taona aho no nanomboka nanoratra hira avy ao amin'ny Soratra Masina. Nanao tsianjery fohy sy amphany kely monja tany amin'ny Sekoly Sabata izy ireo, kanefa fantatro hoe vitan'izy ireo ny manao tsianjery ny andininy lavalava raha toa ka asiana feony ilay izy. Ary fantatro fa ho zava-dehibe kokoa ho azy ireo ny Soratra Masina, mihoatra noho ny hira hafa fampatoriana zaza.

Mpitsabo mpanampy no asako, fa tsy mpamoron-kira. Na dia tsapako aza hoe tsy mendrika hamoron-kira aho, dia mino aho fa omen'Andriamanitra fahaizana manao zavatra ary raha sitrakao dia omeny fahafahana manao izany ianao.

Nataoko tsianjery nanditry ny herinandro iray izay ny Jeremia 31:16, 17, ary nasiako feony. Ny Sabata nanaraka io dia nisy vehivavy iray nitondra mpamangy tao

amin’ny Sekoly Sabata, izay nilaza taminay hoe nandositra niala ny trano ny zanany. Gaga ny iray kilasy. *Inona izany no holazaintsika eo anatrehan’izany?* hoy izy ireo nanontany tena. *Nalahelo fatratra ilay ramatoa*. Tamin’izay fotoana izay indrindra no tonga tao an-tsaiko ilay andininy izay nataoko tsianjery tamin’io herinandro io, ary nozaraiko taminy ilay izy: “ ‘Atsaharo ny fitomanianao sy ny fandatsahanao ranomaso; fa hisy valiny tokoa ny ataonao, hoy Jehovah, ary hody avy any amin’ny tanin’ny fahavalo ireny. Ary misy fanantenana ho anao any amparany hoy Jehovah; fa ny zza dia hiverina ho any amin’ny taniny indray.’ ”

Raha jerena amin’ny lafiny rehetra dia any amin’ny tanin’ny fahavalo no misy ny zanatsika rehetra. Ny asantsika dia ny mivavaka ho azy ireny. Ny teny fikasana sy ny herin’ny Teny no manome antoka antsika ahafahantsika manantena azy ireny.

## Alatsinainy

### NY SAKANA VOKATRY NY FITSARANA MIALOHA

Moa ve avy amin'ny sehatra izay nanaovanao fitsarana mialoha ny Kristiana no nisy anao talohan'ny nahatongavanao teo amin'i Jesosy, indrindra ny Kristiana Advantista? Sa avy amin'ny sehatra izay tsy nahalalanao na inona na inona momba ny fampianaran'i Jesosy na ny fomba fiainany? Tsy voafehy ve ny fiainanao? Raha toa ka anisan'ny iray amin'ireo sehatra ireo ny famaritana ny fiainanao fahiny, dia mety ahita zavatra itovianao amin'ilay vehivavy tsy voalaza anarana ianao, fa nantsoina fotsiny hoe ilay vehivavy tany Samaria. Vakio ny Jaona 4:1-42.

Araka ny hevitrao, inona no antony nampiavaka ny nanombohan'i Jesosy rsaka tamin'io vehivavy io? (Azonareo hifanakalozan-kevitra mandritra ny fanalinana ataon'ny kilasy.)

Te hiditra ao anatin'ny fifanakalozan-kevitra momba ny fifanoherana nisy teo amin'ny jiosy sy ny Samaritana ilay vehivavy, kanefa nanao fanambaràna izay nanova ny fahalianany ho amin'ny lohahevitra momba ny fanolorana fiainana i Jesosy. Novolavolaina hametrahana fanontaniana maro ilay fanambaràna. Jereo ny andininy 10. Raha toa ka ianao ilay vehivavy, inona no fanontaniana tonga tao an-tsainao vokatr'ilay fanambaràna nataon'i Jesosy? Fanontaniana roa no namalian-dravehivavy azy. Inona no nanahiran-tsaina azy? (Jereo ny andininy 11.)

Nilaza tamin-dravehivavy i Jesosy hoe afaka manome azy zavatra izay tsy vitan'ny olon-kafa Izy. Jereo ny andininy 13, 14. Inona no tena nampiavaka ilay rano velona izay tian'i Jesosy atolotra an-dravehivavy?

Nisy fotoana iray hafa nanazavan'i Jesosy be be kokoa momba ny rano velona. Ahoana no fomba nanehoany ny sary an'ohatra momba ny "rano velona"? (Jaona 7:37-39)

Rehefa manaiky ny rano velona atolotr'i Jesosy ny olona, dia tsy lany hery sy fahafahampo mihitsy izy eo amin'ny fiainana maha-Kristiana, satria entiny ao anatiny ilay loharano, dia ny Fanahy Msina izany. Inona no vokatry ny herin'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainan'io vehivavy io? (4:28-30, 39-41)

"Matetika aho no nanontany tena," hoy ilay manam-pahaizana iray momba ny Testamenta Vaovao, "raha toa ny làlana nitondra io vehivavy io ho eo amin'i Jesosy ka mitovy amin'ny làlana izay hizoran'ny olon'izao tontolo izao eo amin'ny dingana fitadiavana an'i Jesosy." Dia nosoritsoritany amin'izay ilay làlana: "Voalohany, mahita olona mangetaheta fotsiny aloha isika, ary hodiana tsy jerena ilay olona (and 7). Rehefa izany dia fantatr'ilay vehivavy hoe Jiosy Izy, ary tonga dia tsy tiany avy hatrany (and 8-10). Taorian'izay dia fantapantatr'ilay vehivavy hoe raby angamba Izy, noho izany dia

nanomboka naneho tsy fankasitrahana Azy izy (and 11, 12). Resy lahatra amin'izay àry ravehivavy hoe Mpaminany tokoa angamba Izy, ary nanomboka nankasitraka an'i Jesosy amin'izay (and 19, 20). Nony farany dia fantatr'ilay vehivavy hoe Izy no Mesia, ary niankohoka teo Aminy izy (and 25-30, 42)."[*]

Manana ilay "fanomezana avy amin'Andriamanitra" (and 10) ilay vehivavy avy any Samaria ankehitriny, izya tsy misy hafa afaka manome ankoatran'i Jesosy. Nitondra fifaliana ho azy izany, ka tsy maintsy zarainy.

[*] Jon Paulien, *Jaona* , *The Abundant Life Bible Amplifier* (Boise, Idaho: Pacific Press, 1995), pp.99, 100.

## Talata

**NY SAKANA VOKATRY NY FIEBOEBOANA**

Ao amin'i Nikodemosy no ahitantsika ny toetran'ny olona izay mifanohitra tanteraka amin'ilay vehivavy tany Samaria. Anisan'ny Synedriona izy, izay fikambanan'ireo Jiosy mpitarika, ary nahafantatra tsar any Soratra Masina ihany koa izy. Vakio ao amin'ny Jaona 3:1-21 ny resaka nifanaovany tamin'i Jesosy.

Inona no resaka nahagaga nasetrin'i Jesosy an'i Nikodemosy raha vao vita mihitsy ilay fanambaràna nanindraindra nanokafan'i Nikodemosy ny resaka, kanefa talohan'ny nametrahan'i Nikodemosy fanontaniana?

●Inona no fiantraikan'izany valiteny izany sy ilay valiteny manaraka, teo amin'i Nikodemosy? (and 3-9)

Voatohintohina mihitsy ny fieboeboan'i Nikodemosy rehefa notohizan'i Jesosy hoe: " 'Ianao va no mpampianatra ny Israely ka tsy mahalala izany zavatra izany?' " (and 10). Amin'ny "maha-mpampianatra Jiosy nanana ny hajany" an'i Nikodemosy dia hainy tsara ny Soratra Masina. Feno fahalalana ara-pivavahana ny sainy, kanefa mbola tsapany fa nisy zavatra tsy ampy. Nambaran'i Jesosy azy izany zavatra izany: maty ara-panahy izy. Tsy fifanakalozan-kevitra ara-pivavahana no nilainy, fa fiainana.

Rehefa nanohy ny fifanakalozan-kevitra nataony tamin'i Nikodemosy i Jesosy, dia novaliany ny fanontanian'i Nikodemosy rehetra momba ny hoe "ahoana". Ahoana moa ny fomba ahaterahan'ny olona iray indray? Izany hoe ahoana no fomba hananan'ny olona iray fiainana indray? Vakio ny and 14, 15.

Inona no tiana ambara amin'ity teny ity hoe: " ' "Tsy maintsy hasandratra ny Zanak'olona" ' " (12:34)? Koa satria isika velona ao anatin'ny taonjato faha-21, dia azo antoka fa io tranga hita ao amin'ny Jaona 19:17, 18 io no hiantefan'ny sainao voalohany. Tsy niseho anefa io tranga io tamin'ny fotoana nisehoan'ny resaka. Tranga hafa no tonga tao an-tsain'i Nikodemosy. Jereo ny Nomery 21:4-9. Inona izany tranga izany?

Io "tranga nahitana bibilava" ao amin'ny Eksodosy io dia maneho fanasitranana tena nahagaga ho an'ny aretina iray nahafaty. Tsy maintsy nibanjina ilay mariky ny zavatra tena nahatonga ny fahafatesana ny vahoaka. Mbola nahagaga ihany koa ny fangatahana izay nataon'i Jesosy mahakasika ny Tenany teo amin'io tantara io. Tena nanahiran-tsaina an'i Nikodemosy mihitsy izy io.

Tsy voalaza eto ny valiny nasetrin'i Nikodemosy ny valiteny nahitana hevitra nampisafoaka avy tamin'i Jesosy. Na izany aza anefa, taty aoriana kely dia rentsika ny niarovany an'i Jesosy tao anatin'ny fivorian'ny Synedriona (Jaona 7:50, 51) ary farany dia hitantsika niaraka tamin'i Josefa avy any Arimatia izy, nitondra ny vatan'i Jesosy avy teo an-kazo fijaliana ary nanomana izany nentina nalevina (19:39, 40). Rehefa nampidina ny vata-mangatsiakan'i Jesosy avy eo an-kazo fijaliana i Nikodemosy dia

mety nitantara tamin'i Josefa momba ilay alina nitsidihany an'i Jesosy sy ny nilazan'i Jesosy hoe "tsy maintsy hasandratra Izy." Vokatr'io fahalalana ny Soratra Masina io sy ny fanampim-pahalalana izay efa nomen'i Jesosy an'i Nikodemosy, dia heverinao ve fa fantatr'i Nikodemosy taorian'ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty ny zavatra nosoratan'i Paoly taty aoriana kely? Vakio ny II Korintiana 5:21. Ahoana no hamahan'io andininy io ny zava-miafin'ny nampiasan'i Jesosy bibilava hanazavana ny fanomezana fiainana avy Aminy?

Tsy ninoan'ny Fariseo ny fahoriana sy ny fahafatesan'ny Mesia. Kanefa tamin'ny alalan'ny nilazana fa ilay fahateraham-baovao no vokatry ny fanandratana ny Zanak'olona, dia milaza amin'i Nikodemosy sy amintsika i Jesosy hoe amin'ny alalan'ny Hazo Fijaliana ihany no ahafahana mamonjy antsika, fa tsy amin'ny alalan'ny herin'ny tenantsika.

## Alarobia

**MITOETRA AO AMIN'I JESOSY**

Raha ny tena tokony ho izy dia mitondra vohoka mandritry ny sivy volana ny vehivavy dia teraka amin'izay izy avy eo. Fanandramana tena manana ny lanjany ny fiterahana, kanefa tsy miafara amin'ny fotoana maha-eo an-tanan'ny reny ny zaza ny asany. Amin'ny lafiny iray dia eo mihitsy ny asany vao tena manomboka, ary tsy vitany irery izany. Mitombina eo amin'ny Kristiana ihany koa ny tahaka izany. Rehefa ateraka indray ny olona iray dia eo ano manomboka ny fiainany miaraka amin'i Kristy. Miandry azy ny dia, izay dia tena manan-danja ary nandanian'i Jesosy ampaham-potoana fanazavana manokana mihitsy tamin'ny resaka farany nifanaovany tamin'ny mpianany. Vakio ny Jaona 15:1-8.

Ahitana hevitra be dia be ilay fanazavana momba ny voaloboka sy ny sampany. Hazavazavao ny fifandraisana misy eo amin'ny tena voaloboka sy ny sampany.

●Inona no hifampiankinan'izy ireo?

●Inona no nolazain'i Jesosy hoe azon'ny sampan atao raha mitoetra ao Aminy?

●Inona no tsy azon'izy ireny atao raha tsy mitoetra ao Aminy? (and 5)

Toy ny dingana hafahafa ny fananana fiainana ao amin'i Kristy na fitoerana ao amin'i Kristy. Ahoana no ahatonga antsika ho sampana tena mifandray amin'ilay taho? (II Kor 1:21, 22; Efes 3:14-19)

●Inona no anjara asan'Andriamanitra ao anatin'io dingana io?

●Inona kosa no anjarantsika?

Ny voa izay entintsika vokatry ny fitoerantsika ao amin'i Kristy dia mety hiseho amin'ny endrika samihafa izay azo sokajiana roa: (1) ilay toetrantsika izay niova; ary (2) ny fomba handraisantsika ny hafa. Karazana voa toy inona no ateraky ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika manokana? (Gal. 5:22, 23)

Nomen'ny apostoly Jaona antsika ny marika hafa hamantarana raha toa isika ka mitoetra ao amin'i Kristy na tsia. Fantaro ireo marika omena ato anatin'ireto andininy tsirairay avy ireto (IJaona 2:6; 3:24)

Rehefa nanazava voalohany tamin'ny mpianany i Jesosy, momba ny fifandraisana akaiky izay azon'izy ireo amin'ny alalan'ny "fitoerana ao Aminy", dia nolazainy ihany koa ny dikan'ny teny hoe mitoetra. Vakio ny 15:7. Araka ny mahazatra, rehefa mamaky io andininy io isika dia miafntoka be amin'ilay teny fikasana any

amin'ny farany ka lasa lalovantsika fotsiny ilay hevitra manan-danja any amin'ny fiandohan'ilay fehezanteny. Inona no nampiarahan'i Jesosy akaiky amin'ny fitoerana ao Aminy ao anatin'io andininy io?

Ny famakiana sy ny fandinihana ary ny fanaovana tsianjery ny Teny dia mitondra an'i Kristy ho ao an-tsaintsika hatrany. Amin'ny alalan'ny Teniny sy ny fanahy no hitoerany ao amintsika. Raha te hitoetra ao amin'i Kristy ianao, dia hameno ny sainao amin'ny alalan'ny Teniny. Misy hery ao amin'ny Teniny.

[Ampidiro eto ny "MAHATAKATRA NY TENY". Ny Soratra Masina ihany no manazava ny Soratra Masina]

## Alakamisy

**MAHITA HARENA**

Tsikaritrao ve fa rehefa manomboka mitantara tantara ny mpandaha-teny iray mankaleo dia lasa liana sy mihaino tampoka ianao? Tena tsy aritra mihitsy ny tantara. Nampiasa zy ireny hatrany i Jesosy. Niendrika fanoharana foana ny tantarany, izany hoe tantara fohy izay nanazava fitsipika ara-moraly na ara-pivavahana.

Nilaza fanoharana roa i Jesosy ho fanazavana zavatra momba ny "fanakan'ny lanitra." Ny teny hoe *fanjakana* dia mahatonga antsika hisaintsaina toerana avy hatrany. Ny "fanjakan'Andriamanitra " anefa, araka ny hampiasana azy ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia azo adika ihany koa hoe "fitondran'Andriamanitra ."

Mazava ho azy fa any an-danitra Andriamanitra no manjaka, ary nampianarin'i Jesosy antsika ny fitondrana am-bavaka ny fahatongavan'ny fanjakan'Andriamanitra ety an-tany. Ny teny hoe *mitondra* no mamahavaha ilay hevitra entiny ary mampiditra zavatra hafa ao anatin'izany dikany izany, ankoatry ny toerana. Mivavaka isika mba hanjakan'Andriamanitra amin'ny fiainantsika, ao an-tokatranontsika, ao am-piangonantsika, sns. Ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny fiainantsika no fanandramana lalovana eo amin'ny famonjena; izany no atao hoe velona ao amin'i Kristy. Vakio ireto fanoharana roa fohy ireto ary ampitahao sy jereo izay mampifanohitra azy. (Mat 13:44-46)

| Fanontaniana | Matio13:44 | Matio 13:45, 46 |
|---|---|---|
| Iza no mpandray anjara fototra tokana? | | |
| Ahoana no fomba nametrahan'io olona io ny zavatra nanan-danja? | | |
| Inona ilay zavatra nanan-danja? | | |
| Inona no valiny *ara-pihetsehampo* nasetrin'ilay lehilahy teo anatrehan'io zavatra nanan-danja io? | | Tsy dia voalaza mazava tsara |
| Inona no nataony tamin'ilay zavatra nanan-danja? | | |
| Inona no ampianarin'ireo fanoharana roa ireo antsika momba ny fanjakan'Andriamanitra na ny fitondran'Andriamanitra ? | | |

Tsapan'ny olona indraindray hoe ny fisafidianana hivelona eo ambany fitondran'Andriamanitra dia dia tsy ahitana fifaliana noho ny fanarahana fitsipika sy famelàna ny zava-drehetra izay mahafinaritra azy ireny. Mety nandalo fanandramana ratsy niaraka tamin'ny olona nilaza ny tenany ho Kristiana angamba izy ireny, tsy dia tena "sampana nandray fiainana avy amin'ilay tena voaloboka akory." Inona avy no ambaran'ireto andininy ireto amintsika momba ny drafitr'Andriamanitra ho antsika? (Jaona 3:16; 4:14; 10:10)

"Ny fifaliana no tena raharahan'ny lanitra" izany no nosoratan'i C. S. Lewis indray mandeha. Rehefa miaina miaraka amin'ny perila lafo vidy tokoa isika ary miaina ny fanjakan'Andriamanitra mamoa ny voan'ny Fanahy (fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharetana, sns.) ao anatintsika, dia ho fantatsika fa "ny Làlan'i Kristy no làlana ahoazoana fahafinaretana sy fananana izay tsy hain'olon-kafa omena antsika mihitsy."[*] Ary "miboiboika" avy ao anatintsika ho any amin'ny fiainan'ny hafa io fitiavana sy fifaliana io. Lasa tafaverina amin'ny endrika tiana namoronana antsika isika.

[*] Jaona Burke, *No Perfect People Allowed: Creating a Come as You Are Culture in the Church*, (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2005), p. 113.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Farito ao anay boribory ny litera izay mifanaraka amin'ny valim-panontaniana marina.

1. Inona no dikan'ilay "rano" izay nomen'i Jesosy ilay vehivavy tany Samaria?
   A. Soratra Masina
   B. Fanahy Masina
   D. Fiangonana
   E. Vavaka
2. Inona no hevitra lalina naseho tao anatin'ny fanambaràn'i Jesosy nanao hoe " 'tahaka ny nanandratan'i Mosesy ny menarana tany an'efitra ihany koa no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona' "?
   A. Miankina amin'Andriamanitra tahaka ny vahoaka tany amin'ny Eksodosy ihany koa isika amin'izao fotoana izao.
   B. Nasandratra teo an-kazo fijaliana ihany koa i Jesosy mba handositra ny loza avy amin'i Satana.
   D. Natao tonga ota i Jesosy ary nitondra ny fahatezeran'Andriamanitra tamintsika.
   E. I Mosesy no mpitarika ny vahoakan'Andriamanitra tany amin'ny Testamenta Taloha; i Jesosy indray no mpitarika amin'izao fotoana izao.
3. Inona no tombotsoa azontsika rehefa mitoetra ao amin'i Kristy isika? (Ataovy ao anaty boribory avokoa izay valiny marina rehetra.)
   A. Fifaliana
   B. Tombotsoa amin'ny fampitana ny fitahian'i Jesosy
   D. Lasa tahaka ny toetran'i Jesosy ny toetrantsika
   E. Misy lanjany ny fiainantsika ary mahavita be isika

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Fomba fiteny manahiran-tsaina ihany indraindra ny hoe "Mitoetra ao amin'i Kristy". Ny Testamenta Vaovao no manome antsika fomba fijery isan-karazany mahakasika ny dikan'izany. Inona no asehon'ireto andininy tsirairay avy eto ambany ireto momba ny fomba ahafahantsika "mitoetra" na "mivelona" ao amin'i Kristy?

Jaona 8:31

Jaona 15:10

I Jaona 2:6

I Jaona 4:13

II Jaona 4:16

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Rehefa mitoetra ao amin'i Kristy isika dia manova antsika avy any anatiny ka hatraty ivelany ny herin'ny Fanahy Masina. Ireto voatanisa eto ambany ireto ny vokatry ny Fanahy. Mariho "X" eo amin'ny tsipika izay maneho ny *fandrosoana* nomen'ny Fanahy Masina anao nanomboka tamin'ny fotoana naha-Kristiana anao. Ankalazao ireo fanomezam-pahasoavana izay nomen'ny Fanahy anao ireo.

| **Vokatra** | **Tsy Misy** | **Kely** | **Be dia Be** | **Fruit** | **Tsy Misy** | **Kely** | **Be dia Be** |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Fitiavana | | | | Fanaovan-tsoa | | | |
| Fifaliana | | | | Fahatokiana | | | |
| Fiadanana | | | | Fahalemem-panahy | | | |
| Faharetana | | | | Fahononam-po | | | |
| Fahamoram-panahy | | | | | | | |

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Manao Fampiharana Momba Ny Fitoerana

Mety somary hampifangaro zavatra ny fiteny ara-pivavahana ampiasaina. Mety handre teny isika kanefa tsy haintsika ny dikany n any fomba fampiharana azy. Ohatra amin'izany ny teny hoe "Mitoetra ao amin'i Kristy". Ao anatin'ny boky "*Ny Dia ho eo amin'i Kristy"* no niresahan'i Ellen White momba ny fahazoana ny teny hoe *mitoetra*: "Moa ve ianao mametraka fanontaniana hoe: 'Ahoana no fomba fitoerako ao amin'i Kristy?" tahaka ny fomba nandraisanao Azy tamin'ny voalohany. . . . . Amin'ny alalan'ny finoana no mahatonga anao lasan'i Kristy, ary amin'ny alalan'ny finoana no hitomboanao ao Aminy."

Andeha hanao fampiharana be be kokoa momba ny fomba "fivelomana ao amin'i Kristy." Ao anatin'ny fehezanteny nanaraka ilay andalana teo aloha io mihitsy no nanoratan'io mpanoratra io hoe: "Atokany ho an'Andriamanitra ny tenanao amin'ny maraina; izany no ataovy vaindohan-draharahanao." Ity misy ohatra fanaovana izany:

**1. Mamaly ny fanasan'i Jesosy ary manolotena ho an'Andriamanitra .**

Vakio ny fanasan'i Jesosy: "Indro efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko" (Apok 3:20).

Mamalia amin'ny alalan'ny famakiana ny hoe: "Jehovah o, maraina no handrenesanao ny feoko; maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho" (Sal 5:3, NRSV).

Izao lazaina an'Andriamanitra: "Noho ny famindrampon'Andriamanitra, [mba hatolotro ny tenako] ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety [hataoko] izany" (Rom 12:1 [ampifanarahana amin'ny tenanao]).

Ilay andininy tao amin'ny Salamo 5 no mitondra saintsika ho amin'ilay tranga nahavariana izay nanomanan'i Elia fanatitra ho an'Andriamanitra ary "nahitany" an'Andriamanitra nandefa afo avy any an-danitra handevona ilay fanatitra. (I Mpanjaka 18:25-38) Ny afo ao anatin'ny Soratra Masina dia mahakasika ny Fanahy Masina hatrany, noho izany dia azonao atao ny miandry ny Fanahy Masina mandritry ny tontolo andronao, hitari-dalana anao sy hanao zavatra amin'ny alalanao, izay fanatitra velona, eo am-panoloranao ny fiainanao hanaja sy hanome voninahitra an'Andriamanitra .

**2. Misaora sy Miderà.**

Manolora vavaka hideranao an'Andriamanitra ary misaora Azy noho ny zava-tsoa rehetra eo amin'ny fiainanao.

Ny Salamo no bokim-piderana nampiasain'ny vahoakan'Andriamanitra hatramin'izay. Rehefa mianatra ny midera an'Andriamanitra ianao dia misafidiana avy ao amin'ny Salamo, toy ny 8, 19, 84, 96, 100, 103, ary ny 145.

**3. Mandania fotoana iarahana amin'ny Soratra Masina.**

Mandania fotoana iarahana amin'ny Soratra Masina, ka aza adino fa ny mivavaka no atao aloha, ho fangatahana ny fitarihan'ny Fanahy Masina .

Mifidiana drafitra famakiana/fandalinana/famakafakana ny Baiboly, mifanaraka amin'izay mety aminao. Mety tsy hanana fotoana be dia be ianao amin'ny maraina, ary mety tianao tohizana amin'ny hariva ny fandalinana ataonao. Tadidio fa ny mitoetra ao amin'ny Teny dia midika hoe mitoetra ao amin'i Kristy.

**4. Mivavaha ho an'ny zava-drehetra hitranga mandritry ny tontolo andro.**

Mivavaha hoe: "Hatoky an'i Jehovah amin'ny [foko] rehetra [aho] fa tsy hiankina amin'ny [fahalalako; hanaiky Azy amin'ny [alehako] rehetra [aho] fa Izy no handamina ny [làlako]" (Ohab 3:5, 6, namboarina kely).

Amin'ny alalan'ny fametrahanao fitokiana amin'Andriamanitra fa tsy amin'ny fahaiza-manao anananao no ahafahanao miatrika ny tontolo andro amin'ny alalan'ny fahazoana antoka ny fananana fiadanana.

**Fanazavana Fanampiny**

## MAHATAKATRA NY TENY

### Ny Soratra Masina ihany no Manazava ny Soratra Masina

Ny Soratra Masina ihany no mamoaka ny hevitry ny Soratra Masina . "Tsy hoe manao tsinontsinona ny seha-pandalinana hafa ny filazana fa ny Soratra Masina ihany no manazava ny Soratra Masina, toy ny fikarohana momba ny rakitry ny ela, ny fandalinana momba ny kolotsaina eo amin'ny faritra iray, ny fandalinana momba ny fiarahamonina, na ny tantara, izay mety hanazava ny sehatra sasany ara-Baiboly sy ny sehatra nanoratana ilay andalana ara-tsoratra Masina, izay manampy amin'ny fahatakarana tsar any hevitra tian'ilay andininy ara-Baiboly avoaka. Izany koa dia tsy manala ny fanampiana avy amin'ny loharanon-kevitra hafa eo amin'ny dikateny atao, toy ny fanazavana ny teny sarotra ara-Baiboly, ny raki-bolana, ny kônkôradansy, ary ny boky hafa sy ny famakafakana. Na izany aza anefa, rehefa manazava ny tian'ny Baiboly ambara dia ny andininy ara-tsoratra Masina aloha no atao loha-laharana mihoatra noho ny fitaovana hafa rehetra, ny siansa, ary izay fanampim-panazavana faharoa."[*] Hita tao anatin'ny lesona nandritra ity herinandro ity ny Soratra Masina nanazava ny Soratra Masina.

### NY MAHA-ADVANTISTA

**BRI**

Ny "Biblical Research Institute" (BRI) (Ivon-Toerana Mpanao Fikarohana Ara-Baiboly" dia miorina any amin'ny toerana misy ny birao foiben'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito Manerantany any Silver Spring, Maryland. Anisan'ny mpikambana ao anatin'ny BRI ireo telojiana Advantista izay nahita ireo sehatra miteraka ady hevitra eo amin'ny resaka foto-pinoana sy teolojia, ary mikatsaka ny hanafaingana ny fahazoana sy ny fanorenana fanolorantena ho amin'ny fahamarinana ao anatin'ny Soratra Masina. Ireto avy ireo asa fototra hiandraiketan'ny BRI: (1) fikarohana ara-teolojia; (2) fifonana; (3) asa fanompoana ho an'ny fiangonana. Ny BRI ihany koa no mitantana ny asan'ny Komitin'ny BRI, izay ahitana mambra 40 manerana izao tontolo izao. Azonao jerena ao amin'ity tranonkala manaraka ity ny fanampim-panazavana be be kokoa momba ny BRI sy ny asa ataony: <Http://www.BiblicalResearch.gc.adventist.org>.

[*] Frank M. Hasel, "Presupposition in the Interpretation of Scriptures ," in George W. Reid, ed., *Understanding Scriptures : An Adventist Approach,* (Hagerstown, Md.: Review & Herald, 2006), t. 36.

**LESONA 4**

**MIZAKA NY FANOHERAN'IZAO TONTOLO IZAO**

**Inona no antony mahatonga ahy ho lasa be olana kokoa hatramin'ny nahavitan'ny batisako, raha oharina amin'ny tany aloha?**
**Raha toa aho ka lasa mitovy be be kokoa amin'i Jesosy, dia inona no mahatonga ny namako tsy faly amiko?**
**Aiza no ahazoako hery iatrehana ny ady sarotra miseho vokatry ny finoako sy ny fomba fiainako vaovao?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:**"Mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiombonana amin'ny fijaliany ka hampitoviana amin'ny endriky ny fahafatesany, raha mba misy ahatrarako ny fitsanganana amin'ny maty" (Fil 3:10, 11).

**Toko sy andininy fototra:** Mat 26:47, 55, 56; Jaona 3:17-20; 6:67-69; 7:1-5; Asa 6:13–7:1; II Kor 11:22-29; Fil 3:7-11; Hebreo 11

**Alahady**

Rehefa ilaozan'ny olona ny fiainana maha-tsy mety maty azy sy ny fifantohany amin'ny tenany manokana, mba hitoviany amin'i Jesosy ao amin'ny fitiavany sy ny fankatoavana an'Andriamanitra ary ny fitiavany sy ny asa fanompoana ho an'ny hafa, dia moa ve tsy izy ireo no olona tena sarobidy indrindra eo amin'ny fiarahamonina? Tsy voatery ho izany anefa.

"Tsy misy na dia iray aza miala amin'ny laharan'ny devoly hifindra hanao ny asan'Andriamanitra ka tsy mihaona amin'ny fanafihana ataon'i Satana,"[*] hoy i Ellen White. Ho hitantsika ao anatin'ny lesona mandritra ity herinandro ity ny fomba niharetan'i Jesosy, Stefana, Paoly, ary ireo olon'Andriamanitra ao anatin'ny Testamenta Taloha, ny fanoherana avy amin'izao tontolo izao. Feno fifanoherana eo amin'ny fiainana Kristiana, izay nolazaina mazava tsara hoe: Miaraka tsapan'ny Kristiana ny "fifaliana rehetran'ny lanitra sy ny mangidy rehetra eto an-tany."[†]

[*] *Ilay Fitiavana Mandresy*.
[†] Andrew Murray, *Abide in Christ* (Fort Washington, Pa.: Christian Literature Crusade, 1997), p. 159.

## *Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

### Miaritra Fikorontanana

Tsy vao izao i Frank sy Shirley* vao nanambady. Tsy nanetriketrika ny mariazin'izy ireo, kanefa zaka ihany aloha ilay ity tamin'ny voalohany. Dimy taona taty aorian'ny mariazin'izy ireo dia nanapa-kevitra hiverina tany amin'ny fiangonana Katolika izy ireo, izay tsy mba nidirany raha tsy tamin'ny fahazazany. Rehefa nilaza anefa ilay mopera tao hoe voavela ny helok'izy ireo rehefa mandoa vola 1.300 dôlara, hanoratana ny fifandraisany nohavaozina indray any Vatican, dia nanapa-kevitra hitady toerana tany an-kafa i Frank.

Iray tamin'ireo mpiara-miasa amin'i Frank, izay Pantekôtista, no namporisika azy hividy sahafan'ny satelita, hijerena fandaharam-potoana izay maneho fandaharana mitondra fanasitranana malaza amin'ny fahitalavitra. Novidian'i Frank ilay sahafa kanefa tsy nahafaly azy izany fandaharam-potoana izany. Nanomboka nitady fandaharana hafa tao amin'ny fahitalavitra izy ary tojo ny 3ABN. Rehefa avy njery ny 3ABN nandritry ny volana maro i Frank dia nifandray tamin'ny pasitora Advantista iray, izay nifanakalo hevitra taminy momba ny fahazoana ny foto-pinoana Advantista.

Vonona be atao batsia i Frank, kanefa rehefa niseho ny lohahevitra momba ny ampahafolony sy ny fanatitra dia nanohitra i Shirley. Izao no nolazain'i Frank tamin'ny pasitora: "Tsy tsapanao ny toerana misy ahy. Omeo roa na telo taona aho handaminako ny trosako, dia haloako amin'izay ny ampahafolony sy ny fanatitra." Nilaza ny pasitora hoe tsy hanao batisa azy eo anatrehan'izany fepetra izany.

"Andeha isika hanandrana zavatra iray," hoy ny pasitora. "Amin'ny herinandro ianao dia manoratra taratasim-bola mirakitra ny ampahafolonao am-pahamarinana ary matoky ny Tompo."

"Novakiany tamiko ny Malakia 3:10" hoy i Frank, "ary nosoratako ilay taratasim-bola. Te hatao batisa teo no ho eo ahon kanefa nanohitra izany i Shirley. Nahatezitra azy ilay resaka ampahafolony sy fanatitra."Efa kely sisa izy ireo dia tsy hanam-bola intsony, tia fahitalavitra fividianan-javatra aok'izany anefa i Shirley ary matetika izy no mandany 700 dôlara amin'izany ao anatin'ny herinandro.

Tsy neken'i Shirley ny fiandrasana ny batisan'i Frank: "Mihatsaravelatsihy fotsiny ianao. Rehefa tena ho fantatry ny olona hoe iza moa ianao dia tsy avelan'izy ireo hivavaka any intsony." Rehefa natao batisa tamin'ny taona 2002 i Frank dia lasa tezitra noho ny amin'ny ampahafolony sy ny fanatitra i Shirley, ary mikasi-tanana an'i Franka mihitsy izy indraindray. Noho izany dia nifindra tany amin'ny efitrano tany ambany i Frank.

"Nianatra nivavaka ho an'ny fiarovana aho. Nisy alina sasany nampatahotra ahy fony aho nivavaka, hoe hidina tany ambany i Shirley dia hamono ahy," hoy izy. "Toa nisy devoly nifehy azy mihitsy no fahatsapako azy."

---

* Anaram-bositra no ampiasaina eto.

Tany amin'ny hospitaly no niafaran'i Shirley rehefa saika nanala ny ainy izy. Rehefa tonga tao amin'ilay efitra nisy an'i Shirley tany amin'ny hopitaly i Frank dia niezaka niala tamin'ny fatorana izay nataon'ny mpiasan'ny hopitaly taminy i Shirley. Nireondreona tamin'ny feo lalina izy. "Nisy zavatra hafahafa tsapa tao amin'ilay efitrano," hoy i Frank. "Tsapako tao ny fanatrehan'i Satana."

Nanohana azy ara-bola hatrany i Frank tao anatin'ny fankahalana sy ny herisetra rehetra niseho, ary nitohy naharitra dimy taona taorian'ny nidiran'i Frank tamin'ny fiangonana ny tokatranon'izy roa. Dia lasa nandao amin'izay àry i Shirley indray andro, ary efa vita ny fisaraham-panambadian'izy ireo amin'izao fotoana izao.

Lehiben'ny loholona sy mpitahiry vola any amin'ny fiangonana Advantista kely any amin'ny toerana 70 mailo miala ny tranony i Franka amin'izao fotoana izao. Nianatra nitory teny izy, mitsidika ny mambra mararay, manao asa fanamboaran-trano, ary manao fanompoam-pivavahana ho fahatsiarovana ny efa nodimandry ihany koa aza.

Rehefa mijery ireo taona feno fikorontanana niarahany tamin'ny vadiny i Frank dia milaza hoe: "Feno fisaorana aho satria ny tia ahy aok'izany ny Tompoko ka namela ahy niatrika ireny fitsapana lehibe ireny. Nianarako tamin'ireny rehetra ireny hoe ny hany fanantenako dia ny fitehirizana fifandraisana amin'Andriamanitra. Nihevitra ahy fatratra Izy ka nodioviny tamin'ny alalan'ny afo aho, mba ahatonga ahy hampiasainy amin'ny famonjena fanahy."

**Alatsinainy**

**NIJALY I JESOSY**

Ny olon-drehetra izay nahafantatrra zavatra momba an'i Jesosy dia mahalala fa niaritra fahafatesana nanaintaina nahatsiravina Izy teo an-kazo fijaliana. Mety mahalala antsipiriany kely momba izany fahoriana izany aza izy ireny, izany hoe nakorainy sy nokapohina ary nororana Izy. Na izany aza anefa dia tsy tamin'ny fiafaran'ny fiainany ihany i Jesosy no nijaly. Nandritry ny fiainany iray manontolo Izy dia nodisoina, nampiatrehana fihaikana, ary nenjehina. Miantehatra amin'ny fitiavana sy ny fanohanana avy amin'ny fianakaviany ny olombelona. Inona no porofo hilazantsika fa tsy azon'ny fianakavian'i Jesosy Izy na ny iraka nampanaovina Azy? (Lioka 2:48-50; Jaona 7:1-5)

Tao anatin'ny fanazavan'i Jesosy tamin'ny rahalahiny ny antony tsy nandehanany tany Jerosalema niaraka tamin'izy ireo tamin'ny fetin'ny Tabernakely no nilazany ny antony tena nakahalan'ny olona Azy. Inona izany antony izany? (Jaona 7:6-9)

Na dia nandà an'i Jesosy hatramin'ny fiantombohan'ny asany aza ireo mpitarika Jiosy, dia nitangorona teo Aminy kosa ny olon-tsotra rehetra. Nanasitrana ny marary Izy, nanao fahagagana, ary nampianatra azy ireny tamin'ny alalan'ny fahefana, ka nampitsahatra ny fepetra ara-pivavahana tsy nilaina akory, izay notakian'ny mpitondra fivavahana.

Anisan'ny roa tamin'ireo fahagagana ny famokisana lehilahy tsy omby dimy arivo niampy zaza amam-behivavy sy ny nandehanany teo ambonin'ny rano. Iray andro taorian'ireo fahagagana roa ireo dia nivory teo Aminy ny vahoaka sy ny lehiben'ny Jiosy sasatsasany. Fifanakalozan-kevitra lava be momba ny fahagagana (famantarana) sy ny mana (mofo avy any an-danitra) no natao teo, izay nanazavan'i Jesosy hoe Izy no mofon'aina. Rehefa izany dia nanao fanambaràna nanafintohina Izy. Inona izany fanambaràna izany ary inona no vokany? (Jaona 6:48-60, 66)

Tena mafy tokoa izany. Ara-bakiteny ve no tiany lazaina teto?

●Inona no tiany lazaina tamin'ilay hoe ho avy?

●Tsy tao anatin'ireo mpianatra maro nandao Azy ireo Roambinifolo. Inona no antony anhatonga azy ireo tsy nandeha? (and 67-69)

●Moa ve nahatoky hatramin'ny farany izy Roambinifolo? (Mat 26:47, 48, 55, 56)

[Ampidiro eto ny "Mahatakatra Ny Teny": Fitaovana Fampiasan'i Jesosy Eo Amin'ny Asa-Soratra]

# Talata

**NY KRISTIANA MARTIORA VOALOHANY**

Tamin'ny fotoana nifidianana an'i Stefana ho anisan'ireo lehilahy fito hiatrika fifandirana teo amin'ny fizaràna sakafo ara-drariny ho an'ny vehivavy mpitondratena mahantra no nisehoany voalohany ao amin'ny Baiboly (Asa 6:1-6). Na izany aza anefa dia nanao zavatra be mihoatra noho ny famahana olana i Stefana. Inona no nataony ary inona no vokany? (and 8-12)

Tantarao ilay tranga nitondrana an'i Stefana nanoloana ny loholona hamaly ny fiampangana natao azy momba ny resaka fitenenan-dratsy.(Asa 6:13–7:1)

Lava ny valiteny nomen'i Stefana ny fanontanian'ilay mpisoronabe. Famerenana ny tantaran'ny fifandraisan'Andriamanitra amin'ny Jiosy no nataony. Mendrika vakiana tokoa ilay lahateny iray manontolo, ka tadidiana tsara ny mpihaino azy ary mariho ny fiovana nisy teo amin'ny lantom-peony teo am-pamelabelarany ny hevitra fototra nasehony (7:2-53). Ahoana no fomba niovan'ny fiteniny teo amin'ny andininy faha- 51-53? Iza no nolazain'i Stefana hoe diso?

●Inona no fihetsika nasetrin'ireo loholona sy ireo hafa izay nandre an'i Stefana? (and 54)

●Inona no fahasamihafana nisy teo amin'ny fanandraman'i Stefana tamin'io fotoana io? inona no zavatra manan-danja hianarantsika avy amin'ny andininy 55 and 56?

●Resaho ny amin'ny zava-nitranga farany. (and 57-60)

●Araka ny hevitrao, inona no antony nahatonga ny olona ho tezitra aok'izany ka nahatonga azy ireo namono an'i Stefana mihitsy?

●Ahoana no fomba niatrehan'i Stefana ny fahafatesany?

Ohatra ny amin'ny fahoriana sy ny fanenjehana izay tsy maintsy atrehantsika mpianatr'i Jesosy i Stefana. Vitsy amintsika no hiatrika ny fanandramana maha-martiora, na tsy misy mihitsy aza, kanefa rehefa miova finoana isika, dia ireo lona izay mbola mihazona ny finoana nilaozantsika no ahatsapa ny fiovana misy eo amintsika. Ary satria misy fiantraikany amin'ny fomba fiainantsika ny zavatra hinoantsika, dia mitondra fiovana eo amin'ny fomba fiainantsika ihany koa izany ny fiovam-pinoana. Tsy mora ny fiovana toy izany, ary tsy voatery hoe tonga dia eken'ny fianakaviana sy ny namana hatrany izany fiovana izany. Na dia mety hametra-panontaniana momba ny sadan'ny fifandraisantsika tapaka vokatry ny finoantsika vaovao aza isika, dia nanazava

ny maha-zava-dehibe ny fanarahana Azy i Jesosy (Marka 8:34-38). Manao ahoana ny maha-zava-dehibe ny fanaovana an’i Jesosy ho loha-laharana?

●Inoa no valisoa azo amin’ny famelàna ny zava-drehetra noho ny fanarahana an’i Jesosy? (Mat 19:27-29)

# Alarobia

## I PAOLY TAO ANATIN'NY ADY MAFY NATREHANY

Azo antoka fa ny bokin'ny Asa no boky toa hita fa moderina indrindra ao anatin'ny Baiboly. Feno tantaran'olona tonga Kristiana (Kristiana voalohany) ao anatin'izy io, izay maneho izao tontolo izao manohitra ny hafatra hafa kely sy vaovao, dia ny filazantsara izany. Nisy olona vaovao nampahafantarina, nandritry ny fotoana nisehoan'ny naha-martiora an'i Stefana. Ankoatran'i Jesosy, io mpandray anjara vaovao io dia lasa endrika nanana ny lanjany tokoa tao amin'ny Testamenta Vaovao. Tsy dia nantenaina firy aloha izy tamin'ny voalohany. Iza io olona io ary inona no nataony? (Asa 7:58; 8:1-3)

Rehefa avy nihaona tamin'ilay Kristy vao natsangana sady natao batisa izy (9:1-9) ary taorian'ny nanovana ny anarany (13:9), dia lasa misioneran'ny jentilisa io lehilahy io, nanao dia lavitra, ary nampianatra nanerana ny faritra lehibe nanodidina ny Ranomasina Mediteraneana. Rehefa niatrika fanoherana avy amin'ny olona tao amin'ny fiangonana voalohany izy, izany hoe i Paoly, dia nomeny alalana ny tenany, alalana notohanan'ny zavatra izay efa niharetany (II Kor 11:22-29). Ahoana no fomba fampitahana ny fahoriany amin'ny zavatra niharetanao vokatry ny finoanao?

●Tetsy andanin'ny fahoriana rehetra nolalovan'i Paoly, ahoana no fomba fijeriny azy ireny? (Fil 3:7-11)

Manan-karena hevitra sy lanja io andalan-tsoratra Masina io. Inona no tian'i Paoly mihoatra noho ny zava-drehetra? (and 10, 11)

Nentin'i Paoly tany amin'ny toerana rehetra nanaovany dia ny Filazantsara, ary nilaza ny momba an'i Jesosy tamin'ny olona izy ka naneho tamin'izy ireny ny filàna fibebahana, famelankeloka, ary fankatoavana ny baikon'i Jesosy. Na dia niteny aza i Jesosy hoe tsy nalefa hanameloka izao tontolo izao Izy dia inona no nolazainy hoe hitranga raha toa ka mandre ny fanasan'ny Filazantsara ny olona kanefa mandà ny hanaiky izany? (Jaona 3:17-20)

Ny maha-olombelona, amin'ny maha-mpanota, no misarika antsika tsy hiatrika ny tena zava-misy. Rehefa lasa mifandray amin'ireo izay nandray ny Fahazavana ny olona izay nandà ny Fahazavana, dia mahatsapa tahotra izy ireny matetika. Aleony ihany mitoetra ao anaty haizina. Fanenjehana ireo izay nanatona ilay Fahazavana no hiafaran'izany matetika.

[Ampidiro eto ny "Maha-Advantista"]

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

## Alakamisy

**FIJALIAN'NY MAHATOKY**

Koa satria ny filaminana ara-bola sy ny fahasambarana no tombotsoa ambony indrindra ananantsika Kristiana, dia tsy mahazo tombony isika rehefa miatrika fandraisana fanapahan-kevitra hivelona amin'ny maha-mpanaraka an'i Kristy antsika. Izany indrindra no mahatonga antsika tsy voaomana amin'ny fiatrehana ady sarotra, tsy fisian'ny fiarovana, fahoriana, na fahadisoam-panantenana. Tsy misy olona mifidy ny hiatrika ireny fihaikana tsy mahafinaritra ireny, kanefa ny fananana tanjona eo amin'ny fiainana sy ny faniriana hanaja an'Andriamanitra no mahatonga antsika vonona hiatrika azy ireny noho ny Aminy. Ny fiainana manome voninahitra an'Andriamanitra dia mitaky finoana. Ny Hebreo11, izay "toko mahakasika ny finoana" no ahitana ireo olo-malaza izay nanao an'Andriamanitra ho loha-laharana teo amin'ny fiainany. Vakio ilay toko iray manontolo.

Lava be ary isan-karazany ny lisitry ny zavatra niaretan'ireo olona voatokana ao amin'io andininy io, kanefa dia tamim-pinoana avokoa no niharetan'izy ireo izany rehetra izany. Ahoana no fomba famaritan'io toko io ny atao hoe finoana? (and 1, 3, 6)

Na dia nanana finoana avokoa aza ny olona tao amin'ny Hebreo 11, dia maro tamin'izy ireny no tsy mba nahita ny valisoan'ny finoany akory, teo amin'ny fahatanterehan'ny teny fikasana. Ahoana no fomba nitohizan'ny finoan'izy ireny na dia tsy nahita ny valin'izany finoany izany aza izy?

●Ahoana no fomba namalian'Andriamanitra ny finoan'izy ireny? (and 13-16)

Misy hery ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ampifandraisin'ny Hebreo 11 amin'ny teny fikasan'Andriamanitra ny finoana. Ambaran'i Paoly amin'ny antsipiriany amintsika ny fifandraisan'ny finoan'i Abrahama sy ny teny fikasan'Andriamanitra . inona no antony ninoan'i Abraham any teny fikasana? (Rom 4:20, 21)

Tanora iray izay niezaka nitady ny tanjony na ny fanantenany i Lindi, kanefa tsy fantany akory hoe misy tokoa ve Andriamanitra sa tsia. Niaraka tamin'olon-kafa ny vadiny. Taorian'ny volana maro nisarahana sy ny fampanantenana nataon'ny vadiny hoe hijoro ho mahatoky hatrany izy, no nahatokian'i Lindi azy indray ary niombona izy ireo. Mbola nijangajanga indray anefa izy tao anatin'ny heritaona. Nandefa "e-mail" tany amin'ny pasitoran'ny fiangonan-dehibe teo an-tanàna i Lindi, izay fiangonana fandehanany, ary nilaza taminy momba ny famadihana nataon'ny vadiny sy ny fahatsapany fahamelohana raha toa ka hanao fisaraham-panambadiana. Nilaza i Lindi hoe latsaka anaty fahadisoam-panantenana tanteraka ary tsapany fa mety hiafara amin'ny famonoantena mihitsy aza izany.

Rehefa namaky ny “e-mail” avy any aminy ilay pasitora dia lasa sahiran-tsaina fatratra noho ny fahatsapany fa ny fomba famaliny dia mety hiteraka vokany mampanahy tokoa. Tamin’izay fotoana izay indrindra no nisehoan’ny andalan-tsoratra Masina taminy, tao amin’ny Hebreo 11. Somary hafahafa taminy ihany izany, kanefa dia nanoratra tany amin’i Lindi tamim-pinoana ihany izy. Nambarany an’i Lindi hoe Andriamanitra no nitarika azy tao amin’io fiangonana io. Nambarany azy ny momba ny fahasoavan’Andriamanitra nomena tamin’ny alalan’i Kristy. Rehefa izany dia notantarainy ny tantaran’ny Hebreo 11 ary nolazainy tamin’i Lindi ny “Fomba fijerin’Andriamanitra ny zava-drehetra, ny nanatrehan’Andriamanitra ny zava-mahatsiravina niharetan’izy ireo, ary ny nanisan’Andriamanitra izany. Nampahery azy hikatsaka an’Andriamanitra aho, ary hihevitra izany ho toy ny zavatra tsara.”

Namaly ahy tamin’ny alalan’ny “e-mail” izy dimy andro taty aoriana: “Tamin’ny zava-dehetra nosoratanao, ny fehezanteny tokana tena nampahery ahy dia ilay tenin’Andriamanitra manao hoe: ‘Natrehako ny zava-mahatsiravina niharetan’izy ireo, ary izany no nisaina.’ Tsy fantatro izay antony tena nampisy lanjany izany tamiko, fa tena nisy lanjany tokoa ilay izy.”[*]

[*] Jaona Burke, *No Perfect People Allowed* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2005), tt. 208-210.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Ampifanaraho amin'ny karazana fahoriana niharetany ny tsirairay avy amin'ireto litera manaraka ireto. (Mety misy olona maherin'ny iray, nandalo fahoriana izay tsy voalaza eto.)

| Karazam-pahoriana | Olona |
|---|---|
| ____ 1. Nandao harena sy ny maha-mpanapaka | A. Stefana |
| ____ 2. Natao am-ponja imbetsaka | B. Jesosy |
| ____ 3. Maty notoraham-bato | D. Mosesy |
| ____ 4. Tsy azon'ny fianakaviany | E. Abrahama |
| ____ 5. Nandao ny tanànany noho ny fankatoavana an' Andriamanitra | F. Paoly |

Inona no manosika ny olona tsy ho tia na hanao ratsy fanahy amin'ny Kristiana Advantista indraindray? Mariho avokoa ny valiny marina rehetra.

____ 6. Faniriana hiaro ny finoan'ny tenany manokana
____ 7. Fahatsapana fahamelohana rehefa manodidina ny Kristiana
____ 8. Faharesen-dahatra hoe efa manao ny sitrapon'Andriamanitra ny tenany
____ 9. Finoana hoe diso ny foto-pinona sasany amin'ny an'ny Advantista
____ 10. Tsy fitovian-kevitra amin'ny fomba fiaina eo amin'ny resaka sakafo sy/na zava-pisotro
____ 11. Tsy fitovian-kevitra amin'ny fomba fiaina eo amin'ny sehatry ny hetsika ara-piarahamonina
____ 12. Tsy fitovian-kevitra amin'ny fomba fiaina eo amin'ny sehatry ny asa
____ 13. Tsy fitovian-kevitra amin'ny fomba fiaina eo amin'ny sehatra hafa: _____

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Na dia eo anatrehan'ny fanavakavahana sy ny fanilikiliahana na ny fanenjehana ataon'ny hafa aza dia inona no vaovao mahafaly momba ny Filazantsara? Ampifanaraho amin'izany vaovao mahafaly izany ireto andininy manaraka ireto.

| Vaovao Mahafaly | Andininy |
|---|---|
| _____ 14. Tonga olom-baovao ianao. | A. Matio 28:20 |
| _____ 15. Omen'i Jesosy anao ny fahamarinany. | B. Jaona 3:16 |
| _____ 16. Manana fiadanana miaraka amin' Andriamanitra ianao. | D. Jaona 14:16, 17 |
| | E. Romana 5:1 |
| _____ 17. Ny Fanahy Masina no lasa mpanampy anao. (Mpananatra). | F. II Korintiana 5:17 |
| | G. II Korintiana 5:21 |

_____ 18. Manelanelana ho anao hatrany i Jesosy. H. Hebreo 7:25
_____ 19. Hiaraka aminao hatrany i Jesosy.
_____ 20. Omena fiainana mandrakizay ianao.

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Moa ve ianao mijaly vokatry ny finoanao vaovao? Raha eny dia vakio indray ny lisitry ny zavatra etsy ambony, izay mahatonga ny olona tsy hahazaka ny finoana sy ny fomba fiainan'ny fiangonana hafa. Inona amin'ireo antony ireo, araka ny hevitrao, no manosika ireo izay manao toetra ratsy aminao hanao izany?moa ve ianao efa nanao toetra ratsy tamin'olona iray samihafa finoana taminao? Raha eny, inona no antony? Inona no tor-hevitra omen'i Jesosy ho an'ireo izay atao tsinontsinona (enjehina)? (Mat 5:11, 12) Vitanao ve ny manao izay lazainy aminao?

**Hevero Ity**

**Fihaikana Lehibe sy Kely***

**Fony aho nanomboka nitandrina ny Sabata dia nilaza tamin'ny lehibeko aho hoe tsy afaka miasa Zoma alina intsony aho noho ny antony ara-pivavahana. Tsy nahafaly azy izany ary nanery ahy hiasa hatrany izy. Tsy nankasitrahan'ireo mpiara-miasa tamiko ihany koa izany, rehefa miala ny toeram-piasana aho isaky ny Zoma maty masoandro. Te hiala aho kanefa fantatro fa tena sarotra be ny mahita asa amin'izao fotoana izao. Inona no tokony ataoko?**

Raha toa ianao ka asaina manao zavatra izay handikanao ny finoanao eo amin'ny asa, dia aza miala. Mety ho simban'izany ny zonao eo anatrehan'ny lalàna. Mba ahafahanao mitaraina noho ny amin'ny fanavakavahana ara-pivavahana dia aleo hanao zavatra ratsy aminao ny mpampiasa anao, raha lazaina amin'ny teny fampiasa amin'ny lalàna dia hoe "manao ny tsy rariny." Raha toa mantsy ka ianao no miala dia izay no efa sitraponao, ary lasa manana sakana lehibe tsy maintsy hihoarana eo anatrehan'ny lalàna ianao, hanaporofoana fa nanana ny rariny ianao teo amin'ny fametraham-pialana. Amin'ny ankabeazan'ny tranga dia tsy zaka mihitsy ny miatrika izany. Eny fa na dia amin'ny tranga mba tena mety indrindra aza dia izany no hampidina ny lanjan'ny fangatahana onitra ataonao. Mety ary inoana fa ianao ihany no hifotoran'izany.

**Talohan'ny nanaovana batisa anay ho tonga Advantista dia nokarohako tamin'ny "internet" ny teny hoe "Advantista." Nipoitra teo avokoa ny karazan-javatra rehetra, ary nanontany tena aho hoe nanao ny safidy tsara ve izahay. Ahoana no ahafahan'ny olona iray mamantatra hoe mitombina ny fiampangana atao amin'ny Adavntista na tsia?**

Raha toa ka efa nisy "internet" tamin'ny andron'i Jesosy, ary nokarohanao tao ny anarany, raha araka ny hevitrao, inona no toetra tsara izay mety hitanao teo amin'ireo Fariseo sy ireo mpitondra fivavahana hafa? Raha toa ka misy fahavalo mikasa hanohitra ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny olony, dia afaka mahazo antoka ianao fa hitady fampahafantarana faran'izay ratsy araka izay tratrany io fahavalo io, mba hampifangaroana ny zava-drehetra. Ny dingana hamantaranao hoe mitombina ny momba ny zavatra iray na tsia, da mitovy amin'ny dingana namantaranao ny fahamarinana momba ny fikambanana iray. Fantaro raha azo hitokiana ilay izy ary avy aiza ny loharanon-kevitra voiziny. Tsy fiangonana tonga lafatra akory ny Fiangonana Advantista satria olona tsy tonga lafatra no mandrafitra azy. Misy zavatra tsy mety ao anatin'ny fiangonana. Ny fanontaniana mipetraka anefa dia ny hoe moa ve Andriamanitra miara-miasa eo anivontsika tokoa sa tsia, ary nantsoina hamita iraka

* Ny loharanon-kevitra rehetra ato amin'ity takila ity dia natao ho tari-dalana amin'ny ankapobeny fotsiny ihany fa tsy dia tena hoe nalaina avy amin'ny lalàna. Raha ta ka ianao ka mitady toro-hevitra tena mifanaraka amin'ny lalàna, mahakasika ireo olana ireo, dia mifandraisa amin'ny departmentan'ny falalahana ara-pivavahana eo amin'ny federasiona na misiona misy anareo.

manokana ho Azy tokoa ve isika. Raha toa ka “eny” ny valiny, dia hevero fa mamafy fampahafantarana zavatra diso goavana mihitsy ny devoly, hanimbana ny fiangonana.

**Tezitra aok’izany ny vadiko rehefa tsy mety mikarakara ilay henan-kisoa na ilay patsabe atao salady tena ankafiziny aho. Inona no tokony ataoko?**

Tena tsara indrindra tokoa ny mikarakara izay zavatra tiany hohanina. Tsy mpametra ny safidin’ny vadinao ianao; ny safidinao ihany no azonao ferana. Raha toa izy ka efa nahalala hoe tsy mikarakara zavatra toy ireny ianao talohan’ny nidirana tao anatin’ny tokatrano, dia resaka hafa mihitsy izay, fa raha toa ka efa tao an-tokatrano ianao vao lasa Advantista ary nanova ny fahazaranao taorian’ny mariazy, dia tsy nifanaraka tamin’izany kosa angamba izy. Ny mijoro ho mahatoky amin’ny faharesen-dahatrao no tokony ataonao, kanefa manome azy safidy ny hotarihin’ny Fanahy Masina amin’izay hafainganana tian’ny Fanahy Masina hitondrana azy. Ny andraikitrao dia ny mijoro ho tonga ohatra tsy azo hozongozonina, maneho izany atao hoe tena fiainana miaraka amin’Andriamanitra.

**Fanazavana Fanampiny**

## MAHATAKATRA NY TENY

Fitaovana Fampiasan'i Jesosy Eo Amin'ny Asa-Soratra

Ahitana endrik'asa-soratra maro ao amin'ny Baiboly: tantara, fitantarana, hira, tononkalo, lalàna, taratasy, sy ny hafa koa. Ao anatin'ireny endrika ireny no nampiasan'ireo mpanoratra ny Baiboly fitaovana isan-karazany eo amin'ny asa-soratra, izay mampitombo ny fahalianana, ny lanja, ary ny herin'ilay asa-soratra. I Jesosy mihitsy no nampiasa endrik'asa-soratra toy ny fanoharana, tantara, toriteny, ary vavaka. Ary tena nahaliana mihitsy fa anisan'ny fitaovana nampiasainy teo amin'ny asa-soratra ihany koa ny fanaovana fanoharana diso tafahoatra (Mat 11:23), ny fampiarahana teny roa izay toa manana hevitra mifanohitra (13:12), ny zavatra izay toa tsy mampino (Lioka 19:40), ary ny fiteny maneho sary an'ohatra. Ao anatin'ny lesona amin'ity herinandro ity no ahitantsika ohatra ny amin'ny sarin-teny nampiasain'i Jesosy: " 'Fa hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny rany ianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo.' " (Jaona 6:53). Tsy hoe nataon'i Jesosy handray io fanambaràna mahagaga io ara-bakiteny isika. Sary an'ohatra io nampiasainy io. Rehefa manazava ny hevitra tian'ny Soratra Masina ambara, dia zava-dehibe ny famantarana ny endrika asa-soratra sy fitaovana ampiasain'ilay mpiteny na mpanoratra.

### NY MAHA-ADVANTISTA

**Ny gazety boky *"Liberty"***
Nanomboka ny taona 1906, ny gazety boky *"Liberty*" dia mbola mitoetra ho loharanon-kevitra tena tsara indrindra eo amin'ny resaka falalahana ara-pivavahana. Avoakan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito indroa isam-bolana izy io, ary eo ho eo amin'ny 200.000 hatrany no zaraina. Anisan'ny fototra roa nitarika ho amin'ny famoronana azy ny: (1) Mitarika ho amin'ny falalahan-tsaina ny falalahana ara-pivavahana: hanompo na tsy hanompo; hanaiky, hampihatra, ary hanaparitaka ny finoana ara-pivavahana na hanova azy ireny. Na izany aza anefa, eo am-panatontosana izany rehetra izany dia tsy maintsy hajaina ny zo mitovy ananan'ny hafa; (2) Mitombina tsara ny falalahana ara-pivavahana raha toa ka misaraka ny fiangonana sy ny fanjakana.

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

**LESONA 5**

**MAHATAKATRA TSARA MOMBA NY SABATA**

**Ahoana no niandohan'ny Sabata andro fahafito?**
**Inona no antony mahatonga ny Alahady ho andro fivavahana tena malaza indrindra eo amin'ny Kristiana?**
**Moa ve novain'i Jesosy na ny apostoly ny andro fivavahana?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:**" 'Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny rarahanao rehetra. Fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito, koa aza manao raharaha akory ianao amin'izany, na ny zanakao lahy, na ny zanakao vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao, na ny biby fiompinao, n any vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. Fa henemana no nanaovan'i Jehovah ny lanitra sy ny tany ary ny raomasina mbamin'izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito; izany no nitahian'i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy.' " (Eks 20:8-11).

**Toko sy andininy fototra:** Gen 2:1-3; Eks 20:8-11; 31:12, 13, 16, 17; Deot 5:12-15; Lioka 6:1-5; 13:10-17; Jaona 5:1-18; Asa 17:1-4; 20:7-12; Apok 14:6, 7.

**Alahady**

Tsy maro amin'ny Kristiana no mitandrina ny Sabata andro fahafito. Na izany anefa dia maro amin'ireo Kristiana mpanoratra no midera ny fitandremana ny Sabata, toa an'i Eugene Peterason, Dorothy Bass, Tilden Edwards, ary Marva Dawn. Amin'ny ankapobeny dia nanoratra momba ny Sabata izy ireo, amin'ny maha-fitsipika ara-panahy azy, izay fomba ahafahana manakaiky an'Andriamanitra. Tian'izy ireo ny fitsaharana sy ny fitahiana amin'ny Sabata. Ny didy fahefatra izay milaza toy izao ihany no tsy tiany: "Fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny *andro fahafito*." Etsy andanin'izany dia manoso-kevitra izy ireo hoe aoka samy hifidy izay andro tiany hotandremana toy ny Sabata ny olona tsirairay avy. Na izany aza anefa dia misy fahasamihafana eo amin'ny fifidianana izay andro iray tianao sy ny fitandremana ny andro nofidian'Andriamanitra ho an'ny zanany. Inona no fahasamihafana ateraky ny andro iray? Inona avyireo fampianarana ara-Baiboly momba ny Sabata?

## *Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

**Làlana Feno Fiolahana**

Rehefa nahavita ny fe-potoana niasany tao amin'ny tafika Ukrainiana i Dimitry dia lasa nanao pasitora mpanampy tao amin'ny fiangonana Pantekostala iray. Nanapa-kevitra hanatrika ny Seeminera Fianarana Teolojia nokarakarain'ny Metodista tany Moscou izy. Nividy boky maromaro tamin'ny teny Anglisy izy talohan'ny nifindrany tany Moscou, hanampy amin'ny fanatsarana ny voambolany sy ny fitsipi-pitenenana. Boky lehibe ahitana andiany telo ilay izy, nosoratan'i Ellen G. White. "Nahasarika ahy ny teny Anglisiny tena fatratra aok'izany sy ny fomba fanoratany,"hoy i Dimitry.

Avy amin'ny tontolo tena samihafa be amin'ilay filôzôfia tao mantsy no nihavian'i Dimitry sy ny vadiny. Ny tsy finoana an'Andriamanitra no nanabeazana an'i Dimitry; ny vadiny kosa nobeazina tao amin'ny tokatrano Pantekostala. Ny taona 1997 ny vadiny sy ny renin'io vadiny io no nangataka taratasy fahazoan-dalna ho amin'ny fialofana ara-pivavahana tany amin'ny Ambasadin'i Etazonia. Nolavina anefa ny fangatahan'izy ireo. Tsy nampoizina anefa fa tamin'ny taona 2003, roa volana taorian'ny fianarana tao amin'ny seminera nataon'i Dimitry tany Moscou, dia nandray antso toy izao avy any amin'ny Ambasady izy ireo: "Nodinihanay indray ny taratasin'ny fianakavianareo, ary mino izahay fa ekena ny hanomezana anareo taratasy fahazoan-dalana ho amin'ny fialofana ara-pivavahana." Tsy ela akory dia nomena azy ireo izany taratasy izany ary nifindra tany Etazonia izy ireo, tany amin'ny toerana nanohizan'i Dimitry ny fianarana nataony tao amin'ny semineran'ny Metodista.

Nandritra ireo telo taona nanaovan'i Dimitry ny "Master of Divinity" (Ambaratonga ambony fandalinana ny teolojia) no nanohizany ny famakiana ny bokin'i White. "Tena tsara ho an'ny fitomboako miandalana sy ny finoako izy ireo," hoy izy nanazava. Rehefa nanakaiky ny fiafaran'ny taona farany nianarany dia nanomboka nandeha tany amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tany Sligo izy ireo, satria lasa nino hoe ny andro fahafito amin'ny herinandro tokoa ny tena andro fivavahana. Mbola nandeha tany amin'ny Fiangonana Metodista ihany anefa izy ireo isaky ny Alahady.

Noho ny famporisihana avy amin'ny fianakaviana, rehefa nahazo mari-pahaizana izy tamin'ny taona 2008, dia nanao asan'ny pasitora tany amin'ny Fiangonana Pantekostala tany Minnesota, fa tsy nandray karama. Tsy maintsy nitady asa nanohanana ny fianakviany izy sady nanao ny asa fanompoana nanditry ny tontolo andro. Efa-bolana taorian'ny nivavahany sy nitadiavany asa kanefa tsy nahombiazany, dia tsapany hoe tsy nety ny drafitra narahany. Izao no nambaran'i Dimitry tamin'ny vadiny: "Susannah, efa nandramantsikany fitandremana ny Sabata. Andeha tsy atao sangisangy ny fitandremana io andro io, araka izay vitantsika."

Ny Alatsinainy maraina nanaraka izany i Dimitry no notolorana toerana maha-pasitora tao amin'ny Fiangonana Metodista iray, tao amin'ny tanàna kely nahitana olona 800 tany Minnesota. "Ity no valin'ny vavaka nataontsika momba ny asa" hoy i Dimitry. Roa volana taorian'ny nanombohany ny asany dia nanomboka nanao fandalinana ara-

Baiboly isan-kerinandro tao amin'ny trano vadim-piangonana izy. Olona teo ho eo amin'ny 25 no nanatrika, ary nametraka ny karazam-panontaniana rehetra. Efa-bolana taorian'ny nanombohana dia nitarika fandalinana ny faminaniana ara-Baiboly tao anatin'ny seminera naharitra 28 herinandro ity fanontaniana manaraka ity: "Inona no antony mahatonga antsika hivavaka amin'ny Alahady ?" Olona 75 hatramin'ny 80 no manatrika isan-kerinandro, marihana fa avy any ambanivohitra ny ankamaroan'izy ireo.

Teo amin'ny herinandro faha-20 nianarana momba ilay faminaniana no niantsoan'ny pasitoran'ny distrika an'i Dimitry. "Mila miresaka isika," hoy izy. "Milaza amiko ny olona hoe mampianatra foto-pinoana tsy mahazatra ianao." Naharitra adin'iray sy sasany ny resaka nifanaovan'i Dimitry sy ilay pasitora. "Raha ny tena izy dia mbola tsy te handroaka anao aho," hoy ilay lehiben'ny distrika, "kanefa aoka ianao mba tsy hampianatra zavatra tsy mahazatra intsony."

*Deraina Andriamanitra!* hoy i Dimitry tao an-tsainy. *Mbola manana herinandro vitsivitsy isika hamitana ilay fianarana iray manontolo*.

Rehefa avy namarana ny herinandro faha-28 tamin'ilay fianarana i Dimitry dia nilaza tamin'ny olona hoe: "Mino aho hoe ny Fiangonana Advantista no tena fiangonana marina. Any no misy ny ho aviko." Noroahan'ilay pasitoran'ny distrika tamin'ny asany izy.

"Niala tamin'ny toerako aho," hoy i Dimitry, "amin'izay aho tsy manome tsiny azy."

Nisy pasitora Advantista nandre an'i Dimitry nitory teny nandritry ny fampianarana momba ny faminaniana, nitondra azy tany amin'ny lehiben'ny foiben'ny Advantista tany an-toerana. Nampidrin'ny foibe teo an-toerana ho pasitora mpanampy tao amin'ny fiangonana Advantista iray miteny Anglisy izy, ary mpanampy ny pasitoran'ny Rosiana tany Minneapolis. "Naharitra iray vola nafotsiny aho no tsy niasa," hoy i Dimitry. "Tena fahagagana avy amin'Andriamanitra izany." Tamin'ny fotoana nanoratana ity tantara ity dia eo am-pianarana ao amin'ny Seminera Advantista izy.

## Alatsinainy

**NY NIANDOHAN'NY SABATA**

Raha mba afaka noraiketina an-tsoratra mantsy ny endrika mahatalanjon'ny Famoronana dia maro ny fanontaniana izay mety ho voavaly! Ny mpahay siansa izay efa niezaka namaritra ny niandohan'izao tontolo izao, dia efa nilaza tombatombana isan-karazany nandritry ny taona maro. Tsotra sy mitombina tsara anefa ny filazan'ny Baiboly ny niandohan'ny zava-drehetra. (Gen 1:1, 2) Firy ny isan'ny tranga manana ny lanjany ao anatin'ireo andininy roa ireo?

Nanaraka rindran-damina niavaka ireo andron'ny Famoronana ireo. Vakio ny Genesisy 1:3-31 ahitana izany rindran-damina izany. Mariho ny herin'ny Tenin'Andriamanitra.

●Ahoana no fomba nahariana ny zava-drehetra?

●Ahoana no fomba fijerin'Andriamanitra ny zava-bitany?

●Inona no teny mahalaza ny habetsahan'ny fotoana nilain'Andriamanitra namoronana ny singa tsirairay avy tamin'ny Famoronana tany am-boalohany?

Ny toko voalohany ao amin'ny Genesisy dia miafara amin'ny fahavitan'ny enin'andron'ny famoronana. Ny toko faharoa kosa indray dia manomboka amin'ny famaritana ny zava-nitranga tamin'ny andro fahafito. Inona mihitsy no nataon'Andriamanitra tamin'ny andro fahafito?

●Inona no zavatra nataony mba hanokanana io andro io ho andro miavaka? Gen 2:1-3

Ao anatin'ny tantara Babyloniana momba ny Famoronana, izay voarakitra an-tsoratra tao anatin'ny toerana manokana tamin'izany fotoana izany nandritry ny taonjato fahafito talohan'i Kristy, no nahitana fa ny andriamanitra antsoina hoe "Marduk" no namorona izao tontolo izao sy ny olombelona. Ny antony nanosika azy hamorona ny olombelona anefa dia mifanohitra tanteraka amin'ny fitantaran'ny Genesisy momba ny famoronana. Hoy i Marduk: "Eny tokoa, hamorona '*lullu'* aho: Lehilahy! Eo aminy no hametrahana ny asan'andriamanitra rehetra mba ahafahan'ny andriamanitra rehetra mitsahatra."[*]

Araka ny fitantarana ao amin'ny Genesisy indray dia nitsahatra Andriamanitra, ary satria tsy voalaza ao fa hoe nanao asa i Adama na i Eva, dia niara-nitsahatra tamin'Andriamanitra ihany koa izany izy ireo. Ny fiarahana amin'ny olona nohariany no

[*] Alexander Heidel, *The Babylonian Genesis: The story of Creation* (Chicago: University of Chicago Press, 1963), p. 35.

napetraky ny Mpahary, fa tsy ny fampiasana ny olona nohariany. Noho ny amin'ny Sabata dia lasa "Andriamanitra amintsika" Andriamanitra, nanomboka tany amin'ny vanim-potoanan'ny famoronana.

Na dia tsy nanana asa aza ny olombelona, satria vao iray andro monja izao no nahariana azy ireo, dia nitsahatra teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny fifaliana amin'ny voariny mahafinaritra izy ireo. Fanomezana vokatry ny fahasoavana avokoa ny zava-drehetra. Tsy ela akory anefa, taorian'ny Fahalavoana, dia nanomboka nisy fiantraikany tamin'ny olombelona ny asany. Ny ohatra nasehon'Andriamanitra ny amin'ny fitsaharana teo amin'ny famoronana, no mampiseho amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ny fomba fandaminana ny asa sy ny zava-drehetra eo amin'ny fiainany. Nanao ahoana ny maha-zava-dehibe ny fiheveran'Andriamanitra ny andro fahafito izay fitsaharana? (Eks 20:8-11)

Nosoratana teo ambonin'ny vato fisaka ny Didy Folo, ka ny rantsan-tanan'Andriamanitra mihitsy no nanoratra azy tamin'ny andron'i Mosesy. Mariho anefa fa ny fampiasana ny teny hoe "mahatsiarova" ao amin'ny Eksodosy 20:8 dia mitarika ho amin'ny fiheverana fa tena nisy tokoa ny Sabata *talohan'ny* vanim-potoana niainan'i Mosesy sy ny Didy Folo.

## Talata

### NY MAHA-ZAVA-DEHIBE NY SABATA

Na dia any amin'ny firenena izay ahitana fa ny fivavahana Kristiana aza no tena manjaka, na hoe zavatra efa nahazatra teo amin'ilay firenena izany, dia tsy ahita olona be dia be mankany am-piangonana mihitsy ianao rehefa Alahady na Sabotsy. Marobe mantsy ny zavatra mbola hita eny rehetra eny amin'ireo fotoana ireo: hetsika ara-panatanjahantena, fiantsenana, fanenjehena ny adidy rehetra tsy vita tao an-tokatrano, na dia asa tsotr'izao fotsiny. Toa tsy ho vita mihitsy ny fitandremana andro iray manontolo, izany hoe ny Sabata, hivavahana sy hitsaraharana miaraka amin'Andriamanitra. Inona no antony nomen'ny Baiboly ny amin'ny tokony hitandremana ny Sabata? Ao anatin'ny didy folo mihitsy no hianarantsika fa anisan'ny antony iray ny fanomezam-boninahitra ny Mpamorona sy ny fanarahana ny ohatra napetrany. Inona no antony omena ao amin'ny Eksodosy 31:12, 13; 16, 17?

Ny famantarana iray dia manoro làlana. Zavatra izay lehibe noho ny tenany no atorony. Ny hevi-dehibe ao anatin'io andininy io dia mahakasika ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy ny vahoakany, izay ambara amin'ny alalan'ny zavatra ataony ho azy ireo.

Ny Sabata no famantarana ny fanomezan-toky. Vakio indray ny Eksodosy 31:13 again. "Izy io no famantarana ny fahasoavana mitondra fahombiazana, famantarana maherin'ny famonjena. Nanao voady ilay Mpanome io famantarana io, hoe hanamasina ny olony."* Ny fitandremana ny Sabata dia tsy voatery hidika hoe tonga dia manan-danja ho azy amintsika Andriamanitra; "izy io dia natao ho toro-lalana milaza hoe ny fifandraisana amin'ny 'fifanekena mandrakizay' [eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona] dia mbola mitoetra hatrany."†

Mariky ny fahatsiarovana izy io. (Eksodosy 20:11) Fahatsiarovana ny inona?

Izy io no mariky ny fanompoantsika Andriamanitra tena marina. Izao no lazain'ny didy voalohany indrindra: " 'Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany' " (Eks 20:3). Mety tsy ho tasapantsika akory hoe ny andriamani-kafa dia msisika hiditra eo anoloan'Andriamanitra. metetika mihitsy no ataontsika sampy ny vola, ny voninahitra, ny hery, ary ny fahafinaretana. Ao amin'ny fizarana Sabata amin'ny lesona amin'ity herinandro ity no mamporisika antsika hamela ireny zava-drehetra ireny ary hitsahatra ka hanatona an'Andriamanitra amin'ny tànam-poana. Iray amin'ireo antso lehibe atao amin'ny taranak'olombelona ny antso ho amin'ny fanompoana ilay Andriamanitra marina. Inona no teny ao anatin'io hafatra io, izay mamporisika ny amin'ny fitandremana ny didy momba ny Sabata? (Apok 14:6, 7)

---

* Gerhard F. Hasel, "The Sabbath in the Pentateuch," in Kenneth Strand, ed., *The Sabbath in Scripture and History* (Washington, D.C.: Review & Herald, 1982), p. 35.
† Ibid., t. 36.

Mariky ny fanafahana izy io. Tamin'ny fiafaran'ny 40 taona nampivezivezy ny zanak'Israely tany an'efitra, afaka avy amin'ny fanandevozana tany Egypta, no nitobian'izy ireo teo amoron'ny Onin'i Jordana nanatrika ny Tany Nampanantenaina. Lahateny dimy lehibe no nataon'i Mosesy teo. Tamin'ny lahateny faharoa nataony no namerenany ny Didy Folo tamin'ny vahoaka. Inona no fanampin'ny antony tokony hitandreman'ny olona ny Sabata? (Deot 5:12-15)

## Alarobia

### I JESOSY SY NY SABATA

Notsarovan'ny zanak'Israely ny andro Sabata. Ny raby tamin'ny andron'i Jesosy dia namorona fitsipi-pifehezana anjatony, natao hanampiana ny vahoaka hitandrina ny Sabata ho masina. Koa satria ambaran'ny didy momba ny Sabata hoe tsy tokony hiasa amin'io andro io, dia nofaritan'ny raby ny atao hoe asa, tamin'ny alalan'ny fanaovana lisitry ny andraikitra fototra 39, nampiasaina hananganana ny tabernakely (Eksodosy 35). Ohatra amin'izany asa izany ny famafazana, ny asa-tany, ny fijinjana, ny vely-vary, ny fandrahoana mofo, ny fanjairana, sns. Avy amin'ireny sokajy ireny no nanaovana ny fepetra isan-karazany. Ny fomba feno fifaliana nitandreman'i Jesosy ny Sabata dia tsy nitovy tamin'ny zavatra nandrandrain'ny raby, noho izany dia niseho ny fifandirana, tsy momba ny hoe *tokony* hotandremana ve ny Sabata, fa momba ny *fomba* fitandremana azy.

Iray tamin'ireo fotoana nitrangan'ny ady voalohany ny nahitana ny fihetsiky ny mpianatr'i Jesosy tamin'ny andro Sabata (Lioka 6:1-5) Araka ny nambaran'ny raby, inona no antony nahatonga ireto mpianatra ho voalaza hoe nandika ny lalàna momba ny Sabata?

Nampiasa ohatra avy ao amin'ny Soratra Masina i Jesosy, hanazavana ny antony nahatonga ny fihotazana voa sy ny fihinanana izany tsy hidika ho fanitsakitsahana ny Sabata. Na dia ny mpisorona ihany aza no tokony hihinana ny mofo aseho tao amin'ny tempoly, dia nihinana kely tamin'izany i Davida ary nanomezany ny mpanompony fony izy ireo tsy nanana sakafo hafa. Zava-dehibe mihoatra noho ny fitsipika ara-pivavahana ny filàn'ny olona. Napetrak'i Jesosy mazava tsara ny fitsipika mifehy ny fitandremana ny Sabata sy ny filàn'olombelona. Nambarany ihany koa hoe Izy no Tompon'ny Sabata. Ny Sabata no tena "Andron'ny Tompo".

Ahoana no fomba nitandreman'i Jesosy ny Sabata? Misy tranga vitsivitsy naseho ao amin'ny Filazantsara. (Lioka 4:16; 13:10) Moa ve niteraka fifandirana tamin'ny raby io hetsika io?

●Inona no nasetrin'ny raby ny fanasitranana nataon'i Jesosy tamin'ny andro Sabata? (Lioka 13:10-17)

●Inona no antony nahatonga ireo mpanapaka tao amin'ny synagoga ho mpihatsaravelatsihy?

Tamin'ny nanasitranan'i Jesosy ilay lehilahy teo amin'ny farihy tao Betesda tamin'ny andro Sabata no nanamarinan'i Jesosy ny asa nataony, tamin'ny alalan'ny nilazany hoe nanana zavatra nitoviany tamin'ny Rainy Izy. Inona ilay filazana nataony ary nanao ahoana ny Jiosy teo anatrehan'izany? (Jaona 5:1-18)

"Tsy mitsahatra mihitsy ny asan'ny lanitra, ary tsy tokony hitsahatra amin'ny fanaovan-tsoa ihany koa ny olona. Ny Sabata dia tsy natao ho fotoana fanaovana hetsika tsy dia misy ilàna azy firy. Voararan'ny lalàna ny fanaovana ny asan'izao tontolo izao amin'ny andro fitsaharan'ny Tompo; tsy maintsy atsahatra ny asa fameloman-tena fanao eto amin'izao tontolo izao; tsy misy asa ho an'ny fahafinaretan'izao tontolo izao na hakana tombony, avelan'ny lalàna atao amin'io andro io; fa tahaka ny nitsaharan'Andriamanitra tamin'ny asa famoronana nataony, sy ny nitsaharany tamin'ny Sabata ary nitahiany azy, no tokony hamelan'olombelona ny asa fanaony andavanandro ihany koa, ary hanokanany ireo ora masina ireo ho amin'ny fitsaharana mahasalama, ho amin'ny fanompoam-pivavahana, ary ho amin'ny asa-masina. Nifanaraka tsara tamin'ny lalàna ny asa fanasitranana nataon'i Kristy ho an'ny marary. Nanome voninahitra ny Sabata izany."[*]

[*] *The Desire of Ages*, p. 207.

## Alakamisy

**NY APOSTOLY SY NY SABATA**

Tsy hiadian-kevitra fa nitandrina ny Sabatan'ny andro fahafito i Jesosy. Ny ankamaroan'ny olona mitandrina ny Alahady amin'izao fotoana izao dia milaza fa ny Sabatan'ny andro fahafito dia andro fivavahan'ny Jiosy, ary mivavaka amin'ny andro Alahady kosa izy ireo ho fahatsiarovana ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty. Izany ve no tian'i Jesosy atao amin'izao fotoana izao? Fony Izy nilaza mialoha momba ny faharavan'i Jerosalema (tranga niseho tamin'ny taona 70), dia inona no resaka nataony momba ny Sabata? (Mat 24:20)

Moa ve nitsahatra tamin'ny fitandremana ny Sabata andro fahafito ny mpianatr'i Jesosy ary nanomboka nivavaka tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro? Vakio ao amin'ny Lioka 23:55–24:1 ny momba ireo vehivavy feno fanolorantena izay "nanao tsinontsinona ny ain'izy ireo tamin'ny fanarahana Azy teo an-kazo fijaliana. Niseho tamin'ny alalan'ny fividianana zava-manitra sy diloilo faingana hahosotra ny vatan'ny Tompo, ny fanolorantenan'izy ireo. Tsapan'izy ireo anefa fa tsy tokony handika ny Sabata izy ireo, na dia ny vata-mangatsiakan'ny Tompony aza no saika omen'izy ireo voninahitra."[*]

Rehefa niala tao Jerosalema i Paoly sy ireo olon-kafa mba hizara ny filazantsara tany amin'ny firenena nanodidina ny Ranomasina Mediteraneana Sea, dia fotoana sy toerana nanao ahoana no tena nahazatra azy ireo? (Asa 13:14-16; 16:9-13; 17:1-4; 18:1-4)

●Vondron'olona nanao ahoana no nihaino ny toriteny natao?

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ahitana andininy 59 mahakasika ny Sabata, ary 8 mahakasika ny "andro voalohany amin'ny herinandro." Ny enina amin'ireo andininy mahakasika ny "andro voalohany" ireo dia miaraka amin'ny fitsanganan'i Jesosy avokoa. Fa ireo roa sisa no lazaina matetika hoe maneho ny nanovan'ny apostoly ny andro fivavahana. Hita ao amin'ny I Korintiana 16:1, 2 hoe nanangona vola ho an'ny mpino malahelo i Paoly, ary nangataka ny Korintiana mpino izy mba "hanokana zavatra atolotra amin'ny andro voalohany isan-kerinandro." Vakio ireo andininy ireo. Tany an-tranon'olon-tsotra no nanaovana io "fanokanana zavatra", fa tsy tany amin'ny trano fivavahana.

Ao amin'ny Asa no nandraiketan'i Lioka an-tsoratra ny dia misionera nataon'i Paoly. Rehefa niomana hiala tao Troasy i Paoly, dia nihaona taminy iray andro nialohan'ny niaingany ireo mpianatra. Vakio ny tantara ao amin'ny Asa 20:7-12. Moa

[*] Walter F. Specht, "The Sabbath in the New Testament," in Kenneth A. Strand, ed., *The Sabbath in Soratra Masina and History* (Washington, D.C.: Review & Herald, 1982), p. 104.

ve io fivoriana io nametraka ny Alahady ho lasa andro fivavahana isan-kerinandro tany amin'ny fiangonana tany am-boalohany?

"Raha toa ary ka voasoratra ao amin'ny Asa 20:7 hoe nisy Fandraisana Fanasan'ny Tompo natao tamin'io fotoana manokana io, . . . ny fandraisana anjara amin'ny Fandraisana Fanasan'ny Tompo amin'ny andro iray voatendry dia tsy mametraka io andro io velively ho lasa andro masina manerana izao tontolo izao sy mandritry ny fotoana maharitra."[*] Fony i Paoly nanome toromarika momba ny Fandraisana Fanasan'ny Tompo (I Korintiana 11) dia izao ihany no toromarika nomeny ny amin'ny fotoana tokony hankalazana azy io: rehefa "miangona ao am-piangonana ianareo" (and 18, 33).

[*] Skip MacCarty, "The Seventh-Day Sabbath," in *Perspectives on the Sabbath: 4 Views* (Nashville, TN: B&H Academic, 2011), t. 33.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Farito ao anaty boribory ny litera rehetra mifanaraka amin'ny fanontaniana:

1. Inona no mampiavaka ny andro fahafito amin'ny maha-Sabata azy?
   A. Nitsahatra tamin'io andro io Andriamanitra.
   B. Nitahy azy io Andriamanitra.
   D. Nanamasina azy io Andriamanitra.
   E. Tamin'ny famoronana no niandohan'izy io.

2. Inona avy no karazana hetsika nataon'i Jesosy tamin'ny andro Sabata?
   A. Nampianatra
   B. Namaly fanontaniana
   D. Namaky ny Soratra Masina
   E. Nandeha nitety vohitra
   F. Nanasitrana

Ampifanaraho amin'ny antony ny hevitry ny Sabata:

| Ny hevitry ny Sabata | Ny Antony |
|---|---|
| 5. __ Mariky ny fanomezan-toky Andriamanitra. | A. Nahary ny lanitra sy ny tany |
| 6. __ Mariky ny fahatsiarovana | B. Hialantsika ny andriamani-tsy izy. |
| 7. __ Mariky ny fanafahana | D. Hanamasina antsika Andriamanitr |
| 8. __ Mariky ny fanompoana an'Andriamanitra marina | E. Nentin'Andriamanitra niala ny fanandevozana tany Egypta God led |

### Ampitomboy ny Fahalalanao

"Anisan'ny tohan-kevitra iray fanoherana ny fitohizan'ny fitandremana ny Sabata ho an'ny mpino tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, ny fiheverana fa ny tena andraikitry ny Sabata dia ny mba ho tonga mariky ny fifanekena misy eo amin'Andriamanitra sy ny firenen'Israely (Eks 31:17). . . . Eny fa na dia marika avy any ambony, eo amin'Andriamanitra sy ny olona nanaovany fanekena aza izy io, dia tsy natao ho an'ny firenen'Israely ihany fa tafiditra ao anatiny avokoa ny olon-drehetra avy amin'ny firenen-drehetra, izay mpiara-mandray anjara amin'ilay fifanekena amin'ny alalan'ny finoana an'Andriamanitra. Ny fanambaràn'i Paoly hoe 'ireo izay mino dia

zanak'i Abrahama no maneho fahamarinana tsy voafetran'ny fotoana sy iraisan'izao tontolo izao (Gal 3:7; Isa 56:3-7)."[*]

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Vitanao ve ny mamaly ireto fanontaniana ireto na mamaly ireo fihaikana izay apetraky ny namana sy ny fianakaviana matetika amin'ireo olom-baovao eo amin'ny fitandremana ny Sabata?

●Raha ny Sabotsy tokoa no tena Sabata dia inona no antony mahatonga ny Kristiana maeo mankany am-piangonana amin'ny andro Alahady ?

●Tsy nitandrina ny lalàn'ny Sabata iray manontolo i Jesosy. Tsy hitanao ve fa manana fahafahana ao amin'i Jesosy isika amin'ny fitandremana ny Sabata?

●Natao ho an'ny Jiosy irery ihany ny Sabata.

●Raha toa ianao ka mitandrina ny Sabata dia midika izany fa eo ambanin'ilay fifaneken'ny lalàna fahiny ianao.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesosy.org/Word>.

[*] Skip MacCarty, *In Granite or Ingrained?* (Berrien Springs, Mich.: Andrews University Press, 2007), tt. 183, 184.

## Hevero Ity

## Avy amin'ny Sabotsy ho amin'ny Alahady [*]

Nosoratan'i Samuele Bacchiocchi

Tsy misy tantara ara-Baiboly nosoratana mahakasika ny fitandremana ny Alahady talohan'ny taona 100 taorian'i Kristy. Na izany aza anefa dia hita avy hatrany ny fitandremana ny Alahady raha vao nihoarana io taonjato voalohany io. Tsy midika akory izany hoe tampoka be ilay fiovana. Ny fitandremana ny andro fahafito (izay antsoiko hoe Sabata ato anatin'ity lahatsoratra ity) niara-nitohy tamin'ny fitandremana ny Alahady nandritry ny taonjato maro. Dingana nandeha tsikelikely ny fitandremana ny Alahady. Telo no antony nanosika ny fanovana ny Sabata ho lasa Alahady: fanoherana ny Jodaisma, fivavahana tamin'ny masoandro, ary ny famporisihana avy amin'ny fiangonana tany Roma.

**Ny Fanoherana ny Judaism.** Nandritra ireo taona voalohany niorenan'ny fiangonana Kristiana dia nandositra ny fanenjehena ara-pivavahana izy ireo, tamin'ny alalan'ny fialokalofana teo ambanin'ny Jodaisma, izay neken'i Roma. Na izany aza anefa dia nitondra fiovana be ny fikomian'ny Jiosy tamin'i Roma. Taorian'ny fikomiana faharoa tamin'ny taona 135 taorian'i Kristy dia nataon'ny Amperora Hadrian ho lasa voazanak'i Roma i Jerosalema, ka noroahana ny Jiosy, anisan'izany Jiosy Kristiana. Noraran'i Hadrian ny fampiharana ny Jodaisma amin'ny ankapobeny, indrindra fa ny fitandremana ny Sabata tao anatin'ny fanjakana iray manontolo. Tamin'izay fotoana izay indrindra ny fiangonana Kristiana no nanomboka namoaka asa-soratra maro nanohitra ny Jiosy. Lasa nitombo tao anatin'ny Kristiana ny foto-kevitra ny amin'ny fisarahana sy ny tsy fitiavana ny Jiosy, ka notsikeraina ny fomba amam-panao Jiosy toy ny famoràna sy ny fitandremana ny Sabata.

**Ny Fivavahana amin'ny Masoandro.** Maro ny porofo maneho fa ny fanompoan'ny Romana ny masoandro no lasa nisy fiantraikany tamin'ny fomba fisainana sy ny fomba amam-panao Kristiana. Tamin'ny haitao sy ny asa-soratra Kristiana tany am-boalohany no nampiasana matetika ny masoandro ho marika fanehoana an'i Kristy. Ary nofidian'ny Kristiana tamin'izany fotoana izany ny "andro naterahan'ilay Masoandro Tsy Misy Toa Azy" ho andro fankalazan'izy ireo ny andro nahaterahan'i Kristy (Krismasy). I Jerome ohatra dia nanazava fa "raha toa ka antsoin'ny jentilisa hoe andron'ny masoandro izy io dia tena manaiky izany tokoa isika, satria tamin'io andro io no nisehoan'ny hazavana teto amin'izao tontolo izao ary tamin'io andro io no nitsanganan'ilay Masoandron'ny Fahamarinana tamin'ny maty (Jesosy Kristy)." Ny andron'ny masoandro, araka ny fahitan'ireo Kristiana zatra nanaja izany andro izany, dia ahazoana tombotsoa ary mety mahasolo tanteraka ny andro Sabata, satria ilay fanovana no nahafahan'izy ireo nanazava ny zava-miafina ara-Baiboly, tamin'ny alalan'ny marika nahazatra teo amin'ny foto-pisainana jentilisa.

---

[*] Condensed, with permission, from *Signs of the Times*, Jona 2010, tt. 6-11.

**Ny Fiangonana tany Roma.** Ny fiangonana tany Roma, izay fiangonana natanjaka indrindra tao antin'ny Fankajana Romana, no tompon'andraikitra voalohany amin'io resaka io. Nametraka fitsipika nivaingana izy io, hanalana tsikelikely ny Kristiana tamin'ny fitandremana ny Sabata ary hamporisihana ny fivavahana amin'ny andro Alahady ho solony. Novain'izy ireo ilay andro izay notandreman'ny mpino taloha tamin'ny alalan'ny fanaovana fety, fiaraha-mifaly, ary fanaovana fankalazana ara-pivavahana, ho lasa andro fifadiankanina izay hankalazana ny Eokaristy na nanomezana alalana ny fivoriana ara-pivavahana hafa. Tsy natao hanehoana ny alahelo noho ny nahafatesan'i Kristy ihany io andro Sabotsy io, fa araka ny nantitranterin'ny Papa Sylvester (314–335) dia natao hanehoana ny fankahalana ny Jiosy sy ny fety fanaon'izy ireo amin'ny andro Sabata. Ny alahelo sy ny hanoanana vokatr'ilay fifadiankanina no ahavitan'ny Kristiana misoroka ny "fisehoana ho mpitandrina ny Sabata miaraka amin'ny Jiosy", ary mamporisika azy ireo hitandrina mora foana sy amin-kafaliana ny Alahady.

**LESONA 6**

**NY FITANDREMANA NY SABATA**

**Oviana no nanomboka ny Sabata?**
**Ahoana no ahavitako manokana andro ira "hitsaharana"?**
**Ahoana no fomba hamantarako ny zavatra azo atao amin'ny andro Sabata?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:**" 'Ary tsy mihoatra lavitra noho ny ondry va ny olona? Koa amin'izany dia mety ny manao soa amin'ny Sabata.' " (Mat 12:12)

**Toko sy andininy fototra:** Eksodosy 16; Deoe 5:12-15; Neh 13:15-22; Isa 58:13, 14; Mat 12:1-14; Lioka 4:16-21; 13:10-17; 23:52-54; Apok 1:9-18

**Alahady**

Efa nipetraka tany Afrika, Rosia, ary Etazonia i May-Ellen Colon sy i Gaspar vadiny. Efa nitety firenena maro hafa ihany koa izy ireo. Rehefa nivelona sy nitety ireo Advantista tany amin'ny amin'ny firenena samihafa izy ireo dia hitan'i May-Ellen hoe na dia nitovy aza ny foto-pampianarana mandrafitra ny fitandremana ny Sabata tany amin'ny toerana rehetra, dia ny fomba fitandremana azy no samihafa.

Rehefa tonga ny fotoana nifidianany lohahevitra hovelabelarina hamarananany ny fianarana nataony momba ny fanabeazana ara-pivavahana, dia nofidiany ny hanao fikarohana momba ny fomba amam-panaon'ny Advantista amin'ny resaka fitandremana ny Sabata eo anivon'ny kolotsaina maro isan-karazany. Ny fanadihadiana nataony dia nadika avy amin'ny teny Anglisy ho amin'ny teny "Espagnol", Frantsay, Rosiana, ary Alemà. Soa ihany fa ao amin'ny Birao Foiben'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izy no miasa, sady matetika izy sy ny mpiara-miasa aminy no mandeha mitsidika firenen-kafa ary mitondra ny fanadihadiana ataony sy manome izany ho an'ireo Advantista izay tonga manatrika ny fivoriana atrehan'izy ireo. Fanadihadiana miisa 3.480 no fenon'ny olona avy any amin'ny firenena 51, ary ohatra an-jatony no hitany tamin'izany, mahakasika ny zavatra heverin'ny olona fa azony atao amin'ny Sabata sy ny heveriny hoe tsy azo atao. Hita niharihary tamin'izany fa ny fanaovana ny lisitry ny zavatra azo atao sy ny tsy azo atao dia tena tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy tokoa. Tetsy andanin'izany, tao anatin'ny boky "*From Sundown to Sundown" (Avy amin'ny Filentehan'ny Masoandro ho amin'ny Filentehan'ny Masondro),* izay nivoaka avy tamin'ny fikarohana nataon'i May-Ellen, no nanehoany ny fomba fitandremana ny Sabata, mifototra amin'ny toetran'Andriamanitra, ny didy fahefatra, ary ny ampahany hafa avy amin'ny Soratra Masina, anisan'izany ny fiainan'i Jesosy. Hianarantsika amin'ity herinandro ity ny enina amin'izany fomba izany.

*Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

**Persistent Longing**

Rehefa nandao an'i Evalina ny vadiny ka lasa niaraka tamin'ny vehivavy hafa, teo amin'ny faha-20 taonany, dia roa taona ny zanany vavy tamin'izay, tsy an'asa izy, tsy nanana fiarakodia, nonina tany Etazonia kanefa tsy nanana taratasy ara-dalàna, ary tsy nahay niteny Anglisy. "Ratsy tokoa ny toerana nisy ahy tamin'izany fotoana izany. Nanomboka niantehatra tamin'Andriamanitra aho, kanefa tsy mba nifandray tamin'ny fiangonana akory."

Ny fikaramana amin'ny fitaizana zanak'olona ihany no hany mba zony natao hamelomany ny tenany sy ny zanany. Mandeha tongotra amin'ny làlana iray kilaometatra sy sasany isan'andro izy sy i Danielle zanany vavy kely alohan'ny hidiran'izy ireo amin'ny fiara fitateram-bahoaka, ary mandeha tongotra iray kilaometatra sy sasany indray rehefa avy eo, izay vao tongaany amin'ilay trano niasany. Hirainy eny an-dalana rehetra eny ny hira fanaony tany amin'ny sekolim-piangonany tany Chili fahiny.

Tsy nobeazina tao anatin'ny tokatrano Kristiana i Evalina, kanefa Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny renibeny ary nitondra azy tany am-piangonana. Nandeha tany an-tsekoly izy hatreo amin'ny taona fahavalo. Koa satria tsy nisy nampahery azy ho lasa Advantista ny tao an-tokatrano, dia tsy nandeha tany am-piangonana sy tsy nitandrina ny Sabata intsony izy. Nandeha nianatra tany amin'ny sekolim-panjakana izy ary niaina ny fiainan'izao tontolo izao.

Rehefa feno folo taona i Danielle dia nanomboka niaraka tamin'i Vince i Evalina, izay olona nifindra monina avy tanyVietnama. Tamin'ny andro voalohany nihaonan'izy ireo dia nanontany an'i Evalina momba ny finoany izy. Hoy izy hoe: "Tsy mankany am-piangonana aho, kanefa heveriko hoe Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny tenako."

Izao no nolazainy tamin'i Eavalina: "Nobeazina tamin'ny finoana Bodista aho, kanefa nanana an'Andriamanitra tao am-poko hatrany. Tsapako fa misy zavatra ilaiko fantarina amin'ny fiainana Kristiana."

Tato aoriana kely dia nahita fiangonana Advantista teo akaikin'ny tranony tany Californie izy ireo ary nanomboka nandeha tany. Niala izy ireo afaka heritaona teo ho eo, rehefa tafiditra nianatra tamin'ny sekoly ambaratonga ambony iray i Evalina ary tamin'ny andro Sabata ny fianarany.

Niara-nipetraka i Evalina sy Vince. Roa taona taty aoriana, rehefa nahavita ny "maitrise" i Evalina, dia nanomboka niverina nankany am-piangonana indray izy ireo. Faly aok'izany izy ireo rehefa tafaverina ary nanomboka nandray anjara sy nanolotena ho an'ny fiangonana. "Manomboka tsapako fa tsy izay no fomba tokony hiainanay ny fiainanay," hoy i Evalina. "Tianay natao avy hatrany ny zava-dehetra, noho izany dia nanapa-kevitra ny atao mariazy izahay." Natao batisa herinandro nialohan'ny mariazinay i Vince.

Nanomboka nitandrina ny Sabata ny fianakaviana. Nisy olana iray goavana anefa: nanana toeram-pivarotana antsinjarany iray i Vince, izay hivarotany “scooters” sy môtô kely. Ny andro Sabotsy no tena mahatsara indrindra ny tsenany. “Efa hatramin’ny voalohany aho no vonona hankatona ilay fivarotana rehefa tonga ny Sabata, kanefa ny finoan’i Vince dia tsy mbola ampy hianteherany tsara amin’Andriamanitra,” hoy i Evalina. Na izany aza anefa dia nakatony ihany ilay fivarotana nandritry ny roa volana voalohany. Notohizan’i Evalina hoe: “Ny fitandremana ny Sabata hatramin’izao fotoana izao, nanditry ny roa taona izay, dia tena anisan’ireo fihaikana lehibe eo anatrehanay. Mila mamela zavatra marobe izahay.

15 taona izao i Danielle, ary tena tia mitarika dihy iraisan’ny besinimaro izy kanefa dia isaky ny Zoma alina foana ny famerenana. Tsy nanakana azy tsy hanao izany intsony i Evalina. Izao no nolazain’i Danielle tamin-dreniny indray andro: “Efa niala amin’izay aho. Tsy afaka hanohy an’io zavatra io intsony aho satria manohitra ny Sabata izy io.” Dia niala tokoa izy. Very ny naman’i Danielle. Mbola miady amin’izany izy amin’izao fotoana izao, kanefa tiany aok’izany Andriamanitra ka vitany ny miteny hoe: “Manan-danja mihoatra noho ny zava-drehetra Andriamanitra sy ny finoako.” Natao batisa volana vitsivitsy talohan’ny nanoratana ity lahatsoratra ity izy.

Lasa nahazo namana tao am-piangonana ny fianakaviana iray manontolo, nahitana mambra avy amin’ny firenena 42 samihafa. Teo akaikin’ny fiangonana no nisy ny tranon’izy ireo. Mandeha ao an-tranon’izy ireo ny tanora sy ny ray aman-drenin’izy ireny isaky ny Zoma hariva. “Tonga ny olona, misakafo izahay, miara-mikorana, ary mandalina ny Baiboly,” hoy i Evalina. Ary isaky ny Sabata dia misy fiaraha-misakafo ao an-tranon’izy ireo. “Ny tranonay no lasa fiarahana mikorana, ary ny Sabata no lasa andro mahafinaritra indrindra ao anatin’ny herinandro.” Rehefa avy misakafo izy ireo dia manao hetsika firahalahiana ary mandeha mitory amin’ny manodidina.

“Mpifindra monina izahay ary tsy manana fianakaviana eto,” hoy i Evalina nanazava. “Ny fiangonanay no lasa fianakavianay. Teo foana izy ireo ho anay, tamin’ny alalan’ny fomba tena tsy nampino tokoa.”

## Alatsinainy

**NY FAHASAMIHAFANA VOKATRY NY ANDRO IRAY!**

Tsy ny fanafahana mahagaga ny Israelita avy eo ambany fifehezan'ny fanjakana Egyptiana mahery ihany no tantara tokana ara-Baiboly maneho ny zava-bitan'Andriamanitra sy ny finiavany hamonjy, fa dia anisan'ny tantara lehibe teo amin'ny asa-soratr'izao tontolo izao ihany koa izy io. Tamin'ny alalan'ny nahavitan'izy ireo niala avy tany Egypta taorian'ireo andiana loza folo, sy ny nanavotana azy ireo tamin'ny fanenjehan'ny tafika Egyptiana tamin'ny alalan'ny nanokafana ny Ranomasina Mena, no nahalalan'ny olona hoe afaka manafaka azy ireo Andriamanitra. Aiza anefa no misy azy ireo ankehitriny? Any an-tany hay. Mbola niantehitra tamin'Andriamanitra indray izy ireo teo amin'ny lafiny ara-tsakafo isan'andro, ary tsy momba ny tahiry tsy tapaka avy amin'Andriamanitra ihany no nianaran'izy ireo, fa momba ny fomba fitandremana ny Sabata ihany koa. Vakio ny tantara iray manontolo ao amin'ny Eksodosy 16.

Inona no toromarika nomen'ny Tompo momba ny fanangonana ny mana?

●Ahoana no nahasamihafa ny famatsiana tamin'ny andro sasany? (and. 16-22)

●Inona no antony nahatonga ny olona hanangona roa avo heny mihoatra noho ny amin'ny andro hafa rehefa tong any andro fahenina?

●Nahoana no tsy nisy mana nilatsaka tamin'ny andro fahafito?

●Inona no fahagagana nitranga isan-tsabata tetsy andanin'izany? (and 23-30)

Ny tsy filatsahan'ny mana tamin'ny andro Sabata "dia hita fa toa natao hisarihana ny olona hiandrandra any ambony ary handray fitahiana be avy any ambony . . . Raha fintinina, ny fitahiana azo amin'ny Sabata dia ny fanatrehan'ny tenan'i Kristy mihitsy, 'ilay mofo velona avy any an-danitra; raha misy mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay izy' (Jaona 6:51)."[*]

Ny olona tamin'ny andron'i Jesosy dia nanana anarana manokana niantsoana ny andro fahenina tamin'ny herinandro. Hianarantsika fa io anarana io dia mifandray manokana amin'ny andro izay nanomboana an'i Jesosy tamin'ny hazo fijaliana. Inona ilay anarana ary inona no tiany ambara? Lioka 23:52-54

Raha lazaina amin'ny fomba fiteny amin'izao fotoana izao dia "Andro Fiomanana" ny andro Zoma. Ny fiomanana no mahatonga ny tontolon'ny Sabata ahitana fitsaharana tokoa. Na toa inona na toa inona habetsahan'ny asantsika isan'andro, dia

[*] Samuele Bacchiocchi, *Divine Rest for Human Restlessness* (Rome: Pontifical Gregorian University Press, 1980), t. 82, 83.

atokantsika hatrany io andro io. Tokony ataontsika azo antoka hoe efa novidiana avokoa ny zava-drehetra mety ilaina ary efa azo ny vokatra tokony notazana. Ao an-tokatrano no isehoan'ny ankamaroan'ny fiomanana atao amin'ny Sabata. Diovina ny trano ary voakarakara ny sakafo ho an'ny Sabata. Raha toa ka miasa any ivelan'ny tokatrano avokoa ny olon-drehetra ao anatin'ny fianakaviana dia maherin'ny iray andro ny fanomanana ny Sabata. Rehefa vita ny fiomanana dia manomboka eo amin'ny maty masoandro Zoma ny Sabata, izay mitondra fitsaharana sy fiadanana ary fifaliana.

*Fomba fitandremana ny Sabata: Tokony hinia hiomana ho amin'ny Sabata mihitsy isika.*

## Talata

### NY OHATRA NASEHON'I JESOSY MOMBA NY FIVAVAHANA

Asehon'ny Filazantsara mazava tsara fa nifandona matetika tamin'ny mpitondra fivavahana Jiosy i Jesosy, momba ny fomba nitandreman'ny mpianany ny Sabata. Nambaran'i Jesosy tamin'ny olona hoe tonga Izy " 'mba hananana fiainana sady fiainana be dia be' " (Jaona 10:10). Raha ny Sabata no jerena, dia inona no be dia be tian'i Jesosy hazavaina teo amin'ny fiainany sy ny fampianarany? Tamin'ny andro Sabata no nilazan'i Jesosy ny iraka nampanaovina Azy. Tao anatin'izany zava-nitranga izany no namantarantsika zavatra maro momba izay nataon'i Jesosy tamin'ny andro Sabata. Afaka milaza telo amin'izy ireny ve ianao? (Lioka 4:16-21)

Rehefa nigadra tany amin'ny nosy Patmosy ny apostoly Jaona dia iza no niseho taminy tamin'ny alalan'ny fahitana tamin'ny andron'ny Tompo? (Apok 1:9-18)

●Inona no nasetrin'i Jaona izany?

Nahafantatra an'i Jesosy nandritry ny telo taona i Jaona, ary nandritra izany no nahitany ny fanetrentena eny hatramin'ny fijaliana sy ny fahafatesan'i Jesosy aza. Ankehitriny anefa dia i Kristy misandratra sy omem-boninahitra no hitany, izay nifidy ny andro Sabata hanehoana ny Tenany tamin'i Jaona malalany.

*Fomba fitandremana ny Sabata: Ny Sabata dia fotoana hanompoana an'Andriamanitra, iarahana amin'ny hafa ao anatin'ny fanompoana, handalinana ny Soratra Masina, ary hiraisana amin'Andriamanitra.*

Voararan'ny Soratra Masina ny asa fanao eny an-tsaha amin'ny andro Sabata. (Eks 34:21) Rehefa nioty voa kely teo amin'ny saha nandalovany tamin'ny andro Sabata ny mpianatr'i Jesosy dia nodisoin'ny Fariseo satria nioty salohim-bary sy nijinja no niheveran'izy ireo ny fihetsiky ny mpianatra. Inona ireo ohatra roa ao amin'ny Soratra Masina izay notanisain'i Jesosy hiarovana ny mpianany? Mat 12:1-8

Ny filazana an'i Jesosy ho Tompon'ny Sabata dia midika ho azy hoe: "Raha toa ka tsy nampaninona an'i Davida sy ireo namany izay noana ny fihinanana ilay mofo masina tokony ho an'ny mpisorona ihany, dia ahoana moa no tsy mba ahafahan'ireto mpianatra noana, izay zanak'i Davida ihany, mandika ny fitsipiky ny mpanora-dalàna momba ny Sabata masina."[*]

Maro ny asa fanompoana atao ao amin'ny tempoly amin'ny andro Sabata, noho ny amin'ny andro hafa. "Miasa mafy noho ny andavan'andro ny mpisorona rehefa tonga

[*] Walter F. Specht, "The Sabbath in the New Testament," in Kenneth A. Strand, ed., *The Sabbath in Soratra Masina and History* (Washington, D.C.: Review & Herald, 1982), p. 95.

ny Sabata. Tsy fahotana anefa ny asa nataon'izy ireny, satria asa fanompoana natao ho an'Andriamanitra. Asa marina ny asa fanompoana nataon'ny mpisorona, satria masina izany fa tsy mba toy ny an'izao tontolo izao."[*]

*Fomba fitandremana ny Sabata: Azo atao amin'ny andro Sabata avokoa ny zava-drehetra ilaina handraisana anjara amin'ny asa fanavotana iarahana amin'Andriamanitra.*

[Ampidiro eto ny "Mahatakatra Ny Teny"]

[*] Ibid., t. 96.

## Wednesday

**NY OHATRY NY ASA FANOMPOANA NASEHON'I JESOSY**

Nandany andro betsaka kokoa tamin'ny fanasitranana olona mihoatra noho ny fitorian-teny i Jesosy. Izy no mpitondra fiainana, tsy nisalasala mihitsy Izy tamin'ny famerenana ny fahasalaman'ny olona tamin'ny laoniny tamin'ny andro Sabata, na dia noheverin'ny Jiosy ho toy ny fandikana ny lalàna momba ny Sabata aza izany. Vakio ny momba ny fanasitranana tamin'ny andro Sabata, ao amin'ny Matio 12:9-14. Ahoana no fomba nanohanan'i Jesosy io fanasitranana io?

Rehefa naverin'i Mosesy tamin'ny zanak'Israely ny Didy 10, dia nampiany ny fahalalan'ny olona momba ny didy mahakasika ny Sabata. (Deot. 5:12-15) Iza avy no tafiditra ao anatin'ily baiko hitsaharana?

●Inona no zava-nisy ara-tantara izay niorenan'io fahalalana fototra mivelatra kokoa io?

Nandrindra ny sokajy nisy olona teo amin'ny fiarahamonina ny Sabata. Natao ho an'izay olona nahavita nividy azy ihany ny Sabata fahiny. Lasa nihitatra ho an'ny sokajin'olona rehetra eo amin'ny fiarahamonina anefa ilay fitsaharana. Fony mbola tsy nomena zo hitovy amin'ny lehilahy ny vehivavy, dia voalaza fa mendrika ahazo ny Sabata fitsaharana ihany koa izy ireny. Ny fitahiana amn'ny andro Sabata dia natao ho an'ny biby fiompy izay manompo ny olombelona ihany koa.

*Fomba fitandremana ny Sabata: Ny Sabata dia fotoana fanaovana asa soa eo amin'ny famonjena fiainana, fanamaivanana ny fahoriana, ary famerenana indray ny fahamendrehana nomen'Andriamanitra ho an'ireo olona izay hihatakatahan'ny fiarahamonina*.

Nisy Sabata iray hafa nanasitranan'i Jesosy olon-kafa indray. (Lioka 13:10-17)

●Iza no nanomboka ilay fanasitranana?

●Ahoana no fomba nanazavana ilay olana ara-pahasalamana?

●Inona no anton'ilay olana, araka ny tenin'i Jesosy?

●"Ala-olana" inona tamin'ilay didy mandrara ny fiasana Sabata no nampiasain'ny Fariseo?

●Inona no nahatonga an'i Jesosy hilaza heo fihatsarambelatsihy izany?

Maro ny fomba azon'i Satana ampiasaina hamatorana ny olona, mba ahatsapan'izy ireny hoe mifehy azy be loatra ny didin'Andriamanitra. Tonga hanafaka

ireny olona ireny anefa i Jesosy. Izany no asa fanavotana sy fanavaozana indray, izay hiantsoany ny fandraisan'anjarantsika, na dia amin'ny andro Sabata aza. "Ny fanavotana ny olombelona no tanjon'ny asan'Andriamanitra eto amin'ity izao tontolo izao ity; noho izany dia mifanaraka amin'ny lalàn'ny Sabata avokoa ny zava-drehetra ilaina atao amin'ny andro Sabata, ho fanatanterahana izany asa izany."*

*Fomba fitandremana ny Sabata: Afaka miara-miasa amin'ny Fanahy Masina isika amin'ny andro Sabata, amin'ny fanafahana ny hafa izay eo ambany fifehezan'i Satana ary fitondrana azy ho eo amin'i Jesosy mba ahazoany fiainana mandrakizay*.

* *Ilay Fitiavana Mandresy*.

## Alakamisy

**FITSAHARANA SY FIHOBIANA**

Raha tsy miambina isika dia hanitsaka ny fanjakan'Andriamanitra tsy hita maso, ilay tontolo tsy maharitra izay hitantsika maso. Tsy vaovao izany olana izany. Fampahatsiahivana ho antsika isan-kerinandro ny Sabata, ilaintsika amin'ny fandaminana ny loha-laharantsika hifanaraka amin'ny tokony ho izy. Ny fomba fitandremantsika ny Sabata no mampahafantatra antsika ny haben'ny fanaovantsika an'Andriamanitra ho loha-laharana eo amin'ny fiainantsika.

Rehefa niverina tany Jerosalema ny Israelita taorian'ny namaboana azy tany Babylona, dia nisy fanavaozana izay noteren'i Nehemia mpitarika apetraka. (Neh. 13:15-22) Inona no olana noresahan'i Nehemia?

●Ahoana no fomba niezahany namaha izany?

Mahaliana tokoa fa ny iray amin'ireo fakam-panahy hanadinoana ny Sabata dia mifandray hatrany amin'ny asa tsy misy fitsaharana sy ny fivarotana ary ny fividianana. Voatery nilaza kely momba ny fangejan'ny vola ny olona i Jesosy. " Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; . . . tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy ny [harena] ianareo" (Mat. 6:24). Amin'ny alalan'ny fampiatoana ny asa mba hitandremana ny Sabata, no hanehoantsika hoe matoky an'Andriamanitra isika eo amin'ny fanolorana izay ilaintsika, ary hanekentsika hoe Andriamanitra no loha-laharana eo amin'ny fiainantsika. Inona no toetra tokony asehontsika momba ny Sabata? (Isa. 58:13, 14)

*Fomba fitandremana ny Sabata: Ny Sabata dia natao hitsaharana amin'ny santsika ary ahatsiarovantsika hoe Andriamanitra no Mpamorona sy Mpanavtra; ary hifaliantsika satria nomeny antsika ny zava-drehetra ilaintsika ho an'ny fiainana sy izay ananantsika toetra araka an'Andriamanitra.*

Rehefa avy nandany fotoana nandalinana ny Hebreon'ny Testamenta Taloha tany Israely i Richard Davidson, izay manam-pahaizana manokana, dia nampidiriny tao anatin'ny fomba fitandreman'ny fianakaviany ny Sabata ny fanomezana tso-drano ny ankizy rehefa Zoma hariva, izay fomba amam-panao amin'ny Sabatan'ny Jiosy. Nosoratan'i Jo Ann, vadiny, ny momba ny hery niasa nangina avy amin'ny fomba amam-panaon'i Richard, teo amin'ny rain'i Jo Ann:

"Tamin'ny Krismasy farany teo dia nanasa ireo zanany efatra miaraka amin'ny vady aman-janany sy ny zafikely, ny ray aman-dreniko, hanatrika fankalazana tao an-tokatranon'izy nandritra ny fialantsasatra. Nambaran'ny raiko taminay tamin'io Zoma alina io taorian'ny sakafo hariva hoe nahita an'i Richard nitso-drano ny zanany isaky ny Zoma alina izy ary naniry ny mba hanao izany ihany koa fony mbola kely ny ankizy. Noho izany dia tamin'io Zoma alina io no nitetezany ny fianakaviana rehetra nanatrika

teo ary nametrahany ny tànany tamin'ny sorokay tsirairay avy, sady nivavaka ho anay tsirairay avy izy.

"Adin'iray teo ho eo angamba no lany ary tena fotoana masina tokoa izy io, saika tsy avy niaina aho. Efa vehivavy lehibe aho izao kanefa hitako fa zavatra mahafinaritra tokoa izany nomen-draiko tso-drano izany. Ary izany fanandramana izany no nanamafy tamiko indray ny fahatsaran'ny Sabata, rehefa miondrika ambany ny Raintsika isaky ny Zoma maty masoandro, hitahy ny isambatan'olona amintsika amin'io andro izay natokany hampahatsiahivana antsika ny fitiavana rehetra fonosin'ny heriny io!"[*]

[*] Jo Ann Davidson, "A Rest Designed for Royalty," *Adventist Review*, Aug. 30, 2001, tt. 6-10.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Ampifanaraho amin'ny fanazavana avy amin'ny tantara ara-Baiboly ny fitsipika momba ny fitandremana ny Sabata. (Ny tantara sasany dia mety hanazava fitsipika maherin'ny iray.)

| Fitsipika momba ny fitandremana ny Sabata | Fanazavana avy amin'ny Tantara ara-Baiboly |
|---|---|
| __ 1. Fanamaivanana ny fahoriana | A. Fahazaran'i Jesosy nandeha tany amin'ny tempoly |
| __ 2. Fiomanana ho amin'ny Sabata | B. Asa fanaon'ny mpisorona tany amin'ny tempoly |
| __ 3. Aza manohy ny asanao | D. Fanasitrana aretina ara-panahy teo amin'ny vehivavy iray |
| __ 4. Fiderana an'Andriamanitra | E. Fanasitranana lehilahy maty tanana |
| __ 5. Fitoriana ny Filantsara (mamaha ny fatoran'i Satana) | F. Ny nanidiana ny vavahadin'i Jerosalema |
| __ 6. Nandray anjara tamin'ny asa fanavotana nataon'Andriamanitra | F. Fitsipika mifehy ny fanangonana mana |

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Rehefa mandeha ny fotoana ka miha-lalina ny fahalalanao ny Sabata, dia mety hiova ny fomba "fitandremanao" ny Sabata. Azo antoka hoe hiova izany raha toa ianao ka manan-janaka. Fahendrena ho an'ny ray aman-dreny ny manao ny Sabata ho fahafinaretan-janany. Fomba fanaon'ny fianakaviana mitandrina ny Sabata ny fiarahana amin'ny maha-fianakaviana iray, fanaovana sakafo na hetsika miavaka, ary fandaniana fotoana eny anivon'ny natiora. Maro ny loharanon-kevitra azo jerena hanomezana soso-kevitra anao ny amin'ny fomba fitandremanao ny Sabata.[*]

### Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Hosaintsainina sy hifanakalozan-kevitra: Iza amin'ireto hetsika manaraka ireto no heverinao hoe mety amin'ny fitandremana ny Sabata?

□ Fikarakarana ny zaza madiniky ny mpiaramonina iray narary?
□ Fandalinana ara-Baiboly iarahana amin'ny mpivady iray liana?
□ Fijerena fanatanjahantena amin'ny fahitalavitra?

[*] An example is May-Ellen Colon's *From Sundown to Sundown: How to Keep the Sabbath and Enjoy It* (Nampa, Idaho: Pacific Press, 2008).

□ Fandraisana anjara amin'ny fanadiovana moron-tsiraka ataon'ny fiarahamonina?
□ Fiantsenana amin'ny alalan'ny "internet"?
□ Fanasana ny vahiny tao am-piangonana hiaraka hisakafo hariva aminareo?
□ Fanatrehana ny fanamasinana ny fanambadian'ny havana akaiky?
□ Fanampiana amin'ny fikarakarana sy fandrosoana sakafo ao amin'ny toerana iray fizaràna sakafo ho an'ny sahirana eo amin'ny fiarahamonina?
□ Fiasana ao anatin'ny trano kely natokana ho an'ny ara-pahasalamana any amin'ny tsena iray?
□ Fatoriana ela be mandritry ny tapak'andro hariva?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesosy.org/Word>.

**Hevero Ity**

**Eo am-Pitandremana ny Sabata**

**Nanakorontana ny fomba amam-panaon'ny fianakaviana ny finoantsika vaovao. Efa zatra mandeha manao dia lavitra hiantsenana izaho sy ny zaobaviko ary ny reniko, isaky ny faran'ny herinandro. Ankehitriny aho dia milaza hoe: "Aleoko tsy mandeha." Ahoana no mahatonga ahy tsy hisompatra ny fahafinaretan'ny fianakaviana?**

Aza menatra ny hisompatra raha tsy efa hoe lasa mpisompatra amin'ny lafiny ratsy ianao. Aoka ianao ho olona mahatoky sy mirehareha noho ny fitoeranao ao anatin'ny hazavana. Aza manambony tena noho ny amin'izany, fa aoka ianao ho feno fanetrentena sy fifaliana noho ny amin'izany. Mbola hanaja azy io ny olona any aoriana any. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra miasa ao anatintsika dia tsy maintsy tonga olona miasa isika, ary irian'ny olona fatratra ny fanakaikezana antsika. Noho ny amin'io maha-isika antsika io no hamelan'ny hafa amim-pifaliana ny "fahafinaretany", mba ahatonga azy ho lasa olona iriana fatratra ihany koa, tahaka ny nataon'ny olona nanodidina an'i Jesosy. Aza terena hiala amin'izay mahazatra azy ny olona. Azo antoka fa tsy te ho eo akaikinao intsony izy raha izany no mitranga. Avelao handray ny safidiny malalaka izy, ary tiavo ihany anefa izy na izany aza.

**Inona no ataoko aorian'ny firavan'ny fiangonana, amin'ny ora sisan'ny Sabata?**

Aoka mba horaisinao toy ny fomba fijery ny taratasy fotsy iray ny fandaminana ny fotoana, izay azonao fenoina ny ankabeazan'ny nofy azonao saintsainina be indrindra momba ny any an-danitra, ka hamela anao hiaraka amin'Andriamanitra. Ho tafaray amin'Andriamanitra sy ny fianakaviana ao anatin'ny fotoana tsy hanaovana na inona na inona ianao, fa fotoana fiarahana fotsiny! Mbola tsy nandramanao izany raha tsapanao hoe toy ny mety hankaleo. Izany dia midika fa azonao atao avokoa ny zava-drehetra izay tianao, ary mampifantoka ny sainao amin'Andriamanitra.

Manova tanteraka ny fomba fiaina ny fitandremana ny Sabata. Mety hiatrika zavatra tahaka izay atrehan'ny ankamaroantsika ianao, dia tsy inona izany fa ny tsirin'ny fahasimban'ny tsiro ara-panahy. Rehefa miezaka mihinana sakafo mahasalama ny olona zatra mihinana sakafo be zavatra matavy, sira, siramamy, ary sakafo efa voaodina, dia lasa mifantoka be amin'ny zavatra *tsy azony hohanina intsony* ary mora alaim-panahy amin'izy ireny. Tsy maintsy mikolokolo tsiro vaovao izy ireny, ary mianatra mitia zavatra hafa indray. Amin'ny alalan'ny fitsipika ihany no ahavitany izany zavatra izany, fa raha mifikitra amin'izany kosa anefa izy ireny dia aty aoriana vao hitany hoe inona no soa lehibe naterak'izany ho an'ny tenany. Manomboka mivelona ho an'ny tsa izy, fa tsy ho an'ny matsiro. Ary ho hainy mandanjalanja amin'izay ny fahatsapany ny atao hoe tsiro. Toy izany ihany koa ny tsiro ara-panahy.

**Nitranga ny zavatra tena nahagaga indrindra. Ninamana be tamiko avokoa ny mambra rehetra tao am-piangonana talohan'ny nanaovana batisa ahy. Tsy**

**nitsikera ahy mihitsy izy ireny. Taoriana kelin'ny nahavitan'ny batisako anefa dia nanomboka nitsikera ny zavatra tsy nety rehetra vitako ny mambra sasany. Vao eo andalam-pianarana zavatra be dia be aho, indrindra momba ny Sabata. Inona no tokony ataoko?**

Mampalahelo tokoa ny fahitana mambra sasany izay mahatsapa antso ho amin'ny "fanerena anao ahitsy." Efa tena nahazatra ny mambra tranainy ny fiomba fiaina Advantista, indrindra ny amin'ny fitandremana ny Sabata, ka lasa tsy tsapany intsony ny haben'ny fanovana fototra tsy maintsy ataon'ny mambra vaovao eo anatrehan'izany. Ary ny sasany kosa dia mino hoe ny kolotsaina sy ny fomba amam-panao Advantista sasany dia tena tafiditra ao anatin'ny foto-pinoana ihany koa. Rehefa misy olona manome toro-hevitra anao amin'ny manaraka kanefa tsy nasaina nanao izany akory, dia asaivo resahany any amin'ny pasitora ilay olana.

**Fanazavana Fanampiny**

## MAHATAKATRA NY TENY

### Ny Fihaikana Manoloana ilay Topi-Maso

I Matio, Marka, ary Lioka dia samy nantsoina hoe Filazantsaran'ny topi-maso satria nitovy ny fomba fitantaran'izy ireo. Raha mamaky ny tantara mitranga ao anatin'izy telo ireo anefa ianao dia mety ahatsikaritra ny fahasamifana ihany. Eo amin'ny tontolo misy ireo manam-pahaizana dia antsoina hoe "Olan'ny Topi-Maso" ireo fahasamihafana ireo.

"Tsy dia tena olana loatra anefa ireo fahasamihafana ireo, fa fihaikana mahasarika. Fihaikana ahitana sy ahatakarana an'i Jesosy, araka ny nahitana sy ny nahatsapan'ny mpanoratra ny Filazantsara Azy. Amin'ny alalan'ny fampitahana ny fitantarana ny topi-maso momba ny fahagagana nataon'i Jesosy, ny fanoharana, ny toriteny, ary ny fifandraisany tamin'ny olona, no hanombohanao ny fahitana ny zavatra nahafinaritra ny mpanoratra tsirairay avy momba an'i Jesosy."[*]

[*] George Rice, "Interpretation of the Gospels and the Epistles," in George W. Reid, ed., *Understanding Scripture : An Adventist Approach* (Silver Spring, Md.: Biblical Research Institute, 2005), t. 208.

**LESONA 7**

**MANAO FAMPIHARANA ARAHANA FANKASITRAHANA**

**Inona no dikan'izany hoe "mamerina ny ampahafolony" ho an'Andriamanitra?**
**Moa ve tsy mitombina intsony ny fanaovana ampahafolony toy ny tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha?**
**Mariky ny inona ny famerenana ampahafolony am-pahatokiana?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:** "Entonareo ny fahafolon-karena ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, raha tsy hovohako ny varavaran'ny lanitra ho anareo, ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo." (Mal. 3:10)

**Toko sy andininy fototra:** Gen. 14:14-20; 28:10-22; Lev. 27:30; Neh. 13:10-13; Mal. 3:8-10; Mat. 6:19, 20; Lioka 7:36-47; 11:42; 12:13-21; I Kor. 9:8-14; II Kor. 9:6-9; 8:1-7

**Alahady**

Nandany fotoana naharitra niarahana tamin'ny mpianany 11 i Jesosy tamin'ilay takariva farany talohan'ny nanomboana Azy. Vavaka iray lava be no namaranany ny fotoana niarahana'izy ireo, izay vavaka antsoina matetika hoe "vavaka fisoronana" lehibe indrindra nataon'i Jesosy. Nivavaka ho an'ny Tenany Izy tao anatin'ny ampahany voalohany tamin'ilay vavaka; tao anatin'ny ampahany faharoa kosa no nivavahany ho an'ny mpianany; ary ho antsika ny tamin'ny tapany fahatelo.

Eny tokoa, ho antsika, ho an'ireo izay manana finoana an'i Jesosy miorina amin'ny fijoroana vavolombelona nataon'ny mpianany.

Nangataka zavatra ho an'ny mpianany tany amin'ny Rainy i Jesosy: "Izaho tsy mangataka Aminao mba hampiala azy amin'izao tontolo izao, fa mba hiaro azy amin'ny ratsy. Tsy naman'izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao ihany koa." (Jaona 17:15, 16). Nilaza i Jesosy hoe nandefa ny mpianany teo amin'izao tontolo izao, kanefa tsy tokony ho anisan'izao tontolo izao izy ireo. Na dia tsy maintsy miatrika ny zavatra mitovy amin'izay atrehan'izao tontolo izao aza ny mpianatra, dia efa nomen'Andriamanitra fandaminana ny loha-laharana isan-karazany ny zanany.

Tany amin'ireo lesona roa talohan'ity iray ity no nianarantsika ny fomba fitarihan'ny Sabata ny loha-laharantsika momba ny fandaminana fotoana sy ny maha-zava-dehibe ny asantsika. Hojerentsika amin'ity herinandro ity ny drafitra novolavolain'Andriamanitra hamaritantsika ny loha-laharantsika mahakasika ny fananana ara-materialy. Tsy maintsy manomboka amin'ny fanekena isika hoe avy amin'Andriamanitra avokoa ny fiainana rehetra (Gen. 1:11-28) ary "an'i Jehovah nytany sy izay rehetra eo aminy" (Sal. 24:1).

## *Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

**Dingana Fianarana**[*]

Nosoratan'i Nancy Arellano

"Tsia kosa e!" hoy aho tamin'ny vadiko. Vao vita batisa izahay, ary nilaza tamiko izy hoe tokony ampidirinay ao anatin'ny teti-bolanay efa mavesatra ihany koa hono ny fandrotsahana ampahafolony. Efa nampianarina ny fomba amam-panao Kristiana izy teo amin'ny fahazazany, anisan'izany ny maha-zava-dehibe ny fitantanam-pananana, izay nampianarin'ny reniny tena mahatoky azy. Mba hanomezana fifaliana azy sy ny Tompo dia niezaka namerina ampahafolony sy fanatitra aho nandritry ny enim-bolana, raha toa ka manana ambim-bola rehefa avy mandoa ny faktioranay. Toa niha-ratsy ny lafiny ara-bolanay.

Tao anatin'izany fotoana izany indrindra no nisy mpivady iray efa antitra tao am-piangonana, nitantara ny tantarany taminay. Rehefa tratran'ny fahasahiranana hono izy ireo dia tsy maintsy nifidy na hamerina ny ampahafolony na hividy arina hamanana ny tranony. Nandroso tamim-pinoana izy ireo ary nifidy ny hamerina ny ampahafolony ho an'ny Tompo. Fotoana fohy taorian'ny fanapahan-kevitr'izy ireo dia nisy fiarandalamby mpitondra arina nivadika teo akaikin'ny tranon'izy ireo ary nanapa-kevitra ny lehiben'ilay orinasa fitaterana hoe omena maimaim-poana ho an'ny olna izay mahavita manadio eo ireo arina ireo. Izany no karazana tantara izay fantatry ny Fanahy Masina hoe hanampy ny foko mbola be fanahiana. Nanapa-kevitra marina hametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana aho. Ny ampahafolony sy ny fanatitra aloha no averinay, izay vao mandoa ny faktiora rehetra amin'ny ambim-bola izahay.

Volana maro taty aoriana vao tsapako tsikelikely hoe rehefa tsy manam-bola betsaka izahay, dia tsy hoe tsy manana mihitsy ihany koa. Tsy vitan'izany ihany fa mbola azo nampiasaina tsara foana ny fitaovana tonta rehetra teo aminay. Mbola nandeha tsy nila fanamboarana ilay fiarakodianay efa tonta, ary toa maharitra foana ihany ny ambim-bavanay isan-kerinandro.

Taona maro taty aoriana, rehefa nahazo asa tsara karama ny vadiko ka afaka nanomboka asa-tena izy, dia nanapa-kevitra hampihatra ny fomba fandoavana ampahafolony tao amin'ny orinasanay vaovao izahay. Nony farany, noho ny fitahian'Andriamanitra, dia afaka nanangana sampan'asa kely iray tsy mitady tombony izahay (tohanan'ilay orinasanay vaovao) hanampiana ny tanora eo amin'ny resaka vatsim-pianarana, sady hanampiana ny fianakaviana sahirana amin'ny filàna fototra eo amin'ny fiainany.

Fony vao nanomboka niodina ilay orinasa dia hita fa toa tsy nahavita nandoa na dia ny karamanay akory aza. Kanefa mahalafo zavatra "am-pahagagana" hatrany izahay, izay ampy amin'ny fampiodinana ilay orinasa ihany. Tao anatin'ny 15 taona no nitomboan'ny mpiasany izay niainga avy amin'ny telo (ny vadiko, ny zanakay vavy, ary

---

[*] Nalaina avy amin'ny bokin'i Ronald A. Knott, ed., *Over & Over Again!: 150 Adventists Share Personal Faith Stories About Stewardship,* vol. 2 (Silver Spring, Md.: North American Division of Seventh-day Adventists, 2000), tt. 44, 45. Used with permission.

izaho) izay niasa tao an-trano hatramin'ny mpiasa 140, miasa manerana an'i Etazonia ary any amin'ny firenena maro.

Tena tsara taminay Andriamanitra! Nofidiany hiroborobo tsikelikely izahay, sady nianatra ny ho tonga mpitantam-pananana tsara. Tsapanay ankehitriny hoe avy amin'Andriamanitra ny zava-drehetran ary miahy ny sehatra rehetra eo amin'ny fiainantsika Izy.

## Alatsinainy

**ANISAN'NY FANOMPOANA**

Rehefa nahary ny olombelona Andriamanitra, dia nomeny fanomezana sy andraikitra "hanjaka" izy ireo (Gen. 1:28). Nanao hiram-pahagagana momba io fanomezana io i Davida. Inona no fifandraisana misy eo amin'io fanomezana io sy Ilay nanome azy io? (Psalm 8)

Ny manjaka dia midika hoe "fahefana ambony, mijoro tanteraka ho tompony." Voafetra ny fahafahana manjaka nomena ny olombelona, izay fahafahana manjaka natolotra mba horaisina tahaka ny fitantanam-pananana, raha ny heviny eo amin'ny sehatry ny fampiharana no jerena. Izy io dia midika hoe manohana, mihazona, ary mikarakara zavatra izay tena sarobidy amintsika. Hita ao amin'ny Salamo 8 fa ny fahahafana manjaka izay nomena ny olombelona dia voaodidin'ny fiderana an'Andriamanitra. ny valiny mendrika asetrin'ny olona io fanomezana fahafahana manjaka io dia ny fanompoana sy ny fanekena fa mbola mihazona fanjakana avo indrindra Andriamanitra.

Ny famerenana ny amphafolony dia mifandray akaiky amin'io fanompoana sy fanekena fa manana ny fanapahana avo indrindra eto amin'izao tontolo izao Andriamanitra. ny amphafolony dia iray ampahafolon'ny vola miditra amin'ny olona iray, na vola na vokatra, izay averina amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiangonana.

Vao tany am-piandohana dia efa niseho tao amin'ny Baiboly ny ohatry ny famerenana ampahafolony, talohan'ny tamin'ny andron'i Mosesy. Rehefa ren'i Abrama hoe azo babo tany amin'ny andiana mpanjaka i Lota zana-drahalahiny, dia nandeha nitarika lehilahy mitondra fiadiana izy, hampody an'i Lota sy ny fananany indray. Iza no niseho taorian'ilay ady, inona no nataony, inona no nasetrin'i Abrama izany? (Gen. 14:14-20)

Tsy milaza zavatra betsaka momba an'i Melkizedeka amintsika ny Baiboly. Nantsoina hoe mpanjakan'i Salema sy mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra izy. Notolorany mofo sy divay i Abrama ary notahiany. Ahoana no fomba nanamarihan'ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo ao amin'ny Testamenta Vaovao, momba ny fahalehibiazan'i Melkizedeka? (Heb. 7:1-4)

Tamin'ny alalan'ny fampiasana ny fahaizan'ny tena mamakafaka, izay miankina amin'ny fahatakaran'ny mpamaky ny fomba fisoronana tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha, no nilazan'ny mpanoratra ny Hebreo hoe i Jesosy (Tompontsika) dia mpisorona toa an'i Melkizedeka. (Heb. 7:14-17) "Tena mahaliana ny fahitana hoe noho ny amin'ny mampitovy karazana [sary an'ohatra] an'i Melkizedeka sy i Jesosy, dia azo lazaina ihany

koa, raha alaina sary an'ohatra, hoe nanome ny ampahafolony an'i 'Jesosy' izany i Abrahama."[*]

Ohatra iray faharoa ny tantaran'i Jesosy sy ilay nofy malazany. Inona izany nofy izany? Gen. 28:10-15

Inona no nasetrin'i Jakoba izany nofy izany sy ny fampanantenana nataony rehefa tonga ny maraina? Gen. 28:16-22

"Ireo ohatra ireo dia samy tsy maneho ny setrin'ny toromarika vaovao avy amin'Andriamanitra. Fitohizan'ny fomba fanompoana mifanaraka amin'ny tokony ho izy fotsiny izy ireo. Tamin'ny alalan'ny ampahafolony no naneken'ireo olona ireo ny fidiran'Andriamanitra an-sehatra teo amin'ny lafiny ara-materialy tamin'ny fiainany. Tsy nanohana fiangonana izy ireo satria tsy nisy fiangonana ho tohanana tamin'izany. Nanompo an'Andriamanitra tsotr'izao izy ireo."[†]

[*] Angel M. Rodriguez, "Tithing: The New Testament and the Christian Church," Biblical Research Institute, Silver Spring, Md.

[†] Benjamin C. Maxson, "Tithe, a Tool for Discipleship" <http://www.adventiststewardship.com/article.php?id=155>, accessed Sept. 5, 2011.

## Talata

**FANOMEZANA HO AN'I JESOSY**

Azo antoka fa ny tantaran'ny nahaterahan'i Jesosy no tantara malaza indrindra ao amin'ny Baiboly satria aseho amin'ny alalan'ny fomba isan-karazany izy io matetika, ao anatin'ny fotoana fankalazana ny Krismasy. Na dia mety mbola tsy hitanao aza ity fifandraisana ity dia mipetraka ny fanontaniana hoe inona no zavatra nofonosin'ny fanomezana nentin'ireo olon-kendry? (Mat. 2:1, 2, 11)

Rehefa avy nanomboka ny asa fanompoana nataony teny amin'ny vahoaka i Jesosy, dia nisy Fariseo nanasa Azy hiara-misakafo hariva taminy indray andro. Inona no tranga tsy nampoizina raha iny mbola samy nanodidina ny latabatra iny ny olon-drehetra? (Lioka 7:36-38)

●Inona no fihetsika nasehon'ilay mpampiantrano (Fariseo)?

●Ahoana no fomba namalian'i Jesosy ny eritreritr'ilay Fariseo izay tsy nambarany akory? (and. 39-43)

●Notanisain'i Jesosy ny zava-drehetra nataon'ilay vehivavy ho azy. Inona avy izany?

●Inona no zavatra namporisika an-dravehivavy? (and. 44-47)

●Inona no fitsipika fototra momba ny fandaminana ny loha-laharana izay nampianarin'i Jesosy tao anatin'ilay Toriteny tany an-Tendrombohitra? (Mat. 6:19, 20)

Volaza fa afaka mamantatra zavatra be dia be momba ny olona iray ianao amin'ny alalan'ny fijerena ny taratasim-bolany na ny toe-bolany amin'ny alalan'ny karatry ny bankiny. Ahazoana vola ny asantsika amin'ny ankamaroan'ny kolotsaina amin'izao fotoana izao, izay ahafahantsika mividy ny zavatra tiantsika sy ilaintsika. Lanintsiaka amin'ny zavatra izay tena omentsika lanja fatratra ny volantsika (ny harentsika).

Inona no tantara iray notantarain'i Jesosy momba ny lehilahy iray izay nanana loha-laharana diso? (Lioka 12:13-21)

[Ampidiro eto ny "Maha-Advantista": Fomba Fampiasana ny Ampahafolony]

## Alarobia

**FANAZAANA NY FAMERENANA AMPAHAFOLONY**

Teo ho eo amin'ny 400 taona taorian'ny tantaran'i Abrama sy Jakoba momba ny famerenana ampahafolony ho setrin'ny fitahiana voaray no niasan'Andriamanitra indray tamin'ny alalan'i Mosesy, hanangana ny firenen'ny zanak'Israely. Anisan'ny toromarika nomeny an'i Mosesy ny baiko momba ny famerenana ampahafolony. (Lev. 27:30) Inona no teny maneho ny fifandraisana misy amin'ny ampahafolony sy ny fanompoana?

Nanakaiky ilay Tany Nampanantenaina taorian'ny 40 taona naha-tany an'efitra azy ireo, no nanaovan'i Mosesy lahateny lehibe maromaro, ny sasany momba ny fitodihana amin'ny fitarihan'Andriamanitra ary ny sasany kosa momba ny fiandrandrana ny ho avy. Inona no zavatra tokony natsangan'ny olona ary inona no nataon'izy ireo teo amin'izany toerana izany? (Deot. 12:5-7)

Tokony nanangana tempoly teo amin'ny toerana izay nofidian'Andriamanitra ny Israelita, ary tokony hanompo Azy, mifaly amin'ny fitahiany. Anisan'ny fanompoana nataon'izy ireo ny famerenana ny amphafolony sy ny fanatiny.

Nandritry ny tantaran'ny zanak'Israely dia nanana mpanjaka izay nitarika azy ireo hanao ny tsara na mpanjaka izay nitarika azy ireo hanao ny ratsy izy ireo. Mpanjaka "tsara" ny mpanjaka Hezekia, izay nitondra fanavaozana mba hanalana ny olona amin'ny fanompoan-tsampy ary hanompoany ilay tena Andriamanitra. Iray amin'ireo fanavaozana izay napetraky ny mpanjaka ny famerenana ny ampahafolony. Vakio ny baikon'ny mpanjaka ao amin'ny II Tantara 31:4-10. Nampiasaina hanaovana inona ilay ampahafolony?

●Inona no nasetrin'ny olona izany?

●Ahoana no fomba nitantanana ny habetsahan'ny ampahafolony? (and. 11-15)

Tamin'ny fotoana hafa tamin'ny tantaran'ny zanak'Israely, taorian'ny niverenany tany Jerosalema rehefa avy noroahana izy, dia nametraka fanavaozana indray i Nehemia. Nianaratntsika tamin'ny herinandro lasa ny momba ny nanavaozana ny Sabata; hojerentsika ankehitriny ny fomba nanavaozana ny amphafolony. (Neh. 13:10-13) Inona no fanontaniana izay niadian'i Nehemia hevitra tamin'ireo mpanapaka sy ny nampifandraisany ny ampahafolony tamin'ny fanompoana?

●Inona no toetra iray voalaza hoe voafaritra ananan'izay olona voatendry ho mpitambola?

Noraiketin'ny mpaminany Malakia an-tsoratra ny teny mahery izay nomen'Andriamanitra ny olona momba ny fanaovana tsinontsinona ny amphafolony. (Mal. 3:8-10) Inona no zavatra nolazain'Andriamanitra hoe nataon'ny olona rehefa tsy nahavita nmerina ny amphafolony ho Azy izy ireo?

●Inona no fitahiana nampanantenaina ireo izay mamerina ny ampahafolony?

[Ampidiro eto ny: "Mahatakatra Ny Teny" ]

## Alakamisy

### NY FANATITRA SY NY AMPAHAFOLONY TAO AMIN'NY TESTAMENTA VAOVAO

Aro ny zavatra azon'i Jesosy nambara momba ny fahalianana mahery izay miseho eo amin'ny olona manoloana ny vola sy ny fananana hafa. Miorina amin'ny fandinihanao ny olona, toa inona no haben'ny vola ilaina izay vao afaka "hanome am-pahatsorana ho an'Andriamanitra" ny olona iray raha ny ampahafolony sy ny fanatitra no resahana?

Mahatsapa filàna vola be dia be isika olombelona mba ahatsapantsika hoe voaro kokoa. Rehefa manam-bola be isika dia mihevitra hoe tsy manana ahiahy momba ny ho avy izay tsy fantatra intsony. Inona no drafitra azo fidiana hanalana ny tahotra, izay napetrak'i Jesosy ho an'ny mpanara-dia Azy, ho solon'ny fitokiantsika amin'ny vola sy ny fananana hafa? (Lioka 12:22-34)

Fomba amam-panao voalamina tsara ny famerenana ny ampahafolony tamin'ny vanim-potoanan'i Jesosy, izay azo antoka fa antony nanaovany fanambaràna iray momba ny famerenana ny ampahafolony. Tao anatin'ny resaka nifanaovany tamin'ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna no nivoahan'ilay fanambaràna nataony, ary araka ny fanaony matetika dia niezaka nampianatra ny olona momba ny zava-dehibe eo amin'ny fiainana Izy. (Lioka 11:37-54) Inona no toetra nasehon'i Jesosy' momba ny famerenana ampahafolony?

●Inona no loha-hevitra tamin'io resaka nifanaovany io?

Namaly ny tsikera nataon'ny Fariseo i Jesosy, izay nilaza hoe tsy nanasa ny tànany araka ny fomba amam-panao Izy talohan'ny nisakafoanany. Nanome ohatra maro Izy, nanehoana ny fomba nanomezan'ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna lanja ny fihetsika ivelany ary ny nanaovan'izy ireo tsinontsinona ny zavatra tena manan-danja eo amin'ny fiainana. Heverinao ve fa nilaza i Jesosy hoe tsy manan-danja ny ampahafolony?

●Inona no zavatra nampifanoheriny?

Taorian'ny fitantaran'ireo Filazantsara efatra ny tantaran'i Jesosy, dia nasehon'ny ambiny amin'ny Testamenta Vaovao ny fomba niveloman'ireo mpanaraka azy araka ny fiainany sy ny fampianarany. Natrehan'izy ireo ny fihaikana teo amin'ny fandaminana ny antsipirian'ny fitarihana ny fiangonana izay natsangan'i Jesosy tamin'ny andro Pentekotsa. Rehefa namaly ny fanontaniana napetraky ny olona sasany momba ny fepetra ahafahana miantso ny olona iray ho apostoly i Paoly, dia nanazava ny fomba fanohanana ara-bola ny olona mpitory ny Filazantsara izy. (I Kor. 9:8-14) Manan-jo amin'ny inona ny mpitory ny Filazantsara?

●Iza no nametraka izany drafitra izany? (and. 14)

●Inona no antony nahatonga an'i Paoly tsy nandray anjara tamin'izany zo izany? (and. 18)

Iray ampahafolon'ny zavatra miditra aminao ny fahafolon-karena. Averina amin'Andriamanitra ny amphafolony, ho fankasitrahana ny maha-Tompon'ny zava-drehetra Azy sy ny fitahiany antsika. Tsy misy amphany voafaritra kosa amin'ny fanatitra. Inona no fitsipika mamaritra ny haben'ny fanatitra atolotra? (II Kor. 9:6-9)

Nomena baiko ny fiangonana tany Makedonia momba ny fanatitra izay nomeny entin'i Paoly ho an'ireo olona sahirana tany Jerosalema. Inona no porofon'ny fisian'ny fifandraisana teo amin'ny fanatitra sy ny fifandraisan'ny olona iray amin'Andriamanitra? (8:1-7)

**Zoma**

**FITSAPAM-PAHAIZANA**

Farito ao anaty boribory ny valiny marina.

1. Ampiarahana amin'ny inona matetika ny ampahafolony ao amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao?

A. Fanompoana
B. Famonjena
D. Fahamasinana
E. Fitsarana

2. Inona no porofo maneho hoe misy ny Tenin'Andriamanitra izay mampianatra fa manan-danja ny ampahafolony amin'izao fotoana izao, fa tsy hoe fomba amam-panaon'ny Israely fotsiny ihany izany? (Farito ao anaty boribory avokoa ny valiny rehetra mifanaraka amin'izany.)

A. Nilaza i Jesosy hoe tokony hamerina ny ampahafolony isika na dia kely fotsiny ihany aza izany, fa tsy handray ny ampahafolony hanaovana tsinontsinona ny fahamarinana sy ny fitiavana.

B. Samy nanao ampahafolony i Abrahama sy Jakoba, izay velona talohan'ny nisian'ny Isiraely.

D. Tao anatin'ny epistily iray nosoratan'i Paoly ho an'ny zatovo iray mpitory teny no nanomezany ny antsipirian'ny toromarika momba ny fomba fanangonana sy fizaràna ampahafolony.

E. Nanao tatitra i Paoly hoe araka ny baikon'ny Tompo dia tokony hivelona araka ny filazantsara ireo izay mitory ny filazantsara.

3. Inona no tokony hamporisika ny mpianatr'i Jesosy hamerina ny ampahafolony amim-pahatokiana? (Farito ao anaty boribory ny valiny marina rehetra.)

A. Ny fanekena fa Andriamanitra no tompon'ny zava-drehetra ambony indrindra.

B. Ny fankasitrahana ny fitahian'Andriamanitra.

D. Ny fahatokiana fa Andriamanitra no hanome ny filàna fototra rehetra ho antsika.

E. Ny faniriana mba ho tiavin'Andriamanitra be be kokoa.

**Ampitomboy ny Fahalalanao**

Lohahevitra azo hifanakalozan-kevitra tsara eo anivon'ny tarika misy anareo: Makà valoin'ampahafolony ao am-piangonana. Asaivo manazava ny zavatra tsirairay avy voatanisa ao anatin'ilay valopy ny pasitora na ny mambra iray fantatra tsara eo anivon'ny fiangonana. Iray ampahafolony no atao hoe fahafolon-karena araka ny

voalazan'ny Soratra Masina. Ny fanatitra kosa (sy ireo tondro zotra hafa ao anatin'ilay valopy) dia "fanatitra an-tsitrapo". Izany dia midika hoe izay tianao omena, arakaraka ny fahitanao ny fomba nitahiana anao. (Efa manana tari-dalana ho an'ny tondro zotro hafa ny foibe eo an-toerana matetika.) Tsy tokony ahatsapa ho voatery hanolotra izay rehetra ilaina indray mandeha avokoa ianao.

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Hetsika ataon'ny tena manokana: Hivereno jerena ny fomba famerenanao ny ampahafolony sy ny fanatitra amin'izao fotoana izao. Moa ve te hanova ny fomba amam-panaonao amin'izao fotoana izao ianao, miorina amin'ny zavatra vao nianaranao momba ny tanjona sy ny dikan'ny ampahafolony sy ny fanatitra?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesosy.org/Word>.

## Hevero Ity

## Ny Momba ny Ampahafolony sy ny Famerenana Azy

Ny famerenana ny ampahafolony dia ampahany fototra amin'ny maha-mpianatra ny olona iray. Mitahy antsika amin'ny alalan'ny fomba fifantohana amin'i Jesosy izany, eo am-pivelomantsika ny fiainantsika isan'andro eo amin'ny lafiny ara-materialy. Raha ny tena heviny izany dia resaka mahakasika ny fanompoana ny famerenana ny ampahafolony.

Amin'ny maha-rafitra mahay mitantana ny fitahian'Andriamanitra ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, dia mino ny famerenana ny ampahafolony na ny tombony azo eo amin'ny resaka fananana isika. Tafiditra ao anatin'ny fitantanam-piainana ny sehatra rehetra eo amin'ny fiainana: ny vatantsika, ny fahaiza-manaontsika, ny fotoanantsika, ny tontolo iainantsika, ary ny asantsika, ny zava-drehetra nitahian'Andriamanitra ny fiainantsika. Rehefa tia an'Andriamanitra amin'ny fontsika rehetra, amin'ny saina, ary ny fanahy isika, ny zava-drehetra ataontsika dia lasa maneho ny maha-isika antsika ampifandraisina amin'ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra. Noho izany, eo anatrehan'ny fahafenoan'izany fomba fijery ny fitantanam-piainana izany no ahitantsika fa i Jesosy ihany koa no Tompo'ny loharanom-bolantsika. Ireto tanisaina eto ambany ireto ny fanontaniana fametraky ny olona matetika.

**Isaky ny inona aho no tokony hamerina ny ampahafolony?**

Tokony haverina ny ampahafolony raha vantany vao voaray ny vola miditra na tombony azon'ny olona iray. Ny fananana drafitra eo amin'ny fomba famerenana ny ampahafolony no mahatonga izany ho lasa anisan'ny ampahany mandeha ho azy eo amin'ny fiainanao.

**Ahoana no fomba tokony hamerenana ny ampahafolony?**

Apetraho ao anatin'ny **"**valopin'ny ampahafolony sy ny fanatitra" ny vola na ny taratasim-bolanao, ary arotsahy ao anatin'ny fitatazan-drakitra mandritra ny fanompoam-pivavahana eo an-toerana.

**Mankaiza ny ampahafolony arotsako ao amin'ilay fiangonana**?

Raisin'ny fiangonana eo an-toerana ilay ampahafolony, ary alefa any amin'ny birao foibe/saha eo an-toerana. Io toerana io no ivon-toerana "fitehirizana" ny ampahafolony, mialohan'ny hizaràna azy araka ny rafitra mifehy ny fiangonana.

**Ahoana no fomba fitsinjarana ny ampahafolony?**

Na dia miovaova arakaraka ny foibe mpitantana aza ny taha fizaràna ny amphafolony, ny ampahany betsaka indrindra amin'izany dia ampiasaina amin'ny fanohanana ny asa fanompoana ataon'ny fiangonana eo an-toerana, toy ny karaman'ny

pasitora, ny fitoriana ny Filazantsara, ary ny asa fanompoana hafa ataon'ny fiangonana eo an-toerana.

**Tokony hamerina ampahafolony ve ny olona raha toa ka mbola ananan-trosa izy?**

Na inona na inona fahaterena ara-bola atrehanao, dia ananan'Andriamanitra izay tompon'ny zava-drehetra trosa hatrany ianao. Ny fitsipika momba ny famerenana ny ampahafolony dia mety hiantraika any amin'ny sehatra hafa eo amin'ny volanao, ka mahatonga anao tompon'andraikitra kokoa amin'ny fitantanana ara-bola.

**Ahoana no fomba ahafahako mamerina ny ampahafolony raha toa ka renim-pianakaviana mipetraka ao an-tokatrano aho kanefa tsy tian'ny vaiko handoa ampahafolony amin'ny vola azony ihany koa aho?**

Izay vola rehetra omena hiandraiketanao no aoka hamerenanao ampahafolony. Ohatra, raha toa ka nahazo vola hividianana sakafo sy akanjo ianao, dia handoavy ampahafolony ireo vola azonao ireo.

**Misy fikambanana sy sehatra manao asa fanompoana Kristiana izay tena mahaliana ahy tokoa. Mety ve raha omeko azy ireny ny ampahafoloko?**

Ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ihany no tokony averina ny ampahafolony, araka ireo rafitra manokana efa notanisaina tetsy ambony. Azonao tohana amin'ny alalan'ny fanomezana ara-bola ireo fikambanana na sehatra izay mahafinaritra anao.

**Fanazavana Fanampiny**

**MAHATAKATRA NY TENY**

**Mila ny Testamenta Taloha ny Testamenta Vaovao**

Raha tianao hazava aminao ny Testamenta Vaovao dia tsy maintsy mizatra ny Testamenta Taloha ianao. “Tamin’ny iray tamin’ireo lahateny nalaza indrindra nataon’i Jesosy, ilay Toriteny teo an-Tendrombohitra, no namerenany teny avy any amin’ny Testamenta Taloha hatrany. Ny lohahevitra fototry ny toriteny sy ny fampianarana nataon’i Jesosy, ny fanjakan’Andriamanitra, ary ny filazàna manohitra nataony matetika [‘Efa renareo araka izay nambara fahiny hoe . . . Izaho kosa anefa milaza aminareo fa . . .’], dia tsy nazava raha tsy teo ny hevitra nalaina avy amin’ny tontolon’ny Testamenta Taloha.” Ohatra amin’izany ny fandraisan’ny Testamenta Vaovao anarana na toerana na tranga izay niseho tany amin’ny Testamenta Taloha matetika, izay hitarina na hazavaina indray, ka ampiasaina ho fampianarana na fanazavan-kevitra. Tao anatin’ny lesona tamin’ity herinandro ity no nahitantsika fa ilay Melkizedeka tao anatin’ny Testamenta Taloha dia nampiasain’ny Testamenta Vaovao hanehoana an’i Jesosy.

**NY MAHA-ADVANTISTA**

**Ny Fomba Fampiasana ny Ampahafolony**

Ny rafi-pitantanana eo anivon’ny foibe eo an-toerana ihany no manana ny fahefana amin’ny fizaràna ny tetibolan’ny ampahafolony. An’ny Tompo ny ampahafolony, ary tokony averin’ny fiangonan’ny mambra eo an-toerana any amin’ny mpitahiry volan’ny foibe eo an-toerana, izay antsoina hoe “trano firaketana” (Mal. 3:10). Ho fanohanana ny isambatan’olona mandray anjara amin’ny fitoriana ny Filazantsara sy ny fanolokoloana ny ara-panahy ihany no tokony hampiasana ny ampahafolony. Ireto avy ny asa mety hampiasana ny ampahafolony: (1) Hanohanana ny evanjelista, ny pasitora, ary ny mpampianatra Baiboly; (2) Hanohanana ny mpitantan’asa sy ny asa fanompoana fitoriana ny filazantsara amin’ny any ivelany ary ny asa fanompoana fanolokoloana ataon’ny fiangonana. Tafiditra ao anatin’izany ny mpiasan’ny foibe eo an-toerana, ny lehiben’ny departemanta, ny mpanamarin-kaonty, ary ny mpitantsoratra: (3) Ny vola rehetra ilaina amin’ny fanohanana ny fitoriana ny Filazantsara rehetra atao sy ny asa fanompoana fanolokoloana ataon’ny fiangonana.

Asa izay tsy azo ampiasana ampahafolony mihitsy:

●Fanamboarana ny fiangonana eo an-toerana sy ny vola lany amin’ny fampiodinana ny fiangonana.

●Fanamboarana sekoly ambaratonga voalohany sy ny vola lany amin’ny fampiodinana azy.

● Fanamboarana sekoly ambaratonga faharoa na ambaratonga ambony sy ny vola lany amin’ny fampiodinana azy.

●Tetikasa fanorenana fiangonana na birao foibe na toerana fanofanana.

- Asa fanompoana tsy miankina amin'ny rafitry ny fiangonana.

Raha te ahazo fanazavana fanampiny dia jereo ny: <Http://www.adventist.org/beliefs/guidelines/main-guide4.html>.

## LESONA 8

## MIVELONA AMIM-PAHASALAMANA

**Inona no antony mahatonga ny Advantista ho liana fatratra amin'ny fahasalamana?**
**Mbola mitombina amin'izao fotoana izao ve ny fisokajiana ara-Baiboly momba ny "biby madio" sy ny "biby maloto"?**
**Inona no antony mahatonga ny Kristiana mahatoky tsy voatery ho sitrana hatrany rehefa mangataka fanasitranana?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:** "Ahoana àry? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? Ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo. Fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo." (I Kor. 6:19, 20)

**Toko sy andininy fototra:** Gen. 7:2, 3; Eks. 15:26; Lev. 11:1, 2; Deot. 28:58-60; Lioka 7:16; Jaona 10:10; II Kor. 12:7-10

### Alahady

Indray andro, tao anatin'ny vazivazy iray nifaovan'ny mpianatra sy ny mpampianatra raha iny hanombka iny indrindra ny kilasy, no nilazan'ilay mpampianatra hoe: "Fanompoan-tsampy tsotr'izao izany fanazavana momba ny sakafo sy ny fanazaran-tena ary ny fijanonana ho tanora lalandava izany." Tezitra i Margaret izay Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Tsy noheveriny mihitsy hoe fanompoan-tsampy ny fiezahana hitoetra ho salama lalandava. Raha araka ny heviny, ny fiezahana mitoetra ho salama dia fahaizana mitantara tsara. Tao anatin'ireo herinandro nanaraka izany anefa, rehefa nisaintsaina momba ilay fanamarihana tsy voahevitra izy, dia nanomboka nahatakatra ny zavatra tian'ilay mpampianatra ambara.

Maro ny olona izay tonga eo amin'ny fahalehibiazany ary nahita hoe vetivety dia nielina ny fahatanorany, no lasa mifantoka be loatra amin'ny fiezahana mampiato ny fahalehibiazany, ary mitazona ny fisainana maha-tanora farafaharatsiny. Lasa tompoin'izy ireo fatratra ny fahatsarana ara-batana sy ny fahasalamana ilaina hihazonana izany hatsarana izany.

Olon-kafa vitsivitsy, izay olona mpivavaka, no alaim-panahy hiala amin'ny fikatsahana fahasalamana ary lasa miezaka manao izay ahazoana ny fankasitrahan'Andriamanitra. Ao anatin'izany dingana izany no lasa mahatonga azy ireo hifantoka be loatra amin'ny zavatra hohaniny sy hitsaratsara ny hafa, ary maneho ny toetran'ny olona tonga lafatra amin'ny alalan'ny entana hita ao anatin'ny harony. Samy lavin'ny Baiboly anefa ireo fomba roa ireo. Hojerentsika amin'ity herinandro ity ny zavatra ambaran'ny Baiboly momba ny fahasalamana ary hianarantsika ny antony

mahatonga ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito hitandrina fatratra ny zavatra tokony hohaniny na tsia.

*Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

**Olona iray tsy mpino, nanandrana nampihatra ny "Hafatra ara-Pahasalamana"**

Nosoratan'i Wendy Gable

Nobeazina tao anatin'ny toeram-piompiana sy fambolena tany avaratr'andrefan'Illinois aho. Nankafy legioma izahay, kanefa ny tonon-kena mantamanta sy nandrahoana no tena tianay. Nisy ankizy roa mpiara-mianatra tamiko tany amin'ny "Lycée" tsy nihinan-kena, ary ny fiheveran'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina nisy ahy tamin'ny ankapobeny dia zavatra hafahafa izany ary azo antoka fa tsy hahasalama velively.

Rehefa nifarana ny taom-pianarana teny amin'ny "Lycée" dia nanomboka tsikaritro fa tsy afaka tamiko mihitsy ny tandimerina vokatry ny tsy fahazakana sakafo vita avy amin'ny ronono, ary efa toy izany hatrany am-bohoka aho ka voatery nifady tanteraka ny sakafo azo avy amin'ny ronono. Tany amin'ny oniversite Carnegie Mellon no nandaniako ireo taona voalohany nianarako teny amin'ny ambaratonga ambony, nianatra nahandro sy nihinana tamin'ny alalan'ny fomba tena vaovao, ary tonga mpankafy fatratra ny fanaovana fikarohana ara-tsiansa rehetra momba ny fahasalamana. Maro ny fanatsarana ara-pahasalamana nataoko, kanefa mbola nihevitra ihany aho hoe tokony hihinan-kena. Na dia teo aza ireo fanatsarana be dia be dia mbola niha-nahazo aina ihany aho ary efa nizotra ho amin'ny làlan'ny fahalehibiazana diso tafahoatra sy ny fahsalamana tsy lavorary, tahaka ny ray aman-dreniko sy ireo fianakaviako.

Niady mafy teo amin'ny ara-pinoana ihany koa aho tany amin'ny "Lycée" sy ny sekoly ambaratonga ambony. Noheveriko hoe efa nampianarina ahy teo amin'ny fahazazako avokoa ny fitsipika fototra rehetra momba ny maha-Kristiana, tsy nobeazin'ny ray aman-dreniko tany am-piangonana aho satria tsy nisy fiangonana teo amin'ilay toerana nisy anay, ary nihevitra izy ireo hoe nampianatra sy nivelona araka ny fahamarinana ara-Baiboly. Rehefa nilaza tamiko i neny hoe mandeha any amin'ny fiangonana Kristiana kely eo an-tanàna izy dia nanomboka nozarainy tamiko ny fahamarinana fototra sy ara-paminaniana mifanaraka amin'ny Baiboly, nanao fikarohana tamin'ny alalan'ny "internet" aho ary nahita fa misy fiangonana iray antsoin'ny maro hoe sekta, noho izany dia nanomboka nanahy ny amin-dreniko aho.

Nisy zavatra tsy nifanarahanay sy neny sy tsy nifankazahoanay indray andro momba ny Sabata sy ny safidy atao amin'ny fomba fiaina, noho izany dia tsy nifampiteny taminy intsony aho nandritry ny fotoana maherin'ny valo volana. Niverina kely tao an-trano aho indray andro haka fiara sy hiangavy kely an'i neny hividy dibera vita amin'ny zava-maniry ho ahy ary menaka vita amin'ny sozaha, satria fantatro fa tsy hanana zavatra vita avy amin'ny rononon'omby mihitsy izy ireo ao an-trano. Noheveriko ho lazain'i neny hoe lasa adala angamba aho raha mila an'izany, tsy izany anefa no noteneniny fa izao: "Mahafinaritra kosa a! efa te hanandrana hampiasa ireo zavatra ireo mihitsy aho. Hiananranay any am-piangonana mantsy ny momba azy ireo."

"Any *am-piangonana*?" hoy aho nieritreritra. "Mampianatra momba ny *fahasalamana* ny *fiangonana* misy anao?" Nonomboka niresaka tsikelikely amin'izay

izaho sy i neny, ary nanomboka natorony ahy ny fampianarana ara-Baiboly momba ny fahasalamana kanefa tsy nino aho. Heritaona taty aoriana, rehefa niady tamin'ny olana mahakasika ny tsy fahampiana siramamy sy fahakelezan'ny hery aho dia reko fa very 20 kilao ny reniko hatramin'ny nanombohany ny fandalinana ara-pahasalamana tao am-piangonana, ary rehefa nampihatra izany ihany koa i dada dia afaka tamin'ny fanafodiny ho an'ny diabeta, kolesterola, ary ny fiakaran'ny tosi-drà tao anatin'ny valo herinandro monja. Mbola ts nino ihany aho hoe tena mahasalama antsika tokoa ny tsy fihinanana hena, kanefa namporisika ahy i neny hanandrana izany mandritry ny tapa-bolana mialohan'ny hitsaratsarako fahatany. Nanomboka namaky ireo fitaovana izay nanampy ny ray aman-dreniko aho, nampihatra izany, ary resy lahatra. Efa enin-taona izao no nitrangan'izany ary tsy niverina tamin'ny lasa intsony aho.

Ankehitriny aho dia tsy manana ahiahy intsony ny amin'ny fahatavezzana be loatra, diabeta, ary ny aretim-po izay manenika ny fianakaviako. Ankehitriny ihany koa aho dia manampy ny hafa hanatsara ny fahasalamany. Natao batisa tamin'ny 2008 aho ary lasa mambran'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, izay fiangonana nanampy ahy ahita fahasalamana sy nahitako an'Andriamanitra izay mikarakara ahy sady mitarika ahy.

## Alatsinainy

### FAMARITANA NY ATAO HOE "FAHASALAMANA"

Ny fanapariahana ny lalao "Olympic" manerana izao tontolo izao dia fanomezam-boninahitra ny fahalalana Grika fahiny momba ny fahasalamana. Teo ho eo amin'ny 700 taona talohan'ny nahaterahan'i Jesosy no efa nanao lalao nifaninanana ny Grika izay nahatonga azy ireo "hanompo" ny tenan'ny olona tonga lafatra. Ny tenan'olombelona tonga lafatra no famaritana ny atao hoe "fahasalamana" tamin'izy ireo. Ny fahasalamana anefa dia faritan'ny Baiboly amin'ny alalan'ny fanombohana ny fitantarana tantara iray. Ny tantaran'ny famoronana sy ny drafitr'Andriamanitra ho an'olombelona no tiana ambara amin'izany tantara izany.

Inona no toerana nomanin'Andriamanitra ho an'i Adama (sy Eva taty aoriana)? Inona no niantsoana ireo hazo roa nanan-danja tao amin'io toerana io? (Gen 2:8, 9)

Inona no fepetra noraisain'Andriamanitra momba ny fidiran'i Adama sy Eva tao amin'ny zaridaina tao Edena rehefa avy nanota izy ireo? (3:24)

●Inona no antony?

Fahafatesana no sazy vokatry ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra, tsy tonga teo no ho eo anefa izany. Tsy nohariana hanana fiainana tsy mety maty ny olombelona. Ny fahotany no nampisaraka azy tamin'Andriamanitra, ilay Loharanon'Aina, ny voan'ilay Hazon'Aina, izay nanome fiainana. Rehefa tsy nahazo nihinana tamin'io voankazo io intsony izy ireo dia nanomboka niha-simba ny vatany. Ny fisarahana tamin'Andriamanitra dia niteraka fahafatesana ho an'ny olombelona rehetra. Mba ahazoana fahasalamana amin'ny fahafenoany dia mila fampihavanana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra. Ny herin'ny fiainana sy ny fahasalamana zay nomena ny olombelona tany am-piandohana dia hita amin'ny alalan'ny faharetan'ny vanim-potoana niainan'ny olona talohan'ny safo-drano. Jereo ny fitantarana firazanana ao amin'ny Genesisy 5. Jereo ohatra ny and 5, 8, 11.

Rehefa nandeha ny fotoana dia nihena aok'izany ny fetran'ny fotoana fahavelomana. Nasehon'Andriamanitra anefa ny fitohizan'ny faniriany ny hiveloman'ny olona ao anatin'ny fahasalamana tomombana. Rehefa nanafaka ny Israelita avy amin'ny fanandevozana nandritra ny 400 taona tany Egypta Andriamanitra dia nanome azy ireo lalàna momba ny fahasalamana naraka amin'ny teny fikasana mahafinaritra Izy. Inona izany teny fikasana izany? (Eks. 15:26)

●Raha toa ka tsy nankato ny lalàn'Andriamanitra izy ireo, anisan'izany ny lalàna ara-pahasalamana, dia inona no nolazainy hoe hitranga? (Deot. 28:58-60)

●Aorian'ny fihavian'i Kristy fanindroany sy ny fanavaozana ny zava-drehetra, inona ihany koa no havaozina amin'ireo izay navotana? (Apok. 22:1, 2, 14, 17)

[Ampidiro eto ny "Mahatakatra Ny Teny": Andriamanitra, fototr'aretina]

## Talata

**NANASITRANA I JESOSY**

Endrey izany maso amalahelo niarahaba an'i Jesosy sy ny mpianany rehefa niditra tao an-tanànan'i Naina izy ireo. Nizotra andeha handevina ny tao an-tanàna. Marobe ny vahoaka tamin'io fotoana io, nanaraka ny vata-mangatsiakan'ilay zatovolahy izay andry niankinan-dreniny mpitondratena. Nandeha tamin-dranomaso ilay reny. Dia hoy Jesosy taminy: " Aza mitomany, " ary tamin'ilay zanany no nilazan'i Jesosy hoe: "Zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena". Inona no nolazain'ny vahoaka teo am-pankalazana an'Andriamanitra nanoloana io fahagagana lehibe io? (Lioka 7:16)

Misy dikan-teny hafa nandikana ny Baiboly milaza hoe: "Tonga nanampy ny olony Andriamanitra". Izany fanambaràna izany no mamaritra amin'ny alalan'ny teny vitsivitsy ny iraka nampanaovina an'i Jesosy. Rehefa i Jesosy mihitsy no nanambara ny iraka nampanaovina Azy tamin'ny fiandohan'ny asa fanompoana nataony teny amin'ny vahoaka, dia horonam-bokin'Isaia no novakiany. (Lioka 4:14-21) Inona no karazana fanasitranana izay voatanisa tao amin'io andalana avy ao amin'Isaia io?

"Vao tsy ela akory izay ny fanasitranana no lasa orin'asa fanamboaran'izao tontolo izao vatana, izay maneho ny maha-fohy fisainana ny olona manoloana ny fifandraisan'ny fahasalamana sy ny Soratra Masina. Tafiditra ao anatin'ny dingana fanasitranan'Andriamanitra ny fikolokoloana ny ara-batana sy ny ara-panahy."[*] "Ny olona izay voagejan'ny zavatra iray, tratran'ny SIDA, sy ny aretina hafa mahafaty, dia mila zavatra marobe. Mikorontana ny tontolon'ireny olona ireny. Tsy misy sehatra ahafahany miala amin'ny fanimban'ny aretiny mihitsy eo amin'ny fiainana."[†]

Ny fitantarana momba ny fanasitranana nataon'i Jesosy no mandrafitra ny 20 isan-jaton'ny zavatra voalaza ao anatin'ny Filazantsara. "Rehefa nitety ny vohitra sy ny tanàna Izy dia tahaka ny hery mitondra fiainana, izay nizara fiainana sy fifaliana."[‡] Tonga hitondra fiainana tokoa Izy. (Jaona 10:10) Nanaraka drafitra maty paika Izy rehefa nanasitrana. Manonona teny fanasitranana aloha Izy izay vao mitranga ny

---

[*] George W. Reid, "Health and Healing," in Raoul Dederen, ed., *Handbook of Seventh-day Adventist Theology,* (Hagerstown, Md.: Review and Herald, 2000), t. 772.
[†] Allan Handysides, "The Whole-Person Approach to Health," in Allan Handysides, Petera Landless, Kathleen Kuntaraf, Stoy Proctor, *Life Sciences: A Broad Overview* (Silver Spring, Md.: General Conference of Seventh-day Adventists, 2006), t. 4.
[‡] *The Ministry of Healing*, tt. 19, 20.

fanasitranana. Nisy fahefana ary "fanahy sy fiainana" tamin'ny teny rehetra izay nolazainy. Inona avy ny teny nampiasaina tamin'ireo fanasitranana voatanisa etsy ambany?

- Matio 9:2, 6
- Matio 12:13
- Marka 10:52
- Lioka 4:35
- Lioka 5:13

"Io hery tao anatin'ny tenin'i Kristy io, izay nampiasainy mivantana fony Izy hita maso tety anivon'ny olona, no ambarany amintsika isambatan'olona ihany koa, tahaka ny afaka mandre ny feony mivantana mihitsy isika. Ao anatin'ireny teny fikasana ireny no hampitan'i Kristy amintsika ny fahasoavany sy ny heriny. Izy ireny no ravina avy amin'ny ravin'ilay hazo izay natao 'ho fanasitranana ny firenena maro.' Apokalypsy 22:2. . . . Tsy misy zavatra hafa mitondre hery manasitrana toy izany"[*]

[*] Ibid., t. 122.

## Wednesday

**RESAKA ARA-TSAKAFO**

Izay olona mahalala momba ny Fiagonana Advantista dia mahafantatra hoe: “Mandeha any am-piangonana izy ireo rehefa Sabotsy ary tsy mihinan-kisoa.” Marina ireo zavatra roa voalaza ireo, kanefa mila fanazavana satria mifanohitra amin’ny fombaamam-panaon’ny Kristiana.

Efa noresahantsika ny momba ny Sabata andro fahafito. Hojerentsika ao antin’ny lesona anio ny momba ny biby “madio sy maloto.” Vakio ny Levitikosy 11 iray manontolo, izay ahitana ny lisitr’ireo biby an-tanety sy an-dranomasina, ny voromanidina, eny hatramin’ny biby kely aza, izay lazain’Andriamanitra hoe azo hohanina na tsia. Inona no antony mahatonga ny kisoa ho anisan’ny biby maloto? (and. 7, 8)

Tsy misy fanazavana nomena ny antony mahatonga ny biby sasany ho maloto. Tsy nifantoka tamin’ny antony nahatonga ny biby sasany ho maloto ny Isiraelita. Ny fanaovana izay nasain’Andriamanitra natao ihany no fototra niorenan’izy ireo, na nanome fanazavana Izy na tsia. Ny olona amin’izao fotoana izao kosa anefa dia manana karazana foto-pampianarana maro hanazavana ireny sokajy ireny. Ny fahasalamana dia resaka fanomezana soso-kevitra, fa tsy mba afaka porofoina kosa. Ny hany fanampin-kevitra tokana nomen’ny Levitikosy 11 dia hita ao amin’ny and. 45. Inona izany?

Izao no fanontaniana mipetraka amintsika amin’izao fotoana izao: Moa ve mbola tokony hotandremana amin’izao fotoana izao ireny sokajy momba ny biby madio sy maloto ireny na dia ataontsika tsinontsinona aza ny zavatra hafa izay lazaina hoe tsy madio ao amin’ny Levitikosy? Ireto misy lisitry ny antony sasany manohana ny fahasamihafan’ny biby madio sy maloto.

- **Genesisy 7:2, 3.** Ny niandohan’ireo lalàna momba ny sakafo ireo dia efa taloha lavitry ny lalàn’i Mosesy, noho izany dia efa ela be talohan’ny nisian’ireo lalàna hafa momba ny tsy fahadiovana no nisiany.[*]
- **Levitikosy 11-15.** Amin’ireo fahalotoana isan-karazany voalaza ao anatin’ireo toko ireo dia ny vahiny sy ny mpandalo ihany no nampiharana ny lalàna ara-tsakafo.
- **Tsy nofoanana tao amin’ny Testamenta Vaovao ny lalàna momba ny biby maloto.** Tsy misy fisokajiana araka ny karazana na fanehoana an-tsary raketin’ny lalàna momba ny biby madio sy maloto, izay milaza fa teo amin’i Jesosy no fahatanterahan’ireny farany.

Aaraka ny fitsipika ankapobeny dia tena ratsy ho an’ny fahasalamana tokoa ny henan’ireo biby izay sokajian’ny Baiboly hoe maloto. Koa satria tsy nanana fahalalana ara-tsakafo ny olona tamin’ny andron’ny Testamenta Taloha, dia

[*] Jirí Moskala, “Are the Laws Regarding Clean and Unclean Animals Still Relevant? in Gerhard Pfandl, ed., *Interpreting Scripture* (Silver Spring, Md.: Biblical Research Institute, 2010), tt. 157-160.

nambaran'Andriamanitra azy ireo hoe tena maloto tokoa ireny biby ireny. Raha toa ka misy Isiraelita iray mihinana azy dia tsy maintsy mandalo fomba fanadiovana izy, hanadiovana azy ho afaka amin'ny fahasimbana.

Amin'izao fotoana izao isika dia tsy mandray ireny biby ireny ho tsy madio amin'ny lafiny ara-pomba amam-panao, ary tsy mihevitra hoe tokony hanao fombafomba ara-pivavahana mba hanadiovana ny tenantsika raha sendra mihinana ny sasany amin'izy ireny. Ny tsy fisian'izany fombafomba izany no manampy amin'ny fanazavana ny ao amin'ny Testamenta Vaovao izay manao hoe efa madio avokoa ny biby rehetra. Izany fanambaràna izany dia midika tsotr'izao hoe tsy mitombina intsony ny fisian'ny fomba amam-panao, fa tsy midika kosa hoe lasa mahasalama noho ny tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha ilay biby.

## Alakamisy

**FOTOANA TSY NAHAZOANA FANASITRANANA**

Ny antony manosika ny olona hampiseho toetra iray dia manan-danja tahaka ilay toetra asehony mihitsy. Mitondra ho amin'ny fahatomombanan'ny fahasalamana ara-batana ny famakiana ny lisitry ny zavatra hita ao anatin'ny sakafo noho ny fitandremana ny zavatra hohanina, ny safidy ara-tsakafo, ary ny fifadiana ny sakafo manimba. Ao anatin'ny dingana momba ny fitandremana tsara ny zavatra hohanintsika anefa no heverintsika hoe ahazoantsika sitraka avy amin'Andriamanitra, na mahatonga antsika hitsaratsara ny zavatra hohanin'ny olona sasany, na mbola tsy tomombana ihany ny fahasalamantsika, izay midika fa mila fanavaozana indray hampifanaraka antsika amin'ny endrik'Andriamanitra isika. Inona no tokony hamporisika antsika ho tonga mpitantana mahay ilay vatana nomena antsika? (Lev. 11:45; I Kor. 6:19)

Ny fahatakarantsika hoe novidiana lafo isika no hanala ny antony mety ahatonga antsika hirehareha noho ny amin'ny fahsalamantsika ara-batana na ivelany. Efa naloan'i Jesosy izany vidiny izany. Ahoana no ifandraisan'ny fahasalamantsika amin'ny iraka nampanaovina an'i Jesosy? (Mat. 8:16, 17)

Na dia tonga hitondra fiainana aza i Jesosy, dia tsy hoe nositraniny avokoa ireo izay narary. Amin'izao fotoana izao dia maro ny olona no manao izay fara-heriny mba hahatomombana ny fahasalamany, olona manam-pinoana sady mitondra ny fahsalamany am-bavaka, kanefa dia mbola miatrika aretina mandritra ny fotoana maharitra ihany ary ratra mamela takaitra avy amin'ny lozam-pifamoivoizana mahatsiravina. Tsy irery izy ireny. Voalaza ao amin'ny Testamenta Vaovao ny ohatra momba ireo Kristiana telo izay tsy nahazo fanasitranana. Ny hany fantatsika tamin'izany dia ny hoe narary i Trofimo ary tsy afaka nanao dia lavitra, noho iznay dia nilaozan'i Paoly sy ny namany izy rehefa handeha hifindra ho any amin'ny toeran-kafa izy ireo. (II Tim. 4:20) Inona no toro-hevitra nomen'i Paoly an'i Timoty izay narary ambava-fo sy olana hafa ara-pahasalamana? (I Tim. 5:23)

Matetika io andininy io no ambara fa maneho ny fitsaboana ara-boajanahary izay mifanaraka amin'ny finoana Kristiana, miaraka amin'ny hery fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Ny fotoana tsy nahazoana fanasitranana malaza indrindra dia ny an'i Paoly. Impiry moa no efa nanirian'i Paoly ny hialan'ny "tsilo tamin'ny nofo"? (II Kor. 12:7, 8)

Inona no fampaherezana nataon'ny Tompo ho an'i Paoly na dia tsy hanasitrana izany aza Izy?

●Inona no fihetsika nasehon'i Paoly taorian'ny nahazoany ilay valiteny? (and. 9, 10)

"Ny fanandraman'i Paoly no manome antoka antsika hoe ny aretina dia mety hanana heviny mihoatra noho ny ara-batana na ny soritr'aretina. Koa satria manenika ny vatana ny aretina dia mitady ho lasany ny toerana tokony ahatsapantsika tsara hoe ny fanasitranana dia firindran'ny fifandraisana amin'Andriamanitra." [*]

[Ampidiro eto ny "Maha-Advantista"]

[*] George W. Reid, "Health and Healing," in Raoul Dederen, ed., *Handbook of Seventh-day Adventist Theology,* (Hagerstown, Md.: Review and Herald, 2000), p. 770.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

____ 1. Inona no dingana fampiasan'i Jesosy rehefa manasitrana olona izy?
A. Niresaka tamin'ilay olona Izy.
B. Nasainy nandeha nisasa tany amin'ny Ony Jordana ilay olona.
D. Nasaina nandeha nanao fanatitra tany amin'ny tempoly ilay olona.

____ 2. Inona no maha-samihafa ny fanaovana ny fahasalamana ho sampy sy ny fahaizana mitantana ny fahasalamana?
A. Ny sakafo fidianao hohanina.
B. Ny habetsahan'ny fotoana laninao amin'ny fanazaran-tena.
D. Ny antony izay mamporisika anao hihinana na hanao fanazaran-tena.

____ 3. Inona no tsy mahasitrana ny olona sasany (anisan'izany ny Kristiana) rehefa mangataka fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy?
A. Tsy dia manam-pinoana firy izy.
B. Tsy ampy finoana izy ary tsy ampy ny vavaka ataony amin'ny fo.
D. Mety tsy mahalala na inona na inona eto amin'ity fiainana ity izy.

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Na dia ambaran'ny Baiboly mazava tsara azy hoe tian'Andriamanitra ho salama ny olombelona, dia tsy hitantsika ao kosa ny drafitra maneho ny fomba atao hananana fiainana feno fahasalamana. Ny antsipiriany momba ny sakafo ihany no nomena tao. Sorito nanomboka tamin'ny tantaran'ny Testamenta Taloha ny toromarika nomen'Andriamanitra momba ny zavatra navelany hohanin'olombelona.

4. Tamin'ny Famoronana (Gen. 1:29)
5. Taorian'ny nidiran'ny fahotana (3:18)
6. Inona no maha-samifaha ny 4 sy ny 5?
7. Taorian'ny safo-drano (9:3, 4)

### Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Ireto misy fanontaniana hosaintsainin'ny tena manokana:

●Mifandray tsara ve ianao sy ny fahasalamana?

●Moa ve ny sakafo hohaninao mijoro ho vavolombelona mangina maneho ny finoanao hoe ny tenanao dia tempolin'ny Fanahy Masina?

●Moa ve ny safidinao miankina amin'ny karazan-javatra hohanina sy amin'ny haben'ny fankafizanao ilay sakafo, fa tsy amin'ny hoe mahatsara anao io na tsia?

●Betsaka noho ny fotoana lanianao amin'ny fiarahana amin'ny fianakaviana sy amin'Andriamanitra ve ny fotoana lanianao amin'ny fahitalavitra na ny "internet"?

●Moa ve ianao mifantoka be loatra amin'ny fanarahana ny fitsipika mifehy ny ara-pahasalamana ka lasa manamafy fo, izay aretina vokatry ny tsy fahampiana fahasoavana sy ny fitsaratsarana ny olona noho ny safidy ara-pahasalamana ataony?

●Moa ve ianao manompo amin'ny fahafenoany?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Manampy Eo Anatrehan'ny Olana

Ravin-kazo ihany no hohanin'ny "Panda" sy ny "koala" (karazam-biby vaventy sady be volony). Bozaka ihany no hohanin'ny ondry sy ny soavaly. Antsoina hoe biby mpihinana nofo ny amboadia sy ny tigra satria mihinana ny nofon'ny biby hafa izy ireny. Koa satria afaka mihinana na inona na inona ny olombelona adia antsoina hoe "omnivores" isika. Zavatra tena tsara izany satria mamela ny olona hivelona any amin'ny ankamaroan'ny toerana rehetra eto amin'izao tontolo izao. Misy olana asehon'izany ihany koa anefa.

Nanoratra momba izany olana izany tao anatin'ny bokiny tamin'ny taona 2007 i Michael Pollen, mitondra ny lohateny hoe "*The Omnivore's Dilemma" (Ny Olana Atrehan'ny Omnivores).* Izao avy ireo olana: Inona no tokony hohanintsika? Azontsika hohanina avokoa ny epinara, ny voatabia, ny paiso, ny "pizza", ny mofo voasisika, ny orana, ny "tofu", ny glasy, ny "doughnuts", ny voanjo, sy ny zava-drehetra. Mahavita miatrika izany rehetra izany ny nifintsika sy taova mpandevon-kanina ao anatintsika.

Inona anefa no tena tsara indrindra ho antsika? Ny siansa iray manontolo izay mandinika momba ny sakafo dia niha-nahazo vahana rehefa fantatra hoe mifandray ny sakafo sy ny aretina. Efa maherin'ny 100 taona izao no nahalalan'ny Fiangonana Advantista izany noho ny amin'ireo asa-soratr'i Ellen White. Noho ny fifandraisana misy eo amin'ny sakafo sy ny fahasalamana ary noho ny amin'ny maha-andraikitra fitantanana ny fanomezana nomen'Andriamanitra antsika ny fikarakarana ny fahasalamana dia mahaliana ny Fiangonana Advantista hatrany ny fanaovana asa fanompoana mahakasika ny tenan'ilay olona iray manontolo, izay ahitana ny lafiny ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetsehampo, ary ara-panahy.

Maro ny fandaharam-potoana izay novelabelarin'ny Departemantan'ny Fahasalamana nandritra ny taona maro, sy ny isambatan'olona mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana. Afaka mandray anjaraamin'izy ireny ianao amin'ny alalan'ny fanatonana ny foibe misy anareo eo an-toerana n any Departemantan'ny Fahasalamana eo anivon'ny Misiona.

Ny "CELEBRATIONS®" (Fankalazana) dia fandaharam-potoana momba ny fomba fiaina, izay natao hanampiana ny olona hiaina ny fiainana amin'ny fahafenoany, amin'ny alalan'ny fampidirany eo amin'ny fiainany ny fitsipika valo izay natoron'i Ellen G. White; sady ahitana ny zavatra mifanaraka amin'izay ilaina amin'ny fikarakarana ny tontolo iainana, fiambenana ny zavatra tokony handraisantsika anjara na tsia, fahaizana mandanjalanja ny fihetsehampo hifanaraka amin'ny tokony ho izy, ary famporisihana ny fanaovana asa fanompoana sy ny fanohanana izany. Amin'ny alalan'ny fampidirana ireo sehatra sasany ireo no hitondran'ny "CELEBRATIONS®" antsika ho amin'ny fampiharana ny soa toavina ara-pahasalamana ananantsika isan'andro isan'andro. Afaka alaina maimaim-poana any amin'ny Departemantan'ny Fahasalamana eo anivon'ny Foibe Maneran-Tany ny tari-dalana mirakitra azy io,

amin'ny alalan'ny fitsidihana ny tranonkala <http:www.health20-20.org>. Efa an-dalana ny fanavaozana io fandaharana io amin'izao fotoana izao.

Anisan'ny fandaharana mety ahazoanao tombotsoa amin'ny lafiny ara-pahasalamana ihany koa ny "Breath-Free Plan to Stop Smoking®" (Drafitra hialana amin'ny fifohana sigara mba ahafahana miaina amin-kalalahana) herinandro valo mitondra ho amin'ny fahatsarana, ny "NEWSTART+", ny andim-pihofanan'i Dr. Nedley, ny "CHIP" (izay novidian'ny Sanitarium Foods vao tsy ela akory izay), ary ny "CREATION Health".

**Fanazavana Fanampiny**

**MAHATAKATRA NY TENY**

**Andriamanitra, fototr'aretina**

"Miverina hatrany ao amin'ny Soratra Masina ny famaritana an'Andriamanitra ho toy ny fototr'aretina," araka ny fanazavana ao amin'ny Deoteronomia 28:59-61. Ny filazana hoe Andriamanitra no fototr'aretina dia tsy mazava raha tsy mandalina ny foto-kevitry ny Soratra Masina isika, manao hoe 'tsy misy fisehoan-javatra raha tsy manatrika Andriamanitra.' . . . Amin'ny alalan'io fomba fijery io no ahafahan'ny mpanoratra ny Baiboly maneho ny momba an'Andriamanitra manoloana ny zava-mitranga eo amin'ny sehatra misy Azy, eny fa na dia ny asa ataon'ny devoly aza no hita ao amin'ireny tranga ireny, izay avelan'Andriamanitra hanohy ny asany mandra-pahatongan'ny fitsarana farany . . . Raha ny tantaran'i Joba ohatra no dinihina dia Andriamanitra mihitsy no tompon'andraikitra voalohany, kanefa nanao ny asany ihany koa i Satana hatreo amin'ny fetra nomen' Andriamanitra azy (Joba 1:6-12; 2:1-7)."[*]

**NY MAHA-ADVANTISTA**

**Ny Hevitr'i Ellen White Momba Ny Fahasalamana**

Ny fahalianan'ny Fiangonana Adavntista Mitandrina ny Andro Fahafito dia niainga avy amin'ny toro-hevitr'i Ellen G. White, iray amin'ireo olona nanangana ny fiangonantsika. "Ny toetra ahafinaritra hita tao amin'ny hafatra nentiny tany am-boalohany dia ny 'fifandraisana nisy teo amin'ny fahasalamana ara-batana sy ny fahasalamana ara-panahy na fahamasinana.' TTaloha lavitry ny nisehoan'ny porofo ara-pahasalamana momba ny maha-zava-doza ny fifohana sigara no efa nanamafisan'i Ellen White tamin'ny teny mahery momba io zavatra io sy ny olana hafa, anisan'izany ny fampiasana alikaola sy ny fanafody mitondra poizina toy ny fanafody vita amin'ny "arsenic" sy ny merkiora. Nilaza izy fa ny tsy fihinanan-kena kanefa misotro ronono sy mihinana atody kosa, no tena tsara indrindra."[†]

Nampianariny ihany koa hoe mifandray ny tsy fahampian-tsakafo sy ny aretina, fifandraisana izay vao haingana no nifantohana tsara sy nanaovana fikarohana ara-tsiansa. Ny asa ataon'ny Advantista eo amin'ny sehatry ny fahasalamana manerana izao tontolo izao sy ny hopitaly ary ny toeram-pitsaboana isann-karazany dia niandoha tamin'ny alalan'ny toro-heviny. Ireto avy ny asa-sorany lehibe indrindra momba ny fahsalamana: "*The Ministry of Healing"* (1905), ny "*Counsels on Health"* (1923) ary ny "*Counsel on Diet and Foods"* (1938).

---

[*] George W. Reid, "Health and Healing," in Raoul Dederen, ed., *Handbook of Seventh-day Adventist Theology,* (Hagerstown, Md.: Review and Herald, 2000), p. 758, 759.

[†] Petera Landless, "Spirituality and Health" in Allan Handysides, Petera Landless, Kathleen Kuntaraf, Stoy Proctor, *Life Sciences: A Broad Overview* (Silver Spring, Md.: General Conference of Seventh-day Adventists, 2006), p. 7.

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

**LESONA 9**

**MANAJA AN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY ALALAN'NY FIRAISANA ARA-NOFOKO**

**Inona no nambaran'i Jesosy momba ny fanambadiana?**
**Mety ve ny "miara-mipetraka" kanefa mbola tsy vita mariazy?**
**Fantatro ny ambaran'ny Baiboly momba ny tsy tokony hijangajangana, kanefa manao ahoana kosa ny momba ny firaisana ara-nofo mialohan'ny fanambadiana?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:** "Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; dia ho nofo iray ihany izy ireo" (Gen. 2:24).

**Toko sy andininy fototra:** Gen. 2:21-25; Eks. 20:14; Tonon-kiran'i Sol. 4:12–5:1; Mat. 5:27, 28; 19:3-6; Jaona 4:7-24; I Kor. 6:15-20

**Alahady**

Miaina ao anatin'ny kolotsaina feno firaisana ara-nofo isika. Ampiasaina entina hivarotana karazana entana maro ny firaisana ara-nofo; izy io no hisarihana ny vehivavy amin'ny lamaody; ampiroboroboana any anatin'ny mozika izy io; hanaovana sangisangy any amin'ny fampiomehezana izy io ary aseho ao amin'ny fahitalavitra sy ny horonan-tsarimihetsika; manenika ny tranontsika amin'ny alalan'ny "internet" izy io. Ny tanora izay teraka tao anatin'ny taona 80 na taoriana kely dia nitombo tao anatin'ny tontolo heniky ny filàna ara-nofo. Raha toa ka avy amin'ny namana sy ny haino aman-jery no hiavian'ny soa toavin'izy ireny dia tsy misy fototra azo antoka hiorenan'ny fitondrantenany mahakasika ny firaisana ara-nofo. Tahaka izany ihany koa na ho an'ny olona efa lehibe aza.

Fahiny elabe ny mpaminany Isaia dia nitabataba noho ny fahadisoana ara-moraly tamin'ny androny. Tokony ampitaina amin'ny taranaka manoloana antsika amin'izao fotoana izao ihany koa ny teniny:

"Lozan'izay milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy;
Izay manao ny maizina ho mazava ary ny mazava ho maizina;
Izay manao ny mangidy ho mamy ary ny mamy ho mangidy!" (Isa. 5:20).

Ny lesona mandritra ity herinandro ity dia hiresaka momba ny olana maro mifandraika amin'ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo ataontsika. Rehefa avy mijery ny idealy napetrak'Andriamanitra isika dia hamantatra ireo fitsipika avy ao amin'ny Soratra Masina, izay manoro hevitra antsika momba ny "fiarahana mipetraka" sy ny horonan-tsary mamoafady.

*Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

## Ny Fankafizana Horon-Tsarimihetsika Mamoafady

Nosoratan'i Roger Hampton*

Zaza tsy niriana aho. Teo amin'ny fahazazako aho dia napetraka tany amin'ny toerana fitaizana zaza kamboty. Rehefa feno 12 aho dia nisy ankizilahy iray tao anatin'ilay atrano fitaizana, nampahafantatra ahy ny gazety boky nantsoina hoe "*Playboy*" sy ny sigara. Tamin'io fotoana io ihany koa anefa Andriamanitra no nandefa an'i Mopera Robert teo amin'ny fiainako, izay nandray ahy ho eo ambany fifehezany. Tena tsara fanahy izy ary nanolotena ho an'Andriamanitra sady nanampy ny hafa.

Rehefa feno 16 taona aho dia nafindra tany amin'ny trano fitaizana zaza kamboty ho an'ny zazalahy, tsy niankina tamin'ny fiangonana katolika. Nifarana ny fotoana nipetrahako tao amin'ilay trano fitaizana rehefa feno 18 taona aho. Noho izany dia *tsy nanana fianakaviana intsony* aho teo amin'ny faha-18 taonako.

Ny hany zavatra mba fantatro momba ny vehivavy dia ny zavatra nianarako avy tamin'ireo gazety boky nivangongo tao ambany fandrianako. Rehefa afaka amin'izay ny tahotro tamin'ny firesahana amin'ny vehivavy tena izy dia nanasa vehivavy iray hiara-hilalao "tennis" tamiko aho ary *nanaiky* izy. Niainga indray ny nofinofiko rehefa naka sary an-tsaina ny fomba mety hisehoan'ilay fiarahana aho. Nanana drafitra hafa anefa Andriamanitra. Niseho tamin'ny maha-Kristiana azy ilay tovovavy, ary nanderesy lahatra ahy handeha ho any am-piangonana mihitsy aza izy. Rehefa lasa nanao fialantsasatra izy dia nihaona tamin'ny tovovavy hafa tao amin'ny vondron'ny tanoran'ny fiangonana aho, izay tsy dia tena sarotiny loatrea tamin'ny resaka fiarahana amin'olon-tiana. Tsy ela akory dia haiko avokoa ny zava-drehetra momba ny maha-vehivavy.

Kristiana mpivavaka Alahady aho, kanefa amin'ny andro sisa rehetra ao anatin'ny herinandro dia manenjika vehivavy hatrany ary manohy ny fanampiana ireo gazety boky nangoniko ihany. Rehefa nanambady aho ary nifindra tany amin'ny trano vaovao, dia nariako avokoa ireo gazety boky ireo, kanefa mbola tao ihany ny faniriana. Nitondra filàna ara-nofo tafahoatra tao anatin'ny tokatranonay aho.

Taty aoriana, rehefa tsy raikitra ny asa izay nampanantenaina ahy, dia nanapa-kevitra ny haka mari-pahaizana tamin'ny alalan'ny fianarana atao amin'ny "internet" aho mba ho tonga mpanolotsaina eo amin'ny sehatra maha-Kristiana. Herinadro vitsivitsy taorian'ny nanombohako ilay fihofanana dia nisy filazana niseho tampoka tao anatin'ny solosainako nanao hoe: "Araho any amin'ny fialamboly aho." Tsy norarahiako ilay izy; na izany aza anefa, tamin'ny fotoana manaraka nisehoan'izy io dia narahako ilay izy ary nitondra ahy tany amin'ny tranonkala nahitana sarimihetsika mamoafady ary niha-nitondra ho amin'ny dingana ambony kokoa hatrany, mihoatra noho izay efa hitako taloha. Rehefa izany dia nifoha ny vadiko indray alina ary nahita ahy naniry fatratra

---

* Anaram-bositra

vehivavy iray teo amin'ny solosaina. Nahatsiaro tena ho tena maloto sy menatra ary tezitra aho satria tratra.

Ny tsy fananako hery hanova ny tenako no nitarika ahy ho any amin'ny fihatsarambelatsihy. Mitsiky amin'olona aho rehefa Alahady, manampy ny hafa, ary manao asa fanompoana amin'ny sehatra isan-karazany. Mandritry ny herinandro kosa anefa dia lasa biby be feno fahatezerana aho, izay manararaotra ny vadiko ao an-tokatrano ara-batana, eo amin'ny lafiny firesahana, ary ara-pihetsehampo. Efa ampy kosa angamba ny azony ka nony farany dia nilaza tamiko izy hoe hiala ary handeha hitady toerana hipetrahana, indray hariva izay.

Very ihany koa ny asako sy ny ranoko taty aoriana kely. Nikorosy avokoa ny zava-drehetra nanomboka teo. Hazain'ilay fahavalo isan'andro ny fahatsapako tsy fahombiazana, tahotra, ary fankahalana. Nampahatsiahiviny ahy fa tsy misy tomombana avokoa ny zavatra ataoko ary natorony hoe amin'ny alalan'ny fijerena sarimihetsika mamoafady indray no ahazoako fampaherezana ho an'ny tenako, satria efa tsy misy olona miraraha ahy intsony.

Soa ihany anefa fa tsy niala tamiko mihitsy Andriamanitra. Namporisihany hamonjy fiangonana teo akaikin'ny tranoko aho. Fantatro ilay pasitora tao sy ny sasany amin'ny mambra, ary tsapako fa tao no toerana maha-voaro ahy indrindra. Nolazain'ilay pasitora avy amin'ny fony ny hafatra nambarany tamin'ny Sabata, ary reko indray ny hafa-pitiavan'Andriamanitra ho ahy, hoe afaka manadio ahy ho afaka amin'ny fahotako ny ràn'i Jesosy, ary ampy ahy ny fahasoavany.

Volana vitsy taty aoriana dia nanoso-kevitra ilay pasitora hoe tokony hanatrika fandaharana Kristiana iray ahitana dingana 12 hialana amin'ny zavatra mangeja aho. Ankehitriny ho dia eo am-panaovana ny fampiharana ireo dingana fiverenana amin'ny laoniny ireo, eo amin'ny fangejan'ny firaisana ara-nofo, ny hatezerana, ary ny fahazaran-dratsiko tamin'ny fianteherana. Miha-mandroso isan'andro aho, miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, ny olona mpanohana, ary ny namana azo hitokiana izay manampy ahy hijoro ho mahatoky sy marina. Nomeko an'i Jesosy ny fiainako ary mianatra ny miantehatra amin'i Jesosy aho mba ahafahako mivelona isan'andro. Notakiako ny teny fikasana ao amin'ny Galatiana 5:16, "Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filàn'ny nofo ianareo."

*Anaram-bositra

## Alatsinainy

### NY IDEALIN'ANDRIAMANITRA

Ny olon-dehibe rehetra tamin'ny andro nivoahan'ny fanafody fanabeazana aizana sy nampalaza azy tamin'ny taona 1960 dia samy nandalo fiovana be teo amin'ny kolotsaina mahakasika ny firaisana ara-nofo. Talohan'ny naha-mora ny fandrindram-piterahana dia napetraka tamin'ny vehivavy ny andraikitra fifehezana ny fitondrantena eo amin'ny firaisana ara-nofo, vokatry ny tahotra ny vohoka tsy niriana. Rehefa afaka izany tahotra izany ary nanomboka nitovy amin'izay ny lahy sy ny vavy, dia nahatsapa tena ho tsy nahazo fahafahana teo amin'ny firaisana ara-nofo intsony ny vehivavy, kanefa dia zavatra noleferin'ny lehilahy tamin'ny ankapobeny izany fahiny. Nanomboka niova ny fombafijerin'ny kolotsaina tandrefana ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana. Niova mihitsy ny fitsipika nifehy ara-kolotsaina.

Tsy miova anefa ny fitsipika ao amin'ny Baiboly.

Taiza no fototra nakan'i Jesosy ny fitsipiny tamin'ny fotoana iray izay nametrahan'ny Fariseo fanontaniana taminy momba ny fisaraham-panambadiana? (Mat. 19:3-6)

Toko roa ao anatin'ny Baiboly iray manontolo ihany no mamaritra ny fiainana talohan'ny fahotana: Genesisy 1 sy 2. Noho izany dia manan-danja ireo toko ireo, ahatakarana ny drafitr'Andriamanitra ho an'olombelona tany am-boalohany. Andeha jerena ny fototra nakan'i Jesosy io andininy io. (Gen. 1:27; 2:21-25) ahoana no fomba famalin'ireo andininy ireo ny fanontaniana manaraka:

●Iza no nivady?

●Ahoana no fomba namaritan'ny Genesisy ny fifandraisana akaiky teo amin'ny mpivady?

●Inona no toromarika maneho fa omem-boninahitra ny firaisana ara-nofo ao anatin'ny tokatrano? (Jereo ihany koa ny Heb. 13:4.)

●Ahoana no fomba famaritanao ny idealin'Andriamanitra momba ny tokatrano?

Ny Mpamorona, izay nanome ny zava-drehetra ho an'olombelona nohariany, dia nahafantatra ny zavatra izay hitondra fahasambarana mandrakizay ho azy ireo.

"Ny fanehoana an-tsary lalina momba ny drafitr'Andriamanitra tany am-boalohany ho an'ny firaisana ara-nofon'ny olombelona teo amin'ny fiantombohan'ny fitsipika mifehy azy dia nanorina fototra ho an'ny fitantarana ara-Baiboly sisa rehetra sy resaka momba ny firaisana ara-nofo eo amin'ny olombelona. Ny Genesisy 2:24 dia manome ohatra ny amin'ny endrika tokony ananan'ny fifandraisana ao an-tokatrano tany ivelan'ny zaridainan'i Edena. Ny lehilahy sy ny vehivavy dia tokony (1) "handao" ny

fifandraisana rehetra any ivelany, izay manakana ny *fifandraisana ety* eo amin'izy ireo; (2) "hikambana, " izany hoe miditra ao anatin'ny fifanekem-pifanarahana *maharitra*; ary (3) "ho nofo iray ihany," izany hoe miaina ao anatin'ny *fifampitokiana lalina* amin'ny maha-mpivady ao anatin'ny fifandraisana ao an-tokatrano."[*]

[Ampidiro eto ny "Mahatakatra Ny Teny"]

[*] Richard M. Davidson, *Flame of Yahweh: Sexuality in the Old Testament* (Peabody, Mass.: Hendrickson, 2007), pp. 15, 16, 337, emphasis in the original.

## Talata

**FIFALIANA AMIN'NY FIFAMPITOKIANA AO ANATIN'NY FANAMBADIANA**

Inona no zavatra resahan'ny boky kelin'ny Tononkiran'ny Solomona? Moa ve ny lohahevitra voalaza ao dia tena fifankatiavan'olombelona izay niseho teo amin'i Solomona sy ilay vehivavy Solemita (izay nantsoina matetika hoe zanakavavin'i Farao)?

Tao anatin'ny fampidirana ny famakafakana misy ambaratonga 10 momba io boky io no nampitandreman'i Origen (teolojiana tamin'ny taonjato fahatelo) hoe: "tsy mampaninona ny famakiana ny Tonon-kiran'i Solomona raha toa ka olon-dehibe efa matoy izay tsy manana olana amin'ny filàna ara-nofo intsony no mamaky azy."[*]

Noho izany, nanao ahoana ny fomba nanazavan'ny teolojiana io boky io? Ny raby Jiosy dia "tsy nanome lanja ny hevitr'izy io ara-bakiteny, fa nilaza kosa ny hevitra nofonosiny ara-panahy." Vao haingana mihitsy ny teolojiana Kristiana "izay vao niala tamin'ny fandikana azy io ara-bakiteny," fa nahita kosa ny fanoharana momba ny "fifandraisam-pitiavana teo amin'Andriamanitra sy ny vahoaka nanaovany fifanekena."[†]

Raha toa ka misy olona iray mandray ny hevitr'io Tonon-kira io ara-bakiteny dia tokony ahazo famintinana izy manao hoe ny bokin'ny Testamenta Taloha iray manontolo dia feno fankalazana ny "fahamendrehana sy ny fahdiovan'ny fitiavan'olombelona." Ahoana àry no ahavitan'ny Soratra Masina manambara amin'ny teny mahery hoe ny firaisana ara-nofo ataon'olombelona dia tsy mora vidy, ratsy endrika, ary feno faharatsiana, kanefa tsara, tanteraka, ary lendri-piderana![‡]

Ny fahalalana ananantsika momba ny vady maro nananan'i Solomona sy ny tokatrano maso nataony dia mahagaga ihany raha toa ka izy no nofidiana hihira momba ny vainy iray, izay zanak'i Farao, ary Solemita. "Koa satria ny fanamasinana ny fanambadian'i Solomona sy ny zanakavavin'i Farao dia natao teo amin'ny fiandohan'ny fotoana nanjakany, talohan'ny nananganany ny tranony sy ny tranon'i Jehovah mihitsy aza (I Mpanjaka 3:1), sia azo antoka fa ireo Tonon-kira ireo dia nosoratany tamin'ny fotoana niandohan'ny fanjakany, talohan'ny nahalavo azy tamin'ny fanompoan-tsampy sy ny fananana vady maro (11:1-8)."[§] Inona no porofo ahitantsika hoe ny zanakavavin'i Farao irery no vadin'i Solomona nandritry ny fotoana naharitraritra? (II Tantara. 8:11)

Vakio ny famaritana nomen'ilay Solemita ho an'olon-tiany sy ny famaritana nomen'ilay olon-tiany azy. Maro ny resaka firaisana ara-nofo miafina ao ambadiky ny sary an'ohatra, izay tsy dia nahazatra antsika firy na hafahafa fotsiny. (Tonon-kira 5:10-16; 7:1-9)

Vakio ny 4:12–5:1, ivon'ny ampahany tena manan-danja indrindra, izay heverina ho toy ny famaritana ny fahafenoan'ny tokatrano.

---

[*] Richard M. Davidson, *Flame of Yahweh: Sexuality in the Old Testament* (Peabody, Mass.: Hendrickson, 2007), t. 547.
[†] Ibid., tt. 545, 547.
[‡] Ibid., t. 551
[§] Ibid.,t. 566

Ny tenan'ilay vehivavy dia nantsoina hoe saha voahidy ary fantsakan-drano voaisy tombo-kase (ny tsy fahazoana alalana miditra aminy sy ny maha-virjiny azy) (and. 12). Nanasa ny mpampakatra azy handray azy izy, ary hankany an-tanimboliny ka hihinana voankazo (4:16), izay mazava ho azy fa fanasana ho amin'ny firaisana ara-nofo. Ny tena ivon'ilay boky, ny rafitra fototra (4:16, 5:1), dia ahitana fanasana sy fanekena fanasana, hamenoana ny tokatrano amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo.[*]

[*] Ibid., p. 611.

## Alarobia

### MBA "MIARA-MIPETRAKA FOTSINY"?

Maro ny fomba fanalavirana ny idealin'Andriamanitra ny amin'ny fifandraisana lalina eo amin'ny firaisana ara-nofo ao anatin'ny fifaneken'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray manana fifandraisana manokana sy maharitra mandritra ny androm-piainana. Amin'ny fotoana sy ny any amin'ny toerana samihafa no ahitana kolotsaina izay manao tsinontsinona ny fandaminana, ary tsy mifanaraka amin'ny idealin'Andriamanitra. any amin'ny kolotsaina Tandrefana amin'izao fotoana izao dia maro ny fitondrantena tsy mendrika izay efa ekena tsy amim-piheverana. Ny fiarahana mipetraka tsy misy fifanekena tamin'ny mariazy dia lasa fomba fanao miha-mitombo, izay mampihena ny lanjan'ny fahamasinan'ny fanambadiana.

Koa satria tsy fomba amam-panao nahazatra tamin'ny andron'i Jesosy ny fiarahana mipetraka toy izany dia tsara ny mamantatra ny zavatra mety nolazainy teo anatrehan'io foto-kevitra io sy ny fomba niatrehany ilay tranga raha toa ka nahita olona niara-nipetraka tamin'ny alalan'izany fomba izany Izy. Izany hoe nisy tranga iray tahaka izany voarakitra an-tsoratra. Vakio amim-pitandremana ny Jaona 4:7-14. Tamin'ny alalan'ny fomba ahoana no niatrehan'i Jesosy io vehivavy io tamim-pahamendrehana?

●Inona no navalin-dravehivavy an'i Jesosy? (and. 15-18)

Raha tokony hanameloka azy i Jesosy dia tsy izany no nataony fa nanavza indray ny zava-misy hoe efa fantany fa nisara-panambadiana indimy ravehivavy ary efa manao tokatrano maso miaraka amin'ny lehilahy iray hafa indray amin'izao fotoana izao. izay ihany no nambarany. Tsy nanao fanambaràna momba ny fitsipika Izy, ary tsy nanamafy hoe "nety ny nataon-dravehivavy ary tsy nanota intsony izy." Nanaiky fotsiny ihany ny tena zava-misy i Jesosy.

Ahoana no fomba niezahan'ilay vehivavy nanapaka io dinidinika tsyahzoana aina momba ny fandaminana ny fomba fiainany io? (and. 19, 20)

"Navelan'i Jesosy hanalavitra ny fanaintainana momba ny tena filàny ravehivavy, ho amin'ny fanontaniana tsy dia mazava loatra momba ny Soratra Masina. Niverenan'i Jesosy anefa ilay tena olana, izay tsy olana eo amin'ny sehatry ny firaisana ara-nofo/tsy fahaizana mifandray loatra eo amin'ny fiainana, fa olana mahakasika ny fanaovana an'Andriamanitra ho loha-laharana, ny fo sy ny fanahy, ary ny fanahy sy ny fahamarinana (fanompoana tena marina). "Andriamanitra dia Fanahy, ary ny mpanaraka azy dia tsy maintsy manompo amin'ny fanahy sy ny fahamarinana," hoy i Jesosy taminy. Fantatr'i Jesosy fa raha tsy mahazo ny loharanon'aina miboiboika avy ao amin'ny fanahiny izy, dia rano avy amin'ny ranom-potaka hatrany no hosotroiny."*

* John Burke, *No Perfect People Allowed* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2005), t. 227.

Inona no fitsipika mitari-dalana eo amin’ny fiainana izay nampianarin’i Jesosy momba ny filàn’olombelona? (Mat. 6:33)

Nomen’i Jesosy tao anatin’ny resaka momba ny sakafo sy ny fitafiana io fitsipika io, kanefa azo ampiharina amin’ny fanapahan-kevitra rehetra raisintsika eo amin’ny fiainana. Ny fanaovana ny fikatsahana ny fahamarinan’Andriamanitra ho loha-laharana no manome antoka ny fandraisantsika fanapahan-kevitra noho ny antony marina. Tsy maintsy ovaina ny fo mialohan’ny ahafahan’ny saina manakatra na hanehoana ny sitrapo hivelona araka ny ny idealin’Andriamanitra.

## Alakamisy

### NY TSIAMBARATELON'NY FIRAISANA ARA-NOFO

Ny tahotra ho hitan'ny olona sy ny henatra no manakana ny ankamaroan'ny olona tsy hividy na hindrana fitaovana fampiasa amin'ny firaisana ara-nofo. Efa nihoaran'ny teknolojia amin'izao fotoana izao ireo vato misakana roa ireo. Tsy ilaina intsony ny mamily fiarakodia ho any amin'ny toerana tsy dia azo antoka eo an-tanàna sy mitety ireny trano fivarotana zavatra "natokana ho an'olon-dehibe" ireny, ary manao sonia fifanarahana mba ahazoana fitaovana fampiasa amin'ny firaisana ara-nofo. Tonga ao an-tranonao amin'ny alalan'ny sarimihetsika sy ny "internet" ny sary mamoafady. Tsy hitan'ny olona, ary tsy misy manakatsakana.

Ny sary mamoafady no lasa "tsiambaratelon'ny firaisana ar-nofo" ho an'ny olona amin'ny sokajy rehetra eo amin'ny fiarahamonina, ary indrisy fa eo amin'ny sikajin-taona rehetra ihany koa.

Izao no vakin'ny didy fahafito: "Aza mijangajanga." (Eks. 20:14). Moa ve fijangajangana ny fijerena sary mamoafady? Inona no mety ho lazain'i Jesosy eo anatrehan'izany? (Mat. 5:27, 28; 15:19)

Ny fanitaran'i Jesosy io didy io dia nomeny tao anatin'ilay Toriteny tao an-Tendrombohitra, izay nanehoany ny zavatra lavitra takian'ny lalàna. Namafisiny ihany koa hoe tsy ny tendron-tsoratra amin'ny lalàna ihany fa ny fanahy, ary tsy ny fitondrantena ivelany fa ny fanirian'ny nofo, no mandrafitra ny toetra.

Manao ny anjara asany ny fahitalavitra sy ny sarimihetsika amin'ny alalan'ny fanadontoana ny eritreritra sy ny fanehoana ny faharatsian'ny firaisana ara-nofo ho toy ny zavatra mifanaraka amin'ny tokony ho izy na ekena ho toy ny fialamboly. Tsy izany anefa no fahitan'ny Tenin'Andriamanitra azy. Tao anatin'ny epistily voalohany nosoratana ho an'ny Korintiana no nanamafisan'i Paoly ny foto-keviny momba ny faharatsian'ny firaisana ara-nofo. Vakio ny I Korintiana 6:15-20 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

●Rehefa manao firaisana ara-nofo miaraka amin'ny mpivarotena ny olona iray (teny izy na amin'ny alalan'ny zavatra jeren'ny maso) dia inona no vokatr'izany fifandraisana lalina izany?

●Koa satria ampahany amin'ny Tenan'i Kristy ny Kristiana, dia inona no hifandraisan'izany amin'ny firaisana ara-nofo ataon'ny olona iray amin'ny mpivarotena?

●Inona no toetra miavaka ananan'ny fahotana eo amin'ny faharatsiana amin'ny sehatry ny firaisana ara-nofo?

●Inona no antony tokony hitandrovantsika ny vatantsika hadio?

Rehefa manao firaisana ara-nofo amin’ny olona maro isika na mampiasa sary mamoafady hanairana ny vatantsika, dia manazatra ny saintsika tsy ho afapo amin’olona iray monja izany. Izany no maka ny toeran’ny fifandraisana akaiky izay efa nomanin’Andriamanitra ho anao.

[Ampidiro eto ny “Ny Maha-Advantista”]

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

1. Iza amin'ireto fanambaràna manaraka ireto no tena mamaritra ilay bokin'ny Tonon-kiran'i Solomona? (Farito boribory ny valiny marina rehetra.)

A. Nampitandrina ny tanora ny Teolojiana mba tsy hamaky io boky io.

B. Ny ankamaroan'ireo resaka momba ny firaisana ara-nofo dia "miafina" ao ambadiky ny fampiasana sary an'ohatra sy fanambaràna an-kolaka.

D. Io boky io dia fanitarana ny fanoharana momba ny fitiavan'i Kristy ny vahoaka nanaovany fifanekena.

E. Io boky io dia fankalazana am-pifaliana ny fitiavana ao anatin'ny tokatrano.

1. Lafiny inona amin'ny idealin'Andriamanitra ho an'ny firaisana ara-nofon'olombelona no lavin'ny "fiarahana mipetraka"? (Farito boribory ny valiny marina rehetra.)

A. Ny idealin'Andriamanitra dia mitaky fifanekena maharitra.

B. Ny idealin'Andriamanitra dia natao ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy.

D. Ny idealin'Andriamanitra dia natao ho an'ny firaisana ara-nofo misy fifanajana.

E. Ny idealin'Andriamanitra dia mitaky ny fialan'ny olon-droa amin'ny fifidianana olon-kafa "tsara kokoa" ho tiavina.

3. Raha miorina amin'ny fampianaran'ny Baiboly na ny fitsipika manameloka ny "fijangajangana ara-piraisana ara-nofo hifanaovana amin'ny alalan'ny sary", inona no fanambaràna marina momba ny sary mamoafady? (Farito boribory ny valiny marina rehetra.)

A. Ny sary mamoafady dia fahotana amin'ny tena manokana.

B. Ny sary mamoafady dia ohatra maneho ny "faharatsiana ao anatin'ny fo" izay ampitahain'i Jesosy amin'ny fijangajangana.

D. Ny sary mamoafady dia mamorona toerana izay tsy mendrika ny Fanahy Masina.

E. Raha toa isika ka anisan'ny mambran'ny tenan'ny mpino dia manambatra ny vatan'i Kristy amin'ny tenan'ny mpivarotena isika.

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Araka ny zavatra hitanao na nandramanao dia ataovy lisitra ny "Maharatsy" na "Mahatsara" ny fiarahana mipetraka kanefa mbola tsy vity mariazy. Rehefa izany dia resaho amin'ny olona na amin'ny kilasinao ny fiantraikan'izany fandaminana izany eo amin'ilay lehilahy na vehivavy tafiditra ao anatiny, ary ny zanaka izay mety ananany.

Maharatsy Mahatsara

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Manaova fandinihan-tena manokana amim-pahamarinana momba ny fitondran-tenanao sy ny fisainanao mahakasika ny firaisana ara-nofo. Moa ve misy zavatra tamin'ny lasa na amin'izao fotoana izao ilanao fibebahana sy fanamboarana? Tsy azo esorina ny vokatry ny fahotana sasany, kanefa hanome famelan-keloka sy fahasoavana iatrehana azy ireny Andriamanitra. Jereo ny Salamo 51 sy ny vavaka nataon'i Davida momba ny fihaiken-keloka sy ny fibebahana.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Ny Fiarahana Mipetraka

Ny fiarahana mipetraka na ny tokatrano maso dia lasa fomba amam-panao mahazatra any amin'ny firenena maro. Izany dia faritana ho toy ny fifandraisana eo amin'ny olon-droa mpiray amin'ny olona maro, izay tsy mivady kanefa kosa miray ara-nofo ary miara-mipetraka. Mahagaga fa tsy misy fanoherana ataon'ny vahoaka momba io fandaminana ara-piarahamonina io. Ny fiarahana mipetraka dia nisoko mangina tahaka ny onja tao anatin'ny fiarahamonina.

Sarotra tokoa ny mino fa vao 30 taona lasa monja izao no nandavan'ny lalàna tany Etazonia ny fiaraha-mipetraky ny olon-droa tsy mpivady na ny olon-droa mpiray amin'ny olona maro. Ary noheverina ho tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy izany, fiainana ao anatin'ny fahotana, na tsy fahamendrehana be indrindra. Ny vehivavy izay miray sady manao asa an-tokatrano ho an'ny lehilahy iray izay tsy vadiny dia heverina ho toy ny faran'izay adala ary very saina indrindra. Misy foto-kevitra mitovy amin'izany ihany koa, izany hoe ny lehilahy miray trano dia tsy dia tena hankasitrahana loatra.

Inona no antony mahatonga ny olona miara-mipetraka kanefa tsy vita mariazy? Ny antony mahazatra izay nomena dia ny mba hananan'izy ireo fotoana iarahana bebe kokoa, hifampizaràna ny zavatra mety handaniana vola, hanandramana ny fifandraisana alohan'ny mariazy, ary mba hanana safidy malalaka. Misy singa roa mana-danja anefa ao anatin'ny fiarahana mipetraka. Iray amin'izany ny fifanekena mandritra ny andrompiainana. Ny ampahany "fangatahana toro-hevitra" ao anatin'ny Gazety matetika dia ahitana karazana fifanekena miorina ao anatin'ny tokatrano maso:

"43 taona aho, manan-janaka roa lehibe izay 12 sy 9 taona, nisara-panambadiana tao anatin'ny efa-taona lasa izay. Ao anatin'ny fifandraisana matotra taorian'ny fisaraham-panambadiana aho izao, ary vao heritaona ny nanombohany.

"Misy olana anefa izay maneho hoe tsy aharitra ity fiarahanay ity, ary mila fiarahana iray maharitra aho. Mifankatia izahay roa, tsy manana olon-kafa iarahana, ary mifanaraka tsara, kanefa tonga ny fotoana hialako aminy satria te hanana zavatra mihoatra noho izay omeny ankehitriny aho. Vao nisara-panambadiana ihany koa izy ary mila fahafahana kely, tsy nitady olona iarahana fa kosa hanatanteraka ny filàny ary tsy voatery ho azo hitokiana mandritra ny fotoana rehetra.

Izany no fahalalako azy, kanefa kosa tsy fantatry ny hafa. Raha toa ianao ka tia olona iray izay tsy dia tena be fihetseham-po loatra izy ary mahafehy tena tsara, dia moa ve tsy izany no karazana olona TSARA hitokiana?ahoana no fomba hamelako ny olona iray tiako handeha, kanefa tsy mahavita manolotra izay tena ilaiko?"*

Ny singa faharo izay tsy hita ao anatin'ilay fiarahana mipetraka dia ny tsy fanajana ny lalàn'Andriamanitra momba ny fitondran-tena eo amin'ny firaisana ara-nofo. Izao no fanontaniana mipetraka matetika: "Inona no tokony hampiasa saina ny olona amin'ny firaisana ara-nofo no ataon'ny olon-dehibe roa efa nifanaiky?"

---

* "Dear Carolyn," St. Joseph-Benton Harbor *The Herald-Palladium*, May 22, 2011, t. B3.

Maneho zavatra amintsika ny tantara ara-Baiboly momba ny nandosiran'i Josefa ny filàna ara-nofo nasehon'ny vadin'i Potifara azy. Nomen'i Josefa ny antony nahavitany nanohitra ny fakam-panahy: "Koa ataoko ahoana no hanao izany ratsy lehine izny ka hanota amin'Andriamanitra?" (Gen. 39:9). Nazava tsara tamin'i Josefa hoe hanimba ny fifandraisany amin'Andriamanitra ny fijangajangana.

**Fanazavana Fanampiny**

## MAHATAKATRA NY TENY

### Ny Zava-Drehetra Momba Ny Soratra Masina

Koa satria "ny Soratra Masina dia nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra" (II Tim. 3:16), dia misy "firaisana sy firindrana fototra amin'ny ampahany tsirairay avy ao anatiny. . . . amin'ny alalan'izany fototra aha-iray ny Soratra Masina izany no hiasany amin'ny fanazavana ny zavatra ambaran'ny tenany. . . . Mba hamantarana ny zavatra tian'ny Soratra Masina ambara momba ny lohahevitra iray dia tsy maintsy jerena avokoa ny zava-drehetra voalaza ao anatiny ."* Mifanazava ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao. Nilaza i Jesosy hoe manambara Azy ny Testamenta Taloha (Jaona 5:39). Hitantsika ao anatin'ity lesona ity ny nilazan'i Jesosy ny fahefan'ny Testamenta Taloha sy ny zavatra nanampiany izany (Mat. 5:27, 28; 19:3-6).

### NY MAHA-ADVANTISTA

**Fianarana amin'ny alalan'ny fifandraisan-davitra.** Ny "Griggs University/Griggs International Academy" dia manome mari-pahaizana ara-dalàna ho an'ny fianarana na ny fandaharam-pianarana ho an'ny mpianatra manerana izao tontolo izao, manomboka any amin'ny zaza madinika hatramin'ny any amin'ny oniversite.natsangan'ny Fiangonana Adantista tamin'ny taona 1909 izy io, ary nantsoina hoe "The Fireside Correspondence School" hanomezana tombotsoa ara-panabezana ho an'ireo izay tsy afaka mandeha any amin'ny sekoly araka ny mahazatra antsika. Niainga avy amin'ny fomba fampianarana tranainy ho amin'ny fananana efitrano fianarana amin'ny alalan'ny zavatra jerena ao anaty solosaina, i Griggs dia efa nanabe mpianatra teo ho eo amin'ny iray hetsy. Ny taona 2010 no noraisin'ny "Andrews University" ny fitantaranana ny "Griggs University & International Academy" ary hifindra avy any Maryland ho any Michigan ny toerana misy azy amin'ny heritaona. Jereo ity tranonkala manaraka ity mba ahazoanao fanampim-panazavana <Http://www.andrews.edu/distance>.

---

* Frank M. Hasel, "Presuppositions in the Interpretation of Soratra Masina ," in George W. Reid, ed., *Understanding Soratra Masina : An Adventist Approach (Hagerstown*, Md.: Review & Herald, 2006), p. 37, 38.

**LESONA 10**

**MAHAZO FANASITRANANA**

**Moa ve Andriamanitra manampy ny olona handresy ny zavatra mangeja azy?**
**Inona no hamporisika ahy hitady fanampiana raha toa ka misy zavatra mangeja ahy?**
**Inona no hitranga raha toa ka hitan'ny ny fiangonakao hoe misy zavatra mangeja ahy?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:** "Ary rehefa tonga tao an-trano Jesosy, dia nanontany Azy mangingina ny mpianany hoe: 'Izahy tsy nahavoaka azy.' Ary hoy Izy taminy: 'Iny karazana iny tsy mba azo avoaka na amin'inona na amin'inona, afa-tsy amin'ny fivavahana ihany." (Marka 9:28, 29)

**Toko sy andininy fototra:** Isa. 55:6, 7; Marka 2:13-17; Lioka 11:24-26; 18:9-14; Jaona 8:2-11; Gal. 2:20; Efes. 3:16, 17

**Alahady**

Rehefa rava ny tokatranon'ny mpivady iray tena faka tahaka taorian'ny 25 taona sy ny fananana zaza 4 dia izao no nolazain'ny olo-malaza momba izany: "Inona no antony hilazantsika hoe tsy nahomby ny fanmbadian'izy ireo? Ny tokatrano maharitra 25 taona dia efa lava be raha iarahana amin'olon-tiana iray monja. Ka moa ve tsy fahombiazana no hiantsoantsika izany?"

Mibahan-toerana ao an-tsain'ny olona ny fidradradradrana ny soa toavina momba ny firaisana ara-nofo amin'ny alalan'ny haino aman-jery, izay mifanohitra amin'ny soa toavina ara-Baiboly. Amin'ny alalan'ny fihazonana ny fampianaran'Andriamanitra no hijoroan'ny Fiangonana amin'ny fanamafisana ny fot-keviny izay mahitra ny karazana fanafihana rehetra ataon'ilay Fahavalo, eny fa na dia miseho amin'ny endrika isan-karazany aza ny fangejana ataony. Amin'ny alalan'ny endrika ivelany no mety hiheverana ny fiangonana ho toy ny fahavalo malemy raha hiady amin'ny fahotana mamirapiratra sy ny fahotan'ny fangejana izay manana olona maro eo ambany fahefany. Nanome toky antsika anefa i Jesosy hoe: "Ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy" (Mat. 16:18). Hiorina ny fiangonana, na dia "tsy avy amin'ny nofo no fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy" (II Kor. 10:4, 5) . Ny Lesona mandritra ity herinandro ity dia hijerena ireo singa mandrafitra ny fahasalamana izay miseho amin'ny alalan'ny "fiadian'Andriamanitra".

## *Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

### Fanantenana Tao Anatin'ny Haizina*

Rehefa nivadibadika ambony ambany ny fiainan'i Jim vokatry ny fangejan'ny "methamphetamine"(zava-mahadomelina), dia very ny asany, ny fiarany, ary mety ho very hatramin'ny tranony. Notapahana nandritra ny 6 hatramin'ny 8 volana ny rano tao an-tranony. Fiara nindraminy tamin'ny zandriny lahy no nitondrany zava-mahadomelina ho an'ny Meksikana iray mpamatsy.

Rehefa averin'i Jim any amin'i Greg rahalahiny ny fiara dia jeren'i Greg ny halaviran-dàlana vitan'ilay fiara ary tsikariny fa nandeha tany amin'ny toerana maherin'ny 1600 km ny rahalahiny. "Taiza ianao?" hoy izy nanontany, tsy nahazo valiny mahafa-po mihitsy anefa izy. Nitondra vola 20.000 hatramin'ny 30.000 dolara tany Denver izy ary niverina tany an-tranony any Midwest izay 800 km avy amin'ilay toerana teo, miaraka amin'ny zava-mahadomelina nafeniny tao anatin'ny tranon'ny bateria efa simba.

Nahagaga anefa fa manam-pahaizana amin'ny fitsaboana ara-tsaina i Greg, izay nitantana ivon-toerana iray fialana amin'ny zava-mahadomelina ao amin'ny hopitaly. Imbetsaka izy no nanasa ny rahalahiny hiditra ao anatin'ilay ivon-toerana, saingy nandà i Jim. Voagejan'ny "methamphetamine" ihany koa i Jeanie vadin'i Jim. Vokatry ny hery niasa angina avy amin'ny namana no nanombohan'izy ireo ny fampiasana zava-mahadomelina. Fialamboly no fahitana izany tamin'ny voalohany, niha-ratsy anefa ilay izy taty aoriana.

Indray takariva tamin'ny taona 2007 dia niditra an-tsehatra teo anivon'izy ireo ny fianakaviana sy ny namana vaovaon'i Jim sy Jeanie. Rehefa niatrika ny fagejana azy tamim-pahamatorana izy ireo ary nambara azy mivady hoe entina any amin'ny ivon-toerana fanarenana samihafa izy ireo dia hoy i Jeanie hoe: "Hieritreritra ny momba izany aho ary ho teneniko anareo rahampitso." Efa niomana ny hanidy varavarana anefa izy rehefa ho avy ireo olona ireo.

"Tsia," hoy izy ireo. "Omena folo minitra hangoronana entana ianareo. Mandeha izao alina izao ianareo." Nentin'ny fianakaviana tany amin'ny ivon-toerana fanarenana i Jeanie ary tany amin'ny iray hafa kosa no nitondrana an'i Jim. (Tsy manampy ny mpivady mantsy ny fijanonana miaraka ao anatin'ny toerana iray.) Rehefa tonga tao amin'ilay ivon-toerana i Jim dia tsy nanaiky niditra. Nodakany hatramin'ny varavaran'ny fiara mihitsy aza noho ny hatezerany.

Nandritra ny tapa-bolana voalohany dia nankahala ny fijanonana tao amin'ilay ivon-toerana i Jeanie, kanefa nanomboka tiany ihany ny tao satria nikarakara fatratra ny olona ary nandalo dingana 12 izy sady nianatra hanohitra ny fakam-panahy vokatry ny zava-mahadomelina. "Nianarako hoe tokony hanova zavatra telo eo amin'ny fiainako aho: namana, toerana, kilalao." Rehefa tapitra ny 28 andro nanaovana fanarenana dia tsy te hody izy. Tsy naniry ny hiverenany tany amin'i Jim ny olon-drehetra nahafantatra ny

* Anaram-bositra avokoa no ampiasaina ato anatin'ity lahatsoratra ity.

toe-javatra tao an-tokatranony. Nataony ihany anefa izany. Dia tafaverina tamin'ny fahazaran-dratsiny indray izy. Koa satria nanana fitaovana niadiana tamin'izany izy, dia nahavita niala ihany.

Nahery setra sady tsy nahafehy tena i Jim. Imbetsaka izy n voasambotra noho ny antony isan-karazany, anisan'izany ny fiadiana taman'olona. Hoy i Jeanie: "Natahotra ny fiarovana ahy sy ilay zanako 15 taona aho. Saika handeha handao ny tokatrano izahay." Nandà anefa i Jim, ary mbola nandà tsy nety nandeha tany amin'ny ivon-toerana fanarenana ihany, fa tonga dia nanapa-kevitra tsy handray zava-mahadomelina tsotr'izao fotsiny.

"Tonga avy any am-pianarana ny zanako lahy indray andro ary tsy nisy rano nandroany, tsy nisy akanjo hotafiany. Nahavaky ny foko izany. Hitako ny vokatry ny zavatra nataoko an-janako," hoy i Jim nanazava ny zavatra nanaitra ny fisainany momba ny zava-mahadomelina nony farany. Mafy taminy ihany ilay izy nandritry ny roa na telo volana. "Rehefa nanomboka nandinika tsara aho, dia nanomboka nahita ny tena zava-nisy. Tsy fantatro hoe hay ratsy be toy izany izy ity."

"Toy ny nanatrika fahagagana aho," hoy i Greg momba ilay rahalahiny voadio. "Vitan'ny tenany samirery ilay izy satria mafy loha izy. Kanefa tena nivavaka ho azy ihany koa i neny sy ny olon-dehetra." Nitondra am-bavaka azy ihany koa ny reniny mba hanolorany ny fiainany ho an'i Jesosy, ary nandefa DVD (sarimihetsika anaty kapila mangirana) ho azy sy i Jeanie io reniny io, nirakitra toritenin'ny mpitory ny Filazantsara Advantista iray. Afaka amin'ny zava-mahadomelina i Jim sy Jeanie amin'izao fotoana izao ary nanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjin, natao batisa, ary tonga mambran'ny Fiangonana Advantista.

Izao no nambaran'i Greg: "Ilain'ny olona ny mahafantatra hoe na dia ratsy toa inona aza no vitany, raha toa izy ka mamerina ny fiainany eo amin'Andriamanitra, dia hisy fanantenana, ary fanantenana be dia be."

## Alatsinainy

**VAOVAO TSARA/VAOVAO RATSY**

Misy vaovao tsara ho an'ny olona izay nanenina noho ny amin'ny safidy noraisiny mahakasika ny firaisana ara-nofo. Misy vaovao tsara ho an'ny olona izay latsaka anatin'ny fitondrantena mangeja ihany koa, na eo amin'ny sehatry ny firaisana ara-nofo, na alikaola, na zava-mahadomelina, nasakafo, na fanaparam-pahefana atao amin'ny fianakaviana, sns. Izany vaovao mahafaly izany dia i Jesosy. Inona no atolony ho an'ireo izay latsaka ao anatin'ny fandriky ny fahotana? (Marka 2:1-12; Lioka 7:47-49)

Ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha, no fanambaràna voalohany indrindra avy amin'Andriamanitra, izay eo an-tanantsika. Matetika ilay "Andriamanitry ny Testamenta Taloha" no heverina ho toy ny tsy mba mahatsapa tsara ny maha-mpanota, tahaka ny fahatsapan'i Jesosy izany. Inona no fihetsika atao amin'ny mpanota voalazan'ireto andalana roa avy ao amin'ny Testamenta Taloha ireto, izay manamarika ny toetra nasehon'ilay Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha? (Isa. 55:6, 7; Sal. 103:11, 12)

Nisy tovolahy iray niditra tany amin'ny fianarana ambaratonga ambony izay nahalala fa hiatrika tombotsoa maro hanaovana hetsika manohitra ny sitrapon' Andriamanitra. Noho izany dia nandray fanapahan-kevitra izy hoe tsy handray anjara amin'ny hetsika mampiahiahy, izay mety hiteraka vokany *maharitra*. Azo tanterahana ve anefa ny zavatra toy izany? Samy misy vokany avokoa ny fahotana rehetra, vaovao ratsy izany. Azo antoka hoe misy vokany lehibe kokoa noho ny hafa ny fahotana sasany. Ny tantaran'i Davida no manazava tsar any momba izany. Inona no vokatra tsy maintsy natrehan'i Davida mpanjaka izay olona nanana ny maha-izy azy kanefa nanota, nijangajanga, ary namono olona mba hanaronana ny fahotany? (II Sam 12:13, 14)

Rehefa misaintsaina momba ny toetra fototra ananan'ny olombelona isika, eo amin'ny fahasarotana ara-pifandraisana, ary ny vokatry ny fahotana eo amin'ny tenantsika sy amin'ny hafa, dia tena mazava ny fahitana hoe Andriamanitra irery ihany no tena fiarovana azo hitokiana, eny fa na dia eo amin'ny sehatry ny firaisana ara-nofo aza. Inona ihany koa no ataon'Andriamanitra ho antsika etsy andanin'ny famelankeloka? (I Jaona 1:9)

●Inona no toetra nasehon'i Jesosy tamin'ny olona izay tafiditra atao anatin'ny faharatsiana teo amin'ny sehatry ny firaisana ara-nofo? (Jaona 8:2-11)

Rehefa nitory ny filazantsara tany Korinto i Paoly, dia fantatra tamin'ny maha-tanànan'ny faharatsiana azy io tanàna io. Tao anatin'ny taratasy nosoratany ho an'ny fiangonana tany Korinto no nanomezany ny endrika teo aloha sy taty aoriana momba ireo mpino tany. Inona no dingana izay nadalovan'izy ireo ary iza no

tompona’andraikitra tamin’izany fanovana lehibe izany? (I Kor. 6:9-11) Ny lesona amin’ity herinandro ity dia hanoma fanazavana be be kokoa momba ny fomba ahafahan’ny olona miala amin’ny fitondrantena mangeja.

## Talata

**TOERANA FANOMBOHANA**

"Afaka miala amin'izay fotoana tiako hialana aho." Ny sakana lehibe indrindra amin'ny fahafahana miala amin'ny fitondrantena mangeja dia ny fandavana. Inona no nitranga tamin'ny mpanao Salamo rehefa nandà ny hamantatra ny fahotany izy? (Sal. 32:3, 4)

●Inona no nitranga rehefa nihaiky ny fahadisoany izy? (and. 5)

"Ny fanekena ny maha-mpanota antsika" no ambaran'ny manam-pahaizana maro hoe nolazain'i Jesosy fony Izy nilaza hoe: " 'Sambatra ny malahelo am-panahy' " (Mat. 5:3). Inona no maha-sambatra ny malahelo am-panahy? Ny valin'izany fanontaniana izany dia azo jerena ao amin'ny tranga iray niseho teo amin'ny fiainan'i Jesosy sy ny fanoharana notantarainy. Ity ny tranga voalohany: Vakio ny Marka 2:13-17. Iza no nolavin'ny olona tao anatin'io tranga io? Inona no nolavin'izy ireo taminy?

Jereo indray ity fanoharana manaraka ity: Vakio ny Lioka 18:9-14. Iza no nandà?

●Iza no voatahy? Nahoana?

●Iza no nitantaran'i Jesosy io fanoharana io? (and. 9)

"Ny fahantrana ara-panahy no fanafodin'ny fitiavantena, fanamarinan-tena, ary olana maro isan-karazany. Rehefa sokafana ahita ny maha-torotoro fo antsika ny masontsika, dia tsy 'mahatsapa fahatsarana amin'ny tenantsika isika', fa mahatsapa kosa hoe misy zavatra izay tena tsy mandeha araka ny tokony ho izy mihitsy. Izany anefa no nantsoin'i Jesosy hoe 'fahasambarana' satria izany no manampy antsika hanakaiky an'Andriamanitra.*

Ny olona izay tratra matetika amin'ny fangejan'ny zavatra iray dia tsy hihaino ny fampitandremana ataon'ny fianakaviany na ny namany akaiky. Mandà ny fandrenesana ny tena marina momba ny tenany izy. Voalaza fa rehefa maharitra ela loatra ny fandavan'izy ireny dia handefa "olana be" ao amin'ny fiainan'izy ireny Andriamanitra, izay midika hoe avelany hisy fanaintainana be eo amin'ny fiainan'izy ireny. Rehefa mafy be ihany ny fanaintainana hiaretan'ny olona iray izay izy vao hihaino. Izao no nosoratan'i C. S. Lewis: "Mibitsibitsika amintsika Andriamanitra rehefa misy mahafinaritra antsika, miteny amintsika amin'ny alalan'ny eritreritsika, kanefa kosa mampiaka-peo eo anatrehan'ny fanaintainantsika: Izany no fanamafisa-peo hanairany ny tontolo izay marenina."†

---

* Henry Cloud and Jaona Townsend, *How People Grow* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2001), p. 265.
† *The Problem of Pain*, (New York: Macmillan, 1962), p. 93.

Tao anatin'ny fomba nahagaga nanokafan'i Jaona ny Filazantsara nosoratany no nampitahany an'i Jesosy amin'ny "Teny." Nanoratra izy hoe: "Ary ny teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra iendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sadyfeno fahasoavana sy fahamarinana" (Jaona 1:14). Fantatsika fa mila ny *fahasoavan'i* Jesosy isika, ary mila ny *fahamarinana* izay maneho ny momba an'Andriamanitra. Asehony amintsika ihany koa anefa ny *fahamarinana*. Mety sarotra atrehana angamba izany fa ny fahamarinana omba ny tenantsika no toerana fiantombohan'ny fiaingana vaovao.

## Alarobia

**NY TENIN'I JESOSY IZAY NANASITRANA**

Ireo izay manaiky fa mpanota ny tenany dia entinaeo amin'ny fanatrehan'i Jesosy, fa ireo izay manao ny tenany ho marina kosa dia hiatrika ny fitsarany noho ny nanaovany tsinontsinona ny fomba amam-panao ara-pivavahana. Nifantoka be loatra tamin'ny fanajana ivelany ireo fitsipika ara-pivavahana ny Fariseo. Ny tanjon'i Jesosy dia ny hanehoana ny fomba fiainana amintsika, fa tsy ny fomba ahatongavan'ny tena ho mpivavaka. Ahoana no fomba mahery nanamelohan'i Jesosy ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo noho ny amin'ny "fahatsarana" ivelany? (Mat. 23:25-28)

●Inona no zavatra nasehon'i Jesosy hoe tena ao anatin'izy ireo?

●Araka ny tenin'i Jesosy, taiza no niandohan'ny ratsy? (15:1-20)

Nazava tamin'i Jesosy ny toetran'olombelona, sady Izy rahateo moa no Mpamorona. Fantany ihany koa ny halalin'ny fahotana nahalavo ny olombelona. Fantany ny herin'ny demonian'i Satana eo amin'ny famaboana fiainana. Nijoro Izy ary vonona ny hiatrika ireny mivantana, ary hanavotra ny olona nandevozina. Vakio ity fitantarana mahavariana momba ilay lehilahy nitoeran'ny fanahy ratsy ity, ao amin'ny Marka 5:1-20.

●Farito ny halalin'ny faharatsiana teo amin'ilay lehilahy.

●Inona no nataon-dralehilahy rehefa nahita an'i Jesosy?

●Inona no nolazain'ny demonia tao anatin-dralehilahy tamin'i Jesosy?

●Nanao ahoana ny fahafenoan'ny fanasitranana nentin'i Jesosy?

Nofehezin'ny hery ratsy ralehilahy ka tsy nahavita nitady fanampiana akory aza. Ny hany mba nananany hery dia ny fihazakazahana teo amin'i Jesosy sy ny fandohalihana.

Ny II Petera 1:3, 4 dia maneho ny zavatra nomanin'Andriamanitra ho antsika mba handosirana filan-dratsy: "Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana ilay niantso anatsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna."

Ny fitarihana ny saina hifandray amin'ilay "teny fikasana lehibe sy sarobidy" avy amin'Andriamanitra dia hisy vokany lalina tokoa. Miasa amin'ny alalan'ny teny

voasoratra ny Fanahy Masina, hanovany ny saina. Avy amin'Andriamanitra irery ihany izany hery ahafahana miova izany. Ireto avy ny dingana 3 voalohany amin'ireo dingana 12 fialàna amin'ny zava-mahadomelina (Alcoholics Anonymous): (1) Manaiky izahay fa tsy manan-kery hanoherana ny alikaola (na zavatra hafa izay mangeja)—ary lasa tsy voafehy intsony ny fiainanay; (2) Mino izahay hoe misy Hery lehibe kokoa noho ny tenanay, izay afaka mamerina anay ho amin'ny fahasalamana indray; (3) Manapa-kevitra hampitodika ny sitraponay sy ny fiainanay ho eo ambany fiahian'Andriamanitra izahay.

## Alakamisy

**NY FIFANDRAISANA**

Zava-dehibe tokoa ny fitanana an-tsaina amin'ny ankapobeny hoe ny fangejana rehetra, na toy inona na toy inona endrika isehoany, dia samy avy amin'ny antony mitovy ihany ary mitovy ihany koa ny valiny. Ary izany fiheverana amin'ny ankapobeny izany no ampiharina eo amin'ny fitondrantena tsy voafehy isan-karazany izay mameno ny fiarahamonintsika.

Ny vahaolana amin'ny fangejan'ny zavatra iray dia mitaky zavatra mihoatra lavitry ny fiezahana mafy miala amin'izany. Noho ny fanirian'ny olona efa afaka hiverina indray no hilazana hoe: "Ny alika no miverina amin'ny naloany, dia toy izany koa, ny adala no miverina amin'ny adalany." (Ohab. 26:11) Inona no zavatra azo hianarana momba ny fandresena ny fangejan'ny zavatra iray avy amin'ilay fanoharana kely nolzain'i Jesosy ao amin'ny Lioka 11:24-26?

Ny fifantohana amin'ny fahotantsika (ny zavatra mangeja antsika) no mahatonga antsika ho marefo. Izay tokony atao voalohany no tokony ataontsika voalohany. Ny drafitra'Andriamanitra natao handresena ny fahotana dia tsy drafitra natao hanatsarana ny tena. Inona izany dafitra izany? (Gal. 2:20; 5:24)

●Amin'ny alalan'ny fomba mifono zava-miafina no hiveloman'i Jesosy ao anatintsika. Ahoana no mampitombina izany? (Efes. 3:16, 17)

Mba hahasalama antsikaeo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainana dia mila fifandraisana miaraka amin'Andriamanitra sy ny olombelona isika. Fomba iray nomen'Andriamanitra hampivelerana ireo fifandraisana roa ireo ny fiangonana. Ny fiangonana dia azo atao toerana hanombohana ny fanarenana, raha toa ka toerana "azo antoka izany."

Ny fikambanamben'ny mpino izay azo antoka tsara ary ahavitan'ny olona iray mamboraka ny zavatra mangeja azy matetika dia tsy hita raha tsy any anatin'ny tarika madinika. Na dia tsy manana ny loharanon-kevitra rehetra ilaina amin'ny fialana amin'ny fangejan'ny zavatra iray aza ny tarika madinika dia afaka manohana azy ny mambra ao anatiny ary manampy amin'ny fitadiavana izay fanampiana hafa ilaina. Laika mpitarika tao am-piangonana i Dave, ary nandritry ny fivoriana fanaon'ny mpitarika isam-bolana no niaikeny hoe efa ela izy no voagejan'ny "marijuana" (karazan-java-mahadomelina).

Nanontanian'i Dave ny namany hoe: "Ahoana no fomba hialako amin'izany?"

"Voalohany, teneno fotsiny izany fanirianao izany. Lazao hoe: 'Efa eo an-dalam-pialana amin'ny fangejan'ny marijuana ahy aho.' " Nilaza izany tamin'ny feo avo i Dave ary niara-nivavaka izy ireo. Nandeha niaraka tamin'i Dave ny namany iray, tamin'ny fotoana voalohany nandehanany tany amin'ilay fivoriana fanarenana.

"Nila nitoky tamin'ireo olona izay teo akaiko hatrany aho," hoy i Dave nitantara. "Ny 90 andro voalohany ihany no tena sarotra, ary nanatrika fivoriana maro isan-karazany aho, sady nahazo antso an-telefaonina nanohana ahy nandritry ny 24 ora/7 andro, izay nanampy ahy tamin'ny fampiharana ireo dingana 12 tamin'izany fotoana izany."

Madio i Dave amin'izao fotoana izao. Ady hevitra mahafinaritra momba ny fahasoavana no niandohan'izany, kanefa rehefa afaka tamin'ny fandavany izy izay vao nahazo ny fanohanana izay tena nilainy hanafaka azy.[*]

[*] John Burke, *No Perfect People Allowed*, (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2005), tt. 254, 255.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Valio hoe ENY na TSIA ny fanontaniana tsirairay avy:

_____ 1. Moa ve mitondra fahasalamana eo amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainana ny fahatongavana ho Kristiana?

_____ 2. Moa ve manana andraikitra eo amin'ny fanampiana ny hafa ho tonga tahaka an'i Jesosy ny mambran'ny fiangonana?

_____ 3. Rehefa mamela heloka Andriamanitra dia esoriny ihany koa ny vokatr'izany heloka izany?

_____ 4. Moa ve misy fahotana na fangejana izay tena manimba ny olona iray kanefa tsy vita ny manafaka azy ireo amin'izany?

_____ 5. Moa ve ilàna fanombohana fanasitranana ny fanekena hoe voageja isika na hoe latsaka ao anatin'ny fahotana iray?

_____ 6. Moa ve manatsara ilay fanandramana ny fanekena toy izany?

_____ 7. Moa ve mety hitera-doza ny fampihatoana ny fitondrantena mifono fahotana kanefa tsy fenoina ny Tenin'Andriamanitra ny saina?

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Inona avy no fiadian'Andiamanitra mivelatra eo anatrehan'ny Kristiana? Na dia toa tsy mampitahotra firy aza zy ireo, dia ny Tenan'Andriamanitra mihitsy no efa manome hery azy ireo. Jereo ireto andininy manaraka ireto, fantaro ilay fiadiana, ary lazao ny fampiasana azy.

8. Efesiana 6:17; Hebreo 4:12; II Petera 1:3, 4
Fiadiana :
Fampiasana azy:

**9.** Matio 26:41
Fiadiana :
Fampiasana azy:

10. I Korintiana 13:4-8
Fiadiana :
Fampiasana azy:

11. Jaona 16:8; Romana 8:26;
Fiadiana :
Fampiasana azy:

12. II Korintiana 12:9; Hebreo 4:16; 7:25

Fiadiana :
Fampiasana azy:

13. Efesiana 4:16; I Petera 4:10
Fiadiana :
Fampiasana azy:

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Fifanakalozan-kevitra eo anivon'ny tarika: Moa ve ny fiangonana misy anareo toerana azo antoka ahafahana miaiky heloka, eny fa na dia ny heloka vokatry ny fangejan'ny zavatra iray aza izany? Eo amin'ny sehatry ny inona? Inonano azo atao amba ahatonga ny fiangonanareo ho toerana fanasitranana sy mitondra fanantenana?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Fiadiana Amin'ny Zavatra Mangeja

Nanangana ny ekipa nantsoina hoe "All-Star" i Josh Hamilton, mpilalao "baseball" avy amin'ny ekipan'ny "Texas Rangers", tamin'ny taona voalohany izay nitarihany ny tarika. Nihemotra ny fidirany ho anisan'ny mpilalao "baseball" matianina teo amin'ny faha-26 taonany, vokatry ny fangejan'ny zava-mahadomelina sy ny alikaola azy. Mba hanampiana azy teo amin'ny fialana amin'izany dia nametraka rafitra nahafany nitoky tamin'ny tenany izy. Taorian'ny telo taona nahaizany nifehy tena dia nivaha ny sasany tamin'ireo singa tao anatin'ny drafitra napetrany, ary tamin'ny taona 2009 dia niverina tamin'ny fahazaran-dratsiny indray izy, rehefa avy nanatrika lasy ho an'ny atleta.

Nantsoiny i Katie vadiny ny ampitso marainan'izany ary notantarainy tamin-dranomaso ny tantarany. Nandeha irery tany amin'ny toerana fihinanana "pizza" izay nahitana toerana fisotroana zava-pisotro misy alikaolaa izy. Nividy zava-pisotro iray izy, dia nanampy izany, dia nanampy hatrany. Tsy tsaroany akory aza ny zava-nitranga ary nolazainy tamin'i Katie mety misy sary azo hijerena izany angamba. Nony farany dia ny sariny mamo niaraka tamin'ny vehivavy telo nandihy nanodidina azy no niseho tany amin'ny "internet". Na dia indray alina monja aza no niverenany tamin'ilay zavatra nangeja azy, dia mazava ho azy fa mbola tsy resin'i Hamilton izany ilay fahazaran-dratsy. Ny rafitra nitokiany ihany no nahalavo azy.

Nahatonga azy hampitombo ny ezaka nataony anefa ilay fiverenany, ary ankehitriny izy dia efa ampian'ny rafitra fanohanana sarotra sy ahitana dingana maro izay novolavolainy, izay azo antoka fa tsy hampiverina azy amin'ny fahiny intsony raha eo amin'ity sehatry ny fanatanjahantena matianina ity. Efa niorim-paka tao anatin'ny foto-pinoana Kristiana narahany izany, ary ny vavaka mafana ataony isan'andro. Ny mpandray anjara voalohany amin'izany dia ny vadiny, nyrayaman-dreniny, ary ny "namana azo hitokiana" izay ahitana ny mpanazatra ny ekipa Texas Rangers, ny pasitora avy amin'ny fiangonana telo, ny mpanao fanatanjahantena Kristiana, ary ny rafozan-dahiny. Nisy fitsipika hentitra maro izay namaritra ny zavatra azony sy tsy azony natao.

Nitady mpanazatra iray hafa ilay mpanazatra ny ekipa Texas Rangers, hiaraka amin'i Hamilton teny rehetra teny, "na natory tany amin'ny hotely aza izy ireo. Miara-misakafo izy anankiroa. Miara-mivavaka ihany koa, ary miara-manao fiambenana maraina sy lesona amin'ny alina ihany koa indraindray . . . Izy ihany koa no nitantana ny volan'i Hamilton rehetra, anisan'izany ny vola 80 dolara izay omen any mpilalao tsirairay avy isan'andro mba hividianana sakafo.

Ny asa fanompoana nataon'i Hamilton ankoatry ny baseball no lasa anisan'ny ampahan'ny rafitra nanampy azy ho afaka. Noresahan'izy sy i Katie tany amin'ny fiangonana rehetra nanerana ny firenena ny famelan-keloka sy ny fanavotana azy. Aorian'ny lahateny maharitra ora maro ataon'izy ireo dia misy fifandraisan-tanana izay iresahany amin'ny isambatan'olona ary hamelany sora-tanana atao fahatsiarovana.

Ny tantaran'i Hamilton dia manazava ny fahasarotan'ny fialana amin'ny fangejan'ny zavatra iray, sy ny andraikitry ny fiangonana eo amin'ny fanampiana ny

olona iray ho afaka. Tsy afaka mihitsy ny maha-marefo ny olombelona. Mila olon-kafa manodidina azy izy, izay tia sy miaro azy amin'ny alalan'ny vavaka atao ho azy ireny sy ny vavaka iarahana aminy, amin'ny alalan'ny fandaniana fotoana iarahana aminy amin'ny fanaovana hetsika mitondra fiainana, amin'ny alalan'ny fahatokiana azy ireny amin'ny fanekeny handray ny fanampiana matianina izay ilainy.

Iray amin'ireo fihaikana miavaka momba ny fangejan'ny fijerena sary mamoafady ny maha-zavatra mangeja azy io any amin'ny takotakona. Azo jerena any amin'ny toeran-drehetra misy solosaina na finday mantsy izy io. Na izany aza anefa, ny tarika madinika izay hatsangan'ny fiangonana no afaka mitondra tontolo feno fahasoavana ho amin'ny fanasitranana, ary rafitra azo hitokiana mba ahazoana antoka hoe ilay olona voageja dia manohy ny fandraisana ny fanampiana matianina izay ilainy.

**Fanazavana Fanampiny**

**MAHATAKATRA NY TENY**

**Lohahevi-Dehibe**

Tadiavo ny mombamomba ireo lohahevi-dehibe ao amin'ny Soratra Masina izay hita ao anatin'ny andininy, ny andalana, ary ny boky. Lohahevitra fototra roa mifandray no hita manerana ny Soratra Masina : (1) Ny Tenan'i Jesosy Kristy sy ny asany; ary (2) ny fomba fijery ilay fifanandrinana lehibe.

**NY MAHA-ADVANTISTA**

**Ny Asa Fanompoana Fanarenana Ataon'ny Advantista**

Ny volana Janoary 2011 no nentina teo anatrehan'ny Departemantan'ny Fahasalamana tany amin'ny Diviziona Amerika Avaratra ny "Adventist Recovery Ministries" (ARM) (Asa Fanompoana Fanarenana Ataon'ny Advantista). Ny tanjona voalohany napetraky ny ARM dia ny hanampy ny olona amin'ny fialana amin'ny fahazarana izay mangeja, ny tsy firindran'izany, ary ny fanampiana ny hafa hikatsaka fandaharam-potoana fanarenana. Ny "*The Journey to Wholeness" (Ny Dia Ho Amin'ny Fahafenoana)* avy amin'ny ARM dia fandaharam-panofanana Kristiana ahitana dingana 12, fampiasa any amin'ny tarika miara-mitolona amin'ny zavatra iray. Ireny tarika ireny dia tokony hino hoe i Jesosy Kristy no manana ny Hery Avo indrindra. Manaraka ireo dingana 12 araka izay efa nohavaozina avy amin'ny "Alcoholics Anonymous" ireo tarika ireo. Ny hany fepetra takiana hidirana ho mambra ao anatin'ilay tarika miara-mitolona dia ny fananana faniriana hampiato ilay zavatra mangeja. Tsy misy vola aloha rehefa miditra ho anisan'izany. Mba ahalalana be be kokoa momba ny asa fanompoana ataon'ny ARM sy ny loharanon-keviny dia jereo ny tranonkala: <http://www.adventistrecovery.org>.

**LESONA 11**

**MANDALO NY FANANDRAMAN'NY FAMELAN-KELOKA**

**Tsy maintsy manao inona isika mba ahazoana ny famelan'Andriamanitra ny otantsika?**
**Moa ve ny famelana ny heloky ny olona iray midika fa voatery hamerina ny fifandraisantsika taminy taloha indray isika?**
**Inona no antony mahatonga ny famelan-keloka ho tena zava-dehibe?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:** "Rah ahoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika. Raha miaky ny fahotantsika isika dia mahatky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra." (I Jaona 1:8, 9).

**Toko sy andininy fototra:** Mat. 18:21, 22; Marka 2:1-12; Lioka 5:29-32; 7:36-50; 15:20, 22-24; Jaona 8:1-11; Jakoba 5:16

**Alahady**

Mpanotaizany ianao. Mila miova impiry ianao izay vao afaka mandray anjara ao am-piangonana? Mila mandresy ny fahotana fanaonao eny "imasom-bahoaka" ve ianao farafaharatsiny? Ahitana izao teny filamatra izao any amin'ny fiangonan-dehibe iray any Texas: "Tongava amin'ny maha-ianao anao." Ary izao no fiarahabana ataony ao amin'ny fandaharam-potoanan'ny fiangonana isan-kerinandro:

"Tongavaa amin'ny maha-ianao anao . . . . Izany dia midika hoe afaka mandroso avokoa na iza na iza, na manao ahoana na ahoana ny dia ara-panahy nizoranao. Noho izany dia anjaranao ihany ny mianatra araka izay fahafahanao. Mametraha fanontaniana. Manao fikarohana. Mino izahay fa ahita izay tadiavinao ianao. Hianatra ny fomba fifandraisana amin'Andriamanitra ianao. Hiaina fanandramana iarahana amin'ny fiarahamonina Kristiana ianao. Ary misy zava-dehibe ihany koa, hiova ianao. Miaraha-mikatsaka an' Andriamanitra aminay. Tongava amin'ny maha-ianao anao."[*]

Ao anatin'ny tontolo ahitana ny fanekena ny maha-izy azy ny tena, famelan-keloka, ary fahasoavana, no ahavitan'ny olona miova ho tonga ilay olona izay naniriana azy. Izany no tontolo tokony ho hita any amin'ny fiangonana tsirairay avy, mampalahelo anefa fa tsy izany no zava-mitranga. "Izao tontolo izao dia mahavita manao ny zava-drehetra ho tsara kokoa noho ny vitan'ny fiangonana. Ianao dia tsy tokony ho Kristiana manorina fiangonana fotsiny, fahano ny noana, na sitrano ny marary. Misy zavatra iray tsy vitan'izao tontolo izao. Tsy mahavita mizara fahasoavana izy."[†]

---

[*] John Burke, *No Perfect People Allowed*, (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2005), p. 92
[†] Gordon MacDonald cited in John Burke, *No Perfect People Allowed*, ibid., t. 90.

Hojerentsika ao anatin’ny lesona mandritra ity herinandro ity ny fahasoavana, araka ny nanambaràna azy hoe fandraisana sy fanomezana famelan-keloka.

## *Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

### Fanafahana

Nosratan'i Meg Richards*

Nilamina tsar any fiainako. Niara-nipetraka tamin'i Stan vadiko sy ny zanakay dimy aho, ny roa tamin'ireo zanako manokana talohan'ny nivadianay. Tany an'ala i Stan no niasa, ary nipetraka tany amin'ny toerana iray nisy fiompiana sy fambolena izahay. Teo andanin'ny fampianarana ny ankizy tao an-tokatrano dia nanana zaridaina aho ary namboly frezy hamidy tao. Mijinja vokatra eny an-tsaha ihany koa ny fianakavianay. Efa mifanaraka amin'ny mpamboly eny an-toerana i Stan mba ahafahanay sy ny ankizy mijinja ny vokatra misy eny. Asa tena nankaleo tokoa izany.

Tena nampijalian'ny aretin-damosina be mihitsy i Stan nandritry ny taona maro, vokatry ny lozam-pifamoivoizana nanjo azy. Nony farany dia nanomboka nihinana fanafody nampitony fanaintainana izy. Zakany tsara aloha ilay izy nandritra ny heritaona, ary nanomboka nitady fanafody fanampiny amin'izay izy taty aoriana mba hampitony ilay fanaintainana toy ny mahazatra. Nanome fanafody mahery azy hatrany ny mpitsabo. Tsy dia tao tsara intsony ny sainy; ary tsy nahavita nihetsika araka ny tokony ho izy ny tenany.

Nafana be ny andro tamin'izay fotoana izay, tafakatra 100°C ny hafanana, nijanona nikarakara zaridaina tao an-trano aho, fa ny ankizy kosa nandeha nijinja vokatra irery tany. Tezitra be i Stan rehefa nody tao an-trano tamin'io hariva io.

"Nahoana moa no hitako any amin'ny mpivarotra ny ankizy fa tsy mijinja vokatra akory?" hoy izy nitabataba.

"Nanontanianao angaha izy ireo?" hoy aho namaly. "Naka vaingan-dranomandry ataony amin'ny rano hosotroiny izy ireo."

"Miaro azy ireo indray ianao," hoy izy. Dia lasa nandeha izy. Nahatsapa ho maivamaivana aho satria noheveriko hoe ahatsapa ny fahabangana izy rehefa tsy eo any fianakaviany ary hitady ny fanampiana izay ilainy izy ka tsy maintsy hody indray. Niverina izy ny ampitson'iny kanefa naka an'i Jimmy, 7 taona, zanakay lahimatoa fotsiny, izay tena tiany indrindra.

Nampanofy ratsy mihitsy ny herinandro sy ny volana maromaro taorian'ny nandehanany. Niverina indray izy naka an'i Steven, 4 taona, ary navelany tamiko teo ny zanakay vavy sy ireo zanako manokana roa. Lasa nahery setra aok'izany izy ary saika namono ahy mihitsy.

Na dia efa taona maro taorian'ny fisaraham-panambadianay aza dia mbola nitohy hatrany ny fihetsika nahery vaika nataon'ny vadiko vokatry ny fanafody. Tsy mora ny fiainako. Nifindra tany amin'ny firenena hafa nanakaiky ny sekoly Advantsita ho an-janako vavy aho. Tsy dia mihaona firy amin'ireo zanako lahy aho.

---

* Anaram-bositra

Tsy mba nandalo tao an-tsaiko nandritry ny taona maro mihitsy hoe mila mamela heloka aho. Vao tsy ela akory anefa, tao amin'ny Sekoly Sabata, dia nijery horonan-tsarimihetsika nitohitohy nampianatra momba ny famelan-keloka izahay, ary nianarako fa ny olona izay ahafahanao voalohany rehefa mamela ny heloky ny olona iray ianao dia ny tenanao ihany. Tsapako tamin'izay fa ny fanafahana ho an'ilay foko marary sy maratra dia ho tanteraka rehefa mamela tanteraka amin'ny fahafenoany ny helok'ilay vadiko nanao herisetra aho.

Taty aoriana kely dia nanatrika seminera momba ny fanasitranana ny fihetsehampo aho. Natokana tanteraka ho an'ny famelan-keloka ny andro farany tamin'ny fampianaran'ilay mpandaha-teny. Nahery aok'izany ilay izy. Niady mafy ny saiko tamin'ny faniriana zavatra tsara ho an'ilay mampiasa herisetra mahery vaika faratampony tamiko, dia ny faniriana hitondra azy am-bavaka mba ahazoany fitahiana, ary niriako hatramin'ny ahatongavany any an-danitra mihitsy aza. Nahita fanasitranana sy hery ary fahamarinana tao amin'i Jesosy anefa aho. Rehefa nihantona teoan-kazo fijaliana i Jesosy dia efa nentin'ny Tenany ny faharatsiana rehetra teo amin'ilay mpanao herisetra tamiko. Raha iny aho nandatsaka ranomaso nangidy vokatry ny fanaintainana sy ny fitakiana fahamarinana iny indrindra no niteny tamiko i Jesosy hoe: "Eny tokoa, mendrika ny ho faty ilay olona nanao herisetra taminao. Ireto anefa, ireto no holatry ny fantsika sy ny fively. Efa nentiko teo amiko avokoa ireny."

Rehefa izany dia tsapako fa ny fahotako rehetra ihany koa dia efa napetraka teo amin'i Jesosy. Ny fanamarinana noho ny fahotako no nahatonga Azy nijaly. Ny fahalalana hoe efa namela ny heloko i Jesosy no mameno fifaliambe ato anatiko, sy fankasitrahana ho Azy, ary nanome fifaliana ahy hamela tanteraka sy amin'ny fahafenoany ilay mpanao herisetra tamiko. Efa nomen'i Jesosy ahy hatramin'ny fahafahana maniry zavatra tsara ho azy aza. Afaka tanteraka ilay fanaintainana izay nikiky matetika tao anatiko tao.

## Alatsinainy

**NANEHO OHATRY NY FAMELAN-KELOKA I JESOSY**

"Tsy mitombo ny olona raha tsy efa miala amin'ny fomba fijery an'Andriamanitra maha-olombelona izy, ho amin'ny fomba fijery an'Andriamanitra tena misy sy ara-Baiboly. . . . Tsy maintsy fantarin'ny olona hoe momba azy Andriamanitra fa tsy manohitra azy."[*] Ny tsara no irian'Andriamanitra ho antsika fa tsy ny ratsy. Ao amin'i Jesosy no ahitantsika ilay Andriamanitra izay tiaantsika sy manome antsika maimaim-poana ny zava-drehetra ilaintsika. Ansian'ny filàna fototra eo antrehantsika ny famelan-keloka sy ny fanasitranana.

Vakio ny tantaran'ilay lehilahy nararin'ny paralysisa izay nositranin'i Jesosy. (Marka 2:1-12) Inona no nanahiran-tsaina ny mpanora-dalàna?

●Inona no hery notakian'i Jesosy?

●Inona no asehon'io fanoharana io momba ny fifandraisana eo amin'ny famelan-keloka sy ny fanasitranana?

Mety mahavita manafina tsara ny fahotany sasany ny olona, toy ny fieboeboana sy fitiavantena, ka na ny tenany ihany aza dia tsy mahalala ny fahotany. Ny fahotana sasany anefa dia mibaribary avy hatrany hoe mifanohitra amin'ny idealin'Andriamanitra ka lasa fantatra avy hatrany izy ireny, melohina, ary fosaina mihitsy aza. Nanao ahoana ny fihetsik'i Jesosy rehefa natsipy teo an-tongony ilay vehivavy azo nijangajanga? (Jaona 8:1-11)

●Inona no teny nanamarihan'i Jesosy ny famelan-keloka nomeny azy?

Nanahiran-tsaina ny olona sasany io tantaran'ilay vehivavy azo nijanganjanga io satria araka ny fiheveran'izy ireny dia toa nanamaivana ny fahotan-dravehivavy i Jesosy. Inona anefa no zavatra hafa nambaran'i Jesosy taminy ankoatran'ny namelany ny helony (and. 11) Ireo teny farany nomen'i Jesosy ireo dia tahaka ny fomba iray entina hilazana ilay teny filamatry ny fiangonana teo aloha hoe "Tongava amin'ny maha-ianao anao, fa aza mijanona amin'izany." Fantatr'i Jesosy fa ny fanasitranana sy ny fanovana marina eo amin'ny fiainana dia tsy tontosa raha tsy ao anatin'ny tontolo misy famelan-keloka , fanekena, ary fitiavana.

Tamin'ny fisehoan-javatra iray teo amin'ny fiainan'i Jesosy, no nahitana mazava tsara ny tontolon'ny "famelan-keloka." Nanatrika fety lehibe nahitana efitrano feno mpanota maro i Jesosy. Vakio ny Lioka 5:29-32. Inona no zavatra nomarihan'ny fanatrehan'i Jesosy tao amin'ilay fety?

---

[*] Henry Cloud and John Townsend, *How People Grow* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2001), t. 66

●Nanao ahoana ny fihetsiny nanoloana ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna?

●Heverinao ve fa mety namporisika ny “mpanota” hanova ny làlany ve toetran’izy ireo?

Teo an-kazo fijaliana no nanehoan’i Jesosy ny famelan-keloka lehibe nataony fony Izy niantso hoe: “Raiko o, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony.” (Lioka 23:34) Isika rehetra no nampidiriny tao anatin’izany fangatahana famelan-keloka izany. Anisan’ny olona iray izay tena nahatsapa ny filàny famelan-keloka teo an-kazo fijaliana i Petera, ilay mpianatra izay nandà an’i Jesosy tamin’ny fotoana tena nilana azy. (22:60-62). Inona no fanampim-pazavana tao anatin’ny hafatra nentin’ny anjely ho an’ireo vehivavy tany amin’ny fasana, izay nahatonga an’i Petera nanantena hoe fa navelan’i Jesosy ny helony? (Marka 16:5-7)

Ny fiovam-pon’i Petera avy amin’ny fireharehana sy ny fahatokisan-tena ho tonga mpanara-dia feno fanetrentena izay tia an’i Jesosy no porofo maneho ny famelan-keloka sy ny fanekena (Jaona 21:15-19).

## Talata

**NAMPIANATRA MOMBA NY FAMELAN-KELOKA I JESOSY**

Nandritry ny fiaraha-misakafo tany an-tranon'ny Fariseo iray no nilazan'i Jesosy fanoharana mba ampahafantarany an'ilay olona nampiantrano azy ny herin'ny famelan-keloka. Vakio ny Lioka 7:36-50. Inona no nataon'ilay vehivavy araka ny tenin'i Jesosy, vokatry ny namelana ny helony?

Mety efa nihaona tamin'ny olona izay faly be vokatry ny namelan'i Jesosy ny helony angamba ianao ary vonona hamela ny heloky ny olona nandratra azy ihany koa io olona io amin'izao fotoana izano. Indrisy anefa fa mety mihaona amin'ny olona izay toa atao hoe manara-dia an'i Jesosy nandritra ny taona maro ihany koa ianao, kanefa dia fifaliana kely no eo amin'ny fiainany ary toa tsy mora aminy ny mamela heloka. Ny fahsamihafana misy eo amin'ny olona mamela heloka sy ny olona tsy mamela heloka dia ny fiainan'ilay vondrona iray fiainana feno fibebahana sy fandraisana famelan-keloka, ary ilay iray hafa kosa tsy mahazo izany.

Vao nampianarin'i Jesosy ny mpianany mihitsy ny dingana atao rehefa misy mambra ao am-piangonana manota amin'izy ireo. Voalohany, mandeha mangingina any aminy ary miezaka mandamina ilay zavatra. Faharoa, raha tsy mahavaha olana izany dia tokony hitondra olona iray na roa miaraka aminy indray izy handeha hihaona amin'ilay rahalahy. Fahatelo, raha mbola tsy mihaino hatrany izy, dia ento any amin'ny Lehiben'ny fiangonana? Ary farany, raha tsy manaiky ny antson'ny fiangonana izy dia tsy horaisina anisan'io fiangonana io intsony. (Mat. 18:15-17) Tao anatin'ny tontolon'io fampianarana io no nametrahan'i Petera fanontaniana be dia be momba ny isan'ny fotoana tokony hamelany ny heloky ny olona iray. Inona no soso-kevitra nomen'i Petera tamim-pahatsorana ary inona no valiteny nomen'i Jesosy azy? (and. 21, 22)

Noho ny fahalalan'i Jesosy hoe ahatezitra ny mpianany ny valiteniny no antony nitantarany fanoharana avy hatrany, hanampiana amin'ny fanazavana ny antony nahatonga Azy ho vonona be hamela ny heloky ny hafa. Vakio ny Matio 18:23-35. Inona no nasehon'i Jesosy momba ny fanirian'ny Mpanjaka (Andriamanitra) hamela heloka?

●Inona no tokony ho valiteny nasetrin'io mpanompo io ilay mpanompo namany izay nananany vola kely?

●Inona no tokony hamorisika anstika hamela heloka?

Endrey ny tsy fitovian'ilay Andriamanitr'izao tontolo izao amintsika. Feno fitiavana sy fahasoavana Izy, ary ao anatin'ny famindrampony no "hamelany ny helokao rehetra" (Sal. 103:3), hanesorany azy ireny tahaka ny "halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana " (and. 12). Rehefa mandà ny hamela ny heloky ny olona izay nandratra na

nanao zavatra tsy nety tamintsika isika, dia lasa mamorona tontolo “tsy misy fahasoavana” izay tahafin’ny manodidina antsika, anisan’izany ny zanatsika.

Ny tontolon’ny asa-soratra dia feno tantaran’ny lehilahy sy ny vehivavy na ray aman-dreny, ary ankizy izay mandà tsy mety mifamela teo anatrehan’ny fisehoan-javatra kely iray, ary nihitatra tsikelikely izany ka lasa tonga tsy nifampiteny an-taona maro mihitsy aza. Eo amin’ny fampiharana matetika no iatrehantsika ny ratsy izay mampahory antsika toy ny mino ny lahatra isika, mihoatra noho ny fomba famelan-kelok’ilay Andriamanitra Kristiana. Ny lahatra eo amin’ny finoana “Hindouisme” dia ninoana hoe hery iray izay manome anao ny zavatra mendrika anao araka ny asa vitanao, na impiry na impiry fiverenana ho tonga nofo indray takian’izany. Tsy misy famelan-keloka. Tsy misy fahasoavana. Mandray ny zavatra mendrika azy ny olombelona. Nambaran’i Jesosy tao anatin’ny toriteniny sy ny fanoharany ary ny asa nataony hoe tsy mba tahaka izany Andriamanitra.

# Alarobia

## MANDRAY FAMELAN-KELOKA

Moa va tsy maha-lasa saina ihany izy ity? Fantatsika ny marina, kanefa mboka manao fahadisoana ihany isika. Izao no fiaiken-keloka nataon'i Paoly tamintsika: "Fa fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato anatiko, dia ato amin'ny nofoko; fa ato anatiko ihany ny fikasana, saingy ny hanatanteraka ny tsara no tsy ato. Fa tsy ny tsara izay sitrako no ataoko; fa ny ratsy izay tsy sitrako no ataoko." (Rom. 7:18, 19). Mila ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra hatrany isika amin'ny fotoana rehetra. Na dia fantatsika aza fa "Raha miaiky ny fahontantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra." (I Jaona1:9), dia tsy *mahatsapa* ho voavela heloka ihany isika indraindray.

Tao anatin'ny iray tamin'ireo tantara lehibe tao amin'ny Testamenta Taloha no namelan'i Josefa ny heloky ny rahalahiny izay nivarotra azy tamin'ny mpividy andevo, ka nanimba ny fahatanorany sy ny fahafahany nandritry ny taona maro. Na izany aza anefa dia nitondra zavatra tsara nivoaka avy ao amin'izany ihany Andriamanitra, ary tonga tamin'ny toerana naha-mpanapaka faharoa teo amin'ny fanjakan'i Egypta i Josefa. Noho ny mosary tamin'izany fotoana izany dia voatery nandeha nividy sakafo tany Egypta ny rahalahiny, ary tsy fantatr'izy ireo hoe tany amin'ilay rahalahy izay namidiny. Nony farany dia nampahafantarin'i Josefa ny rahalahiny ihany ny tenany ary namela ny helok'izy ireo izy. Izao no fanontaniana mipetraka: Nahatsiaro ho voavela heloka ve izy ireo? Rehefa maty ny rainy taty aoriana kely dia inona no nanamarika hoe mety nahatsapa ho tsy voavela heloka tokoa izy ireo? Vakio ny Genesisy 50:15-17.

●Inona no fihetsika nasehon'i Josefa teo anatrehan'ny fisalasalan'izy ireo?

Ny fahatakarana ny fahamelohan' i Adama sy Eva teo amin'ny tsy nankatoavany an'Andriamanitra izay nahatonga azy ireo niafina Azy, no manampy antsika ahatakatra ny famelan-keloka omen'Andriamanitra antsika eo amin'ny fifandraisana Aminy. Ny fahalalana ny fihetsika asetrin'Andriamanitra ny mpanota "miverina indray" no mahatonga antsika mino hoe mamela antsika ihany koa Izy. Koa satria tena mitombina tokoa izany dia azo antoka fa fantatr'i Jesosy hoe hiady mafy amin'ny fahatsapana ho voavela heloka marina ny olona. Tamin'ny mpamory hetra sy ny jentilisa izay nihaino an'i Jesosy no nilazany fanoharana telo momba ny fihetsika asehon'Andriamanitra manoloana ny mpanota miverina indray. Vakio ny toko faha-15 amin'ny Lioka izay tena mahafinaritra tokoa. Inona no fihetsika nasehon'Andriamanitra teo amin'ny tranga tsirairay avy rehefa hita indray ilay very?

●Inona no nahatonga ilay ray namela ny heloky ny zanany tao anatin'ny tantaran'ny fanoharana momba ilay Zanaka Adala. (and. 20, 22-24)

Hita mazava tsara hoe tian'ilay ray ny zanany ary tiany hody teo anivon'ny fianakaviaa indray.

Fantatr'i Jesosy ihany koa angamba hoe handalo fotoan-tsarotra momba ny resaka finoana i Petera, mahakasika ny famelan'i Jesosy ilay fahotana lehibe nataony tamin'ny nadavany ny Tompony. Noho izany dia nentin'i Jesosy ho amin'ny dingana fanekena ny fitiavany Azy izy, izay fomba azo tsapain-tanana kokoa hamerenana indray ny fifandraisan'izy ireo amin'ny laoniny. Vakio ny Jaona 21:15-17. Araka ny hevitrao, ahoana no hanampian'io dingana io an'i Petera ahatsapa ho voavela heloka?

## Alakamisy

### MANOLOTRA FAMELAN-KELOKA

Tafiditra ao anatin'ny vavaka nampianarin'i Jesosy ny mpianany ny fitsipika fototra mahakasika ny famelan-keloka. Inona izany fitsipika izany? (Mat. 6:12)

Ataon'Andriamanitra loha-laharana ny finiavantsika hamela ny heloky ny hafa. Ny zavatra mamporisika antsika hamela heloka dia hamafisin'ny nilazan'i Jesosy hoe misy fifandraisana eo amin'ny famelana ny heloky ny hafa sy ny famelan'Andriamanitra antsika. Misy fiantraikany amin'ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra ny fahaizantsika manome famelan-keloka na tsia ho an'ireo izay nandratra antsika, na ny fanekena amim-pankasitrahana ny famelan-keloka atolony noho ny nanaovantsika izay nandratra sy nankarary azy. Araka ny tenin'i Jesosy dia inona no tokony atao voalohany: manompo an'Andriamanitra sa mihavana amin'ny hafa? (5:23, 24)

●Ahoana no fomba ahafahana manazava izany loha-laharana mahavariana izany? (I Jaona 4:20)

Tsy dia tena sarotra avela loatra ny fihetsika sasany nanohitra antsika, fa ny karazana famelan-keloka resahantsika eto dia ilay karazany ahitana ratra sy fitaka lalina. "Ny famelan-keloka dia tsy natao ho an'ny zavatra marary rehetra nataon'ny olona tamintsika. Ny famelan-keloka dia natao ho an'ny ratra izay manindrona hatrany amin'ny aty fanahy, noho ny hadisoana izay tsy vitantsika ny manarina azy, na ny mifanohitra amin'izany. Rehefa mamela ny heloky ny olona noho ny zavatra izay tsy mila famelan-keloka isika dia mampihena ilay herin'ny famelan-keloka, manimba ny hatsarany, ary manakorontana ny fanasitranana amin'ny alalan'ny famelan-keloka. Fa rehefa mamela heloka ho an'ny zavatra izay tena mendrika hamelana heloka kosa isika dia maka tahaka ny fahaizan'Andriamanitra."[*]

[*] Lewis B. Smedes, *The Art of Forgiving* (New York: Ballantine Books, 1996), p. 21

Ohatry ny fahasoavan'Andriamanitra ho antsika ny famelany ny helotsika. Ny famelan-keloka dia tsy mba zavatra nomena antsika noho ny fahamendrehantsika, fa fanomezana. Araka ny efa volaza tany aloha dia manaiky ny teny fikasan'Andriamanitra ny saintsika indraindray, ary mahalala hoe namela antsika Andriamanitra, kanefa tsy tsapan'ny fontsika izany. "Mba ahafahana mifandray tanteraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra dia mila mandeha any amin'ny toerana izay misy izany isika, ary efa nisafidy ny hametraka izany ao anatin'ny olon-kafa Izy."[*] Vakio ny I Petera 4:10.

Mba ahaizan'ny vahoakan'Andriamanitra "mitantana ny fahasoavan'Andriamanitra" dia mila firahalahiana isika, tsy tsotsotra tahaka ny mahazatra any am-piangonana na amin'ny fotoana fiaraha-misakafo, fa fifampitokiana lalina izay miseho amin'ny alalan'ny firahalahian'ny tarika madiniky ny mpino. Ao anatin'izany sehatra izany no ahafahantsika mandalo ny fanandraman'ny famelan-keloka ary hanampiantsika ny hafa hanandrana izany ihany koa. Inona no toro-hevitra nomen'i Jakoba ny olona izay milaza matetika hoe "Tsy hanao izany mihitsy aho"? (Jakoba 5:16)

"Maro ny olona izay 'mirahalahy' amin'ny hafa, kanefa kely ihany ny zavatra hifampizaran'izy ireo ka lasa tsy misy zavatra mitranga eo amin'ny ambaratonga misy ny fo. Noho izany dia lasa iainana eo amin'ny ambaratonga izay tsy namolavolan'Andriamanitra azy ny famelan-keloka."[†]

[*] Henry Cloud and John Townsend, *How People Grow* (Grand Rapids, Mich.: Zondervan, 2001), p. 128
[†] Ibid.

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Ampifanaraho ny fanambaràn'i Jesosy sy ny an'ireo olona nitenenany izany. Mety hisy olona iray na maro ampiasaina maherin'ny indray mandeha.

| **Fanambaràn'i Jesosy** | **Olona Nitenenany** |
|---|---|
| ____ 1. Tsy tonga hiantso ny marina aho, fa ny mpanota hiebabaka. | A. Petera |
| ____ 2. Tsy lazaiko aminao hoe hatramin'ny impito, fa hatramin'ny impito amby fito-polo. | B. Ny mpianatra sy ny vahoaka |
| ____ 3. Ry zanako, voavela ny helokao. | |
| ____ 4. Moa tia Ahy va ianao? | D. Simona |
| ____ 5. Ray o, mamelà azy fa tsy fantany izay ataony. | |
| ____ 6. Mandehàna aloha mihavana amin'ny rahalahinao ary atolory ny fanatitrao. | E. Ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna |
| ____ 7. Tsy manameloka anao aho; mandehana ary aza manota intsony. | |
| ____ 8. Ny fahotany izay maro, dia efa navela, satria tia fatratra izy. | F. Ilay vehivavy azo nijangajanga |
| | G. Ireo lehilahy izay nanombo Azy |
| | H. Paralysisa |

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Toy izao no famintinana nataon'i Lewis Smedes tamin'ny bokiny momba ny famelan-keloka izay nahitana "naoty tsara hotadidiana" momba ny famelana ny heloky ny olona iray.* Ireto tanisaina ireto ny fitsipika fototra amin'izany:

●Tanterahantsika irery ao am-pontsika sy ao a-tsaintsika ny famelan-keloka ataontsika; miankina amin'ilay olona izay avelantsika heloka ihany ny zava-mitranga aminy.

●Dia lavitra ny famelan-keloka; arakaraky ny maha-lalina ny fery no maha-lava ilay dia.

---

* Lewis B. Smedes, *The Art of Forgiving* (New York: Ballantine Books, 1996), tt. 177-178.

●Tsy hoe mamela heloka isika satria tokony hanao izany; fa mamela heloka kosa isika satria vonona hositranina.

●Ny fiandrasana ny olona iray hibebaka mialohan'ny hamelantsika ny helony dia fametrahana ny ho avintsika eo an-tanan'ilay olona izay nanao ratsy tamintsika.

●Ny famelan-keloka dia tsy fomba fisorohana ny ratra fa fomba fanasitranana ny ratra.

●Rehefa mamela heloka isika dia manafaka olona gadra iray ary ahita fa ny tenantsika ihany io gadra nafahantsika io.

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Raha toa ianao ka efa namaky ny Jakoba 5:16 ("Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra."), dia mety efa nandalo tao an-tsainao ny hoe: "Tsy hiaiky ny fahitako afatsy amin'Andriamanitra aho. Tsy misy olon-kafa mahavita mamela ny heloko."

Marina tokoa izany, Andriamanitra irery ihany no afaka mamela ny fahotantsika. Io andininy io anefa dia tsy manome fahefana ahafahan'olombelona mamela heloka. Vakio tsara amim-pitandremana. Ny fiaikena ny fahotantsika dia maneho ny filàn'ny tenantsika manokana, ary ambarantsika amin'ny namana mahatoky izany. Ilay hoe "mifaneke" no manazava tsara hoe samy "manokatra ny fontsika" avy isika. Inona no antony manan-danja hanaovantsika io fifanekena io?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Fomba Fijery Hafa Momba Ny Famelan-Keloka

"Zavatra mety hiseho ny fisehoana ho manana fiainam-panahy avo lenta sy manana ny lanjany, kanefa manana olana ara-pifandraisana be tokoa. Zavatra fahita eo amin'ny fiainana amin'ny maha-olombelona antsika ny hoe mifanena matetika isika dia mifanao zavatra marary, hatrany am-piagonana mihitsy aza indraindray. Noho izany dia zava-dehibe mihitsy ny fianarantsika ny fahaizana mamela heloka.

"Vao tsy ela akory izay ny mpanolotsaina teo amin'ny sehatry ny asa no nanomboka nijery tamin'ny lafiny tsara kokoa ny maha-zava-dehibe ny fitsipka ara-panahy eo amin'ny fahasalamana ara-tsaina. Nandritry ny taona maro no efa nahitan'ny manam-pahaizana momba ny fomba fisainana sy ny mpanolotsaina hoe ny fivavahana sy ny zava-panahy hono dia fototra hiorenan'ny fahamelohana sy ny tahotra. Tsy izany intsony anefa amin'izao fotoana izao. Amin'izao fotoana izao dia maro ny olona mampiasa ny foto-kevitry ny Kristiana iray tena mijoro mba hiarovany ny tenany. Ny "fitsaboana" toy ny vavaka, diarin'ny vavaka, fanaovana tsianjery ny andininy ara-Baiboly, ary ny dingana arahana amin'ny famelan-keloka, no eken'ny olona amin'izao fotoana izao hoe manampy ny maro amin'ny fandresena eo anivon'ny fikorontanana ara-pihetsehampo isan-karazany. Anisan'ny fomba tena manamaivana tokoa ny famelan-keloka, na dia avy amin'Andriamanitra ary amin'ny alalan'ilay ilay fo novainy ihany aza no hihavian'ilay fahafahana mamela heloka tanteraka ary voavela heloka tanteraka. "Ary homeko fo vaovao ianareo,a ry fanahy vaovao no atako ao anatinareo, ary esoriko aminareo ny fo vato, ka omeko fo nofo ianareo." (Ezek. 36:26).

"Indraindray dia mety misy olona mieritreritra hoe tsy ho tanteraka mihitsy ny fanomezana izany famelan-keloka tsy hita maso izany. Tsy hisy olona ahavita hizaka ny haben'ny fanaintainana nentin'i Jesosy sy ny fanalam-baraka Azy: ilay Mpanjaka sy Mpamorona izay tontolo izao no nietry tsy araka ny tokony ho izy, ary nofantsihin'ny voariny. Tao anatin'ny fanetrentena tanteraka anefa no nikarakaran'i Jesosy azy ireo, sy nangatahany famelan-keloka ho azy ireo avy amin'ny Ray."[*]

"Tokony hanana ny fitiavan'i Kristy isika, mba ahatonga antsika tsy hanomezantsika lanja ny fanahy tsy mahay mamela heloka. Aoka isika tsy hihevitra hoe raha tsy mifona amintsika ireo izay nanao hadisoana tamintsika dia tsy ho marina ny famelan-keloka izay natolotsika ho azy. Tsy tokony hangonintsika ny fitarainantsika, amin'ny alalan'ny fihazonana azy ireny ao am-po mandra-panaton'ilay olona iray heverintsika ho meloka hampietry ny fony amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny fiaiken-keloka. Na dia nandratra antsika aok'izany aza izy ireny, dia tsy tokony hitahiry ny fitarainantsika isika sady hanetsetra momba ny ratra eo amintsika, fa tahaka ny hanantenantsika famelan-keloka avy amin'Andriamanitra, no tokony hamelantsika ny helok'ireo izay nanao ratsy tamintsika ihany koa."[†]

---

[*] *Jesus Wept: The Bible and Human Emotions,* Adult Bible Study Guide, January-March, 2011, t. 33.
[†] *Sons and Daughters of God,* t. 144.

**Fanazavana Fanampiny**

## MAHATAKATRA NY TENY

### Fiezahana Mamantatra Ny Epistily

Ny anakabeazan'ny epistily ao amin'ny Testamenta Vaovao dia taratasy nosoratana manokana ho an'olona na fiangoana, momba ny toromarika fampiasa eo amin'ny fomba fiaina amin'ny maha-Kristiana ary hamahana ireo olana eo an-toerana. "Ireo taratasy izay tena milaza ny zava-misy amin'ny ankapobeny dia nanaraka ny firafitry ny fanoratra taratasy tamin'izany fotoana izany. Ny fomba fiarahabana ao anatin'ilay taratasy sy ny voatoatiny no hamantarana ilay mpanoratra. Izany dia arahana fiarahabana, vavaka na fanehoana fisaorana, ny tena votoatin-dresaka, ary ny fanaovam-beloma."[*]

[*] George Rice, "Interpretation of the Gospels and the Epistles," in George W. Reid, ed., *Understanding Soratra Masina : An Adventist Approach* (Silver Spring, Md.: Biblical Research Institute, 2005), tt. 216, 217.

**LESONA 12**

**MIATRIKA FAHAFATESANA ARAHANA FANANTENANA**

**Inona no mitranga rehefa maty ny olona iray?**
**Moa ve tonga dia miakatra any an-danitra sa mankany amin'ny afobe avy hatrany ny olona iray rehefa maty?**
**Mbola hihaona amin'ireo hava-malalako efa maty ve aho?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:** "Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy na dia maty aza, dia ho velona indray." (Jaona 11:25).

**Toko sy andininy fototra:** Gen. 2:16, 17; 3:1-13; Mpit. 9:5-7, 10; Jaona 5:24-29; 11:1-44; I Kor. 15:42-44; 1 Tes. 4:13-18; I Jaona 3:2; 5:11-13.

**Alahady**

Teo amin'ny solaitrabe fametahana afisy tao amin'ny toeram-pianarana Kristiana iray no nahitana naoty kely nipetaka nanao hoe "Nandeha am-Boninahitra." Filazana ny fahafatesan'ny rain'ny iray amin'ireo mpampianatra izy io. Ny ankamaroan'ny fiangonana protestanta dia mampianatra fa raha vao maty ny olona iray dia miakatra any an-danitra na mankany amin'ny afobe avy hatrany izy. Mampianatra zavatra mitovy amin'izany ihany koa ny Katolika, saingy mino izy ireo hoe izay olona maty amin'ny fahasoavana dia mandeha any amin'ny fanadiovana aloha, hadalovany ny dingana fanasaziana amin'ny fotoana voafetra mba hahavonona azy ho any an-danitra.

Amin'ny alalan'ny boky sy ny haino aman-jery no hanohanan'ny kolotsaina malaza ny tsy fahafatesan'ny fanahy izay mahatsapa ny zava-drehetra foana maharitra ho mandrakizay. Ny horonan-tsarimihetsika fanadihadihana dia naneho ny olona izay efa teo ambavahoan'ny fahafatesana mihitsy, izay nahitany "fisarahan'ny fanahy tamin'ny vatana; fahatsapana fiaraha-mikoràna, tahotra be, fahatoniana tanteraka, fiarovana, na hafanana; nahatsapa ny fitsingevangevan'ny tena; nahita fahazavana… Maro amin'ny mpanao fikarohana ara-tsiansa no mandray ireny rehetra ireny ho toy ny fanandramana tao anaty nofy, fa ny manam-pahaizana momba ny hery tsy taka-maso sy ny mpahay siansa sasany kosa dia mahita fanandramana izany ho tena zava-misy porofon'ny fiainana aorian'ny fahafatesana."[*]

Ny tatitra toy ireny anefa dia manaporofo fotsiny nyzavatra antsoina hoe "nofinofin-draolombelona faran'izay ela indrindra," ka na amin'ny antom-pisiana iray na hafa dia ho velona mandrakizay hatrany isika. Ny lesona amin'ity herinandro ity dia hamantatra ny zavatra ambaran'ny Baiboly momba ny niandohan'ny fahotana, sy izay mitranga amin'io olona io mandritra ny fahafatesany, ary ny fandresena aorian'ny

[*] <Http://en.wikipedia.org/wiki/Near-death_experience>, accessed June 21, 2011.

fahafatesana.

## *Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

## Te Ahita an'I Jesosy Aho*

Nosoratan'i Samantha Snively

Rehefa hifarana ny fety fanao isan-taonan amin'ny andron'ny Paska tany amin'ny oniversiten'ny Andrews, dia nijery ny fiovam-po teo amin'ny olona maro nandritra ny maraina iray manontolo ireo mpirotsaka an-tsitrapo tao amin'ny tranolay fampandrosoana olona. Rehefa tonga ny harivariva dia nitsidika ny lalao mahakasika ny Paska i Claire, 6 taona, niaraka tamin'ny fianakaviany. Nitsiky tamin'ilay zanak'osy nitsambikina ny tsena izy ary variana aok'izany rehefa nahita ireto miaramila Romana niaraka tamin'ny lefony lava be. I Jesosy mihitsy anefa no tiany ho hita mihoatra noho izany rehetra izany.

Nijery ny famelomana an-tsehatra ny nahafatesan'i Jesosy teo an-kazo fijaliana sy ny nitsanganany i Claire. Rehefa tonga tao amin'ny tranolay fandraisana olona izy dia nanontany an'i Naomi Best izay mpirotsaka an-tsitrapo, raha toa ka mba afaka mihaona amin'i Jesosy. Te hangataka Azy mivantana hitondra am-bavaka ny antom-bavaka fanaony isan-kalina mantsy izy, dia ny mba hanalan'i Jesosy ny fivontosana ao amin'ny atidohany (izay tsy azo didiana akory).

Tsy hita n'aiza n'aiza tao anefa i Jesosy. Izany hoe ireo valo izay naneho an-tsary an'i Jesosy dia efa lasa nanao zavatra hafa indray. Raha mbola nitady an'i Jesosy ireo mpirotsaka an-tsitrapo dia nahita anjely sy miaramila Romana i Claire. Rehefa nandre ny fangatahany izy ireo dia nanapa-kevitra haneho an-tsehatra tantara natokana ho azy. I Justin McAuliffe, iray amin'ireo mpianatra roa naneho ny anjely Gabriela no niantsehatra, fa nirotsaka an-tsitrapo hisolo ny toeran'i Jesosy kosa. Nipetraka teo ampofoan'i Naomi i Claire tamin'ny voalohany, kanefa nagataka ny hanakaiky kokoa an'i Jesosy izy.

Teo amoron'ny sehatra no nitazonan'i Claire ny tànan'ny anjely iray teo am-pijerena ny mpianatra nametraka ny vatan'i Jesosy tao am-pasana. Hitany ny ady nifanaovan'ny anjely tsara sy ny ratsy, izay niafara tamin'ny nanakodiavan'ny anjely Gabriela ny vato teo amin'ny varavaram-pasana mba hanehoana fa velona i Jesosy, ary nivoaka avy ao izy sady nandray an'i Claire teny an-tsandriny. Naka sary niaraka tamin'i Claire avokoa ireo ekipa rehetra namelona ny tantara, i Claire kosa nipetraka tamin-kafaliana teo an-tsandrin'i Jesosy ihany.

Rehefa niparitaka ny ekipa taorian'ny fakana sary, dia nosintonin'i Claire manokana i Jesosy satria te hametraka fanontaniana taminy amin'izay izy. Niresaka nivantana i Claire sy i Justin ary nisy fotoana nitenenan'i Justin hoe rehefa ho avy indray Jesosy dia handray an'i Claire kanefa hanaisotra ny aretiny kosa. "Tena faly be izy nandre izany," hoy i McAuliffe, "ary izay aho avo nandre azy niomehy voalohany

---

* Reprinted with permission from *FOCUS: The Andrews University Magazine*, Spring 2011, t. 12.

indrindra." Tena nahagaga an'i Justin ny finoan'i Claire sy ny zotom-pony. "Tsy nanatena fansitranana teo no ho eo izy," hoy i Justin, kanefa fantany tao am-pony hoe bola hanasitrana azy i Jesosy indray andro any.

Rehefa nisaintsaina momba izany fanandramana izany i Justin taty aoriana dia tsapany hoe na dia niavaka aza ny anjara fototra nomena ho lalaoviny, dia tsy mba maro ny olona nahazo tombotsoa haneho an'i Jesosy an-tsehatra,"ary fanandramana izay tokony handalovan'ny Kristiana rehetra isan'andro izany. Rehefa raisinao ny anarana hoe 'Kristiana', dia mandray amphany amin'ny tenan'i 'Kristy' ihany koa ianao."

I Claire no naneho an-tsary tamin'i Naomi ny karazana finoana ananan'ny zaza: "Ny fahitana tovovavy kely teo amin'io sehatra io, izay tena faly aok'izany sady nanan-mpinoana be dia be, . . . ny fahitako azy no lasa nampitombo ny finoako an'Andriamanitra ho lasa folo avo heny mihoatra noho izay efa nananako taloha. Hitako amin'izay ny antony mahatonga ny finoantsika ho toy ny an'ny zaza."

## Alatsinainy

### NY NIANDOHAN'NY FAHAFATESANA

Voalaza fa ny tahan'ny fahafatesana no tena tomombana indrindra satria misy fahafatesana iray ho an'ny fiainana iray hatrany. Tsy misy olona afaka mandositra ny fahafatesana, raha tsy hoe mbola velona ny tenany amin'ny fotoana hiverenan'i Jesosy eto an-tany indray. Mandindona ny fiainantsika hatrany fahafatesana. Hita tao anatin'ny sary miaina iray ny mpifankatia mbola tanora izay niara-nandihy tamin'ny andro nanaovana ny mariaziny. Nisy mariky ny fahafatesana nandihy teo akaikin'izy ireo, izay niseho tamin'ny endrika taolambalo mitondra antsim-bilona fijinjana. Matetika isika no miezaka manaiky hatrany ny fahatesana ho toy ny ampahany tsy maintsy handalovana eo amin'ny fiainana, kanefa dia manao izay azontsika atao rehetra ihany isika mba hanoherana na hisorohana izany. Inona no antony mampisy ny fahafatesana? Hita ao anatin'ny tantara hafa momba ireo mpivady voalohany ny valin'izany. Ahoana no fomba nandraisan'ny olombelona ny fiainana tany am-boalohany? (Gen. 2:7)

Nomen'Andriamanitra an'i Adama sy Eva avokoa izay zavatra nilain'izy ireo teo amin'ny fiainana, ary nampitandrina azy ireo momba ny fahafatesana Izy. Inona ilay fampitandremana? (and. 16, 17)

Vakio ny tantara mampalahelon'ny tsy fankatoavan'ny ray aman-drenitsika voalohany ao amin'ny Gen 3:1-6. Inona no lainga voalohany nampiasaina?

Tsy tokony ho faty eo no ho eo ny olombelona, kanefa lasa tsy maintsy handalovan'ny fahafatesana izy ankehitriny, noho ny fiovan'ny fifandraisany

tamin'Andriamanitra. Inona avy ny sasany amin'ireo zavatra nanamarika voalohany hoe nisy zavatra tsy dia nilamina tsara tany am-Paradisa? (and. 7-13)

Ny Genesisy dia mirakitra ny fahafatesan'ny olombelona voalohany. Ahoana no fomba nahafatesan'ilay olona voalohany ary ahoana no fomba fifandraisany tamin'i Adama sy Eva? (4:1-8)

Misy fahoriana lehibe noho ny an'ny ray aman-dreny mandevin-janaka ve? Vao mainka mampitombo ny alahelo ny fieritreretana fa io zaza io maty dia novonoin'ny rahalahiny ihany. Izany fifanandrinana lehibe izany no naneho azy ireo ny tena zava-misy momba ny fahafatesan'olombelona.

Inona no lova napetraky ny ray aman-drenintsika voalohany ho antsika? (Rom. 5:12)

Miseho ny tena endriky ny fahafatesana rehefa tarafin'ny fifandraisantsika fototra amin'Andriamanitra ilay loharanom-piainana, ary ny fisiantsika dia miankina amin'ny hery mihazona avy Aminy. Noho izany, ny fandavana ny fiandrianany dia midika ho fanapahana ny fifandraisan'ny tenantsika amin'ilay tena fiainana. Ny fikomiana atao amin'Andriamanitra dia endrika famonoan-tena.

# Talata

**NY TOETRAN'NY FAHAFATESANA**

Amin'ny hetsika rehetra izay hamoronan'ny olona fombafomba dia tsy misy mampihetsipo fatratra noho ireo fanao amin'ny fandevenana. Miovaova arakaraky ny kolotsaina ireny fomba amam-panao ireny? Mahazatra any amin'ny firenena sasany ohatra ny fanaovan'ny fianakavian'ilay nodimandry fiaretan-tory. Handrasana ao an-trano mandritry ny roa na telo andro mialoha'ny fandevenana ilay vata-mangatsiaka ary tonga mampahery eo ny fianakaviana sy ny namana, sady miambina mandritra ny alina. Misy fifanohanana be kokoa avy amin'ny manodidina tsapa amin'izany.

Loha-hevitra tsy firesaka any amin'ny firenena sasany kosa ny fahafatesana amin'izao fotoana izao. Tsy mandany ora maromaro iarahana amin'ilay fianakaviana mana-manjo akory ny olona fa tonga dia mandefa teny fampiononana amin'ny alalan'ny "internet" fotsiny. Ny sasany amin'ireo efitrano fampiantranoam-bahiny dia manana toerana manokana hanopaza-maso fotsiny ny endrik'ilay olona maty. Eny fa na dia ny teny hoe *fahoriana* aza dia efa nosoloina hoe *fanompoam-pivavahana fahatsiarovana* na *fankalazana ny fiainana.* Ireny fanovana teo amin'ny teny fampiasa sy ny fomba amam-panao natao mba hijerena ny lafiny tsara ireny anefa dia mahavita manakona ny maha-fahavalo ny fahafatesana.

Vakio ny I Mpanjaka 2:10; Joba 14:12; Jaona 11:11-14; Asa 7:60. Inona no ambaran'ny Baiboly hoe mitranga rehefa maty ny olona iray?

●Inona no sary an'ohatra nahafinaritra indrindra nanehoan'ny Baiboly ny fahafatesana?

Hamafisin'ny Baiboly ny fanambaràny momba ny toetra ananan'ny fahafatesana, amin'ny alalan'ny filazana ny zavatra tsy hain'ny maty atao intsony. Inona avy ireny zavatra ireny? (Mpit. 9:5, 6, 10; Sal. 115:17; 146:3, 4)

●Inona àry izany no tena mitranga rehefa maty ny olona iray? (Mpit. 12:7)

Hitantsika eto ny zavatra mifanohitra amin'ilay loharanon'ny fiainana, rehefa nahary ny olombelona avy amin'ny vovoky ny tany Andriamanitra ary nanisy fofon'aina mahavelona tao anatin'ny olona. Rehefa maty ny vatana dia miverina ho vovoka, ary miverina any amin'Andriamanitra kosa ny fofon'aina.

Raha toa ka mazava tsara toy izany àry ny zavatra ambaran'ny Baiboly momba ny toetoetry ny fahafatesana, dia inona no antony mahatonga ny ankamaroan'ny Kristiana hanana foba fijery hafa? Satria mino ny tsy fahafatesan'ny fanahy izy ireny. Io foto-kevitra tsy ara-Bainoly io dia nentin'ny foto-pampianarana Grika tao anatin'ny foto-kevitra Kristiana. Ninoan'ny Grika hoe ny olombelona dia fitambarana zavatra roa izay ahitana ny vatana mety lo sy ny fanahy tsy mety maty. Ahoana no fomba hanazavanao ny fahafatesana raha toa ka mino ny tsy fahafatesan'ny fanahy ianao? Mampianatra ny Baiboly hoe ny vatana miampy ny fofon'aina avy amin'Andriamanitra

no manome “fanahy velona,” izayfomba hafa hilazana ny hoe “olona velona.”
Tsaraoanao ve ny lainga voalohany nambaran’ny menarana?

## Alarobia

**NIATRIKA FAHAFATESANA I JESOSY**

Azonao an-tsaina ve ny naha-hafahafa tamin'i Jesosy, izay nanana ny fiainana "tao anatiny" (Jaona 5:26), ny fidirana teto amin'ity tany izay nanjakan'ny fahafatesana ity? Izy no mpanome ny fiainana lehibe, izay tonga fiainana ihany koa. voasoratra ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona ny fotoana iray izay nifanatrehan'i Jesosy mivantana tamin'ny fahafatesana. Vakio ny tantara iray manontolo, ao amin'ny Jaona 11:1-44.

Inona no valiny nahagaga nasetrin'i Jesosy ilay vaovao momba ny aretin'i Lazarosy? (and. 1-7)

●Nazava ve ny antony nanehoan'i Jesosy ny fihetsiny rehefa nifarana ny tantara?

Rehefa nanapa-kevitra handeha tany Betania i Jesosy nony farany, tany an-tanànan'i Lazarosy, dia inona no zavatra natahoran'ny mpianatra? (and. 8-10)

●Voamarina ve ilay tahotra? (10:31, 32)

Rehefa niteny i Jesosy hoe: "matory i Lazarosy namantsika," dia inona no antony nahatonga ny mpianatra hihevitra hoe vaovao mahafaly izany?

●Inona no nahatonga izany tsy ho vaovao mahafaly? (and. 11-15)

Inona antony nahatonga an'i Marta sy Maria ho diso fanantenana rehefa ela be i Jesosy vao tonga? (and. 21, 32)

●Inona no fahatokiana mbola nananan'i Marta tamin'i Jesosy? (and. 22)

●Inona no zavatra ninoan'i Jesosy sy Marta momba ny fiainana aorian'ny fahafatesana? (and. 23, 24)

●Nanao ahoana ny fihetsehampon'i Jesosy teo anatrehan'ny fahafatesana? (and. 33, 35, 38)

●Inona no baiko nomen'i Jesosy? Mariho ny fahefana nentiny niteny. (and. 39)

●Inona no antony nahatonga an'i Marta hanohitra?

"Ny fahagagana izay nataon'i Kristy tamin'ny fananganana an'i Lazarosy tamin'ny maty, no haneho ny fananganana ny olo-marina rehetra amin'ny fahafatesana. Tamin'ny alalan'ny Teniny sy ny asany no nilazany hoe ny Tenany no Mpamorona ny fitsanganana. Ny Tenany izay ho faty tsy ho ela eo an-kazo fijaliana no nijoro niaraka

tamin'ny fanalahidin'ny fahafatesana, no nandresy ny fahafatesana, ary nanambara ny fahafahany sy ny heriny eo amin'ny fanomezana fiainana mandrakizay."*

Vakioao amin'ny and. 40-44 ny momba ilay fitsanganana tamin'ny maty tena nahavariana. Inona no nasehon'ny fihetsik'i Jesosy iray manontolo?

●Tamin'ny alalan'ny fomba ahoana no nitanisany ny fomba fanampiana ny hafa?

●Inona no tsy nahavitan'ny Fariseo nilaza fa i Jesosy dia nampiasa hafetsena mba hanehoana hoe nanangana olona maty ho amin'ny fiainana Izy?

* *Ilay Fitiavana Mandresy*.

## Alakamisy

**ILAY FANDRESENA FARANY**

Raha toa ianao ka efa nijoro teo akaikin'ny vatam-paty nisy vata-mangatsiakan'ny olo-malalanao iray, ary nijery ny endriky ny fahafatesana izay sady nangatsiaka no tsy nisy fihetsehampo, dia fantatrao ny atao hoe fahoriana. Azonao atao ny miory. Ny fahafatesana dia mpandrombaka izay tsy azy. Fahavalo izy io. Na izany aza anefa dia misy karazana fahoriana. Inona no karazam-pahoriana tokana izay ananan'ny Kristiana? (I Tes. 4:13, 14)

Hianarantsika avy amin'ny tenin'i Jesosy isika ny fototra iorenan'ny fanantenana. Inona no fototry ny fanantenantsika? (Jaona 5: 24-29; 11:25)

Tahaka ny nijoroan'i Jesosy teo amin'ny fasan'i Lazarosy sady "niantso mafy" hoe: "Ry Lazarosy, mivoaha!" no hiantsoany anao indray andro any manao hoe: "Ry____, mivoaha!" raha tsy hoe mbola ho tratra velona ianao rehefa ho avy indray Izy.

Taona maro taorian'ny nanomboana an'i Jesosy, rehefa natao sesintany tany amin'ny nosy Patmosy ny apostoly Jaona, dia notsidihan'ilay Kristy nomem-boninahitra tamin'ny alalan'ny fahitana izy. Nahavaky fo aok'izany ny fijerin'i Kristy ka lasa niankohoka teo an-tongony tahaka ireny olona maty ireny mihitsy i Jaona. Ahoana no fomba nampaherezan'i Kristy an'i Jaona ? Inona no fanambaràna mahafinaritra nomena azy? (Apok. 1:17, 18)

●Rahoviana no hiseho ny fitsanganan'ny maty? (Jaona 6:40; I Tes. 4:15-18)

Ao amin'ilay andalana avy ao amin'ny I Tesaloniana no nanomezan'i Paoly famaritana mahagaga sy antsipiriany kokoa momba ny zavatra hitranga rehefa ho avy am-boninahitra indray eto amin'ity tany ity i Jesosy: hidina ety an-tany miaraka amin'ny fiantsoana i Jesosy Kristy. Hanangana ny olo-marina izy efa maty Izy. Ary rehefa afaka izany dia ireo izay natsangana sy ireo velona ka mbola mitoetra amin'ny andro fahatongavan'i Jesosy no "hakarina hiaraka Aminy . . . hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka" (I Tes. 4:17). Arsy tsy hisaraka amin'ny Tompo intsony izy ireo.

Mazava aminao ny antony namaranan'i Paoly ny famaritana momba io fisehoan-javatra mahafinaritra io amin'ny alalan'ny teny hoe: "Koa dia miafmpionòna ianareo amin'izany teny izany" (and. 18). Mitondra fanantenana ho antsika eo anatrehan'ny fahafatesana izany fisehoan-javatra izany, ary misy fantraikany amin'ny karazan'alahelo izay handalovantsika eo anatrehan'ny fahafatesan'ny hava-malala.

Amin'ny maha-toetra ara-boajanahary ny toetra tia karokaroka dia tiantsika ho fantatra ny fahatsapana ao anatin'izany hoe olona natsangana tamin'ny maty izany. Manome fanazavana kely ho antsika ny Baiboly mahakasika izany. Araka ireto andininy ara-Baiboly ireto, ahoana no fomba hamaritanao izany atao hoe hatsangana? (I Kor. 15:42-44, 51-55; I Jaona 3:2)

Ao anatin’ny andalana fohy iray no hamintinan’i Jaona ny fampianaran’ny Testamenta Vaovao momba ny fiainana sy ny fahafatesana. Andalana tsara tadidiana izy io. (I Jaona 5:11-13)

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

____ 1. Inona no lainga voalohany natao?
A. “Tsy ho faty tsy akory ianareo.”
B. “Tian’Andriamanitra hihinana azy io ianareo.”
D. “Ho lasa tsara tarehy kokoa ianareo.”

____ 2. Inona no sary an’ohatra hanehoan’ny Baiboly matetika ny fahafatesana?
A. Dia
B. Alina
D. Torimaso

____ 3. Avy aiza no nihavian’ny finoana ny fanahy tsy mety maty?
A. Avy amin’ny Jiosy
B. avy amin’ny Kristiana
D. Avy amin’ny Grika

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Vakio ny Lioka 16:19-31, ahitana ny tantaran’ilay “lehilahy manan-karena sy Lazarosy.” Rehefa izany dia vakio ao amin’ny takila manaraka ato amin’ity tari-dalana ity indray ny fanadihadiana momba io tantara io. Inona no porofo omen’ny fanadihadiana, izay mampisongadina hoe angano io tantara io, izay nampiasain’i Jesosy hampianarana lesona? Inona no lesona nampianarin’i Jesosy?

### Diniho ny Fanandraman’ny Tenanao Manokana

*Raha toa ny tarika madinika misy anao ka kely, mahay mandray oIona, ary mendri-pitokisana, dia mety tianao ny hifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto miaraka aminy.*

Andeha atao hoe araka ny fitadidianao dia ninoanao foana hoe rhefa maty ny olona dia miakatra any an-danitra avy hatrany na mankany amin’ny helo na any amin’ny afo fandiovana. Ankehitriny àry, rehefa avy nandalina ireo fampianarana ara-Baiboly tato anatin’ity lesona ity ianao dia inona no hevitra sy fihetsehamponao momba ny zava-mitranga ao anatin’ny fahafatesana?

●Moa ve mampahery sa manahiran-tsaina ny fanavazana ara-Baiboly momba ny zava-mitranga rehefa misy fahafatesana?

●Araka ny fampianarana ara-Baiboly, rehefa maty ny olona dia samy tsy mahatsiaro na inona na inona avokoa izy ireny. Noho izany, ny zavatra voalohany izay ho reny, na firy taona na firy taona talohan’ny hahatongavan’i Jesosy no efa nahafatesany, dia ny feon’i Jesosy manao toy izao: “Ry ____, mivoaha!” Ho an’ny

olona iray maty, ny fotoana teo anelanelan'ny zavatra tao an-tsainy fony fahavelony sy ny zavatra tonga ao an-tsainy voalohany rehefa mandre an'i Jesosy miantso ny anarany izy, dia nielina fotsiny ihany. Heverinao hoe mampahery ny olona iray hiatrika fahafatesana ve izany finoana izany?

●Alaivo sary an-tsaina hoe maty tao anatin'ny lozam-pifamoivoizana ara-piarakodia ny vadin'ny vehivavy iray. Tena tiany fatratra izy io. Taona vitsivitsy taty aoriana anefa dia nihaona tamin'olon-kafa ilay vehivavy ary nivady izy ireo. Heverinao fa hampahery an'ilay vehivavy ve ny fieritreretana hoe mijery azy avy any ambony ilay vadiny voalohany ary mandinika ny fanambadiany ilay vadiny vaovao?

●Inona no porofo ara-Baiboly anananao izay milaza fa tonga dia mandeha any an-danitra na any amin'ny afobe na any amin'ny afo fandiovana avy hatrany ny olona iray rehefa maty?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Ilay Lehilahy Mpanan-Karena sy i Lazarosy*

Nosoratan'i Derek Morris

*Vakio ny Lioka 16:19-31 mialohan'ny hamakiana ity famakafakana ity.*

Ny Jiosy tamin'ny andron'i Jesosy dia nitantara angano maro sy tantaran'olona mahery fo, momba ny fiseoan-javatra nalaina sary an-tsaina. Maro ny manam-pahaizana izay nilaza fa io tantara io dia fanovana kely ny angano iray izay tena anisan'ny nalaza indrindra. Inona no antony nahatonga an'i Jesosy nitantara azy io? Moa ve hampianatra foto-kevitra no tena tanjony, hanazava ny fahamarinana momba ny fahafatesana, sa haneho foto-kevitra iray tamin'ny alalan'ny fampiasana angano malaza tamin'ny androny?

Ahitana mpandray anjara fototra telo ao anatin'io fanoharana io: ilay lehilahy mpanan-karena, ilay mpangataka mahantra nantsoina hoe Lazarosy, ary i Abrahama patriarka. Tsy voalaza ao amin'ilay tantara hoe marina ve ilay lehilahy nanan-karena sa olona tsy natahotra an'Andriamanitra. Nilaza fotsiny i Jesosy hoe niaina tao anatin'ny harena sy ny fahatsarana ilay lehilahy. Tsy mahita zavatra manamarina ihany koa isika hoe i Lazarosy mpangataka dia olon'Andriamanitra izay nametraka ny finoany tamin'Andriamanitra. Na inona na inona toetran'izy ireo dia samy maty izy anankiroa.

Nentin'ny anjely teo an-tratran'i Abrahama ilay mpangataka, ary izany dia foto-kevitra nalaza be teo amin'ny Jiosy tamin'ny andron'i Jesosy. Tany amin'ny "Hadesy" no niafaran'ilay lehilahy, izay teny Grika nandikana ny hoe "fasana." Ny "Hadesy" dia mitovy amin'ny teny Hebreo hoe "Seola." Eto no ahitantsika ny olana voalohany raha toa ka raisintsika ara-bakiteny io tantara io ka hampifandraisina amin'ny zava-mitranga rehefa maty isika. Tsy misy toeranana ao amin'ny Testamenta Taloha na Testamenta Vaovao, mamaritra ny Seola na Hadesy ho toy ny toerana hisehoan'ny fanaintainana, kanefa dia izany no fomba hanehoan'io tantara io ny Hadesy.

Raha mamaky tsara io fanoharana io ara-bakiteny isika ka mampifandray izany amin'ny zava-mitranga rehefa maty ny olona iray, ny tena manahiran-tsaina aza dia ny fanjakan'ny voavotra (tratran'i Abrahama) sy ny an'irey olom-bery (Hadesy) izay tena mifanakaiky tokoa, ka azo antoka fa mety hifampijery ny zava-mitranga amin'ny toerana izay misy azy avy izy ireo. Izany hoe afaka miresaka eo amin'ilay tevana manelanelana azy ihany izany olona. Moa ve lanitra no fiheveranao izany? Toerana iray izay mety handrenesanao ny tabataba mandrakizain'ny olo-malalanao?

I Jonathan Edwards, izay Amerikana mpitory teny malaza fahiny, dia nilaza fa ny fitarainan'ireo olom-bery no hanafaingana ny fifalian'ny voavotra. Tsy misy dikany

* From Derek Morris, *The Radical Teachings of Jesus* (Hagerstown, Md.: Autumn House, Review & Herald, 2009), t. 101-103.

anefa izany. Sarotra ny maka sary an-tsaina hoe ho sambatra ny hava-malala sasany ary ny sasany kosa ao anatin'ny fanaintainana.

Tena fahadisoana tokoa ny manorina ny foto-pinoana amin'ny io angano ion a amin'ny angano hafa. Moa ve mety tena mba nampitony raha toa ka nanatsoboka ny rantsan-tanany tao anaty rano i Lazarosy ary nanatsotra ny tanany teo amin'ilay tevana ka nampangatsiaka ny lelan'io lehilahy izay tao anatin'ny afo nandoro io? Tsy dia mifanaraka ilay tantara iray manontolo raha toa ka izany no famaritana ara-bakiteny ny zava-mitranga rehefa maty isika.

Noho izany, inona no hevitra tian'i Jesosy asongadina? Ao amin'ny Lioka 16:26 no ahitantsika ny valiny: "Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana makadiry ajadona ao anelanelantsika, mba tsy ho afa-mita hankeny aminareo izahay te hiala ety." Raha vao tong any fahafatesana dia tsy manana tombotsoa ahafahana miova intsony isika. Nitantara tantara efatra hafa i Jesosy, momba ny ondry very, ny farantsa very, ny zanaka roalahy very, ary ilay mpanompo tsy marina izay very asa. Rehefa izany dia nitantara ity fanoharana momba ny tombotsoa izay nariana ity Izy. Nandalovan'ilay lehilahy nanan-karena fotsiny ny tombotsoa nahafahany nanao safidy tamim-pahendrena nialohan'ny fiafaran'ny fiainany, ary raha vao nitranga izany dia tapitra hatreo ny tombotsoa nahafahany niova. Izany no lesona izay azo hianarana avy amin'ilay fanoharana momba ilay lehilahy manan-karena sy i Lazarosy.

**Fanazavana Fanampiny**

**MAHATAKATRA NY TENY**

**ny Fahazoana ny Faminaniana**

"Ny faminaniana dia mirakitra tanjona ara-moraly. Tsy hanomezana fahafinaretana ny fitiavana te hamantatra ny zavatra amin'ny ho avy fotsiny izy io. Ny tanjona sasany amin'ny faminaniana dia ny fanamafisana ny finoana (Jaona 14:29), hampitomboana ny fomba fiaina araka ny fahamasinana, ary ny fiomanana ho amin'ny Fihavian'i Jesosy Fanindroany (Mat. 24:44; Apok. 22:7, 10, 11). . . . I Kristy no hifantohan'ny ankamaroan'ny faminaniana (ny nihaviany voalohany sy ny Fihaviany Fanindroany), ny fiangonana, ary ny andro farany. . . . Ny fahatanterahan'ny faminanian'ny Testamenta Taloha ao amin'ny Testamenta Vaovao dia miseho amin'ny alalan'ny fiovan'ny anarana ara-bakiteny ho lasa anarana mifono fahamasinana: ohatra, ny Isiraely dia lasa maneho ny fiangonana, i Babylona renin'ny mpijangajanga, sns."[*]

**NY MAHA-ADVANTISTA**

**Ny Rafi-Pintantanana ny Fiangonana Maneran-Tany**

Raha ny rafi-pitantanana no jerena dia manana diviziona 13 ni Fiangonana Maneran-tany, izay ahitana fiangonana mitambatra ao anatin'ny misiona na ny saha, na fiangonana ao anatin'ny firenena maromaro mitambatra ho fivondronamben'ny fiangonana. Ireto avy ny fizaràna sy ny birao foibe misy azy:

- East-Central Africa (ECD) Nairobi, Kenya
- Euro-Africa (EUD) Berne, Switzerland
- Euro-Asia (ESD) Moscow, Russia
- Inter-American (IAD) Miami, United States of America
- North American (NAD) Silver Spring, United States of America
- Northern Asia-Pacific (NSD) Koyang City, Korea
- Southern Africa-Indian Ocean (SID) Harare Zimbabwe
- South American (SAD) Brasilia, Brazil
- South Pacific (SPD) Wahroonga, Australia
- Southern Asia (SUD) Tamil Nadu, India
- Southern Asia-Pacific (SSD) Cavite, Philippines
- Trans-European (TED) St. Albans, England
- West-Central Africa (WAD) Abidjan, Cote d'Ivoire

[*] General Conference Committee, Annual Council 1986, "Methods of Bible Study," in George W. Reid, ed., *Understanding Scripture : An Adventist Approach* (Silver Spring, Md.: Biblical Research Institute, 2005), tt. 333, 334.

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

**LESONA 13**

**MIATRIKA NY HO AVY**

**Hisy fakana an-keriny mangingina ve?**
**Inona no tokony ataoko mba hahavonona ahy amin'ny fahatongavan'i Jesosy?**
**Ho may mandrakizay any amin'ny helo ve ny olona ratsy fanahy?**

**Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:**"Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha." (Apok. 21:4).

**Toko sy andininy fototra:** Mat. 13:24-30, 36-43; 25:1-13, 14-28; Lioka 21:25-28; Jaona 14:1-3; Asa1:9-11; Apok. 6:15-17; 20:1-10; 21:1-5; 22:1-2, 12-14, 17.

**Alahady**

Ny mpandinika ny tontolo iainana dia nilaza mialoha ny ho avy mampalahelo eto amin'ity tany tany. Ampiasaintsika olombelona ny loharano rehetra eo aminy, lotointsika amin'ny alalan'ny fakontsika izy io, ka miteraka fahafatesan'ny karazam-biby rehetra satria simbantsika ny tranon'izy ireny. Inona no zavatra efa omanin'ny ho avy? Hitohy foana tahaka ny efa niodinany ve ny taona rehetra? Moa ve mety hiatrika fahafatesana ihany koa isika olombelona vokatry ny fanimbantsika ny rafitra misy eo amin'ny natiora izay mihazona ny fiainantsika? Hanavotra antsika ve ny siansa sy ny teknolojia? Samihafa tanteraka amin'izany ny zavatra hitan'ny olona mpandinika momba ny ho avy. Izao no fomba nahitan'i T. S. Eliot mpanoratra, ny fiafaran'izao tontolo izao:

Toy izao no fiafaran'izao tontolo izao
Tsy amin'ny alalan'ny kapoka mafy indray mandeha, fa amin'ny alalan'ny fitarainana.

Raha ny Baiboly anefa no jerena dia diso izany fiheveran'i Eliot izany. Ny mpanao tononkalo sy mpaminany ao amin'ny Baiboly ary ny Tenan'i Jesosy mihitsy no nilaza tamintsika hoe hifarana amin'ny alalan'ny voninahitra mamirapiratra ny tantaran'ity izao tontolo izao ity, rehefa ho avy amin-kery i Jesosy arahan'ireo anjely an'arivony. Avy ao amin'ny Baiboly no nianarantsika ny fomba niandohan'ny fiainana sy ny tantaran'izao tontolo izao, ary avy ao amin'ny Baiboly ihany koa no hianarantsika ny fiafaran'ny fiainana eto an-tany sy ny tantaran'izao tontolo izao. Ny "Eschatologie" dia sampam-pianarana ao anatin'ny teolojia, izay mandalina ireo fisehoan-javatra farany eto amin'ity izao tontolo izao ity. Hojerentsika amin'ity herinandro ity ireo "fisehoan-javatra farany" efatra tena lehibe: ny fihavian'i Jesosy fanindroany, ny fiafaran'ny olona ratsy fanahy, ny fitsarana farany, ary ny fameranana ny tany amin'ny laoniny indray. Na

dia famaritana ireny fisehoan-javatra ireny ihany aza no ataontsika eto, dia ahazo antoka isika hoe efa nanomana ho avy izay azontsika hitokiana Andriamanitra.

*Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy*

## Ny Fiainana any amin'ny Afobe

Nosoratan'i Scott Ritsema

Nobeazina tao amin'ny fiangonana Kristiana aho, ary vonona hatrany tamin'ny fanohanana ny atao hoe fampahafantarana ny filazantsara izay natao tao amin'ny sekoly Kristiana nisy ahy. Nanantena ahita olona maro hamaly ilay antso natao teny amin'ny alitara aho. Tsy izany anefa no niseho, fa io antson'ny "filazantsara" io dia tsy inona fa filazana zavatra tsara fotsiny ihany, na vaovao mahafaly momba an'Andriamanitra, ary ny fahalalako izany no nanova ny fomba fahitako ny fitoriana ny filazantsara amin'ny maha-Kristiana.

Ny zavatra tena nanaitra teo amin'ilay fivoriana dia ny nahitana famakiana andian- "Taratasy avy amin'ny Helo," izay tena nampitahotra, mody nalaina sary an-tsaina. Ireny taratasy nosoratan'ny tovolahy iray ireny, izay naka sary an-tsaina ny fanandramana mety handalovana ao anatin'ny afobe mirehitra mandrakizay rehefa maty izy, no nandoko ny sary nahitana ony afo nivaivay, ny fofon'ny nofom-batana mirehitra, ny ranomaso sy ny fitarainana tsy misy fiafarany noho ny amin'ny fanaintainana, ny henatra tanteraka sy ny fahakiviana, ary ny farany dia ny fiantsoana fahafatesana avy amin'Andriamanitra mba hamelana ny fahafatesana hamarana izany fahoriana mandrakizay izany.

Tezitra aok'izany aho rehefa nahita ny sain'ny tanora an-jatony izay nampitahorin'izany tantara mahatsiravina izany. Ny tahotra sy ny fanararaotana no fomba fitoriana ny filazantsara nampiasaina tamin'izany, ary ny fahamarinana momba ny toetran'Andriamanitra no natao fitaovana. Izao anefa no hafatra manan-danja tiana nampitaina: "Maneke an'i Jesosy, izay hanavotra anao eo anatrehan'Andriamanitra, fa raha tsy izany dia izao no ataon'Andriamanitra aminao. Mety ho faty ianao anio, aiza no hametrahan'Andriamanitra anao, any an-Danitra sa any amin'ny Afobe?" Izao no fanontaniana nahalasa ny saiko: *Inona no antony mahatonga ny olon-drehetra te hifandray amin'izany Andriamanitra izany avokoa?*

Rehefa avy nanehoana foto-pinoana Advantista maromaro izay sarotra tandremana aho taona maro talohan'izao nahenoako antso tsy dia tsara loatra teo amin'ny fitoriana ny Filazantsara izao, dia dia fantatro fa marina ny hevitry ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito momba ny Sabata. Izany no fahamariana momba an'Andriamanitra izay tena nanaitra ahy tokoa.

Soa ihany fa efa-bolana taorian'ny nisehoan'io tranga io dia nandeha tany amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito voalohany indrindra izaho sy ny vadiko. Nampahafantarin'ilay pasitora anay ny momba an'Andriamanitra, izay noheberinay hoe efa hainay. Nianaranay ny momba ny Hery Mifanandrina, ny anton'ny fahoriana sy ny ratsy eto amin'izao tontolo izao, ary ny maha-singa ilàna ny fahafahana ao anatin'ny fitiavana. Ny zavatra tena manan-danja indrindra anefa dia ny nianaranay hoe tena fitiavana tokoa Andriamanitra, izay fahamarinana efa renay sy

nolazainay imbetsaka, kanefa tsy nisy lanjany taminay akory ny teny hoe "Andriamanitra dia fitiavana" satria nino ihany koa izahay hoe mampijaly olona any amin'ny afobe mirehitra mandrakizay Izy.

Inona no antony maha-zava-dehibe ny sary hitan'olona iray momba an'Andriamanitra? Raha amiko dia midika ho zava-drehetra izany. Izany no antony mahatonga ahy ho Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito amin'izao fotoana izao. Ny fahitako Azy amin'ny maha-Izy Azy sy ny fiheverako ny fananany toetra be fitiavana, no nahafahako nitoky sy nitia Azy tsy tahaka ny taloha, mba hananako finoana tena manavotra tokoa, fahatokiana an'Andriamanitra izay tena mendrika hitokiana. Araka ny fanandramana efa hitako dia hinoako fa ny lainga ratsy momba ny toetran'Andriamanitra izay ao amin'ny ankabeazan'ny Kristiana no manakona na manimba ny fahatokian'ny olona iray an'Andriamanitra. Tena faly aok'izany aho amin'ny fiarahana aminareo ao anatin'ity fizaràna ity Fahamarinana mahafinaritra miaraka amin'ny zanak'Andriamanitra ity.

## Alatsinainy

**NY FIHAVIAN'I JESOSY**

Ilay mpampianatra ny taranja mahakasika ny fomba fijery izao tontolo izao dia nanome enti-mody ho an'ny mpianany, izay fanaovana fanadihadiana olona telo tsy mifankahalala amin'izy ireo. Nasaina nametraka fanontaniana naneho ny fomba fahitan'ireo olona telo izao tontolo izao ireo mpianatra ireo. Izao no iray tamin'ireny fanontaniana ireny: "Inona dikan'ny hoe tantara?"

Matetika no nahatezitra ny mpianatra ny valim-panontaniana voarain'izy ireo. Nisy olona iray niteny hoe ny tantara dia zava-nitranga tamin'ny lasa ary mitohy hatramin'ny ho avy, ahitana tranga hampifandraisin'ny antony sy ny vokany, kanefa tsy misy tanjona. Nisy olona iray hafa niteny hoe ny tantara sy ny ho avy dia tsy azo antoka sy tsy manan-danja; izay mitranga amin'izao fotoana izao ihany no tena manan-danja. Ny olona any amin'ny firenena sasany (indrindra any amin'ireo firenena tandrefana) dia mino fa ny tantara dia zavatra miverimberina, miverimberina tsy ankijanona, ary aorian'ny fahafatesana dia mitsangana indray ny olombelona ary miseho amin'ny endrika hafa. Ahoana no tena maha-samihafa izany amin'ny fahalalana Kristiana, izay ahitana an'Andriamanitra mifehy ny tantara, izay efa hanatratra ny ampahany faratampony! Miodina ho amin'ny inona ny tantaran'ny tany araka ny fahitan'i Jesosy azy? (Lioka 21:25-28)

Koa satria nahatonga ny mpanaraka an'i Jesosy "alahelo" ireo zava-niseho, dia inona no teny fampanantenana namporisihan'i Jesosy azy ireo? (Jaona 14:1-3)

Ny ankamaroan'ny Kristiana dia mino fa hiverina fanindroany ety an-tany i Jesosy. Kanefa samihafa kosa ny hevitr'izy ireo mahakasika ny fomba fiverenany. Inona no fampitandremana nomen'i Jesosy momba ny tokony hamantarana ny fomba fihaviany? (Mat. 24:24-27)

Rehefa niakatra tany an-danitra i Jesosy ary nandao ny mpianany, dia inona no zavatra nolazain'ireo anjely roa tamin'ny mpianatra momba ny fihaviany? (Asa 1:9-11)

●Inona no antsipiriany fanampin'izany ao amin'ny Apok. 1:7?

Ny fihavian'i Jesosy fanindroany no hanova tanteraka ny tantara. Mino isika hoe hitranga izany satria efa niditra tao anatin'ilay tantara i Jesosy, ary afaka mino izany isika noho ny hery sy ny fahazoana antoka ny teny fikasan'Andriamanitra (Heb. 10:23). Na izany aza anefa, efa naharitra ela loatra ny fotoana nanomezany ny fampanantenana ny amin'ny fiverenany.

Fantatr'i Jesosy fa tsy hiverina faingana araka izay fotoana hanirian'ny mpianatra azy Izy. Noho izany dia nitantara fanoharana roa Izy hanomanana azy ireo. Tsy ny fihemoran'ny fihaviany fotsiny no notantarainy tao anatin'ilay fanoharana

momba ny virjina adala sy hendry, fa nazavainy tao ihany koa ny fomba tokony ahavonona antsika ho amin'ny fihaviany hatrany, eny fa na dia nihemotra aza no fahitana azy. Inona no nampitovy na naha-samihafa ireo virjina hendry sy adala? (Mat. 25:1-13)

Inona no antony nahatonga ilay mpampakatra tsy nampiditra ireo virjina dimy adala tao anatin'ny fampakaram-bady? (and.11-12)

Raha toa ka voahidy tany ivelany ireo virjina adala satria tsy nahafantatra ilay mpampakatra izy ireo, dia ny fiezahana mamantatra an'i Jesosy izay mpampakatra izany, no fomba fiomanana amin'ny fihaviany. Inona no teny farany notenenin'i Jesosy ao amin'ny Baiboly? (Apok. 22:20)

## Talata

**MANAO AHOANA KOSA NY AMIN'NY RATSY FANAHY?**

Nianarantsika tao anatin'ny lesona tamin'ny herinandro lasa hoe rehefa hiseho ny fihavian'i Jesosy fanindroany dia ny maty izay nanao ny marina no hitsangana mialoha, miaraka amin'ny olo-marina izay mbola velona, hakarina hihaona amin'i Jesosy eny amin'ny rahona ary tsy ho tafasaraka Aminy intsony ireo. (I Tes. 4:16, 17). Sarobidy tamin'ny mpanaraka an'i Jesosy tokoa ny fampanantenana ny amin'ny fihaviany, ka nahatonga an'i Paoly nanome anarana ny fiandrandran'izy ireo. Inona izany anarana izany? (Titosy 2:13)

Ho an'ireo izay nandà an'i Jesosy kosa, ny fihaviany fanindroany dia mba fisehoan-javatra andraindrain'izy ireo. Hanao ahoana izy ireo rehefa ho avy i Jesosy? (Apok. 6:15-17)

●Inona no mihatra amin'ireo izay nandà an'i Jesosy rehefa ho avy indray Izy? (II Tes. 2:8)

Hangina sy ho foana ny tany, rehefa miara-manjaka amin'i Kristy mandritry ny arivo taona any an-danitra ireo olo-marina mbola velona sy ireo izay vao natsangana, ary ireo izay nandà ny famonjena natolotr'Andriamanitra kosa dia maty amin'io fotoana io. Ho fatorana eto an-tany mandritry ny arivo taona i Satana. Ny fihavian'i Jesosy fanindroany no hamarana ny drafi-pamonjena. Mbola mila faranana hatrany anefa ny vokatry ny fahotana eto amin'izao tontolo izao. Ary mbola hotsaraina ireo izay nandà an'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny teny maneho sary an'ohatrana teny mahery no hanehoan'ny bokin'ny Apokalypsy ny zavatra hihatra amin'i Satana sy ireo olona izay nandà an'Andriamanitra.

Vakio indroa ny Apokalypsy 20:1-15 farafaharatsiny. Ity famakafakana fohy manaraka ity no hanampy amin'ny fanazavana ny tranga izay voalaza ao. Famintinana fotsiny ihany izy ity, fa ny fandalinana azy amin'ny fahafenoany dia tsy voafehy ato anatin'ity tari-dalana ity.

Rehefa hifarana ilay arivo taona dia hidina ety an-tany ilay Jerosalema vaovao misy ny olom-boavonjy (Apok. 21:2), ary eo no miseho ny fitsanganan'ny ratsy fanahy amin'ny maty. Nilaza i Jesosy hoe ho velona indray ny maty rehetra. (Jaona 5:28, 29). Ambaran'ny bokin'ny Apokalypsy hoe ny fitsanganan'ny tsara fanahy rehetra amin'nymaty sy ny fitsanganan'ny ratsy fanahy rehetra amin'ny maty dia elanelanin'ny arivo taona (Apok. 20:5). Hovahana avy amin'ny "lavaka nangitsokitsoka" nisy azy ihany koa i Satana amin'io fotoana io. (and. 3). Ireo izay nandà an'Andriamanitra no hanodidina azy, ary hanao ezaka farany handravana ny fanjakan'Andriamanitra izy, amin'ny alalan'ny fitarihana ady lehibe hanafihana ilay Jerosalema Vaovao (and. 7-9).

Ho tapaka tampoka anefa izany fikasana izany, rehefa hiseho eo amin'ny seza fotsy lehibe fiandrianany Andriamanitra, ary hiantso ireo vahoaka tafaray ho amin'ny

fitsarana. (and. 11-13). Averiny jerena amin'izany ny fandraketana an-tsoratra ny fiainan'ny olombelona tsirairay avy, ary homelohany ho amin'ny fahafatesana mandrakizay ny ratsy fanahy. Ilay afo izay hanadio ny tany no hamotika ireo izay nandà ny fahefan'Andriamanitra (and. 9, 10, 14, 15; II Petera 3:10), handevona azy ireo miaraka amin'i Satana sy ny anjeliny (Mat. 25:41).

## Alarobia

**NY FITSARANA FARANY**

Nampianarin'i Jesosy hoe hisy fitsarana farany. Ny sasany amin'ny fampianarany tena manan-danja dia niseho tamin'ny endrika fanoharana. Hevero ny zavatra azontsika hianarana avy amin'ny Fanoharana momba ny Vary sy ny Voan-tsimparifary. Inona no antony namelàna ny vary sy ny voan-tsimparifary hiaraka haniry? (Mat. 13:24-30)

Mazava ho azy fa navariana ny sain'ny mpianatra io fanoharana io satria nasain'izy ireo nazavain'i Jesosy ilay izy. Ary i Matio no nandrakitra an-tsoratra ny zavatra nolazainy. (and. 36-43) Iza no nanavaka ny vary amin'ny tsimparifary?

●Rahoviana no hitranga izany fanavahana izany?

●Atao inona ny tsimparifary?

●Ary ny vary?

Ilay Fanoharana momba ny Harato-tarihina ihany koa dia momba ny fitsarana farany. (and. 47-50) Inona no mampitovy ny fanoharana momba ilay harato-tarihina sy ny fanoharana momba ny vary sy ny tsimparifary?

Tsy asa ataon'olombelona ny fitsarana (7:1) fa asan'ny anjely, izay hiseho amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. Samy miafara amin'ny fanipazana ny tsimparifary any anaty afo avokoa izy roa ireo. Zava-dehibe ny mahatakatra ny sazy nomena ny ratsy fanahy.

Ny ankamaroan'ny fiangonana Kristiana dia mampianatra hoe ny ratsy fanahy dia hirehitra any amin'ny afo maharitra mandrakizay. Nanimba ny fahalalana momba an'Andriamanitra izany fampianarana izany, mihoatra noho ny fahadisoan-kevitra hafa izay aparitaky ny olona momba Azy. Ny sasany dia mino hoe ara-Baiboly io fahitany ny afobe io. Misy andininy izay miresaka momba ny "afo tsy mety maty" (3:12) na "fampijaliana mandrakizay" (25:46). Tsy maintsy hazavaina tsara amim-pitandremana ireo andininy ireo. Tsy midika akory izy ireo hoe hisy afo izay tsy mitsahatra mirehitra mihitsy, fa ny tiany ambara kosa dia ny hoe afo manana vokatra maharitra mandrakizay. Noravan'Andriamanitra tamin'ny afo ny tanànan'i Sodoma sy Gomora noho ny amin'ny faharatsian'izy ireo. Ahoana no fomba nanazavana ilay afo? (Joda 7)

Raha toa ny sazy natao tamin'ny tanànan'i Sodoma sy Gomora ka raisina ho ohatra maneho ny "fahorian'ireo olona miaritra ny sazy amin'ny *afo mirehitra mandrakizay*" (and.7), dia inona no ambaran'izany amintsika momba ny fanasaziana amin'ny afo mirehitra mandrakizay?

Noraisin'i Petera ho ohatra maneho ny zavatra hitranga amin'ny olona izay tsy an'Andriamanitra ihany koa ireo tantara ireo. Ahoana no fomba nanazavany ny zavanisy tao amin'ireo tanàna ireo tamin'izany fotoana izany? (II Petera 2:6)

Vakio amim-pitandremana ny Apokalypsy 2:11; 21:8. Ireo izay tsy an'Andriamanitraly dia hiharan'ny fahafatesana faharoa. Io fahafatesana faharoa io dia fantatra amin'ny alalan'ny hoe "farihy mirehitra afo sy solifara" (21:8). Ny fahafatesana no sazin'ny olona izay tsy an'Andriamanitraly, izay fisarahana mandrakizay amin'ny fiainana sy ilay Andriamanitra izay nolasiny, fa *tsy* fijaliana mandrakizay any amin'ny afobe.

## Alakamisy

**NY TANY NAVAOZINA INDRAY**

Ny zava-nisy farany tamin'ny tantara'Andriamanitra sy ny tarana'olombelona araka ny naseho tao amin'ny Soratra Masina dia ny fanavaozana indray ny tany. Sarotra ny misaintsaina tontolo iray tonga lafatra izay ahitana fifandanjalanjan'ny firafitry ny natiora ary olombelona izay tsy tia tena eo amin'ny fitrandrahana ny natiora ho amin'ny tombotsoan'ny tenany manokana. Niezaka nanao izany anefa ny mpahay zava-kanto. Inona no sary nanehoana ny Tany Vaovao any amin'ny ankabeazan'ny sary hosodokon'izy ireny? (Isa. 65:17, 25)

Ny famirapiratan'ilay Tany Vaovao sy ny firentiny, dia ilai Jerosalema Vaovao izany, no hitan'ny apostoly Jaona tao anatin'ny fahitany. Na dia ny teny nampiasain'i Jaona hamaritana azy ireny aza dia tena nahavariana tokoa. (Apok. 21:1-5) Inona no endrika tena mahavariana ao amin'ilay Tany Vaovao? (and. 3; 22:4)

Amin'ny zava-drehetra misy eto amin'ity izao tontolo izao ity sia ny tany no hahazo fifaliana amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Tsy hiezaka hiafina an'Andriamanitra intsony ny zanany lahy sy ny zanany vavy (Gen. 3:8). Hisy zavatra alaina avy amin'ireo olom-bonjena, hisy zavatra omena azy ireo ihany koa. Inona izany? (Apok. 21:4; 22:1, 2)

Kely ihany ny zavatra naseho momba izay ataon'ny olom-bonjena mandritry ny fiainana mandrakizay. Nilaza fanoharana izay manome hevitra antsika momba io zavatra ho avy io i Jesosy. Vakio ny ny Fanoharana ny amin'ny Talenta ao amin'ny Matio 25:14-28. Inona no ambaran'ny andininy 21 momba ny valisoa ho an'ny mpanompo mahatoky?

Raha jerena amin'ny heviny hafa dia hotolorana valisoa miaraka amin'ny andraikitra lehibe ("mpanapaka ny zava-drehetra") ny mpanompo mahatoky. Mbola manan-danja mihoatra noho izany aza ny hoe "midira amin'ny fifalian'ny Tomponao," izay midika hoe ireo izay nahatoky dia hiaraka amin'Andriamanitra. Asa inona amin'ny ataon'ny voavotra no mitambatra ao anatin'ilay andraikitra lehibe sy ny fiarahana amin'Andriamanitra? (Apok. 22:3)

Rehefa avy namantatra ny fifaliana ao amin'ilay Tany Vaovao dia fantaro hoe inona no antso farany ataon'ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty, ny Fanahy, ary ny fiangonana amintsika? (and. 12-14, 17)

[Ampidiro eto "Ny Maha-Advantista": Mifarana ilay Fifanandrinana Lehibe]

## Zoma

### FITSAPAM-PAHAIZANA

Asio “M” eo alohan’ny fanambaràna marina; ary “D” manoloana ny fanambaràna diso.

____ 1. Rehefa ho avy fanindroany indray i Jesosy, dia hatsangana ny olo-marina rehetra.
____ 2. Rehefa ho avy fanindroany indray i Jesosy, dia hakarina hihaona Aminy eny amin’ny rahona ny olona izay marina ka mbola velona.
____ 3. Rehefa ho avy fanindroany indray i Jesosy, dia hovonoina amin’ny alalan’ny famirapiratan’ny voninahiny ny olona izay nanana fiainana tsy nifanaraka tamin’Andriamanitra.
____ 4. Anjely no hanasaraka ny voavonjy sy ny tsy voavonjy rehefa tong any fitsarana.
____ 5. Rehefa averina amin’ny laoniny indray ny tany dia hanjaka mandrakizay miaraka amin’ireo olombelona voavotra i Jesosy.

### Ampitomboy ny Fahalalanao

Mana-namana ve ianao izay mino hoe hirehitra any amin’ny afobe maharitra mandrakizay ny olona tsy voavonjy? Raha eny dia manana vaovao mahafly holazaina amian’izy ireny momba an’Andriamanitra ianao. Andriamanitra dia tsy hampaharitra ny fiainan’ireo olona izay tsy Azy (avy amin’ Andriamanitra irery ihany ny fiainana) ka hoe hampahory azy ireo.

Ity misy fanazavana fohy azonaao ampiasaina ho fanazavana ny fiafaran’ny ratsy fanahy. Ataovy tsianjery ny toerana misy ireto andininy telo ireto: Joda 7; Apokalypsy 2:11; 21:8, na soraty ao amin’ny takila farany amin’ny Baibolinao izy ireo.

●Eny tokoa, ampiasain’ny Baiboly ny teny hoe “afo tsy mety maty” sy ny “sazy maharitra mandrakizay” hamaritana ny sazy hihatra amin’ny olona tsy voavonjy.

●Milaza ny Baiboly hoe ny sazy natao ho an’i Sodoma sy Gomora no ohatra maneho ny zavatra hitranga amin’ny olona tsy voavonjy. Ny Joda 7 dia milaza hoe ireo dia niharitra ny sazy natao tamin’ny alalan’ny “afo nirehitra naharitra mandrakizay.” Efa tsy mirehitra intsony anefa izy ireo amin’izao fotoana izao. Nirehitra mandra-pahalevony tanteraka izy ireo. Ny atao hoe afo mirehitra maharitra mandrakizay dia afo izay tsy voavono raha tsy efa mandevona ny zava-drehetra izay dorany.

●Ny sazy ho an’ny ratsy fanahy dia ny “fahafatesana faharoa” izay hiseho aorian’ny fananganana azy mba hotsaraina. Jereo ny Apokalypsy 2:11.

●Manome famaritana momba ilay farihy mirehitra afo ihany koa ny Baiboly, izay antsoina hoe fahafatesana faharoa. Jereo ny Apoklaypsy 21:8. Ny fahafatesana no sazy maharitra mandrakizay ampiharina amin’ny olona tsy voavonjy, fisarahana mandrakizay amin’ny fiainana sy amin’ilay Andriamanitra izay nolavin’izy ireo.

**Diniho ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana**

Efa mba nanahy ny tsy ho vonona amin'ny fihavian'i Jesosy ve ianao? Inona no antony "tsy maha-vonona" anao? Tsapanao ve hoe efa miezaka ny ho tonga lafatra ianao? Raha eny dia tsy tokony ho kivy ianao. Tsaroanao ilay Fanoharana momba ny Virjina Adala sy Hendry? Inona no antony nahatonga ilay mpampakatra (sary an'ohatra maneho an'i Jesosy) nandà tsy nety hampiditra azy ireo tao amin'ilay fampakaram-bady? Hoy izy hoe: " Tsy fantatro akory ianareo." (Mat. 25:12). Tsy hoe voavonjy noho ny amin'ny *zavatra fantatr'izy ireo* ny virjina Hendry, fa noho ny amin'ilay *olona fantatr'*izy ireo! Ny fihaikana dia ny fiezahana mamantatra an'i Jesosy amin'izao fotoana izao, mamaly ny antsony mba hanaraka azy. Esory hiala amin'ny fahotana ny fifantohanao ary atodiho amin'ny Mpamonjy. Mijoro eo am-baravarana Izy, miandry anao hanokatra izany (Apok. 3:20).

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkala <Http://InStepWithJesus.org/Word>.

## Hevero Ity

## Ilay Fakana an-Keriny Mangingina

Teo anelanelan'ny taona 1995 sy 2007, ny andiam-boky nantsoina hoe "*Left Behind" (Tavela)* izay nahitana tantara noforonina miisa 16, dia naneho ny fomba fahitan'ny olona iray mpandinika ny fiarahamonina ny zatra hiseho amin'ny andro farany. Hita tao anatin'ireny tantara ireny fa ilay teny hoe "tavela" dia nentina nilazana ireo izay tavela eto an-tany rehefa ho avy haka mangingina ireo olona marina i Jesosy. Dika mitovy maherin'ny 65 tapitrisa no efa lafo tamin'ireo boky ireo. Impito izy no lany teo amin'ny laharana voalohany tamin'ny be mpividy indrindra izay notanisaina tao anatin'ny "*New York Times", "USA Today"*, ary ny "*Publishers Weekly"*. Horonan-tsarimihetsika telo mampihorohoro no noforonina niainga avy amin'ireo boky ireo.

Hita tamin'ny tohin'ny tantara hoe ny olona izay tsy voavonjy, izany hoe ireo olona "tavela," dia miezaka mamantatra ny zava-misy. Miha-mitotongana izao tontolo izao. Ny Kristiana izay ateraka indray mandritra io "tombotsoa faharoa" io dia olom-bitsy izay hanomboka hanampy amin'ny fanomanana ny famonjena ny olom-bery, ary hiomana ho amin'ny fito taona ahitana fahoriana lehibe, izay handefasan'Andriamanitra ny fitsarany eto amin'izao tontolo izao. Maro amin'ny olona no tsy mba nandre na namaky afatsy io tranga hiseho amin'ny andro farany io ihany. Maro no tsy mahalala hoe moa ve ireo boky izay milaza ho mahatoky amin'ny fampianaran'ny Baiboly dia maneho tokoa ny zavatra ambaran'ny Baiboly momba ireny zavatra ireny.

Hisy fakana an-keriny mangingina ve rehefa ho avy i Jesosy?

Mbola hanana tombotsoa hanekena an'i Jesosy ho Mpamonjy azy ve ny olona?

Ny andalana fototra (Mat. 24:36-44) izay nampiasaina hanohanana ny fakana an-keriny mangingina dia avy amin'ilay lahateny nataon'i Jesosy momba ny fihaviany fanindroany. Nampitahainy tamin'ny fiainana tamin'ny andron'i Noa ny andro amin'ny fihaviany fanindroany. Manao ny asa fanaony andavan'andro ihany ny olona; tsy fantany hoe ho avy ny safodrano. "Ary amin'izany dia hisy roalahy eny an-tsaha; ny anankiray horaisina ary ny anankiray havela. Ary hisy roa vavy manodina ny fikosoham-bary; ny anankiray horaisina ary ny anankiray havela. Koa amin'izany miambena ianareo; fa tsy fantatrareo izay andro hihavian'ny Tomponareo" (and. 40-42). Ny fampianarana hoe io andininy io dia milaza momba ny hoe fakana an-keriny mangingina izay ahitana ny sasany horaisina ary ny sasany havela, dia mifanohitra amin'ny andininy hafa izay mampianatra hoe tsy hisy olona hialoha làlana izany (I Tes. 4:16-17; Heb. 11:39, 40). "Io andininy io dia midika tsotra izao hoe hisy olona sasany tsy ho vonona amin'ny fihavian'i Kristy."[*]

Ilay andalana momba ny hoe "avy toy mpangalatra" ao amin'ny Testamenta Vaovao ihany koa dia ampiasaina hamoronana foto-pampianarana momba ny fakana an-keriny mangingina. (Mat. 24:43, 44; I Tes. 5:1-4; Apok. 3:3; 16:15). Ny hevitra tena tiana tsidriana amin'ilay andininy anefa, izay ambara mazava tsara, dia tsy ny

[*] *Andrews Study Baiboly,* notes on Matio 24:40, t. 1285.

fihavian'ny mpangalatra moramora, fa ny fihaviany tampoka. Noho izany, aoka isika "hitandrina sy hiomana"ho amin'ny fihaviana fanindroany.

Tsy misy andinin-tSoratra Masina milaza amin'ny olona hoe "mbola hanana tombotsoa hiova" indray izy rehefa ho avy fanindroany i Jesosy.

Ny fahamarinana ara-Baiboly dia tsy naorin'ny olo-malaza fa naorin'ny Tenin'Andriamanitra. Eny tokoa, *mety* hisy diso ny boky 65 tapitrisa.

**Fanazavana Fanampiny**

## MAHATAKATRA NY TENY

### Mandrakizay

Ny hevitry ny tent Grika hoe "mandrakizay" dia miankina amin'ny toetran'ilay zavatra na ny olona izay hampiharana azy. Raha toa ka Andriamanitra, ilay tsy mety maty, na ireo olo-marina izay mitafy ny tsy fahatesana no resahana, dia midika izany hoe tsy misy farany ilay mandrakizay. (Gen. 21:33; Mat. 25:46). Raha toa ka olona na zavatra izay tsy mitafy ny fahafatesana na ny tsy fahafatesana no resahana, dia midika ho fotoana voafetra ihany ny mandrakizay, mety aharitra na vetivety, izany hoe arakaraky ny faharetan'ny toetran'ilay zavatra. . . . Noho izany, ny Apokalypsy 14:11 dia tsy mampianatra hoe hirehitra mandrakizay ny ratsy fanahy. Milaza kosa io andininy io hoe ho saziana ny ratsy fanahy, *mitohy mandra-pahatongan'ny fotoana tena hahafatesany*. Rehefa tena potika avokoa ny olomlona ratsy fanahy rehetra dia hifarana ny tantaran'ny tany ary aharitra mandrakizay io *farany* io."[*]

**NY MAHA-ADVANTISTA**

### Mifarana ilay Fifanandrinana Lehibe

Ny Advantista Mitandrina ny andro Fahafito izay efa namaky ny "*Hery Mifanandrina",* nosoratan'i Ellen G. White, dia mahita fa ny fakana sary an-tsaina izay nijereny ilay Tany Vaovao dia nasehony tamin'ny famirapiratana tokoa, ao amin'ny andalana farany ao amin'io boky io. Maro ny olona nanao tsianjery azy io. Tena tsara raha faranantsika amin'izany ny lesona tamin'ity herinandro ity: "Mifarana hatreo ilay ady lehibe. Tsy misy intsony ny fahotana sy ny mpanota. Voadio tanteraka ny tontolo rehetra. Miara-mitepo fifaliana sy firindrana ny voary manontolo. Avy amin'Ilay Mpamorona izao rehetra izao no mikoriana ny aina sy ny fahazavana ary ny fifaliana manerana ny fanjakana eny amin'ny habakabaka tsy misy fetra. Hatramin'ny "atoma" kitika indrindra ka hatramin'izao tontolo izao lehibe indrindra, ny zavatra rehetra, na ny manan'aina na ny tsy manan'aina dia samy manambara amin'ny alalan'ny hakantony sy ny fifaliany safononoka fa Andriamanitra dia fitiavana."[†] t. 706

---

[*] S. Quezada Case, "What Does 'The Smoke of Their Torment Ascends Forever and Ever' Mean?" in Gerhard Pfandl, ed., *Interpreting Soratra Masina : Bible Questions and Answers* (Silver Spring, Md.: Biblical Research Institute, 2010), tt. 445, 446, emphasis in the original.

[†] *Hery Mifanandrina,* t. 706.

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM